



# NY LOVANTSINKA

---

*Tantara fohy mikasika ny Fiangonan' i Jesoa Kristy  
ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany*

---

# NY LOVANTSINKA

---

*Tantara fohy mikasika ny Fianganan' i Jesoa Kristy ho  
an' ny Olomasin' ny Andro Farany*

Navoakan' ny  
Fianganan' i Jesoa Kristy ho an' ny  
Olomasin' ny Andro Farany

Takila faha 50: *Joseph Smith tao amin' ny fonjan' i Liberty*, nataon' i Greg Olsen.

© Greg Olsen

Takila faha 68: *Ny faran' ny lalana Parley*, nataon' i Glen Hopkinson.

© Glen Hopkinson

© 2000 an' ny Intellectual Reserve, Inc.

Zo rehetra voatokana

Natonta tany Etazonia Amerika

Fankatoavana ny tamin' ny teny anglisy: 11/96

Fankatoavana ny fandikan-teny: 1999


Fandikana ny *Our Heritage: A Brief History of  
The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints*

Malagasy

---

# Votoatiny

Fampidirana	v
Fizarana 1: Ny fahitana voalohany	1
Fizarana 2: Fanorenana ny fototry ny Fiangonana	7
Fizarana 3: Fananganana ny Fanjakana tao Kirtland, Ohio	25
Fizarana 4: Fanorenana an' i Ziona tao Missouri	45
Fizarana 5: Sorona sy Fitahiana tao Nauvoo	67
Fizarana 6: Finoana isaky ny mandingana	85
Fizarana 7: Fanorenana ny Faneva ho an' ny firenena	99
Fizarana 8: Fotoan' ny fitsapana sy ny fisedrana	113
Fizarana 9: Ny fanitarana ny Fiangonana	129
Fizarana 10: Ny Fiangonana manerana izao tontolo izao	149
Fizarana 11: Ny Fiangonana amin' izao andro izao	163
Famaranana	177
Fanamarihana farany	179



*Ny mpaminany rehetra tamin' ity fotoanandro ity dia nijoro  
ho vavolombelona momba ny asa masina nanirahana ny Mpamony,  
Jesoa Kristy.*

---

# Fampidirana

Ny hafatra fototra ao anatin' ity boky ity dia ny hafatra nambaran' ny Fianganan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany hatramin' ny niandohany. Nampianatra toy izao i Joseph Smith, mpaminany voalohany amin' ity fotoanandro ity:

“Ny fitsipika fototry ny fivavahantsika dia ny fanambaran' ny apôstôly sy ny mpaminany mikasika an' i Jesoa Kristy: fa maty Izy, nalevina, ary nitsangana tamin' ny maty indray tamin' ny andro fahatelo, ka niakatra ho any an-danitra; fa ireo zavatra hafa rehetra izay momba ny fivavahantsika dia fanampiny fotsiny ihany.”<sup>1</sup>

Ny mpaminany rehetra nandimby an' i Joseph Smith dia nanampy ny fanambarany manokana momba ny asa masina nanirahana ny Mpamony. Ny Fiadidiana Voalohany dia nilaza marimarina fa:


“Voantso sy voatendry mba hanambara an' i Jesoa Kristy amin' izao tontolo izao no ijoroantsika ho vavolombelona fa nitsangana tamin' ny maty Izy tamin' ny marainan' ny Paska tokony ho roa arivo taona lasa izay, ary velona Izy ankehitriny. Manana vatana feno voninahitra Izy, vatana nofo sy taolana tsy mety maty. Izy no Mpamony, Fahazavana sy Fiainan' izao tontolo izao.”<sup>2</sup>

Olomasina mahatoky an-tapitrisany ihany koa no manana fijoroana ho vavolombelona momba ny maha-Andriamanitra an' i Jesoa Kristy. Izany fahalalana izany no nanentana azy ireo hanao ny sorona rehetra ilaina mba hanorenana ny Fianganan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany, ilay fanjakan'

Andriamanitra ety an-tany. Ny tantaran' ny fanorenana ny fiangonana dia tantaran' ny finoana, ny fanamasinana, ary ny fifaliana. Tantaran' ny mpaminany velona izay nampianatra ny fahamarinan' Andriamanitra tamin' izao tontolo izao izany. Tantaran' ny lehilahy sy ny vehivavy avy amin' ny vazan-tany rehetra izay mikaroka ny fahafenoan' ny filazantsaran' i Jesoa Kristy, ka rehefa nahita izany izy, dia nanao izay rehetra nilaina mba hahatonga azy ireo ho mpianatry ny Mpamony. Ireo Olomasina mahery fo ireo dia nandroso hatrany na dia teo aza ny fijaliana sy ny zava-tsarotra niaretany, nijoro ho vavolombelona, na dia tamin' ny ora faran' izay nanjombona aza, ny amin' ny hatsaran' Andriamanitra sy ny fifaliana amin' ny fitiavany. Namela lovam-pinoana, herim-po, fankatoavana sy sorona ho antsika izy ireo.

Ny lovam-pinoana dia mitohy mandrak' ankehitriny. Ny Olomasin' ny Andro Farany manerana izao tontolo izao dia mpamaky lay amin' izao andro izao ao amin' ny taniny, izay ipetrahany amim-pinoana sy herim-po mandrity ny fotoana mitondra fanamby vaovao sy fahafaha-manao. Mbola misy tantara maro tokony hosoratana. Isika tsirairay dia afaka mamela lova ho an' ny taranaka mifandimby mba hanampy azy ireo hahatakatra ny fifaliana amin' ny fiainana sy ny fizaràna ny filazantsaran' i Jesoa Kristy.

Arakaraka ny hianarantsika misimisy kokoa momba ny finoana nananan' ireo izay efa nialoha antsika, no hahatakarantsika bebe kokoa ireo izay iarahantsika amin' ny fijoroantsika ho vavolobelon' ny Mpamony sy handraisantsika anjara amin' ny fanorenana ny fanjakany. Azontsika atao ny manapa-kevitra hiaina amim-pahamarinana kokoa tahaka ny mpianatra mahatokin' i Jesoa Kristy Tompo.



Etaozonia Amerika tamin' ny 1847. Ity sarint-tany dia mampiseho ny lalana sy ny ny toerana naleha izay zava-dehibe teo amin' ny tantaran' ny fiangonana.



Ny famakiana ny soratra masina no nitarika an' i Joseph Smith hamotopototra ny Tompo momba izay fiangonana marina.

# Ny fahitana voalohany

## Ny ilana ny famerenana amin' ny laoniny

Taorian' ny nahafatesan' ny apôstôlin' i Jesoa, dia nesorina tetŷ ambonin' ny tany ny herin' ny fisoronana sy ny ankabeazan' ny fahamarinan' ny filazantsara, nantsoina hoe apostazia lehibe ny fanombohan' ny fotoan' ny fahamaizinam-panahy. Ny mpaminany Amosa dia naminany izany fahaverezana izany ary nanambara fa ho avy ny fotoana izay hisian' ny "mosary amin' ny tany, tsy fanirian-kanina anefa, na hetahetan-drano, fa faniriana handre ny tenin' i Jehovah" (Amosa 8:11). Nandritra ny taon-jato maro nisian' ny apôstazia, dia nikaroka ny fahafenoan' ny fahamarinan' ny filazantsara ireo lehilahy sy vehivavy marina kanefa tsy afaka nahita izany. Mpitonundra fivavahana tamin' ny finoana maro no nitory hafatra samihafa sy niantso lehilahy sy vehivavy hanaraka azy ireo. Na dia maro tamin' izy ireo aza no nanana fikasana tsara, dia tsy nisy na dia iray aza nanana ny fahafenoan' ny fahamarinan' ny filazantsara, na ny fahefan' Andriamanitra.

Na izany aza anefa, dia tamin' ny famindram-pon' ny Tompo no nampanantenany fa ny filazantsarany sy ny herin' ny fisoronany dia haverina amin' ny laoniny etŷ an-tany indray andro any, ary tsy hoesorina etŷ intsony. Tamin' ny fanombohan' ny taon-jato fahasivy ambin' ny folo, dia efa akaiky ny fahatanterahan' ny fampantanantenany ary efa nadiva hifarana ny haizin' ny apôstazia.

## **Ny herim-pon' i Joseph Smith**

Tamin' ny fiandohan' ny taona 1800, ny fianakavian' i Joseph sy i Lucy Mack Smith dia nipetraka tany Lebanon, New Hampshire, tany Etazonia Amerika. Olona tsotra izy ireo, tsy dia fantatr' olona loatra, kely ny fidiram-bolany izay azony avy amin' ny asa mafy. Ny zanany fahadimy, Joseph zanany, dia fito taona raha saika maty vokatry ny valan' aretina tefoedra izay niteraka fahafatesan' olona mihoatra ny 3.000 tao amin' ny faritr' i New England. Rehefa ho sitrana izy, dia nisy fery mahery vaika tao amin' ny tsokan' ny taolan-dranjony havia, ka ny fanaintainana mila tsy ho tanty vokatr' izany dia naharitra nihoatra ny telo herinandro.

Nanapa-kevitra ny mpandidy teo an-toerana fa hotapahana ny tongony, kanefa noho ny fanizingizinan' ny renin' i Joseph, dia nantsoina indray ny dokotera iray hafa. Nathan Smith no anarany, dokotera tao akaikin' i Dartmouth College, izay nilaza fa hanao izay azony atao mba hitsimbinana izany tongotra izany amin' ny fampiasana fomba vaovao faran' izay maharary mba hanesorana ny ampahany amin' ny taolana. Nitondra tady mba hihazonana ilay zazalahy ilay dokotera, kanefa nandà i Joseph, tamin' ny filazana fa ho zakany tsy mila izany ny fandidiana. Nolaviny koa ny laodivy, izay hany famonoana ny fanaintainana azo nampiasaina taminy, ny zavatra mba nangatahany dia ny fihazonan' ny rainy azy eo amin' ny sandriny mandritra ny fandidiana.

Niaretan' i Joseph tamin' ny herim-po lehibe ny fandidiana, ary ny dokotera Smith, iray amin' ireo dokotera malaza teo amin' ny firenena, dia afaka nitsimbina ny tongotr' i Joseph. Nijaly nandritra ny fotoana naharitra i Joseph alohan' ny nahasitranan' ny tongony ka nahafahany namindra tsy nisy fanaintainana intsony. Taorian' ny fandidiana an' i Joseph, dia nifindra monina tany Norwich, Vermont, ny fianakavian' i Smith, tany no nijaliany telo taona misesy noho ny tsy fahampian' ny vokatra, rehefa izany dia nifindra nonina tany Palmyra, New York izy ireo.

## Ny fahitana voalohany

Nanampy ny fianakaviany niasa tany, namindra vato sy nanao asa maro hafa i Joseph Smith tamin' ny fahatanorany. Ny reniny atao hoe Lucy, dia nitantara fa i Joseph dia zaza tia mandinika ary matetika izy no mieritreritra ny momba ny fiainan' ny fanahiny tsy mety maty. Ny zavatra tena nampiahiah y azy dia ny momba izay mety ho fiangonana marina amin' ireo rehetra manao fanambarana tao amin' ny faritanin' i Palmyra. Araka ny fanazavany amin' ny fomba fiteniny manao hoe:

“Nandritra izany fotoana nampitaintaina izany dia nantsoina hieritreritra lalina momba izany ny fanahiko ka nanjary tsy nampahazo aina ahy; kanefa na dia lalina aza ny fahatsapako, dia mbola narovako hiataka amin' izany fisaratsarahana izany ny tenako, ka dia nanatrika favoriana maro isan-karazany araka izay azoko natao tamin' izany aho. Arakaraky ny fandrosoan' ny fotoana no nampirona ahy tamin' ny Sekta Metodista, ka nahatonga ahy hanana faniriana hanaraka azy ireo; kanefa lehibe loatra ny fifangoana sy ny ady teo anivon' ireo anarana samihafa, ka sarotra ho an' ny tanora tahaka ahy, sy ny olona tsy manana fahalalana firy momba ny olona sy ny zavatra maro ny hanapa-kevitra ny amin' izay marina na ny amin' izay diso. . . .

“Raha teo am-pisaintsainana izany fahasaratana lalina nateraky ny fifanjihiran' ireo antokom- pinoana samihafa izany aho, indray andro, dia namaky ny Epistilin' i Jakoba, toko voalohany ka ny andininy fahadimy, izay mivaky toa izao: *Ary raha misy ianareo tsy manam-pahendrena, aoka izy hangataka amin' Andriamanitra, izay manome malalaka ho an' ny olona rehetra sady tsy mandatsa; ary dia homena azy izany.*

“Tsy mbola nisy andinin-tsoratra masina nanohina mafy ny fon' ny olona toy ny nanohinan' izany ny foko. Sahala amin' ny hoe niditra an-keriny tao anatin' ny foko izany. Niverimberina tao an- tsaiko foana izany, tamin' ny fahafantarana fa raha misy mitady ny hanomezan' Andriamanitra azy ny fahendrena, dia izaho no tena mila izany; satria tsy fantattro izay tokony hataoko

hahazoako izany, ary mba hahafahako mahazo fahendrena mihoatra noho izay efa ananako, dia tsy mbola nahalala izany mihitsy aho; satria hafa ny fomba nahazoan' ny mpampianatra soratra masina tany amin' ny sekta samihafa ny andinin-tsuratratra masina iray ka nahatonga ny fahaverezan' ny fahatokiana hampiasana ny Baiboly mba hamaliana ny fanontaniana manitikitika.

“Farany dia tapa-kevitra aho fa na hijanona ao anatin’ ny haizina sy ny fifanjevoana aho, na hanaraka ny toro hevitr’ i Jakoba, izany hoe hanontany an’ Andriamanitra” (Joseph Smith—History 1:8, 11–13).

Tamin’ ny marainan’ ny lohataona, tamin’ ny 1820, nandeha irery nandohalika tao anaty ala kely teo akaikin’ ny tranony i Joseph Smith, nanolotra ny hetahetan’ ny fony tamin’ Andriamanitra, nangataka fitarihan-dalana. Nolazainy izay rehetra nitranga taminy:

“Tampoka teo dia nisy hery toa nambabo ny tenako manontolo, ary nitaona ahy tamim- pahagagana ka voafatotra ny lelako mba tsy hahafahako miteny. Haizina matevina no nanodidina ahy, ary noheveriko fa tao anatin’ ny fotoana fohy dia voaheloka ho amin’ ny fandravana tampoka aho” (JS—H 1:15).

Ny fahavalon’ ny fahamarinana rehetra dia nahafantatra fa manana asa lehibe hotanterahina i Joseph ary nanao izay hanapotehana azy noho izany, fa i Joseph kosa, nampiasa ny heriny rehetra, niantso an’ Andriamanitra ka voavonjy teo no ho eo:

“Tamin’ izany fotoanan’ ny fanairana lehibe izany, no nahitako andrina hazavana nifanitsy tsara tamin’ ny lohako, namirapiratra lavitra noho ny famirapiratry ny masoandro, izay nidina tsikelikely mandra-pahatongany teo amboniko.

“Raha vao nitranga izany dia hitako fa voavotra tamin’ ny fahavalon’ izay nisakana ahy aho. Rehefa nijanona teo amboniko ilay hazavana dia nahita olona roa aho, izay tsy hita pesipesenina ny famirapiratany sy ny voninahiny, nitsangana tsy nitehin-tany teo amboniko. Niresaka tamiko ny anankiray tamin’ izy ireo,

niantso ahy tamin' ny anarako ka nanao hoe: nanondro ilay niara- nitsangana taminy—*Ity ny Zanako malalako. Henoy Izy!*” (JS—H 1:16–17).

Raha vao nahatsiaro ho tompon' ny tenany i Joseph, dia nanontany ny Tompo ny amin' izay marina sy tokony harahany amin' ireo sekta maro be ireo izy. Namaly ny Tompo fa tsy tokony hanaraka “na dia iray aza amin' ireo izy, satria diso daholo ireo” ary “ny finoany sy ny fitsipika arahany dia fahavetavetana eo imasonry.” Nambarany fa manana “endrika fanompoam-pivavahana,” izy ireo kanefa dia lavin’ izy ireo “ny hery avy amin’ izany” (JS—H 1:19). Nilaza zavatra maro hafa koa tamin’ i Joseph Izy.

Rehefa nifarana ny fahitana, dia hitan’ i Joseph fa nandry nitsilany izy, mbola njery ny lanitra. Niverina tsikelikely taminy ny herinny ka nandeha nody izy.

Rehefa niposaka ny masoandro tamin’ ny marainan’ ny taona 1820, dia mbola sarotra tamin’ i Joseph Smith ny naka sary antsaina ilay hazavana lehibe, hisy mpaminany vaovao indray eto ambonin’ ny tany. Izy, ilay zazalahy tsy fantatr’ olona niaina tany andrefan’ i New York, nofidian’ Andriamanitra mba hanatanteraka ny asa mahagaga sy lehibe amin’ ny fampodiana ho amin’ ny laoniny ny Filazantsara sy ny Fianganan’ i Jesoa Kristy eto antany. Nahita olona masina anankiroa izy; ary hatramin’ izay dia afaka nijoro ho vavolombelona ny amin’ ny toetra marin’ Andriamanitra dia ny Ray sy ny Zanany Lahy, i Jesoa Kristy. Izay maraina izay no fiandohan’ ny andro namiratra indrindra—nanenika ny ala kely ilay hazavana, ary Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy dia niantso ilay zazalahy kely 14 taona ho mpaminaniny.



*Tao amin' ny havoanan' i Cumorah, i Joseph Smith no nandray ny takelaka volamena avy amin' ny anjely Môrônia ka nilazana mba hanomboka ny asa fandikan-teny.*

# Fanorenana ny fototry ny fiangonana

## Ny fivoahan' ny Bokin' i Môrmôna

*Ny famangian' ny anjely Môrônia*

Ny harivan' ny 21 Septambra 1823, telo taona taorian' ny nahitany ny Fahitana Voalohany, dia nivavaka tamin' ny Tompo i Joseph Smith mba hangataka famelana noho ny hadalan' ny fahatanorany ary nangataka torolalana misimisy kokoa. Novalian' ny Tompo tamin' ny fandefasany ny iraky ny lanitra mba hanoro lalana azy izy. Toy izao no nosoratan' i Joseph:

“Nantsoiny tamin' ny anarako aho, ary nolazainy tamiko fa iraka nalefa avy teo anatrehan' Andriamanitra ho ahy izy, ary ny anarany dia i Môrônia; fa misy asa tian' Andriamanitra hampanaochina ahy; ary ho fantasy ny firenena rehetra, ny fianakaviana rehetra ary ny samy hafa fiteny rehetra ny anarako na amin' ny ratsy na amin' ny tsara, na sady holazaina tsara no ratsy eo anivor' ny olona.

“Nilaza izy fa misy boky mipetraka, nosoratana teo amin' ny takelaka volamena, nanome ny tantaran' ireo mponina tamin' ity kaontinanta ity fahiny, sy ny loharano nipoirany. Nolazainy koa fa ny fahafenoan' ny filazantsara mandrakizay dia voarakitra ao anatin' izany, tamin' ny nanomezan' ny Mpamonjy izany an' ireo mponina fahiny” (JS—H 1:33–34).

I Môrônia no mpaminany farany nanoratra tao anatin' io rakitsoratra fahiny io, ary araka ny fanoroan-dalana nataon' ny Tompo, dia naleviny tao amin' ny havoanan' i Cumorah izany. Naleviny tao koa ny Orima sy ny Tomima, izay nampiasain' ny mpaminany fahiny ary hampiasain' i Joseph mba handikany ny rakitsoratra.

Natoron' ilay anjely an' i Joseph ny lalana mankany amin' ilay havoana, izay teo akaiky teo, ary nilaza zava-dehibe maro taminy momba ny asan' ny Tompo amin' ny andro farany izy. Nolazainy tamin' i Joseph fa rehefa nahazo ny takelaka izy, dia tsy hasehony na amin' iza na amin' iza izany raha tsy ny Tompo no mandidy azy hanao izany. Niverina tamin' i Joseph in-droa i Môrônîa iny alina iny ary indray mandeha ny andro manaraka. Mamerina izany hafatra manan-danja izany sy manome fampahalalana misimisy kokoa izy isaky ny tonga.

Ny andro nanaraka ny fitsidihan' ny anjely dia nandeha tany amin' ny havoanan' i Cumorah i Joseph araka ny natoro azy. Hoy izy momba izany zavatra izany:

“Teo amin' ny ilany andrefan' ny havoana, tsy lavitra ny tendrony, tao ambany vatobe, no nisy ilay takelaka, nipetraka tao anaty boaty. Natevina izany vato izany ary somary boribory ny lafiny afovoany ambony, ary somary manify ny sisiny, noho izany dia hita avy ety ambonin' ny tany ny faritra afovoany, fa ny sisiny manodidina dia rakotry ny tany.

“Rehefa noesoriko ny tany, dia nahazo fitaovana fibatana aho, izay napetako teo ambanin' ny sisin' ny vato, ary ezaka kely foana dia voabatako izany. Nojereko ny tao anatiny, ka tao indrindra no nahitako ny takelaka volamena, ny Orima sy ny Tomima, ary ny tratran' ny takelaka, araka ny nambaran' ilay iraka” (JS—H 1:51–52).

Niseho ny anjely Môrônîa ary nilaza tamin' i Joseph mba hihaona aminy any amin' ny havoana raha afaka herin-taona amin' ny fotoana toy io nifankahitany io ary hanohy hatrany izany fihaonany izany isan-taona mandra-pahatongan' ny fotoana handraisany ny takelaka. Isaky ny fihaonana, dia manome torolalana misimisy kokoa hatrany i Môrônîa mikasika izay ho nataon' ny Tompo sy ny fomba hitarihany ny fanjakany (jereo ny JS—H 1:27–54).

#### *Ny asa fandikan-teny*

Tamin' ny 22 Septambra 1827, taorian' ny efa-taona fanomanana, dia nomen' i Môrônîa an' i Joseph mpaminany ny

takelaka volamena ary nilaza taminy izy mba hanomboka ny asa fandikan-teny. I Emma Hale, izay vao avy nampakarin' i Joseph ho vady tamin' iny taona iny, dia niaraka taminy tamin' izany fotoana izany ary niandry teo ambanin' ny havoanan' i Cumorah mandra-piverin' ny vadiny nitondra ny takelaka. Nanjary nitondra fanampiana lehibe ho an' ny mpaminany izy ary iray tamin' ireo mpandray an-tsoratra ny fandikana ny Bokin' i Môrmôna nandritra ny fotoana fohy.

Noho ny fanenjehana hatrany izay nataon' ny olona teo antoerana mba hangalarana ny takelaka volamena, dia voatery nandao ny tranony tao Manchester, New York, i Joseph sy i Emma. Nialokaloka tany amin' ny tranon' ny rain' i Emma izay nantsoina hoe Isaac Hale izy ireo, tao Harmony, Pennsylvania, izay tokony ho 120 maily atsimo atsinanan' i Manchester. Tany no nanombohan' i Joseph ny fandikana ny takelaka. Fotoana fohy tatô aoriana dia nanampy azy ny namany atao hoe Martin Harris, tantsaha, izay lasa mpitan-tsorany.

Nangataka tamin' i Joseph i Martin raha afaka hitondra hody ny takelaka 116 efa voadika mba hasehony ny fianakaviany, mba hanamporofoany ny lanjan' ny asa ataon' izy ireo. Nangataka lalana tamin' ny Tompo i Joseph, kanefa tsy nanaiky izany ny Tompo. Niangavy an' i Joseph i Martin mba hangataka indray, izay tamim-pisalasalana no nanaovan' i Joseph izany in-droa ary farany dia nahazo lalana hanao izany izy. Nanao fanekena ny tsy hampiseho izany afa-tsy amin' ny olona vitsivitsy i Martin, kanefa tsy nitana ny fanekena nataony izy, ary dia nisy nangalatra ireo takelaka. Niteraka alahelo mafy tsy laitra nampiononona tamin' i Joseph izany fahaverezana izany, satria noheveriny fa very avokoa ny fikelezan' aina rehetra nataony mba hanompoana ny Tompo. Niantso mafy izy nanao hoe: "Inona no tokony hataoko? Nanota aho—izaho no niantso ny fahatezeran' Andriamanitra. Tokony ho nionona tamin' ilay valin-teny voalohany izay azoko avy amin' ny Tompo aho."

Nibebaka tamin' ny fony i Joseph, ary afaka fotoana fohy taorian' ny nakana ny takelaka sy ny Orima sy Tomima taminy,

dia namela heloka azy ny Tompo ary dia nanomboka ny fandikan- teny indray izy. Nanoro lalana azy ny Tompo mba tsy hamerenany ny fandikana ireo takelaka very, izay mirakitra ny tantara momba izao tontolo izao. Ho solon' izany, dia nandika takelaka hafa izay namboarin' i Nefia mpaminany i Joseph, takelaka izay nitranga tamin' ny vanim- fotoana mitovy kanefa mirakitra ireo faminanian' i Kristy lehibe kokoa sy ireo soratra hafa izay masina. Hitan' ny Tompo mialoha ny fahaverezan' ireo takelaka 116 ka efa nomeny tsindrimandry i Nefia mba hanomana io tantara faharoa io. (Jereo 1 Nefia 9; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 10:38–45; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 3 sy 10, izay azo nandritra izany vanim- fotoana izany).

Tamin' izany fotoana izany, dia notahiana tamin' ny fanampian' i Oliver Cowdery, tanora mpampianatra izay notarihan' ny Tompo ho any an-tranon' ny mpaminany i Joseph. Nanomboka nanoratra tamin' ny 7 Aprily 1829 i Oliver. Hoy indrindra izy mikasika izany vanim-potoana izany: "Tsy hohadinoina mihitsy izay andro izay—nitoerana, nihainoana ny aingam-panahin' ny lanitra, mamoha ao an-tratra ny fankasitrahana lalina!" (JS—H 1:71, fanamarihana eny amin' ny faran' ny takila).

Hoy i Oliver nanampy izany: "Marina io boky io. . . Izaho no nanoratra azy araka ny nivoahany tamin' ny vavan' ny mpaminany. Mirakitra ny filazantsara mandrakizay izany, ary tonga amin' ny fahafenoan' ny fanambaran' i Jaona izay milaza fa nahita anjely izay tonga niaraka tamin' ny filazantsara mandrakizay hotoriania amin' ny firenena rehetra, ny fiteny sy ny olona rehetra izy. Mirakitra ireo fitsipiky ny famonjena izany. Ary raha mandeha amin' ny fahazavany ianao ka mankatò ny foto-keviny dia ho voavonjy ao amin' ny fanjakana mandrakizain' Andriamanitra."<sup>2</sup>

Teo am-perinasa dia hitan' i Joseph sy i Oliver fa ny fahafoizan-tenany ho amin' ny fandikana ny rakitsoratra dia nahatonga azy ireo ho tsy nanam-bola sy tsy nanana sakafo; tsy

nananany na dia izay fitaovana tokony hanoratany aza. Raha nahafantatra izany zava-tsarotra nihatra taminy izany i Joseph Knight rainy, izay sady mpiasa no naman' ny mpaminany teo aloha, dia nanapa-kevitra hanome fanampiana ho azy ireo. Toy izao no filazalazany izany fanampiana tonga teo amin' ny fotoana tena nilany azy indrindra izany:

"Nividy trondron-dranomasina benofony iray barika sy taratasy misy tsipika hanoratana aho. . . . Nividy voamaina sivy na folo vata famarana aho sy ovymy na enina vata famarana. "Rehefa izany dia nitsidika ireo roa lahy tao Harmony izy ary nitantara fa "i Joseph sy i Oliver dia lasa nitady asa mba hahazoana mividysy vatsy kanefa tsy nahita asa izy ireo. Nody tany an-trano izy ireo ary nahita ahy niaraka tamin' ireo vatsy, ka faly, satria tsy nanana izany izy. . . . Rehefa izany dia lasa niasa izy ireo ary nanana vatsy mandra-pahavitan' ny fandikan-teny."<sup>3</sup>

Tsy tokony hahagaga ny filazan' ny mpaminany Joseph momba ilay lehilahy marina: "Raha mbola misy zanakalahin' i Ziona tavela, dia hiteny izy ireo fa ilay lehilahy marina dia olona mahatoky teo amin' Isiraely; noho izany ny anarany dia tsy tokony ho hadinoina mihitsy."<sup>4</sup>

Noho ny fitomboan' ny fanenjehana, dia niala tao Harmony i Joseph sy i Oliver ary namita ny asa fandikan-teny tao amin' ny toeram-piompian' i Peter Whitmer tao Fayette, New York, nandritra ny volana Jona 1829. Ny fahavitan' izany asa izany tao anatin' ny fisedrana mahamay dia tena fahagagana vaovao amin' izao andro izao. Tamin' ny fahaizana tsy dia manao ahoana loatra, no nanononan' i Joseph Smith ny fandikan-teny tao anatin' ny roa volana, tamin' ny fiasana ara-dalana, ary nanao fanitsiana kely foana. Ny boky ankehitriny dia mitovy tsy misy hafa amin' ny nandikana azy ary loharanon' ny fijoroana ho vavolombelona ananan' ny olona an-tapitrisany eran-tany. I Joseph Smith dia fitaovana mahery teo an-tanan' ny Tompo tamin' ny famoahana ny tenin' ny mpaminany fahiny ho an' ny fahasoavan' ny Olomasin' ny Andro Farany.

### *Vavolombelon' ny Bokin' i Môrmôna*

Raha tao Fayette ny mpaminany Joseph Smith, dia nanambara ny Tompo fa i Oliver Cowdery, i David Whitmer, ary i Martin Harris no vavolombelona telo manokana izay navela hahita ny takelaka volamena (jereo 2 Nefia 27:12; Etera 5:2-4; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 17). Izy ireo, niaraka tamin' i Joseph, dia afaka ho vavolombelon' ny fiaviana sy ny fahamarinan' ny rakitsoratra fahiny.

Nanazava toy izao i David Whitmer: "Nandeha tany anaty ala izahay, teo akaiky teo, ary nipetraka teo amin' ny vatan-kazo ka niresadresaka kely teo. Rehefa izany dia nandohalika izahay ka nivavaka. Nivavaka i Joseph. Rehefa izany dia nitsangana izahay ka nipetraka teo amin' ny vatan-kazo, ary niresaka raha iny nisy hazavana tampoka nidina avy eo amboninay ka nandrakotra anay; ary nitsangana teo anoloanay ilay anjely." I Môrônia ilay anjely. Hoy i Davida hoe: "nanao akanjo fotsy izy, ary niresaka sy niantso ahy tamin' ny anarako nanao hoe: 'hotahiana izay nitandrina ny didiny!' Nisy latabatra natao teo anoloanay ary napetraka teo ambonin' izany ny rakitsoratra. Ny rakitsoratry ny Nefita, izay nakana ny fandikana ny Bokin' i Môrmôna, ny takelaka varahina, ny bola mpitari-dalana, ny sabatr' i Labana sy takelaka maro hafa."<sup>5</sup> Rehefa njery ireo zavatra ireo ireto lehilahy, dia nandre feo nanao hoe: "Ireo takelaka ireo dia nambara tamin' ny herin' Andriamanitra, ary nadika tamin' ny alalan ' ny herin' Andriamanitra. Ny fandikan-teny izay hitanareo dia marina, ary mangataka anareo aho mba hijoro ho vavolombelona momba ny zavatra hitanareo sy renareo amin' izao fotoana izao."<sup>6</sup>

Taorian' izany fisehoan-javatra izany, dia nasehon' i Joseph Smith tamin' ireo vavolombelona valo hafa ny takelaka, izay nitondra izany tany amin' ny toerana niataka, teo akaikin' ny tranon' ny fianakavian' i Smith tao Manchester, New York. Ny fijoroana ho vavolombelona nananan' ireo antokona vavolombelona ireo dia samy notanana an-tsoratra ao amin' ny fiandohan' ny Bokin' i Môrmôna.

### *Mitory amin' ny fampiasana Bokin' i Môrmôna*

Rehefa vita ny asa fandikan-teny, dia nanao fifanarahana tamin' i Egbert B. Grandin, any Palmyra ny mpaminany mba hanonta printy ny Bokin' i Môrmôna. Nanao fifanarahana misy antoka tamin' i Mr. Grandin i Martin Harris mba handoavana ny vola \$3.000 ilaina amin' ny fanontana printy ny boky miisa 5.000.

Ny Bokin' i Môrmôna natonta voalohany dia azon' ny be sy ny maro nampiasaina tao amin' ny tronom-boky E. B. Grandin tamin' ny 26 Martsa 1830. Anisan' ireo misionera voalohany nampiasa ny Bokin' i Môrmôna natonta voalohany i Samuel Smith. Tamin' ny Aprily 1830 izy dia nitsidika ny tronom-bahiny Tomlinson tao amin' ny faribohitr' i Mendon, New York. Tao no nivarotany ny boky tamin' ilay zazalahy atao hoe Phinehas Young, rahalahantsoa i Brigham Young.

Ny volana Jona dia niverin-dalana indray izy ary nametraka Bokin' i Môrmôna iray tao amin' i John P. Greene tao Bloomfield, New York. Nanambady an' i Rhoda Young, anabavin' i Brigham Young i John. I John Young, dadan' i Brigham, no olona manaraka nahita ilay boky, ary nitondra izany tany an-tranony, ka namaky izany hatramin' ny farany. Nambarany fa "izany no asa lehibe indrindra ka tsy nahitana diso mihitsy amin' izay asa rehetra efa hitany, anisan' izany ny Baiboly."<sup>7</sup>

Na dia efa nahafantatra ny votoatin' ny boky hatramin' ny 1830 aza i Brigham Young, tamin' ny alalan' ny fianakaviany sy ny misionera, dia mbola nila fotoana ihany mba handalinana izany manontolo. Hoy izy: "Nalaliniko tsara nandritra ny roa taona ny fianarana izany talohan' ny nanapahako hevitra hanaiky ity boky ity. Fantattro fa marina izany, tahaka ny fahafantarako fa afaka mahita amin' ny masoko aho, na mitsapa amin' ny rantsantanako, na ny fahalalako ireo zavatra hafa rehetra avy amin' ny alalan' ny taovam-pandrenesako. Raha tsy izany no nitranga, dia ho tsy nandray izany aho ankehitriny. . .nandaniako fotoana ny nahafahako nanaporofy izany rehetra izany tamin' ny tenako."<sup>8</sup>

Natao batisa tamin' ny 14 Aprily 1832 i Brigham Young. Taorian' ny batisany sy ny fandraisana azy ho mpikambana, dia tsapany, "Araka ny tenir' ny Mpamony, dia nahatsiaro fanetren-tena aho, fanahin-jaza fanambarana tamiko fa ny fahotako dia voavela."<sup>9</sup> Tatè aoriana dia lasa apostoly izy ary farany dia lasa filoha faharoan' ny Fianganana.

### **Famerenana amin' ny laoniny ny Fisoronan' i Aharona sy ny Fisoronan' i Melkizedeka**

Tamin' ny fotoana nihaonan' ny anjely Môrônia voalohany tamin' i Joseph Smith teo amin' ny Havoanan' i Cumorah tamin' ny volana Septambra 1823, nanome torolalana lehibe izy momba ny famerenana amin' ny laoniny ny fahefan' ny fisoronana eto antany, anisan' izany ity fanambarana ity: "Tamin' ny nandikana ny [takela-bolamena] *dia nanome ny fisoronana masina ho an' ny olona sasany ny Tompo*, ary tokony hanomboka hitory izany filazantsara izany izy ireo ary hanao batisa amin' ny rano, ary aorian' izany, dia hanana ny fahefana hanome ny Fanahy Masina amin' ny fametrahan-tanana izy ireo."<sup>10</sup>

Tamin' ny lohataonan' ny taona 1829, dia nandray anjara tamin' ny ampahany tamin' ny fahatanterahan' ny tenin' ny anjely i Joseph. Teo am-pandikan' i Joseph sy i Oliver Cowdery ny Bokin' i Môrmôna, dia nahita andininy tao, milaza momba ny batisa ho an' ny famelana ny fahotana izy. Tamin' ny 15 May dia nikatsaka fahalalana misimisy kokoa avy amin' ny Tompo tamin' ny alalan' ny vavaka izy ireo. Rehefa nanao ny fangatahany izy ireo teo amoron' ny onin' i Susquehanna, dia tonga nitsidika azy roa lahy ny iraka avy any an-danitra. Nitonona ho i Jaona Mpanao batisa tamin' ny andron' ny Testamenta Vaovao izy io. Nametraka ny tanany teo amin' ny lohan' i Joseph sy i Oliver, hoy izy: "Ho anareo ry mpiara-manompo amiko, amin' ny anaran' i Mesia, no anomezako anareo ny Fisoronan' i Aharona, izay mitana ny fanalahidin' ny asa fanompoan' ny anjely, sy ny filazantsaran' ny fibebahana, ary ny batisa asitrika ho famelana ny fahotana" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 13:1).



*I Peter, i Jakoba, ary i Jaona niseho tamin' i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery ka nanome azy ireo ny fisoronan' i Melkizedeka.*

Taorian' izany fanendrena izany, dia nifanao batisa sy nifanome ny fisorongan' i Aharona araka ny nandidian' i Jaona Mpanao batisa azy ireo i Joseph sy i Oliver. Nilaza tamin' izy ireo i Jaona fa "ity Fisorongan' i Aharona ity dia tsy ny fahefana hametra-tanana ho an' ny fanomezana ny Fanahy Masina, fa izany fahefana izany dia homena azy ireo aoriania kely". Nilaza koa izy fa "izy dia miasa eo ambany fitarihan' i Petera, Jakoba ary Jaona, izay mihazona ny fanalahidin' ny Fisorongan' i Melkizedeka, izay fisoronana homena antsika amin' ny fotoana maha-mety izany" araka ny voalazany (JS—H 1:70, 72; jereo koa ny 1:68–72).

Hoy ny mpaminany momba izany zavatra izany: "Raha vantany vao nivoaka avy tao anaty rano izahay taorian' ny nanaovana batisa anay, dia nahatsapa fahasoavana lehibe sy be voninahitra avy amin' ny Raintsika any an-danitra. Tsy ela akory taorian' ny nanaovako batisa an' i Oliver Cowdery, dia efa nidina teo amboniny ny Fanahy Masina, ary nitsangana izy ka naminany zavatra maro izay hitranga tsy ho ela. Tahaka izany koa, raha vantany vao nataony batisa aho, dia nahazo ny fanahin' ny faminaniana koa, rehefa nitsangana aho, dia naminany nikasika ny fahaterahan' ny fiangonana, ary zavatra maro hafa koa mifandraika amin' ny fiangonana, ary mikasika ity taranaky ny zanak' olombelona ity. Nofenoina ny Fanahy Masina izahay, ka nifaly tao amin' Andriamaniry ny famonjena anay" (JS—H 1:73).

Tat� aoriania, i Petera, i Jakoba, ary i Jaona dia niseho tamin' i Joseph sy i Oliver ary nanome azy ireo ny Fisorongan' i Melkizedeka. Nomena ny fanalahidin' ny fanjakan' Andriamanitra koa izy ireo (Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 27:12–13; 128:20). Ny Fisorongan' i Melkizedeka dia ny fahefana ambony indrindra omena ny olona et� an-tany. Miaraka amin' izany fahefana izany no nahafahan' ny mpaminany Joseph Smith nanangana ny Fiangonan' i Jesoa Kristy amin' izao fotoanandro izao ary nanomboka nanorina ny Kolejin' ny fisoronana isan-karazany izay fantatsika ao amin' ny fiangonana amin' izao fotoana izao.

## **Fananganana ny fiangonana**

Nambaran' ny Tompo tamin' i Joseph Smith fa ny 6 Aprily 1830 no andro hananganana ny Fiangonan' i Jesoa Kristy amin' izao fotoanandro izao (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:1). Filazana maro no nalefa ho an' ny mpino sy ny namana, ary lehilahy sy vehivavy 56 no niangona tao amin' ny trano hazon' i Peter Whitmer Sr. tao Fayette, New York. Lehilahy enina nonofidian' ny mpaminany mba hanatrika ny fananganana "araka ny lalàñ' ny firenena, amin' ny sitrapo sy ny didin' Andriamanitra" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:1).

Toy izao ny rakitsoratry ny mpaminany: "rehefa vita ny fanombohana ny fivoriana tamin' ny vavaka feno fanajana ho an' ny Raintsika any an-danitra, dia nanao ny adidy, mifanaraka amin' ny didy izay efa nomena teo aloha izahay, hanontany ireo rahalahinay hahafantarana na manaiky anay ho mpampianatra azy ny zavatra momba ny fanjakan' Andriamanitra izy ireo na tsia, ary raha mahafa-po azy ireo na tsia ny nitsangananay ho fiangonana manaraka ny didy, izay efa nambara teo aloha, izay azontsika. Nanaiky ireo tolo-kevitra ireo tamin' ny fididianana nifanarahana ny be sy ny maro izy ireo."<sup>11</sup>

Miaraka amin' ny faneken' ireo rehetra nanatrika teo, dia notendren' i Joseph i Oliver ho loholon' ny fiangonana ary i Oliver nanendry ny mpaminany ho loholona araka ny natoron' ny Tompo. Notsofin-drano sy natolotra ireo mpikambana nanatrika teo ny Fansan' ny Tompo. Ireo izay vita batisa dia noraisina ho mpikambana ary nomena ny fanomezan' ny Fanahy Masina. Nilaza ny mpaminany fa "nomena ho antsika tamin' ny hery lehibe ny Fanahy Masina—ny sasany naminany, raha nidera ny Tompo isika ka nifaly indrindra."<sup>12</sup> Nandritra izany fivoriana izany, dia nahazo fanambarana izay nanomezan' ny Tompo torolalana ny fiangonana mba hihevitra ny tenin' ny mpaminany ho toy ny teny avy amin' ny Tompo mivantana i Joseph (jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 21:4–6).

Ny zavatra hita tamin' ny fivoriana tamin' ny 1830 dia mbola hita ao amin' ny fiangonana ankehitriny: ny fampiharana ny lalàn' ny fanekena iombonana, ny hira, ny vavaka, ny fandraisana ny Fanasan' ny Tompo, ny fizaraña ny fijoroana ho vavolombelona, ny fanomezana ny Fanahy Masina amin' ny alalan' ny fametrahan-tanana, ny fanendrena, ny fanambarana manokana, ary ny fanambarana avy amin' ny mpihazona ny fisoronana.

Ny renin' i Joseph, i Lucy Mack Smith, dia nandrakitra izao tarehin-javatra mahafinaritra izao, izay nitranga tamin' ny andro nanaovana batisa an' i Joseph Smith rainy, ilay dadan' ny mpaminany: "Rehefa nivoaka avy tao anaty rano Ingahy Smith, dia nitsangana teo amoron' ny rano i Joseph, ka nandray ny rainy tamin' ny tanany, vonton-dranomasom-pifaliana izy, nanao hoe 'Dera ho an' Andriamanitro! fa velon' aina aho nahita ny raiko natao batisa ao amin' ny tena Fianganan' i Jesoa Kristy!' "<sup>13</sup> Hoy i Joseph Knight rainy tamin' izay fotoana izay: "feno ny Fanahy tanteraka [ny mpaminany]. . . . Toa ampoky ny hafaliana izy. Fantatro fa nahita ny asa lehibe izay efa natombony izy ary te hanohy izany."<sup>14</sup>

Nisy herim-pitiavana lehibe teo amin' ny ray sy ny zanaka. Taoriana kely, tamin' ny fotoana nanaovana teny fandokafana ny rainy, dia hoy ny mpaminany: "Tiako ny raiko sy ny fahatsiarovana azy, ary ireo asa nataony dia velona mandrakariva ao an-tsaiko ary ireo teny mamy maro izay nataony tamiko amin' ny maha-ray aman-dreny azy dia voasoratra ao am- pokon."

Ny fitiavana izay nisy teo amin' ny mpaminany sy ny rainy, dia nasehon' i Joseph Smith rainy tamin' ny rainy ihany koa, dia i Asael Smith izany. Tamin' ny volana Aogositra 1830, i Joseph Smith rainy dia nitondra Bokin' i Môrmôna maromaro tany avaratra atsinanana tany amin' ny faribohitr' i St. Lawrence, New York, mba homeny ny rainy sy ny reniny ary ny anabaviny sy ny rahalahiny. Novakin' i Asael Smith ny boky taloha kelin' ny nahafatesany tamin' ny volana Oktobra 1830, ary nambarany tamin' ny zafikeliny, fa i Joseph Smith zanany, "dia ilay

mpaminany izay efa fantany fa ho avy ao amin' ny fianakaviany.”<sup>16</sup> Mbola nisy zanak' i Asael telo mirahalahy nanaraka ny fiangonana—i Silas, i John, ary i Asael zanany. Nanana fahasoavana nahita ny fianakaviany akaiky sy ny fianakavian-drainy marobe niroboka tao amin' ny ranon' ny batisa ny mpaminany.

I Sidney Rigdon, izay lasa mpikambana tao amin' ny Fiadidiana Voalohany tat� aoriane, dia niresaka momba ny fiandohan' ny fiangonana tamim-panetrentena sy ny fahitana lehibe ho an' ny ho avy izay efa azon' ny mpanorina sahadys: “tao amin' ny trano hazo efa trainainy iray no nahitako ny Fianganan’ i Kristy, teo amin' ny 1,80 metatra teo akaikin’ i Waterloo, N.Y. ary nanomboka niresaka momba ny fanjakan’ Andriamanitra tahaka ny hoe voafehinay ny tany manontolo; niresaka tamim-pahatokiana tanteraka izahay, . . . na dia olom-bitsy ihany aza izahay; . . . hitanay tamin’ ny fahitana, ny Fianganan’ Andriamanitra, avo zato heny ny habeny; . . . Tsy misy na inona na inona fantatr’ izao tontolo izao ny momba ny fijoroana ho vavolombelon’ ny mpaminany ary tsy fantany izay hataon’ Andriamanitra.”<sup>17</sup>

Ilay zava-nitranga tamin’ ny 6 Aprily 1830 tany andrefan’ i New York dia nanova ny fiainan’ olona an-tapitrisany maro. Taorian’ ny fanombohana tamin’ ny olona niova fo vitsy dia vitsy tao anatin’ ny trano hazo kely iray, dia niperitaka nanerana izao tontolo izao ny filazantsara. Amin’ izao fotoana izao, dia tafatsangana eran-tany ny fiangonana, matetika dia naorina tamin’ ny fanetrentena tahaka ny nanorenana azy tany am-boalohany tany Fayette izany. Ny Olomasina eran’ izao tontolo izao dia mifaly sy mionona amin’ ny fampantanantenana nataon’ ny Mpamony hoe: “Ao amin’ ny toerana izay hiangonan’ ny roa na telo amin’ ny anarako, . . . indro, eo afovoan’ izy ireo Aho” (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:32).

## **“Mandehana any Ohio”: Ny fanangonana an’ i Isiraely amin’ ny Andro Farany**

*Ny fanenjehana tany Colesville*

Tamin’ ny volana nanorenana ny fiangonana, dia nandeha nanao iraka ny mpaminany Joseph Smith mba hampianatra ireo namany, ny fianakavian’ i Joseph Knight zanany, izay nipetraka tao Colesville, New York. Tamin’ ny 28 Jona dia maro tamin’ ny namana sy ny fianakavian-dry Knight no niomana ho amin’ ny fanekempihavanana’ ny batisa.

Nisy fifanoherana mafy teo amin’ ny fitoriana ny filazantsara tao Colesville, ary ny vahoaka mpanohitra dia nanao izay hanajanonana ny batisa tamin’ ny fandravana ny toha-drano natsangan’ ireo rahalahy mba hitahirizana ny rano. Na izany aza anefa, dia voamboatra vetivety foana izany. Toy izao no namaritan’ i Joseph Knight zanany ny zavatra nataon’ ireo fahavalon’ ny finoana: “Rehefa niverina avy nanao batisa izahay, dia maro tamin’ ireo mpiara-monina taminay no tamy nanatona anay, nanondro anay sady nanontany raha sahirana manasa ondry izahay. . . . Tamin’ izay alina izay dia nisy namadika ny saretinay kanofenoina hazo, ny sasany nilentika tao anaty rano, nasiana tsatôka vy marobe nanakanana ny varavarany, nalefa tany an’ ony ny rojovy ary nisy fandravana lehibe.”<sup>18</sup>

Tamin’ izay fotoana izay, ireo mpanohitra dia nanao izay hahavery hevitra ny mpaminany tamin’ ny fisamborana sy ny fitsarana azy ho nanao izay hampikorontana ny vahoaka. Na teo aza izany, dia naka mpisоловava i Joseph Knight rainy, izay nanala azy haingana tamin’ ny fiampangana rehetra.

Isaky ny misy fandrosoana lehibe eo amin’ ny fiangonana, dia ohatran’ ny manao izay rehetra azony atao ny fahavalon’ ny fahamarinana mba hanakanana ny fandrosoan’ ny Fanjakan’ Andriamanitra. Kanefa ny Olomasin’ Andriamanitra manana fandavan-tena dia nahatohitra ny olana ka nihanahery, tahaka ny nataon’ ireo Olomasina tao Colesville izay nanjary sampana matanjaka.

*Misiônera teo anivon' ny Indiana*

Tamin' ny volana Septambra sy Oktobra 1830, dia nisy zatovolahy efatra nantsoina tamin' ny alalan' ny fanambarana mba hitondra ny hafatry ny filazantsara sy ny Bokin' i Môrmôna any amin' ny Indiana any Amerika, izay taranaky ny olona ao amin' ny Bokin' i Môrmôna. Tsy iza ireo misiônera ireo fa i Oliver Cowdery, i Peter Whitmer zanany, i Parley P. Pratt, ary i Ziba Peterson (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 28:8; 30:5-6; 32). Nandeha maily an-jatony izy ireo tamin' izany ka afaka nitory tany Catteraugus Indians teo akaikin' i Buffalo, New York, tany Wyandots of Ohio, ary farany tany Delaware izay tany andrefan' ny fanjakan' i Missouri. Nahazo ny fahombiazana lehibe anefa izy ireo teo anivon' ny mpamola-tany tao Kirtland, Ohio, sy ny faritra manodidina, izay nisy olona 127 niova fo. Vetivety foana taorian' ny fahalasan'an' ny misiônera dia nahatratra an-jatony ny isan' ireo Olomasina tao Ohio noho ny fisarihana nataon' ireo mpikambana tavela tat� aoriana.

*Antso mba hiangona any Ohio*

I Sidney Rigdon, izay mpitandrina teo aloha ka nanjary niova fo tao amin' ny faritr' i Kirtland, sy namana iray tsy mpikambana atao hoe Edward Partridge dia naniry fatratra ny hihaona amin' ny mpaminany ka hianatra misimisy kokoa ny momba ny fampianaran' ny fiangonana. Tamin' ny volana Desambra 1830 dia nandeha nihoatra ny 250 maily ho any Fayette, New York, izy ireo mba hitsidika an' i Joseph Smith. Nangataka azy mba hitady ny sitrapon' ny Tompo mikasika azy ireo sy ny Olomasina ao Kirtland izy ireo. Ho valin' izany, dia nambaran' ny Tompo fa ny Olomasina ao New York dia tokony "hiara-hitambatra ao Ohio" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 37:3). Tamin' ny fihaonamben' ny fiangonana fahatelo sady farany tao New York, izay natao tao amin' ny toeram-piompian' i Whitmer tamin' ny 2 Janoary 1831, dia naverin' ny Tompo ho an' ny mpikambana ny toro lalana nomeny:

“Ary mba hahafahanareo miala amin’ ny herin’ ny fahavalo, dia miangònà ao amiko ho tahaka ny olona marina, izay sady tsy misy pentina no tsy manan-kilema—Noho izany antony izany, dia omeko anareo ny didy mba hankanesanareo any Ohio; ary omeko anareo any ny lalàko; ary any no hanomezana anareo ny fanafiana masina miaraka amin’ ny fahefana avy any ambony” (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 38:31–32). Izany no antso voalohany amin’ izao fotoanandro izao ho an’ ny Olomasina mba hiaraka hiangona.

Nisy vitsivitsy tamin’ ireo mpikambana nify ny tsy hivarotra ny fananany sy tsy handeha lavitra avy any New York mankany Ohio, fa ny ankamaroan’ ny mpikambana dia nandre ny feon’ ny MPIANDRY ondry nangataka ny hanangonana an’ i Isiraely. I Newel Knight dia solon-tenan’ ny mpianatra izay nanaraka ny mpitarika ny fisoronana ka namaly ny antso:

“Rehefa tonga tany an-trano avy nanatrika ny fihaonambe aho, mba hankatò ny didy izay nomena, niaraka tamin’ ny sampana tao Colesville, dia nanomboka niomana ho any Ohio. . . . Araka ny efa nantenaina, dia voatery tsy maintsy nanao sorona ny fanananay izahay. Ny ankamaroan’ ny fotoanako dia feno tamin’ ny fitsidihana ireo rahalahy, sy nanampy azy ireo tamin’ ny fikarakarana ny raharahany, amin’ izay dia mba ho afaka hiarhandeha izahay.”<sup>19</sup>

I Joseph Knight zanany koa dia ohatra ho an’ ireo izay maniry hanao ny sorona hivarotra ny fananany mba hahafahana manaraka ny mpaminany tao Ohio. Ny fanambarana tsotra nasehony tao amin’ ny *Broome Republican* dia milaza betsaka mikasika ny fanoloran-tenany manoloanan’ ny filazantsara: “Ny toeram-pambolena izay an’ i Joseph Knight, ao amin’ ny tanànan’ i Colesville, eo akaikin’ ny tetezan’ i Colesville —sisin’ ny onin’ i Susquehanna, tokony ho eo amin’ ny enina amby dimampolo hekitara sy valo ara. Io toeram-pambolena voalohany io dia misy toeram-ponenana roa, lava-bary tsara iray, sy tanim-boaloboka. *Tsara ny fepetran’ ny fivarotana.*”<sup>20</sup> Mpikambana avy any Colesville

miisa 68 no nanainga ho any Ohio tamin' ny tapaky ny volana  
Aprily 1831.

Olomasina 80 avy any amin' ny sampana tao Fayette sy 50 avy ao amin' ny sampana ao Manchester no samy nankatò ny didin' ny Tompo, ka nandao ny toeram-ponenany tamin' ny fiandohan' ny volana May 1831. I Lucy Mack Smith, renin' ny mpaminany, dia nanankinana ny fifindran' ny mpikambana avy ao Fayette. Rehefa tonga tao Buffalo, New York, izy ireo dia nahita fa voasakan' ny ranomandry ny fitodihan-tsambo ka tsy afaka nanainga ny sambo nitondra ny Olomasina tao Fayette. Tamin' izany toe-javatra sarotra izany, dia niantso ny mpikambana rehetra izy mba haneho ny haben' ny finoany: "Ankehitriny, ry rahalahy sy anabavy, raha tianareo ny hanandratra ny fanirianareo any an-danitra, mba hahavaky ny ranomandry, ka ho afaka isika, raha mbola velona koa ny Tompo, dia hataony izany." Tamin' izany fotoana izany indrindra no nandrenesana tabataba "tahaka ny kotro-baratra." lasa ilay ranomandry ka nanjary nisy lalana kely izay nahafahan' ilay sambo nandeha. Raha vao nandeha kely foana anefa izy ireo dia nihidy indray ny lalana, kanefa malalaka ny rano ka afaka nandeha izy ireo. Taorian' izany famonjena mahagaga izany, no niantsoana ny rehetra hiaraka hivavaka hisaotra an' Andriamanitra noho ny famindrampony tamin' izy ireo.<sup>21</sup>

Talohan' ny tapaky ny volana May, ny sampan' ny fiangonana avy any New York dia afaka nandeha sambo namakivaky ny onin' i Erie ho any Fairport Harbor, Ohio, izay toerana nifankahitany tamin' ny Olomasina namany ka nitondrana azy tany amin' ny fiantsonana tany Kirtland sy tany Thompson. Ny fanangonana lehibe natao tamin' ny Israelin' ny andro farany dia efa nanomboka. Ny Olomasina ankehitriny dia eo amin' ny toerana hahafahan' ny mpanompo voafidin' ny Tompo mampianatra azy ireo miaraka, mba hianatra ny lalànany sy mba hanangana ny tempoly masina.



*Ny Tempolin' i Kirtland*

# Fananganana ny Fanjakana tao Kirtland, Ohio

## Ny fahatongavan' ny mpaminany tao Ohio

Tamin' ny ririnin' ny volana Febroary 1831, ny mpaminany Joseph Smith sy i Emma vadiny, izay bevohoka zaza kambana enim-bolana, dia tonga tany Kirtland, Ohio rehefa avy nandeha 250 maily niala tany New York. Tonga tamin' ny kalesy manokana natao handehanana amin' ny ranomandry tao amin' ny trano fivarotan' i Gilbert sy i Whitney izy ireo. Ity manaraka ity dia mitantara ny fihaonan' i Newel K. Whitney sy ny mpaminany:

“Ny iray tamin’ ireo lehilahy [nitaingina ilay kalesy], tanora matanjaka sy tomady, nidina dia niakatra sady nandingana ny tohatra mankao amin’ ny trano fivarotana, namantana teo amin’ ny toerana nijoroan’ ilay tanora.

“ ‘Newel K. Whitney! Hay ianao io!’ hoy izy, sady natsotrany hiarahaba azy ny tanany, tahaka ny fiarahabana namana efa mahazatra.

“ ‘Olona ambony noho izaho ianao,’ hoy ilay noharahabainy, sady noraisiny ny tanany. . . —‘Tsy afaka hiantso anao amin’ ny anaranao tahaka ny nataonao tamiko aho.’

“ ‘Izaho no Joseph, ilay mpaminany,’ hoy ilay vahiny nitsiky, ‘niangavy ahy ho tonga eto ianao, ary ankehitriny, inona no ilànao ahy?’ ”<sup>1</sup>

Tany aloha tany, i Newel sy i Elizabeth vadiny, dia niangavy mafy ny ho tarihin-dalana. Ho valin’ izany, dia nidina tamin’ izy ireo ny Fanahy Masina ary nisy rahona nanarona ny tranony. Nisy feo avy any amin’ ny rahona nanao hoe, “Miomàna handray ny Tenin’ ny Tompo, satria ho avy izany!”<sup>2</sup> Fotoana fohy taorian’ izay, dia tonga tany Kirtland ireo misiônera nantsoina mba

hampianatra ireo Indiana, ary amin' izao fotoana izao dia ny mpaminany indray no tonga.

I Orson F. Whitney, zafikelin' i Newel, dia nitantara ny fihetseham-pony mikasika izany zavatra izany: "Fahefana inona no nahatonga ity lehilahy ity, dia i Joseph Smith izany, nahafantatra ilay olona izay tsy mbola hitany hatramin' izay niainany amin' ny maha-nofo azy? Nahoana i Newel K. Whitney no tsy nahafantatra azy? Ny anton' izany dia satria mpahita i Joseph Smith, mpahita voafidy; efa nahita an' i Newel K. Whitney nandohalika izy, kilaometatra an-jatony miala avy any, nivavaka mba hahatongavany any Kirtland. Mahatalanjona—kanefa marina!"<sup>3</sup>

Ny fahatongavan' ny mpaminany dia nitondra ny Tenin' ny Tompo ho any Kirtland, izay nametrahana ireo zavatra tena ilaina momba ny fiangonana. Nambara ny fananganana fototra amin' ny fitondrana ny fiangonana, nalefa hiparitaka any ivelany ny misiônera, natsangana ny tempoly voalohany, ary fanambarana lehibe maro no azo. Ny Olomasina dia tena nenjehina mafy tokoa sady nosedraina mba hahitana na mampiseho ny finoany, ny herim-pony, ary ny fitiavany hanaraka ny mpaminany voahosotry ny Tompo izy ireo na tsia.

### **Ireo foibe roa momba ny asa aman-danonan' ny fiangonana**

Tamin' ny fotoana niantsoana ny Olomasina hiangona any Ohio, dia nanomboka nanantena ny fotoana ahafahany manorina an' i Ziona izy ireo. Ny volana Jona 1831, ny mpaminany Joseph Smith dia nandray ny fanambarana nanoro lalana azy, I Sidney Rigdon, sy ireo loholona 28 hafa dia nandeha mba ho iraka hitory any Missouri ary any no hanaovana ny fihaonamben' ny fiangonana manaraka (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 52). Missouri no sisin-tany andrefana mamarana an' i Etazonia Amerika, maherin' ny 1.000 maily atsinanan' i Kirtland. Nambaran' ny Tompo tamin' i Joseph fa any amin' ny faribohitr' i Jackson, Missouri, no handraisian' ny Olomasina ny lovany sy hananganany an' i Ziona.

I Joseph aloha, dia avy eo ny misiônera, ary afaka fotoana fohy tat  aoriana dia ny antokon' ny Olomasina manontolo avy any Colesville, New York, no nandeha nankany amin' ny faribohitr' i Jackson nandritra ny fahavaratry ny taona 1831 ka nanomboka nanorina ny toeram-ponenana. Maro tamin' ny mpikambana ao amin' ny fiangonana no nitoetra tany Missouri raha ny mpaminany sy ny mpitarika sasany kosa nandeha niverina tany Kirtland.

Teo anelanelan' ny taona 1831 sy 1838, dia nanana foiben' ny mponina roa ny fiangonana. I Joseph Smith, mpikambana ao amin' ny filan-kevity ny Roambinifololahy, sy mpikambana marobe ao amin' ny fiangonana dia nipetraka tany amin' ny faritr' i Kirtland, Ohio, raha ny mpikambana sasany nipetraka tany Missouri, teo ambany fitarihan' ireo mpitarika ny fisoronana voatendry. Ireo fandaharam-potoana lehibe dia samy mitranga amin' ireo toerana roa ireo amin' ny fotoana mitovy, ary ny mpiasan' ny fiangonana dia mivezivezy amin' ireo toerana roa ireo araka izay ilaina izany. Ny zava-nitranga tany Kirtland nandritra ny fito taona aloha no hojerentsika voalohany, rehefa izany dia hojerentsika indray izay nitranga tany Missouri tamin' io fotoana io ihany.

### **Ny sorona nataon' ny Olomasina tamin' ny fanangonana azy tany Ohio**

Maro tamin' ny Olomasina izay tonga tany Ohio no nanao sorona lehibe. Ny sasany dia nolavin' ny fianakaviany, ny sasany namoy ny fiarahany tamin' ny namana nahazatra azy. Toy izao no filazan' i Brigham Young ny sorona nataony mba hamaliany ny antson' ny mpaminany mba hiangona:

"Rehefa tonga tany Kirtland izahay [tamin' ny Septambra 1833], raha nisy olona niara-niangona tamin' ny Olomasina ka nahantre noho izaho— dia tena tsy nanana na inona na inona mihitsy izy izay. . . . Nanana zanaka anankiroa hokarakaraina aho—dia izay ihany. Efa maty vady aho. 'Nanana kiraro ve ianao ry rahalahy Brigham?' Tsia; tsy nisy kiraro teny an-tongotro, afa-

tsy baoty nindramina. Tsy nanana fitafiana ho amin' ny ririnina aho, afa-tsy akanjo mafana nozairina izay efa ahy nandritra ny telo na efa-taona. 'Ary pataloa?' Tsia. 'Inona no nataonao? Tsy nipataloa izany ianao?' Tsia; nindrana aho aloha mandrapahafahako mividy. Nandeha aho ary nitory mandra-pahatapitra ny vola farany tetè amiko. Tamin' izaho vao nanomboka nitory dia mba nanana fananana kely ihany aho. . . . Nandeha aho ary nitory mandra-pahatonga ahy ho tsy hanana na inona na inona hoentina intsony; fa hoy i Joseph: 'avia!' fa nanao ny tsara indrindra izay vitako aho."<sup>4</sup>

Maro ireo Olomasina mahatoky no tonga tany Kirtland, toerana izay nandraisian' ireo mpikambana efa tonga talohany tany azy ireo tsara sy nizarany tamin' izy ireo tamim-pitiavana izay fananana keliny. Ireo no olona tomady izay manorina ny fototry ny fandrosoana sy ny firoboroboan' ny fiangonana mampitolagaga.

### **Fanambarana voaray tany amin' ny faritr' i Kirtland**

Rehefa niaina tany amin' ny faritr' i Kirtland ny mpaminany Joseph, dia nahazo fanambarana maro izy, 65 amin' ireo no voasoratra ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana. Ny fanambarana dia mampianatra ny sitrapon' ny Tompo eo amin' ny sehatry ny fanampiana, fikarohana ny famantarana, fahadiovam-pitondrantena, sakafo ara-pahasalamana, fahafolon- karena, fahefan' ny fisoronana, ny adidin' ny mpaminany, ny ambaratongam-boninahitra telo, ny asa fitoriana, ny Fiaviana Fanindroany, ny lalàn' ny fahafoizana, sy zavatra hafa koa.

### ***Ny fandikana ny Baiboly nataon' i Joseph Smith***

Ny volana Jona 1830 dia nanomboka ny asa nampanaojin' Andriamanitra azy i Joseph Smith, amin' ny fanitsiana araka ny aingam-panahy ny Baiboly nadikan' i King James (teny anglisy). Izany asa izany dia fantatra amin' ny hoe: ny fandikana ny Baiboly nataon' i Joseph Smith. Teo anelanelan' ny volana Jona

1830 sy ny volana Jolay 1833, ny mpaminany dia nanao fanovana maromaro tamin' io lahatsoratra ao amin' ny Baiboly io, anisan' izany ny fandikana ny fiteny ao amin' ny baiboly, hanazavana ny fotopampianarana, sy hampodiana amin' ny laoniny ny lahatsoratra ara-tantara sy ny fotopampianarana.

Nandray fanambarana maro i Joseph nandritra ny fotoana niasany, matetika izany dia ho valin' ny fanontaniany rehefa mandinika ny andinin-tsoratra masina izy. Iray amin' izany fanambarana izany no nitranga tamin' ny 16 Febroary 1832 taorian' ny nandikan' i Joseph sy i Sidney Rigdon ny Jaona 5:29. Nandalina fatratra izany andininny izany izy ireo, ary "nokasihan' ny Tompo ny masom-pahatakarany ka nisokatra izany, ary ny voninahitry ny Tompo no namirapiratra nanodidina" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:19). Nahazo ny iray amin' ny fahitana lehibe indrindra nisy hatramin' izay izy ireo, izay voarakitra ao amin' ny fizarana 76 ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana. Hitan' izy ireo ny Ray sy ny Zanaka, nianatra momba ny anjara masin' ny zanak' Andriamanitra, ary nahazo ny fahamarinana mandrakizay momba ireo izay ho any amin' ny ambaratongam-boninahitro telo.

### *Famoahana ny fanambarana*

Tamin' ilay fihaonambe natao tao Hiram, Ohio, tamin' ny volana Novambra 1831, dia nify ny hamoaka ny "Book of Commandments" (Bokin' ny Didy) ny mpikambana, izany dia mirakitra fanambarana nomena ny mpaminany tokony ho 70 eo ho eo. Nandritra ny fihaonambe, dia nomen' ny Tompo an' i Joseph Smith ireo fanambarana izay ho atao sasin-teny sy ho fanampin- teny any amin' ny faran' ny boky ao amin' ny "Book of Commandments" (Bokin' ny Didy). (Izany no nanjary fizarana 1 sy 133 ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana).

Ny asa fanontana ny boky dia nomena hataon' i William W. Phelps, izay nanana trano fanaovam- printy tao amin' ny faribohitr' i Jackson, Missouri. (Ho fanampim-panazavana momba ny "Book of Commandments" (Bokin' ny Didy) dia jereo ny takila

41). Ny fanambarana ao anatin' ny "Book of Commandments" (Bokin' ny Didy), miaraka amin' ny fanambarana hafa, dia natonta printy tatè aoriana ary nampitondraina ny anarana hoe Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, izay navoaka tany Kirtland tamin' ny 1835. Ny fanontana faharoan' ny Bokin' i Môrmôna, miaraka amin' ny fanitsiana vitsivitsy nataon' ny mpaminany Joseph, dia natonta tany Kirtland ihany koa.

Volana vitsivitsy monja tatè aoriana dia natsangana ny fiangonana, nasongadin' ny Tompo ny maha zava-dehibe ny mozika ao amin' ny fiangonana tamin' ny fandidiana ny vadın' ny mpaminany, Emma, hanomboka ny fifantenana ny fihirana masina (jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25:11). Ny fihirananofantenany dia navoaka tany Kirtland, izany dia nahatonga ny Olomasina hahazo ny fitahiana nampanantenain' ny Tompo: "Fa mifaly ao amin' ny hiran' ny fo ny fanahiko; eny, ny hiran' ny marina dia vavaka amiko, ary valiana amin' ny fandrotsahana fitahiana aminy izany" (Fotopampianarana sy fanekempihavanana 25:12).

#### *Ny sekolin' ireo mpaminany*

Tamin' ny volana Desambra 1832 sy ny volana Janoary 1833, ny mpaminany Joseph dia nahazo fanambarana izay nanjary ny fizarana faha 88 ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana. Ankoatra izany, ity fanambarana ity no nampanorina ny "sekolin' ireo mpaminany" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:127) mba hampianarana ireto rahalahy ny fotopampianarana sy ny fitsipiky ny filazantsara, ny raharahanam-piangonana sy ny zavatra hafa koa.

Nandritra ny ririnin' ny taona 1833 ny sekolin' ireo mpaminany dia natao matetitetika, ary nanomboka nampiasa saina an' i Joseph sy i Emma Smith ny fahazaran' ireo rahalahy nampiasa sigara sy paraky, indrindra fa ny setroka be ateraky ny fifohana sigara mandritra ny favoriana sy ny loto ateraky ny fihinanana paraky. I Joseph Smith dia nanontany ny Tompo momba izany zavatra izany ka nahazo ny fanambarana izay

fantatra amin' ny hoe: Tenin' ny Fahendrena. Izany fanambarana izany dia ny didin' ny Tompo ho an' ny fikarakarana ny vatana sy ny fanahy, ary nampanantena fa ireo izay mitandrina izany dia hahazo fahasoavana ara-panahin' ny "fahendrena sy ny harem-pahalalana lehibe, hatramin' ny harem-be miafina aza" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 89:19). Ao amin' ny Tenin' ny Fahendrena koa dia hahitana fampahalalana momba ny fahasalamana izay tsy fantatry ny siansa sy ny fitsaboan' izao tontolo izao tamin' izany fotoana izany kanefa dia voaporofa fa hahazoana tombony lehibe, toy ny torohevitra tsy hihinana zavatra misy alikaola sy sigara na paraky.

### *Lalàn' ny fahafoizana*

Tamin' ny taona 1831 no nanombohan' ny Tompo ny fanambarana momba ny lalàn' ny fahafoizana, ny fomba fiasan' ny vatana sy ny fanahy, izay raha arahana fahamarinana dia, hanjary hanasoa ny fiainan' ny Olomasin' ny Andro Farany mahamantra. Araka izany lalàna izany, no hangatahana amin' ny mpikambana ao amin' ny fiangonana, mba hahafoy na hanolotra ny fananany rehetra ho an' ny evekan' ny fiangonana. Izy kosa no hanonitra izany ka hanome ho an' ny mpikambana izay ho lovany, na izay fananana ho karakarainy. Ny fianakaviana no nitantana ny fananany araka izay fahafahany manao izany. Raha mifarana ny taona ka manana ambim-bava izy ireo, dia omena ny eveka izany mba hahafahana mikarakara ny mahamantra. I Edward Partridge no nantsoin' ny Tompo mba hanompo ho eveka voalohany ao amin' ny fiangonana.

Ny lalàn' ny fahafoizana dia misy ny fitsipika sy ny fampiharana izay manatanjaka ny mpikambana ara-panahy ary mahatonga fitoviana ara-toe-karena, manaoana ny fitiavan-karena ho an' ny tena samirery sy ny fahantrana. Ny Olomasina sasany dia niaina izany tsara, ho an' ny fahasoavany sy ho an' ny hafa, fa ny mpikambana sasany kosa dia tsy nanaraka izany fa tia tena, ka niteraka ny fanalana ny lalàna teo amin' ny fiangonana. Tamin' ny taona 1838 no nanambaran' ny Tompo ny lalàn' ny fahafolon-

karena (jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 119), izay mitohy mandrak' ankehitriny ho lalàn' ny fidiram-bolan' ny fiangonana.

### **Fanatanjahana ny fisoronana**

*Fanambarana momba ny asan' ny fisoronana*

Rehefa nitombo ny mpikambana ao amin' ny fiangonana, ny mpaminany dia mbola nahazo fanambarana momba ny asan' ny fisoronana ihany. Araka ny nitarihan' ny Tompo, dia izy no nanangana ny Fiadidiana Voalohany, izay misy azy ho filoha sy misy an' i Sidney Rigdon sy i Frederick G. Williams ho mpanolotsaina. Natsangany koa ny Kolejin' ny Apostoly Roambinifolo sy ny Kolejin' ny Fitopololahy voalohany. Niantso sy nanendry ny eveka sy ireo mpanolotsainan' izy ireo izy, ny mpisoronabe, ny patriarka, ny filankevitra lehibe, ny fitopololahy, ary ny loholona. Natsangany ny tsatòka voalohany.

Ireo mpikambana vao vita batisa tsy mbola manana traikera, matetika dia kivy eo amin' ny fanatanterahany ny antsony. Ohatra, I Newel K. Whitney dia nantsoina ho eveka faharoan' ny fiangonana tamin' ny volana Desambra 1831, mba hanompo any Kirtland rehefa lasa evekan' ny Olomasina tany Missouri i Edward Partridge. Nihevi-tena ho tsy nahavita izay asa notakiana taminy i Newel, na dia nilaza taminy aza ny mpaminany fa ny Tompo no niantso azy tamin' ny alalan' ny fanambarana. Noho izany ny mpaminany dia nilaza taminy hoe: "Mandehana mihitsy ianao manontany ny Ray". Nandeha nandohalika tamimpanentretenena i Newel niangavy ka naheno feo avy any andanitra nanao hoe "Ao amiko ny herinao."<sup>5</sup> Nanaiky ny antsony izy ary nanompo amin' ny maha-eveka azy nandritra ny 18 taona.

*Fanofanana ho an' ny mpitarika any amin' ny lasin' i Ziona*

Tonga eo amin' ny fotoana tena ilàny mpitarika ny fisoronana voasedra, nanana traikera, ary voaporofa mahatoky, izay hitoetra ho marina amin' ny Tompo sy ny mpaminany amin' ny zavatra rehetra ny fiangonana. Ny fotoana iray hahafahana manamporofo

ny fankatoavana amin' ny fotoan-tsarotra sy hahazoana fanofanana manokana avy amin' ny mpaminany Joseph Smith dia nomena tamin' ny dia an-tongotry ny lasin' i Ziona.

Ny lasin' i Ziona dia natsangana mba hanampy ny Olomasina tany Missouri izay niharan' ny fanenjehana mafy noho ny finoany. Maro ireo noroahina hiala amin' ny toerana misy azy. (Jereo ny fanampim-panazavana ao amin' ny takila 39–45). Tamin' ny 24 Febroary 1834, dia nanambara tamin' i Joseph Smith ny Tompo fa tokony hanangana antokon' olona handeha an-tongotra avy any Kirtland mankany Missouri izy ary hanampy amin' ny fampitoerana ny Olomasina eo amin' ny taniny (jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 103). Nampanantena ny Tompo fa homba azy ireo mandrakariva Izy ary ny "fandresena sy ny voninahitra rehetra" dia hotanterahina aminy noho "ny zotom-pony, ny finoany, ary ny vavaky ny finoany" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 103:36). Ny ankamaroan' ireo mpikambana tao amin' ny Kolejin' ny Apostoly roa ambin' ny folo hatrany am-boalohany sy ny Kolejin' ny Fitopololahy dia nomanina ho amin' ny andraikiny amin' ny ho avy amin' ny alalan' izany traikefa izany.

Ny lasin' i Ziona dia natsangana tamin' ny fomba ofisialy tany New Portage, Ohio, tamin' ny 6 May 1834. Nisy lehilahy 207, sy vehivavy 11, ary ankizy 11 nandray anjara, izay nozarain' ny mpaminany ho sokajy, ka folo na dimampolo no ao anaty sokajy iray, nasainy nifidy izay ho kapiteniny ny isan-tsokajy. Ny sokajy iray dia nifidy an' i Joseph Holbrook, ary nanao tatitra fa ny lasy dia natsangana "araka ny firafitr' Isirael fy fahizay."<sup>6</sup> Nandritra ny 45 andro no niarahany nandeha an-tongotra ho any amin' ny faribohitr' i Clay, Missouri, izay mielanelana 1600 km. Nandeha haingana faran' izay azony natao izy ireo tao anatin' ny fahasarotana. Tena sarotra be mihitsy ny nahazoana sakafy ampy tamin' izany fotoana izany. Matetika dia voatery tsy maintsy noferana ny sakafon' ny olona ka mofo kely sy dibera, katsaka, tantely, henan-kisoa, fe-kisoa, ary fromazy. I George A. Smith, izay lasa apôstôly taty aoriana, dia nanoratra fa noana matetika

izy: "Vizana mafy aho, sady noana no te hatory ka dia manonofy eny am-pandehanana fa toa nahita ony tsara tarehy eo ambany alokaloky ny hazo ary mofo mampilendalenda sy tavoahangy misy ronono mipetraka eo ambony lamba eo akaikin' ilay ony."<sup>7</sup>

Niompana tamin' ny aim-panahy sy ny fankatoavana ny didy ny lasy. Ny Alahady, dia miangona sy mandray ny Fanasan' ny Tompo izy ireo. Nampianatra matetika ny fotopampianaran' ny fanjakana ny mpaminany. Hoy izy: "Niaraka tamintsika Andriamanitra, ary nialoha lalana antsika ny anjeliny, ary tsy azo nohozongozonina ny finoan' ny sokajy kely misy antsika. Fantantsika fa namantsika ny anjely, satria hitantsika izy".<sup>8</sup>

Na izany aza, dia efa nanomboka tsy ho tantin' ny mpandray anjara ny fahasarotana teo amin' ny lasy. Izany sorona izany dia nampimonomonona ireo izay tsy nanana ny fanahin' ny fankatoavana ka niampanga an' i Joseph ho fototry ny olana matetika. Tamin' ny 17 May, ny mpaminany dia nananatra ireo izay manana ny fanahin' ny fikomiana "mba hanetry tena eo anatrehan' ny Tompo ka hiray hina, mba tsy ho voakapoka."<sup>9</sup>

Talohan' ny 18 Jona dia tonga tany amin' ny faribohitr' i Clay, Missouri ny lasy. Na izany aza anefa, ny governoran' i Missouri, i Daniel Dunklin, dia tsy nitana ny fampanantenany hanampy ny tafiky ny Olomasina hametraka indray ireo mpikamban' ny fiangonana izay nalany tamin' ny tranony. Ho an' ny olona sasany tao amin' ny lasy, ny faharesen' ny tanjon' ireo tafika ireo no fisedrana farany teo amin' ny finoany. Tamin' ny fahadisoam-panantenana sy hatezerana no nikomian' ny sasany an-karihary. Vokatr' izany, dia nampitandrina azy ireo ny mpaminany fa hianjera amin' izy ireo ny kapoky ny Tompo. Tsy ela akory dia nanenika ny lasy ny areti- mifindra kolera. Alohan' ny nifaranan' izany, ny iray ampahatelon' ny mpilasy dia efa voa daholo, anisan' izany i Joseph Smith, ary mpilasy 14 no maty. Ny 2 Jolay, dia mbola nampitandrina ny mpilasy indray i Joseph mba hanetry tena eo anatrehan' ny Tompo ka hanao fanekempihavanana hitandrina ny didiny ary nambarany fa raha manao izany izy

ireo, dia hoesorina aminy eo no ho eo ny loza. Nolaniana tamin' ny tsangan-tanana ny fanekempihavanana ka nifarana ny loza.

Tamin' ny fiandohan' ny volana Jolay, dia nandray ny fanambarana tamim-boninahitra avy amin' ny mpaminany ny mpilasy. Ny dia no nanambara izay momba ny Tompo sy izay mendrika hanompo amin' ny maha mpitarika. Tat� aoriana dia nanazava ny vokatry ny dia ny mpaminany: "Tsy tian' Andriamanitra hiady ianareo. Tsy afaka manangana ny fanjakany amin' ny olona roambinifolo Izy mba hanokatra ny varavarany' ny filazantsara amin' ny firenena rehetra ambonin' ny tany, sy fitopolohy eo ambany fahefan' izy ireo mba hanaraka ny diany, raha tsy alainy avy amin' ny antokon' olona izay manolotra ny fiaianany, sy manao sorona lehibe tahaka ny nataon' i Abrahama izany".<sup>10</sup>

Wilford Woodruff, anankiray amin' ny mpilasy izay lasa filoha fahefathy ny fiangonana tat� aoriana dia nanao hoe: "Nahazo traikefa isika ary tsy nisy fomba hafa nahafahantsika nahazo izany mihitsy. Nahazo tombon-tsoa tamin' ny fahitana tava ny mpaminany isika, ary nahazo tombon-tsoa tamin' ny fahafahana nandeha kilometatra maromaro niaraka taminy, ka nahita ny asan' ny fanahin' Andriamanitra niaraka taminy, ary ny fanambarana nomen' i Jesoa Kristy azy sy ny fahatanterahan' izany fanambarana izany".<sup>11</sup>

Ny volana Febroary 1835, dimy volana taorian' ny fanalana ny lasy, dia naorina ny Kolejin' ny Apostoly roa ambin' ny folo sy ny Kolejin' ny Fitopololahy. Toerana sivy amby fitopolohy amin' ny roa amby valopolo no fenon' ny olona efa nanana traikefa tamin' ny lasin' i Ziona tao amin' ny Kolejy anankiroa.

Tany Kirtland, i Joseph Smith dia mbola nanohy ny fanofanana izay ho mpitarika amin' ny ho avy. Efatra amin' izay ho filohan' ny fiangonana amin' ny ho avy—Brigham Young, John Taylor, Wilford Woodruff, ary Lorenzo Snow—no natao batisa nandritra ny taona nitoerana tany Kirtland ary nitarika tamim-pahombiazana ny fiangonana tat� aoriana, hatramin' ny taona

1901. Ho fanampin' izany, ny filoha telo manaraka—Joseph F. Smith, Heber J. Grant, sy i George Albert Smith, izay naharitra hatramin' ny taona 1951 ny fotoana nitondrany—izay taranaky ny mpamaky lay mahatoky tao Kirtland.

### **Nandroso hatrany ny asa fitoriana**

Nandritra ny fotoana nippetrahan' ny Olomasina tany Kirtland, dia maro ireo misiônera nantsoina hitory ny filazantsara tamin' ny toerana lavitra ny fonenany, ny ankamaroan' izy ireo dia niafy be. Nalefa tany amin' ny fanjakana sasany tany Amerika ny misiônera, ny sasany nalefa tany Canada, ary ny sasany nita ny ranomasimbe Atlantika ho any Angletera. Avy amin' izany ezaka nataon' ny misiônera izany, dia maro ny olona nahazo fijoroana ho vavolombelon' ny fahamarinan' ny filazantsara. Nanjary mpikambana nahery fo izy ireo ka nitondra ny hery lehibeny ho an' ny fiangonana izay mbola tanora.

Tao anatin' ireo fanambarana maromaro voasoratra tany Kirtland ny didy ho an' ny mpikambana mba hitory ny filazantsara amin' izao tontolo izao. Nanambara ny Tompo: "Fa ianao dia tokony handeha amin' ny herin' ny Fanahiko, hitory ny Filazantsaroko, tsiroaroa, amin' ny anarako, hanandratra ny feonareo tahaka ny feon' ny traompetra, hanambara ny teniko tahaka ny anjelin' Andriamanitra" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:6). Tamin' ny taona manaraka, ny Tompo dia nandidy, "raha ny tokony ho izy dia izay rehetra nampiomanina dia tokony hampilaza ny manodidina azy koa" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:81).

### *Ny asa nanirahana ireo vao niova fo tany Ohio*

I Zera Pulsipher, olona niova fo avy any Ohio, dia anisan' ny modely tamin' ireo izay nizara ny hafatry ny fampodiana amin' ny laoniny. Nanaraka ny fiangonana izy tamin' ny volana Janoary 1832 ary voarakitra fotoana fohy monja taorian' izany, fa "notendrena ho ao amin' ny asan' ny loholona ary nandeha nitory tamim-pahombiazana teo amin' ny fireneny sy tany ivelany izy".<sup>12</sup>



*Ireo misiônera efatra ireo, nantsoina hitondra ny filazantsara ho an' ny Indiana tao Amerika tao anatin' ny fisedrana, dia tena modelin' ny fiafiana nataon' ny misiônera mahatoky tamin' ny fiandohan' ny tantaran' ny fiangonana.*

Izy sy ireo misiônera hafa, i Elijah Cheney, dia nandeha tany amin' ilay tanàna kelin' i Richland, New York, tany no nanombohany nitory teo amin' ny sekoly teo an-toerana. Ilay anankiray tamin' ireo niova fo voalohany izay nataon' ny loholona Pulsipher batisa tao Richland dia tanora mpiompy antsoina hoe: Wilford Woodruff, izay nanjary iray tamin' ireo misiônera nahomby teo amin' ny tantaran' ny fiangonana ary filoha fahefatry ny fiangonana. Tao anatin' ny iray volana, ireo misiônera roa ireo dia nanao batisa olona maro ary nanorina ny sampana tao amin' ny fiangonan' i Richland.

Misiônera maro manerana ny vazan-tany efatra, no namaly ny antso hampitandrina ny mpifanolobodirindrina taminy. Maro tamin' izy ireo no nanambady ary nanana andraikitra teo amin' ny fianakaviany. Nandeha izy ireo na tamin' ny fotoam-pijinjana na tamin' ny ririnina, nandritra ny fotoam-bokatra sy tamin' ny fotoana mosarena. Maro tamin' ireo misiônera no saika tsy nanana na inona na inona intsony nandritra ny fotoana nidirany teo amin' ny sahan' ny misiona. Ny mpaminany tenany mihitsy no nandeha mihoatra ny 24000 km, nanao asa misiônera madinidinika miisa 14 nanomboka tamin' ny taona 1831 ka

hatramin' ny taona 1838 tany amin' ny fanjakana maro tao Canada.

Tamin' ny fotoana nandraisian' i George A. Smith, havan' ny mpaminany, ny antso ho any amin' ny faritra atsinanan' i Etazonia, dia nahantre loatra izy ka sady tsy afaka no tsy nanana hamidy ireo akanjo sy boky ilainy. Vokatr' izany, ny mpaminany Joseph sy ny rahalahany atao hoe Hyrum no nanome azy akanjo volon-davenona, ary i Eliza Brown no nanjaitra akanjo mafana, akanjo ivelany, ary pataloa ho azy. I Brigham Young nanome azy kiraro, ny dadany no nanome azy Baiboly kely, ary ny mpaminany no nanome azy Bokin' i Môrmôna.

Ny loholona Erastus Snow sy i John E. Page koa dia nahantre rehefa nandao ny fonenany hiasa amin' ny sahan' ny misiona tamin' ny lohataonan' ny taona 1836. Nilaza izany toe-javatra izany tamin' ny fotoana niaingany hanao misiônera tany andrefan' i Pennsylvania izy, hoy ny soratra nataon' ny loholona Snow: "Nandao an' i Kirtland an-tongotra aho, izaho irery sy ny valiziko misy ny asam-piangonana vitsivitsy sy ba kiraro, ary vola madinika tany anaty poketrako, ary izay ihany no sisa fananako teto amin' ity tany ity." Ny loholona Page dia nilaza tamin' ny mpaminany fa tsy afaka hanaiky ny antso izy satria tsy manana fitafiana. Tsy manana na dia akanjo mafana hanaovany aza izy. Noesorin' ny mpaminany ny akanjo mafanany ka nomeny an' i Page loholona, izany no namalian' ny mpaminany ny fitarainan' ny loholona Page. Nasainy nandeha nanao misiônera ny loholona Page ary ny Tompo dia hanome fitahiana lehibe.<sup>13</sup> Tamin' izany asa fanompoana izany, ny loholona Page dia voatahy hizara ny filazantsara amin' ireo olona aman-jatony izay nanaraka ny fiangonana.

*Asa nanirahana ireo Kolejin' ny Apostoly Roaambini folo*

Tamin' ny taona 1835 dia nisy mpikamban' ny Kolejin' ny Apostoly Roambinifolo nantsoina ho iraka tany atsinanan' i Etazonia sy tany Canada. Tamin' izay fotoana izay ihany teo

amin' ny tantaran' ny fiangonana no nisy Kolejin' ny Apostoly Roambinifolo indray nanao misiônera. Rehefa niverina izy ireo, dia nijoro ho vavolombelona i Heber C. Kimball fa nahatsapa ny herin' Andriamanitra izy ary afaka nanasitrana sy nandroaka demonia.

### *Asa misiônera tany Angletera*

Tamin' ny faraparan' ny fotoana tao Kirtland, dia nisy fahasahiranana be teo anivon' ny fiangonana. Ny mpikambana sasany, ao anatin' izany ny sasany amin' ireo mpitarika, dia nihemotra satria tsy nahatanty ny fanenjehana sy ny fisedrana ary satria nanomboka nanakina ny mpaminany Joseph sy ny sasany tamin' ny mpitarika ny fiangonana izy ireo. Nanambara tamin' i Joseph Smith ny Tompo fa hisy zava-baovao tsy maintsy atao ho amin' ny famonjena ny fiangonany. Izany zavatra izany dia hoentin' ireo niova fo avy any Angletera. Ny alahadin' ny 4 Jona 1837, dia nanatona ny loholona Heber C. Kimball tao amin' ny Tempolin' i Kirtland ny mpaminany ka nanao taminy hoe, "Ry rahalahy Heber, nibitsika tamiko ny Fanahin' Andriamanitra nanao hoe: 'Avelao ny mpanompoko, i Heber, ho any Angletera ka hitory ny filazantsara, ary hamoha ny varavarana' ny famonjena ho an' io firenena io'."<sup>14</sup>

Rehefa natokana ho amin' ny asa nanirahana azy i Heber C. Kimball, dia niditra ny efitrano ny loholona Orson Hyde. Rehefa fantany izay natao tao, dia nibebaka i Orson, satria anisan' ny iray tamin' ireo nanakina ny mpaminany izy. Nanolo-tena handeha hanao asa misiônera koa izy ary dia natokana mba ho any Angletera.

Naniry fatratra ny hitory ny filazantsara any ivelany i Heber C. Kimball hany ka raha vao niantsona teo amin' ny tanin' i Liverpool, Angletera, ny sambo, avy hatrany dia nitsambikina izy na dia tsy mbola nijanona tsara akory aza ny sambo, nambarany fa izy no tafatehaka ny tany voalohany mba hitory any ivelan' ny taniny ny hafatry ny famerenana amin' ny laoniny. Ny 23 Jolay,

dia nitory tao amin' ny trano feno hipoka ny misiônera, ary ny batisa voalohany dia natao ny 30 Jolay. Nisy ny hazakazaka natao hatrany amin' ny reniranon' i Ribble tao Preston, ka i George D. Watt no tonga voalohany ka voalaza fa izy no natao batisa voalohany tao Grande- Bretagne.

Tao anatin' ny valo volana, dia an-jatony ireo niova fo nanaraka ny fiangonana ary sampana maromaro no natsangana. Eo am-pieritreretana izany fahavokarana ara-panahy lehibe izany, dia tsaroan' i Heber fa ny mpaminany sy ny rahalahiny "dia nametraka ny tanany tamiko ka... nilaza fa hampahatanjaka ahy Andriamanitra mba hahazoako mambabo ny fanahy eto amin' ity firenena ity ho Azy: tokony hiara-dalana amiko ireo anjely ka hanohana ahy, amin' izay dia tsy hibolisatra ny tongotro; ary hotahiana tokoa aho ka ho loharanom-pamonjena ho an' ny olona an' arivony maro."<sup>15</sup>

Noho ny faneken' ny ankamaroan' ireo misiônera tany am-boalohany ny antsony ho iraka na dia teo aza ny fahasahiranana nahazo ny tsirairay tamin' izy ireo, dia Anglisy an' arivony maro no nankamamy ny fahasoavan' ny filazantsara naverina amin' ny laoniny. Niangona tany Ziona izy ireo ary nampahatanjaka tokoa ny fiangonana tamin' ny fotoana lehibe izay niandry azy.

### **Ny tempoly tao Kirtland**

*Ny sorona nataon' ny Olomasina*

Tamin' ny 27 Desambra 1832, no fotoana voalohany nahafantaran' ny Olomasina fa nandidy azy hanorina tempoly ny Tompo (jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:119). Ny fanorenana ny tempoly dia nanjary vaintohan-draharahan' ny fiangonana tao Kirtland teo anelanelan' ny taona 1833 sy 1836. Nahatonga fahasahiranana lehibe ho an' ny Olomasina izany, satria sady tsy nanana mpiasa izy no tsy nanam-bola. Araka ny filazan' i Eliza R. Snow, dia "Tamin' izay fotoana izay, ... dia mbola vitsy an' isa ny Olomasina, ary ny ankamaroan' izy ireo dia nahantra tokoa; ary, raha tsy teo ny fampahatokiana avy

amin' Andriamanitra sy ny didy hananganana ny trano amin' ny anarany, ka nanambarany tsy ny endriky ny trano fotsiny fa ny habeny ihany koa, ny fiezahana hatrany hanangana io tempoly io, eo anatrehan' ireo zava- mitranga rehetra dia toa hevi-dravina fotsiny ny fiheverana hanangana ny tempoly".<sup>16</sup>

Tamin' ny finoana fa hanome izay fanampiana ilaina ny Tompo, ny mpaminany Joseph Smith sy ny Olomasina dia nanomboka nihafy araka izay ilaina. I John Tanner dia iray tamin' ireo izay nomanin' ny Tompo mba hanampy amin' ny fanomezana izay ilaina hananganana ny tempoly. I John, ilay vao niova fo tao Bolton, New York, tamin' ny Desambra 1834 "dia nahazo tsindrimandry tamin' ny nofy na ny fahitana, fa ilaina izy ary tsy maintsy mankany amin' ny fiangonana any atsinanana haingana. . . .

"Tamin' ny fahatongavany tany Kirtland, dia fantany fa ny mpaminany Joseph sy ireo Olomasina vitsivitsy dia efa nivory niara-nivavaka nangataka tamin' ny Tompo mba handefasany olona hanampy azy amin' ny fanaingana ny zavatra teo amin' ny toerana hananganana ny tempoly izay teo amin' ny toeram-piompihana.

"Ny andro manaraka ny andro nahatongavany tao Kirtland, . . . [dia] nampahafantarina azy fa ny tany saika hananganana ny tempoly dia halain' ny tompony indray raha tsy voaloa ny vidiny. Nampindrana roa arivo dolara ny mpaminany izy mba handoavana ny vidin' ilay tany."<sup>17</sup>

Ny ezaka mahafatrapo nataon' ny Olomasina tao Kirtland dia ohatra tamin' ny sorona, fanomezana ny fotoana, sy ny talenta ary ny hoenti-manana. Nandritra ny telo taona dia niasa tamin' ny fananganana ny trano izy ireo. Ankoatran' ny fanomezan' ny lehilahy ny fahaizany sy ny heriny tamin' ny asa fananganana, ny vehivavy dia nanamboatra fitafiana ho an' ny lehilahy niasa. Tat� aoriana dia nanao ny lamba nanasarohana ny efitrano izy ireo. Nihamafy ny asa fananganana noho ny fanenjehan' ireo mpikomy nitady handrava ny tempoly, ka ireo izay miasa ny atoandro dia

miandry ny tempoly amin' ny alina. Kanefa taorian' ny sorona mafy nataon' ireo Olomasina dia vita ny tempoly tamin' ny lohataon' ny taona 1836.

### *Fanokanana ny tempoly*

Miaraka amin' ny fahavitan' ny tempoly, no nandrotsahan' ny Tompo ny fahasoavam-panahy lehibe teo amin' ny Olomasina tao Kirtland, anisan' izany ny fahitana sy ny fampianaran' ireo anjely. Izany vanim-potoana izany dia nantsoin' i Joseph Smith hoe "Taon-joabily sy fotoam- pifaliana ho anay izany".<sup>18</sup> Nijoroan' i Daniel Tyler ho vavolombelona fa, "Efa misantatra ny tsiron' ny lanitra sahady ny rehetra. . . . Nanontany tena izahay raha efa manomboka sahady ny arivotaona".<sup>19</sup>

Ny fara-tampon' ny fandrotsahana ny Fanahy dia ny fanokanana ny tempoly. Tokony ho 1.000 teo ho eo ny olona niangona tamin' ny fanahim-pifaliana tamin' ny faha 27 Martsa 1836. Ny anteman' ny fanokanana no nohiraina, anisan' izany ny "Ny fanahin' ny Ray mitarehin' afo," izay nosoratan' i William W. Phelps ho an' izany fotoana izany. Nisy ny fandraisana ny Fanasan' ny Tompo, ary ny lahateny dia nataon' i Sidney Rigdon, Joseph Smith, sy ny hafa koa.

Novakin' i Joseph Smith ny vavaka fanokanana, izay voarakitra ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana fizarana 109, izay nomena azy tamin' ny alalan' ny fanambarana. Tamin' izany no nitalahoany tamin' Andriamanitra mba hitahiany ny olona tahaka ny nanaovany izany tamin' ny andro pentekosta: "Ary avelao ny tranonao mba ho feno ny voninahitrap, tahaka ny rivotra mitambolombolona" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109:37). Maro no nirakitra fa izany vavaka izany dia tanteraka tamin' iny hariva iny raha nivory tao amin ny tempoly ny mpaminany niaraka tamin' ireo mpikambana tao amin' ny kolejin' ny fisoronana.

Nanoratra toy izao i Eliza R. Snow: "Azo atao ny mitantara ny fankalazana ny fanokanana, kanefa tsy misy tenin' olombelona hahazoana manambara ny fanehoan' ny lanitra tamin' izany

andro tsy hay hadinoina izany. Niseho tamin' ny sasany ny anjely, fa ny fahatsapana fa teo Andriamanitra dia tsapan' ny rehetra, ary ny fo tsirairay dia 'feno fifaliana sy voninahitra tsy azo tononina'.<sup>20</sup> Taorian' ny vavaka fanokanana, dia nitsangana avokoa ny mpanatrika rehetra sady nanangan-tanana no niantsoantso hoe: hosana!

Herinandro tat� aoriana, tamin' ny 3 Aprily 1836, no nitrangan' ny ankamaroan' ireo zava-dehibe teo amin' ny tantara. Tao amin' ny tempoly tamin' izany andro izany, no nisehoan' ny Tompo tenany mihitsy tamin' i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery ary hoy Izzy, "Indro, ekeko ity trano ity, ary ho ato ny anarako; ary ato amin' ity trano ity no hanehoako amin' ny vahoakako amin' ny famindram-poko ny Amiko" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110:7). Nanaraka izany ny fahitana sy ny voninahitra lehibe toy ny fisehoan' i Mosesy, i Eliasy sy i Elia nanome ireo fanalahidin' ny fisoronana. Mosesy nanome ny fanalahidin' ny fananganana an' Isiraely, i Eliasy nanome an' i Joseph sy i Oliver ny fotoanandron' ny filazantsaran' i Abrahama, ary i Elia namerina amin' ny laoniny ny fanalahidin' ny famehezana (jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110:11-16). Ireo fanalahidy hafa rehetra ireo dia ilaina amin' ny fandrosoan' ny fanjakan' ny Tompo amin' ny fotoanandro farany.

Ny fitahiana fenon' ny fisoronana izay nomena tao amin' ny tempoly dia tsy nomena tamin' ny vanim-potoanan' i Kirtland. Taona maro tat� aoriana dia nambara tamin' ny fiangonana tamin' ny alalan' ny mpaminany Joseph nandritra ny fananganana ny tempolin' i Nauvoo ireo fitahiana ireo.

### **Ny fifindra-monina (fahafahana) avy any Kirtland**

Nitondra fitahiana maro ny fananganana ny tempoly, fa tamin' ny taona 1837 sy ny taona 1838, ny Olomasina mahatoky dia niatrika olana vokatry ny fihemorana sy ny fanenjehana izay nanafaingana ny fiafaran' ny fotoanan' ny fiangonana tao Kirtland.

Nisy olana ara-toekarena tany Etazonia, ary niharany izany ny fiangonana. Ny mpikambana sasany dia nanjary nidi-trosa noho

izany ka tsy naharitra teo amin' ny fiainam-panahy noho izany faharesena ara-toe-karena izany ka niteraka ny fianjeran' ny Kirtland Safety Society. Izany banky izany dia naorin' ireo mpikambana tao amin' ny fiangonana tao Kirtland, ary nisy tamin' ireo mpikambana nanome tsiny tsy ara-drariny an' i Joseph Smith noho ny olana niharo tamin' izany.

Ny mponina teo an-toerana sy ireo mpikambana nikomy izay voaroaka tao amin' ny fiangonana na nihemotra dia nanangana fikomiana mitohy sy fisavoritahana mahery vaika.

Satria nitombo ny herisetra fanoherana ny Olomasina sy ny mpitarika azy, dia tsy azo antoka ho azy ireo ny mijanona ao Kirtland. Ny mpaminany, izay mampanahy be ihany ny amin' ny ainy, dia nandositra niala an' i Kirtland tamin' ny volana Janoary 1838 ho any amin' ny farany andrefana, any Missouri. Nandritra ny taona 1838 ny ankamaroan' ireo Olomasina mahatoky koa dia voatery nandeha. Navelany teo ny porofom-pinoana, ny fahafoizana, sy ny sorona tamin' ny fananganana ny tempoly ho an' Andriamanitra. Avy amin' ny ohatry ny fiainany, dia navelan' izy ireo koa ny lova maharitry ny fankatoavana amimpahatokiana ireo mpitarika voahosotry ny Tompo, sy ny sorona manokana amin' ny asan' ny Tompo.

# Fanorenana an' i Ziona tao Missouri

## Ny taona maro voalohany tao Missouri

Tamin' ny fotoana niezahan' ny Olomasina hanangana ny fanjakan' Andriamanitra tao Kirtland, Ohio, dia maro ireo mpikambana tao amin' ny Fianganana izay niharan' ny fitsapana mafy tao amin' ny faribohitr' i Jackson, Missouri.

Rehefa nantsoina ho amin' izany ireo Olomasina izay nipetraka tao Colesville, New York, dia tsy nisalasala nandao ny toeram-ponenany ka nandeha niangona tany Kirtland (jereo ny takila 00). Rehefa tonga tany Ohio izy ireo tamin' ny tapaky ny volana May 1831, dia hitan' izy ireo fa ilay tany natokana ho azy dia tsy azony nitoerana indray. Ny mpaminany Joseph Smith dia nitondra teo amin' ny Tompo ny alahelon' ny Olomasina tamin' ny vavaka. Vao avy nahazo ny fanambarana nanendry azy sy i Sidney Rigdon, ary loholona 28 hafa hanao ny iraka fitoriana any Missouri izy, ary nandidy ny Tompo fa ny Olomasina ao Colesville koa dia handeha "ho any amin' ny tanin' i Missouri" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 54:8). Ireo no Olomasina voalohany nitoetra tao amin' ny firenena izay hantsoina amin' ny anarana hoe: Ziona.

I Newel Knight, filohan' ny sampana tao Colesville, avy hatrany dia nanangona ny vahoakany. Nitantara toy izao i Emily Coburn: "Tena ohatran' ny antokona mpifindra monina tokoa izahay izay nanomboka nitady ny firenena tsaratsara kokoa."<sup>1</sup> Tany Wellsville, Ohio, dia niakatra tao anatin' ny sambo iray mandeha amin' ny entona izy ireo nandeha tamin' ny onin' i Ohio, Mississippi, sy ny reniranon' i Missouri, handeha ho any amin' ny faribohitr' i Jackson, Missouri. Ny kapitenin' ilay sambo

dia nilaza fa izy ireo “no mpifindra monina nandry fahalemana sy nangina indrindra tamin’ ireo mpifindra monina rehetra nentiny niatsinanana; ‘tsy nisy fanamavoana zava-masina, tsy nisy teny ratsy, tsy nisy filokana ary tsy nisy fisotroana toaka.’ ”<sup>2</sup>

Ny fandehanana teny amin’ ny tany, no nialohavan’ ny mpaminany sy ireo mpitarika ny Fiagonana lalana ireo Olomasina tao Colesville mba handray mialoha ny fepetra ilaina mba hahafahana mipetraka ao amin’ ny faribohitr’ i Jackson. Tonga tao amin’ ny Independence, Missouri, ireto andian’ olona notarihan’ ny mpaminany ireto ny faha 14 Jolay 1831. Rehefa avy nandinika ny manodidina sy nangataka tamin’ ny vavaka mba ho tarihin’ Andriamanitra, dia hoy ny mpaminany, “[Ny Tompo] dia efa niseho tamiko ka nanondro tamiko sy tamin’ ireo hafa, ny toerana tiany hanombohana ny fanangonana sy ny fanorenana ny tanàna masina, izay hantsoina hoe: Ziona.”<sup>3</sup>

Izany fanambarana izany dia milaza mazava fa Missouri no toerana nokendren’ ny Tompo hanangonana ny Olomasina, ary “ilay toerana izay antsoina hoe: Independence ankehitriny no foibeny; ary misy toerana ho an’ ny tempoly ao andrefana, eo amin’ ny toerana izay tsy lavitra ny toeram-pitsarana” (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 57:3). Tokony hovidian’ ny Olomasina avokoa ny tany andrefana rehetra hatrany amin’ ny sisin-tany manasaraka an’ i Missouri sy ny tanin’ ny Indiana (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 57:1–5).

I Joseph Smith sy ny eveka Partridge no nividy ny tany ho an’ ny sampana tao Colesville tany amin’ ny faritr’ i Kaw, 12 maily andrefan’ i Independence. Tamin’ ny 2 Aogositra 1831, taorian’ ny nahatongavan’ ny mpikambana ao amin’ ny sampana, dia nisy lanonana natao izay mirakitra famantarana. Lehilahy roambinifolo, maneho ny foko 12 an’ i Israely, nitondra aoka vao avy notapahina ary nametraka izany teo amin’ ny vato napetrak’ i Oliver Cowdery, ary napetraka teo ny fototra famantarana ny fanangonana an’ i Ziona. Nampiasain’ ny Olomasina izany

fanombohana tsotra dia tsotra izany mba hananganana ny trano izay hampiasaina ho fiangonana sy ho fianarana.<sup>4</sup>

Ny ampitson' iny, nivory ireo rahalahy tany amin' ny toerana avo tokony ho an-tsasaka maily andrefan' ny fitsaran' i Independence. Ny mpaminany Joseph Smith no nametraka ny vato fehizoron' ny tempoly vao natsangana ary nanokana azy amin' ny anaran' ny Tompo. Ny singa fototry ny tanin' i Ziona dia ny tranon' ny Tompo.<sup>5</sup>

Niverina tany Kirtland ny mpaminany, ary ny Olomasina tao amin' ny faribohitr' i Jackson dia nanomboka nandray ampahana tany avy amin' ny eveka Edward Partridge. Tena nahantara tokoa izy ireo ary tsy nanana na dia trano lay ho fiarovana mandrapahavitan' ny trano aza. Tena tsy nanana fitaovam-pambolena koa ry zareo ary dia tsy maintsy mandefa olona any amin' ny 320 km miatsinanana hatrany St. Louis mba hahazoana izany. Raha vao nanam-pitaovana ny Olomasina, dia nanomboka niasa namboly. Tamin' ny fihetseham-po lehibe tokoa noho ireo zavatra hitany, no nitantaran' i Emily Coburn: "Tena fampisehoana mahagaga tokoa ny nahita omby efatra mitarika angadin' omby mamadika ny tany ho mahavokatra. Ny fananganana ny fefy sy ny asa hafa dia nifanesy haingana. Natsangana ny trano kely ary nokarakaraina haingana ho an' ny fianakaviana, ny vola sy ny asa no nahavitana ny asa."<sup>6</sup>

Na dia teo aza ny fahasarotana noho ny sisin-tany, ny Olomasina tao Colesville dia nitoetra tamim-pahasambarana sy tamim-pifaliana. I Parley P. Pratt, izay niara-nitoetra tamin' izy ireo, dia nanao hoe: "Nahita fotoana nahasambatra maro izahay tao anatin' ny fihalonam-bavaka sy ny favoriana hafa koa, ary ny Fanahin' ny Tompo dia nirotsaka taminay, ary na dia tamin' ny ankizy aza, mba hahafahan' ny ankizy valo na folo na roa ambin' ny folo taona miteny, sy mivavaka, ary maminany ao amin' ny fanompoam-pivavahana sy ny favoriam-pianakavianay. Teo ny fanahin' ny fiadanana sy ny firaisan-kina, sy ny fitiavana ary ny fahatsaran-tsitrano izay nisy tao anatin' io fiangonana kely tany

amin' io tany efitra io, ka ny fahatsiarovana izany dia tsy mety maty ao am- pokon".<sup>7</sup>

Notahiana ireo Olomasina tamin' ny fitsidihan' ny mpaminany sy i Sidney Rigdon fanindroany tamin' ny volana Aprily 1832. Ireo mpitarika ireo dia vao avy nahita ny fahoriana tao amin' ny toeram-pambolena tao John Johnson tany Hiram, Ohio, toerana izay niasany tamin' ny fandikana ny Baiboly. Ireo fahavalon mpikomy hanohitra ny fiangonana dia nandroaka an' i Joseph Smith hiala ny tranony tamin' ny andro alina. Nataony izay hahasempotra azy, naboridany izy, ary nosorany tara sy volomborona ny tenany. I Sidney Rigdon dia notarihin' ireo tamin' ny tongony ho any amin' ny toerana feno ranomandry sady mafy, ary izany dia niteraka ratra maro teo amin' ny lohany.

Ankehitriny, mifanohitra amin' izany fijaliam-batana izany, dia azo antoka kosa ny toerany teo anivon' ireo namany. Nohizingizinin' i Joseph fa izy dia "nahazo fandraisana tsara izay natokana ho an' ireo rahalahy sy rahavavy iray ao amin' ny finoana sy ny batisa ary tohanan' ny Tompo iray. Ny Sampana tao Colesville, izay niavaka, dia nifaly tahaka ny Olomasina fahiny nandray an' i Paoly. Mahafinaritra ny miara-mifaly amin' ny vahoakan' Andriamanitra".<sup>8</sup>

### **Ny fanenjehana tao amin' ny faribohitr' i Jackson**

Tamin' ny fanarahana ny didin' ny Tompo, no nividianan' ny eveka Partridge tany tokony ho zato ara tao amin' ny faribohitr' i Jackson ho an' ny Olomasina maro izay avy nifindra monina avy tany Ohio sy avy amin' ny toeran-kafa. Naorin' ireo mpitarika aloha ny Sampan' i Independence, Colesville, Whitmer, Big Blue, sy Prairie ho an' ireo mpikambana ireo. Niisa folo ny fitambaran' ny sampana tafatsangana hatramin' ny faraparan' ny taona 1833.<sup>9</sup> Tokony ho teo amin' ny 1.000 mahery teo ny isan' ireo Olomasina tonga rehefa niara-nivory tao Big Blue River ny sampana rehetra tamin' ny volana Aprily 1833 mba hankalaza ny tsingerin-taona fahatelo nananganana ny fiangonana. Nilaza i Newel Knight fa

izany fihaonana izany no karazana fankalazana voalohany tao Ziona ary ny Olomasina dia niara-nandray ny fanahin' ny fifaliana. Na izany aza anefa, hitan' i Newel koa fa, "rehefa mifaly ny Olomasina, dia tezitra ny devoly, ary ny zanany sy ny mpanompony dia miara-tezitra aminy."<sup>10</sup>

Talohan' ny nifararan' ny volana Aprily, ny fanahin' ny fanenjehana dia nitranga. Voalohany aloha, dia nandrahona ny mpikambana tao amin' ny Fiagonana ny mponina fa tsy faly amin' ny fahatongavan' ireo Olomasin' ny Andro Farany marobe ireo, izay hatahorany fa handresy eo amin' ny fifidianana. Ny ankamaroan' ny Olomasina dia avy any amin' ny fanjakana avaratra ary matetika dia nanohitra ny fanandevozana ny mainty hoditra, izay ara-dalana teo amin' ny fanjakan' i Missouri. Ny finoan' ny Olomasina ny Bokin' i Môrmôna ho toy ny soratra masina, ny antsoantson' izy ireo fa ny faribohitr' i Jackson no ho Zionany indray andro any, ary ny fanantitranteran' izy ireo fa tarihan' ny mpaminany izy dia nanelingelina ireo olona ireo tokoa. Ankoatr' izany, ny fiampangana fa hoe mifandray amin' ny Indiana izy ireo dia nahatonga ny ahiahin' ireo mponina teo antoerana.

Nanaparitaka trakitra izay indraindray antsoina hoe lalam-panorenana miafina ny mpanohitra, mba hahazoana ny sonian' ireo izay manaiky handrava ny "fibosesiky ny Môrmôna". Tonga teo amin' ny fetra farany izany tamin' ny 20 Jolay 1833 rehefa nirohatra nankany amin' ny tribonalin' i Independence ireo mpanohitra miisa 400 mba hanambatra ny heriny. Nisy fangatahana voasoratra napetraka ho an' ny mpitondra ny Fiagonana mba hialan' ireo Olomasina eo amin' ny faribohitr' i Jackson; mba hitsaharany tsy hanonta ilay gazety atao hoe: *The Evening and the Morning Star* intsony; ary mba tsy hamelana mpikambana hafa ao amin' ny Fiagonana ho any amin' ny faribohitr' i Jackson intsony. Rehefa hitan' ireo mpanohitra fa tsy nanaiky izany fitakiana sandoka izany ny mpitarika ny Fiagonana, dia notafihany ny birao fanaovana ny gazety, izay

sady tranon' ny mpanoratra an-gazety rahateo, dia i William W. Phelps izany. Ireo mpanafika dia nangalatra ny fitaovana fanontana ny gazety ary nandrava ny trano.

*Ny fandravana ny Book of Commandments (Bokin' ny Didy)*

Ny tetik' asa lehibe indrindra izay efa voatonta tao amin' ny birao fanaovan-gazety dia ny Book of Commandments (Bokin' ny didy), ny ampahany voalohany amin' ny fanambarana voarain' ny mpaminany Joseph Smith. Rehefa nanafika ny trano ny mpikomy, dia nariany teny amin' ny arabe ireo takelaka tsy mbola vita boky, Olomasin' ny Andro Farany anankiroa, i Mary Elizabeth Rollins sy ny rahavaviny atao hoe Caroline, no nanavotra izay azony navotana ary efa saika sorona tamin' izany ny ainy. Hoy ny fitantaran' i Mary Elizabeth izany:

"Nentin' ireo [mpikomy] ny takelaka taratasy lehibe, sady nilaza izy hoe: 'Itony ny Didin' ny Môrmôna'. Teo amin' ny zoron' ny fefy izahay sy i Caroline rahavaviko njery azy ireo; tamin' ny fotoana niresahany momba ny didy dia tapa-kevitra ny hanavotra izay azoko amin' ireo aho. Nilaza ny rahavaviko fa raha mahazo ampahany amin' ireo aho dia mba handeha haka koa izy, kanefa hoy izy: 'hovonoin' ireo isika.' " Nony injay fa sahirana tao ambadiky ny trano ny mpanohitra, dia nihazakazaka izy roa vavy nameno ny tanany tamin' ireto takelaka sarobidy. Hitan' ny mpanohitra izy ireo ka nasainy nijanona. Toy izao no tatitra nataon' i Mary Elizabeth: "Nihazakazaka faran' izay trattranay izahay. Ny anankiroa tamin' izy ireo dia nanenjika anay avy ato aoriania. Nahita lavaka teo amin' ny fefy izahay, ka niditra tao amin' ny tanin-katsaka, napetrakay teo amin' ny tany ireo takelaka, ary notakonanay tamin' ny tenanay. Tokony ho iray metatra sy sasany ka hatramin' ny iray metatra sy valopolo ny haavon' ny katsaka, ary matevina be; nihaza anay eran' ny manodidina izy ireo, ary efa nandalo teo akaikinay fa tsy nahita anay".

Rehefa lasa ireo jiolahy, dia nandeha nankany amin' ny lavabary efa tonta iray izy mirahavavy. Tao, araka ny filazan' i Mary Elizabeth, no nahitany fa "ny rahavavy Phelps sy ny zanany no

nitondra ny bozaka ho eo akaikin' ny lava-bary mba hataony fandriana. Nanontany ahy izay hananako izy—dia nolazaiko azy. Rehefa izany dia noraisiny ireo takelaka. . . . Natambany ho boky kely maromaro izany ary nandefasany iray aho, izay notehiriziko fatratra.”<sup>11</sup>

*Rakotra tara sy volom-borona ny eveka Partridge*

Azon' ny mpanohitra ny eveka Edward Partridge sy i Charles Allen eveka. Nentina teny amin' ny araben' ny Independence izy ireo ary nasaina nandà ny Bokin' i Môrmôna sy hiala ny tanana. Hoy ny eveka Partridge, “Nolazaiko azy fa ny Olomasina dia njaly noho ny fanenjehana tamin' ny vanim-potoana rehetra teto amin' izao tontolo izao; tsy nanao na inona na inona mety hanafintohina ny hafa aho; ka raha manao ratsy ahy izy ireo, dia olona tsy manan-tsiny no hanaovany izany fa izaho koa dia vonona hijaly noho ny fitiavako an' i Kristy; kanefa, raha ny hoe handao ny tanàna, dia tsy mbola manaiky hanao izany aho aloha izao”.

Niaraka tamin' izany fandavana izany, avy hatrany dia nesorina ny akanjon' izy roalahy ary nosorana tara ny tenany sady nasiana volom-borona. Hoy ny fitantaran' ny eveka Partridge: “Niaretako ny fitondrana ratsy natao ahy niaraka tamin' ny fandeferana amin' ny tsy fidiny sy ny fahalemem-panahy, ary nahavariana ireo vahoaka izay namela ahy hiala amim-pahanginana izany, maro tamin' izy ireo no nanana endrika feno fanajana; ny fangoraham-pon' izy ireo, araka ny eritreritro, dia nanohina azy ireo; izaho kosa tamin' izay fotoana izay dia feno ny Fanahy sy ny fitiavan' Andriamanitra, ka tsy nankahala ireo nanenjika ahy, na ireo olona hafa”.<sup>12</sup>

*Ny fifanandrinana teny amin' i Big Blue*

Niverina indray ireo mpikomy ireo tamin' ny 23 Jolay, ary ny mpitarika ny Fiagonana dia nanolo-tena ho takalon' aina raha toa ka tsy manao ratsy ho an' ny vahoaka izy ireo. Nampitahorin' ireo mpikomy anefa izy ireo fa ho ravany ny Fiagonana manontolo ary notereny ireo rahalahy hanaiky ny hialan' ny

Olomasin' ny Andro Farany rehetra amin' ny faribohitra. Satria tsy ara-dalàna ny fihetsehana nataon' ireo mpikomy, mifanohitra amin' ny lalam- panorenana tao Etazonia sy tao Missouri, dia nitady ny fanampian' ny Governora teo amin' ny fanjakana atao hoe Daniel Dunklin ny mpitarika ny Fiagonana. Natorony hevitra izy ireo momba ny zo maha-olom-pirenena azy ary notarihany ny Olomasina mba haka mpisolovava. I Alexander W. Doniphant sy olona hafa koa dia nokaramaina mba hisolo tena ny fiagonana, izany dia vao mainka naha-romotra ireo mpikomy.

Ny zavatra nataon' ny Olomasina voalohany dia ny tsy hisian' ny fifandonana mivantana; na izany aza anefa, ny ady natao tamin' ny mpikambana sy ny fandravana ny fananan' izy ireo dia niafara tamin' ny fifanandrinana teo akaikin' ny reniranon' i Big Blue River. Roa tamin' ireo mpikomy no maty, ary i Andrew Barber no maty tamin' ireo Olomasina. I Philo Dibble dia in- telo voatifitra teo amin' ny kibony. I Newel Knight no nantsoina hametra-tanana taminy, nampitolagaga ny vokatr' izany. Hoy ny fitantaran' ny rahalahy Dibble:

“Tonga njery ahy ny rahalahy Newel Knight, ary nipetraka teo an-tongom-pandriako. . . . Tsapako nitoetra tao amiko ny Fanahy, teo amin' ny lohako alohan' ny nametrahany ny tanany teo amiko, ary fantattro niaraka tamin' izay fa ho sitrana aho. . . . Nitsangana avy hatrany aho ary nisy ra betsaka niaraka tamin' ny vori-damba izay nahiditry ny bala tany anatiko niala tamiko. Rehefa izany dia nisolo akanjo aho ary nandeha nivoaka ny trano. . . . Nanomboka tamin' izay fotoana izay dia tsy nisy rà nivoaka intsony tamin' ny tenako, tsy nanaintaina ahy intsony ny feriko na dia kely aza, fa nahatsiaro tena ho reraka kely fotsiny aho vokatry ny fahaverezan- drà”.<sup>13</sup>

Nandidy ny Kolonely Thomas Pitcher ny Governora Dunklin mba hanala ny fitaovalam-piadiana teo amin' ny roa tonta. Na izany aza anefa, ny kolonely Pitcher dia nirona tany amin' ireo mpikomy, ary naka ny fitaovalam-piadiana tany amin' ny Olomasina izy ka nomeny ny mpanohitra. Voatafika ireo

Olomasina tsy nanam-piadiana ka rava ny tranony. Tsy maintsy nitady fialofana tany anaty hazo ireo lehilahy na niharitra ny ady mafy. Tamin' ny farany dia niantso ny olona ny mpitarika ny Fiagonana mba samy hanangona ny entany ka hiala ny faribohitr' i Jackson.

*Fialokalofana tany amin' ny faribohitr' i Clay*

Tamin' ny faraparan' ny taona 1833, ny ankamaroan' ny Olomasina dia nita ny reniranon' i Missouri hianavaratra ho any amin' ny faribohitr' i Clay County ary nahita fialokalofana vonjy maika tany, toy izao no filazan' i Parley P. Pratt izany:

"Tomefy olona mitaingina baka ny moron-drano andaniny roa, lehilahy sy vehivavy ary ankizy; entana, kalesy, boaty, vatsy, sns., rehefa nampiasaina foana ny baka; ary rehefa nirotsaka taminay ny alina, ny moron' ny rano sy ireo hazo, dia tahaka ny saha feno mpilasy. Olona an-jatony no hita eny rehetra eny, ny sasany ao anaty lay ary ny sasany eny an-kalamanjana manodidina ny afo, raha avy be ny orana. Manontany izay misy ny vadiny ny lehilahy, manontany izay misy ny vadiny ny vehivavy; manontany ny zanany ny ray aman-dreny, ary ny zanaka manontany ny ray aman-dreny. Ny sasany nanana ny anjara soa niara-nandositra tamin' ny fianakaviany, ny fitaovan-tokantranony, sy vatsy maromaro; raha ny sasany kosa tsy nahalala izay hiafaran' ny namany sy tsy nanana na inona na inona intsony. Izany tarehin-javatra izany . . . dia nanalefaka ny fon' ny olona rehetra tetè ambonin' ny tany, afa-tsye ireo mpanenjika anay izay jamba, sy ireo fiaraha-monina sady tsy te hahalala no jamba".<sup>14</sup>

Ny fahafahana manangana an' i Ziona sy ny tempoly ho an' Andriamaniny tany amin' ny faribohitr' i Jackson dia nalaina an-keriny vetivety tamin' ny Olomasina. Tokony ho mpikambana ao amin' ny Fiagonana 1.200 no niady mba hahavelomany nandritra ny ririnina, teo akaikin' ny faribohitr' i Clay. Ny sasany nialoka tao anaty kalesy, lay, na tao anaty lavaka natao teny amin'

ny sisin' ny havoana, ny sasany kosa nitoetra tany amin' ny trano kely efa nilaozan' ny tompony. I Newel Knight dia nipetraka tao amin' ny trano hazon' ny Indiana nandritra ny ririnina.

Iray amin' ireo trano naorin' ny Olomasina tao amin' ny faribohitr' i Clay dia trano fiangonana kely vita amin' ny hazo mba hahafahan' izy ireo manao fanompoam-pivavahana. Teo dia "tsy adinon' izy ireo ny nandeha nisaotra an' Andriamanitra Tsitoha noho ny nanafahany azy ireo teo an-tanan' ny fahavalos ratsy sy ny mba hikarohany ny fiarovana sy ny fikarakarana ho azy ireo amin' ny ho avy—fa Izy dia hanalefaka ny fon' ny olona eo amin' izay nandosirany, fa mety ho hitany eo amin' izy ireo ny zavatra izay ilainy".<sup>15</sup>

### **Fanenjehana hanoherana ny lasin' i Ziona**

Araka ny voalaza ao amin' ny fizarana 3, dia nandidy an' i Joseph Smith ny Tompo mba hanangona antokon' olona handeha an-tongotra hiala any Kirtland ho any Missouri mba hanampy ny Olomasina izay nentina niala ny taniny tao amin' ny faribohitr' i Jackson. Rehefa nahazo ny ilany atsinanan' ny faribohitr' i Clay, Missouri, izy ireo tamin' ny faran' ny volana Jona 1834, dia nisy mpikomy Misioriana maherin' ny 300 tonga mba hifanandrina amin' izy ireo—nikendry ny fandravana azy ireo. Teo ambany fitarihan' ny mpaminany Joseph, dia nanao lasy teo amin' ny Little sy Big Fishing Rivers izy ireo.

Nanomboka nanafika tamin' ny basy ireo mpikomy, kanefa ny Tompo dia niady ho an' ny Olomasina. Nanomboka nitambatra ny rahona. Toy izao no filazan' ny mpaminany ny zava-nitranga: "Nanomboka ny orana nanavandra. . . Mafy ny tafio-drivotra miaro ranon' orana, havandra sy kotroka dia nanjary nampahatahotra azy ireo, vetivety foana dia niha nalefaka ny herim-pon' izy ireo nikasa ny 'hamono an' i Joe Smith sy ny tafiny'. . . Nandady tao ambanin' ny kalesy izy ireo, tany anaty hazo nolavahana, nifatratra tao anatin' ny trano efa tranainy, sns., mandra-pitsahatry ny orambe, ary tamin' izay fotoana izay dia efa kotsan-drano ny basin' izy ireo." Rehefa avy niharitra izany

orambe izany nandritra ny alina izy ireo, "dia niverin-dalana nankany Independence ireto andiany ireto, mba hitambatra amin' ireo mpanohitra rehetra, izay resy lahatra tokoa . . . fa rehefa Jehovah no miady dia aleo misinda. . . . sahala amin' ny hoe Andriamanitra mihitsy no nandefa ny ady avy aty amin' ny ilany, mba hiarovany ny mpanompony amin' ny fandravan' ny fahavalony".<sup>16</sup>

Rehefa nanomboka niharihary ny tafiky ny mpanohitra niandry ny Olomasina ary tsy nitana ny teny nomeny ny governora Dunklin mba hanampy azy ireo, dia nivavaka tamin' ny Tompo nangataka fitarihan-dalana ny mpaminany. Nilaza taminy ny Tompo fa tsy mbola izao no fotoana maha mety ny hanorenana an' i Ziona. Mbola maro ny zavatra tokony hataon' ny Olomasina mba hanomanana ny fiainan' ny tsirairay mba hahafahana managana an' i Ziona. Ny ankamaroan' izy ireo dia tsy mbola nahay nankatò ny zavatra izay notakian' ny Tompo: "Tsy mbola azo hatsangana i Ziona raha tsy amin' ny fitsipiky ny lalàn' ny fanjakana celestialy; raha tsy izany dia tsy azoko atao ny maka azy ho Ahy. Ary tsy maintsy ho saziana ny oloko ambara-pahaizany mankatò, raha tsy maintsy ilaina izany, amin' ny zavatra izay tsy maintsy hiaretany" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 105:5–6).

Nolazain' ny Tompo fa ny lasin' i Ziona dia tsy tokony hanohy ny tanjona miaramila: "Noho ny fandikan-dalan' ny vahoakako, dia mety amiko kokoa raha miandry kely ny loholoko vao manavotra an' i Ziona—Mba hahatonga azy ireo ho vonona, mba hahafahana mampianatra ny vahoakako amin' ny fomba tanteraka kokoa" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 105:9–10). Ireo rahalahy tao amin' ny lasin' i Ziona dia nisaorana tamim-boninahitra, ary ny mpaminany dia niverina tany Kirtland.

### **Ny foiben' ny fiangonana tao Far West**

Ny ankamaroan' ireo Olomasina avy ao Missouri dia nijanona tao amin' ny faribohitr' i Clay hatramin' ny taona 1836, hatramin' ny fotoana izay nampahatsiahivan' ny mponina tao amin' io

faribohitra io azy ireo fa ny fifanarahana nataon' izy ireo dia ny hijanona ao mandra-pahafahan' izy ireo miverina any amin' ny faribohitr' i Jackson ihany. Satria ohatran' ny ho sarotra tanterahana izany, dia nasaina nandeha araka ny nifanarahana ihany izy ireo. Araka ny lalàna dia tsy voatery hanaiky izany ny Olomasina, kanefa mba tsy hisian' ny olana, dia nifindra indray mandeha indray izy ireo. Noho ny ezaka nataon' i Alexander W. Doniphan, naman' izy ireo tao amin' ny fitondram-panjakana, dia faribohitra roa vaovao nantsoina hoe Caldwell sy Daviess, no noforoniny avy ao amin' ny faribohitr' i Ray no noforoniny avy ao amin' ny faribohitr' i Ray tamin' ny Desambra 1836. Navela hanangana ny tanànan' i Far West ny Olomasina tany amin' ny ilany andrefana, tokony ho 60 maily avaratry ny faribohitr' i Clay, mba hatao renivohitry ny faribohitr' i Caldwell. Ny tompon' andraikitra voalohany tao amin' ny faribohitra dia Olomasin' ny Andro Farany, ary maro tamin' ny olona no nanantena fa noho izany dia hifarana ny fanenjehana ny Olomasina.

Taorian' ny dia nananosarotra avy any Kirtland, Ohio, dia tonga tao Far West ny mpaminany Joseph Smith, Missouri, tamin' ny volana Martsa 1838 ka napetrany teo ny foiben' ny Fianganana. Tamin' ny volana May dia nianavaratra izy nankany amin' ny faribohitr' i Daviess, ka tamin' ny fitsidihana teo amin' ny Grand River, dia nambarany amin' ny maha mpaminany azy fa izany lemaka izany dia atao hoe Adam-ondi-Ahman, ny "toerana hahatongavan' i Adam mba hamangy ny olony" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 116:1).<sup>17</sup> I Adam-ondi-Ahman dia nanjary tanàna voalohan' ny Olomasina tao amin' ny faribohitr' i Daviess. Ny vato fehizoron' ny tempoly dia notokanana tao Far West tamin' ny 4 Jolay 1838, ary ny Olomasina dia nanomboka nahatsapa fa izy ireo dia ho afaka hiala amin' ireo fahavalony amin' ny farany.

### **Ny fifanandrinana tao Crooked River**

Na izany aza anefa dia tsy ela dia dia nanomboka indray ny fanenjehana. Tamin' ny 6 Aogositra 1838, dia nisy mpanohitra 100

mahery tonga tao amin' ny birao fandatsaham-bato tao Gallatin, tao amin' ny faribohitr' i Daviess, ka tsy namela ny Olomasina hifidy. Ary izany dia nahatonga fifandonana izay naharatrana olona maro. Ny fitomboan' ny fikorontanana nataon' ny mpanohitra tao amin' ny faribohitr' i Caldwell sy i Daviess dia nanosika an' i Lilburn W. Boggs governoram- panjakana mba hampiditra ny milisy hampilamina ny tany.

Kapiteny Samuel W. Bogart, manam-boninahitra iray tao amin' ny milisy, dia tena nifandray tamin' ny mpikomy. Nanapa-kevitra izy fa hanao izay hisian' ny fifanoherana tamin' ny fakana an-keriny Olomasin' ny Andro Farany telo, ka notazoniny tao amin' ny lasiny tao amin' ny Crooked River avaratra andrefan' ny faribohitr' i Ray. Andiana milisy Olomasin' ny Andro Farany no nalefa mba hanavotra azy ireo ary fifanandrinana mahatsiravina no nitranga tamin' ny 25 Oktobra 1838. Ny Kapiteny David W. Patten, iray amin' ireo apôstôly roa ambin' ny folo, no nitarika ireo andiany ireo ary anisan' ireo naratra mafy tamin' ny ady. Ny vadin' i David, atao hoe Phoebe Ann Patten, i Joseph sy i Hyrum Smith, ary i Heber C. Kimball dia tonga avy any Far West mba hiaraka aminy alohan' ny hafatesany.

Hoy i Heber momba an' i David Patten: "Ny fitsipiky ny filazantsara izay tena sarobidy tokoa ho azy teo aloha, no nananany izany fanohanana sy fampiononana nilainy alohan' ny handehanany, izay nahafahany niala tamin' ny fangirifirian' ny fahafatesana izany". Ilay lehilahy efa nadiva ho faty dia niresaka tamin' ireo olona teo akaikin' ny fandriany momba ny sasany amin' ny Olomasina izay lavo niala ny fiorenana mafy ho any amin' ny apôstazia ka hoy izy: " 'Raha mba amin' izao toerako izao no misy azy ireo! Satria tsapako fa nitazona ny finoako aho.' " Avy eo dia nitodika tany amin' i Phoebe Ann izy nanao hoe, " 'Na inona na inona mbola hataonao, dia aza mandà ny finoana mihitsy'. "Talohakelin' ny hafatesany, dia nivavaka izy, " 'Ray ô, Mangataka Aminao amin' ny anaran' i Jesoa Kristy aho, mba hamelanao ny fanahiko, ka handraisanao izany any Aminao'. " Rehefa izany dia niangavy ireo olona nanodidina azy izy, " 'ry

rahalahy, nohazoninareo tamin' ny finoanareo aho, kanefa aza manao izany intsony fa avelao aho handeha, miangavy anareo aho'. "Hoy ny rahalahy Kimball: "Napetrakay teo amin' Andriamanitra izy, ary tsy ela dia niala aina izy, ary nodimandry soa aman-tsara tao amin' i Jesoa".<sup>18</sup>

Ny tafika notarihan' ny Kapiteny Samuel Bogart's dia niasa tahaka ny mpanohitra fa tsy tahaka ny milisim-panjakana. Izany anefa tsy nanakana ny governora Lilburn W. Boggs hampiasa ny fahafatesan' ny mpikambana iray tao amin' ny milisy nandritra ny ady tany Crooked River, sy ny tatitra hafa koa, mba hamoaka ilay "didim-pamongorana" malaza ratsy. Izany itsivolana izany, izay nivoaka tamin' ny 27 Oktobra 1838, dia nilaza koa fa:

"Tokony ho heverina ho fahavaloxo ny Môrmôna, ary tokony haringana na horoahina hiala ny faritra raha ilaina, ho an' ny fandriampahaleman' ny valalabemandry—tsy hita pesipesenina ny faharatsiana ataony".<sup>19</sup> Manam-boninahitra milisy iray no nasaina nanatanteraka ny baikon' ny governora.

### **Ny fandripahana tao Haun's Mill**

Tamin' ny faha 30 Oktobra 1838, telo andro taorian' ny famoahana ny didim-pamongorana, dia nisy olona 200 nanafika tampoka nanohitra ny tanana kelin' ny Olomasina tao Haun's Mill tao Shoal Creek, faribohitr' i Caldwell. Ireo mpanafika, tamin' ny famitahana nataony, dia niantso ireo olona maniry ny hovonjena mba hiazakazaka ao amin' ny mpanefy vy. Rehefa izany dia efa samy nandray ny toerany nanodidina ny trano izy ireo ary dia nitifitra mandra-piheviny fa maty avokoa ny tao antano. Voatifitra ny sasany rehefa niezaka ny handositra. Raha atambatra dia lehilahy sy ankizilahy 17 no maty ary 15 no naratra.

Taorian' ny fandripahana olona, dia nankany amin' ilay mpanefy vy i Amanda Smith, tao no nahitany ny vadiny atao hoe Warren, sy ny zanany lahy atao hoe Sardius, maty. Tao anatin' izany no ampoky ny hafaliana izy raha nahita ny zananilahy

anankiray i Alma kely, mbola velona kanefa naratra mafy. Potika voatifiry ny basy ny ampingaharatra ny valahany. Satria maty sy naratra mafy ny ankamaroan' ny lehilahy, dia nandohalika i Amanda nitalaho tamin' ny Tompo:

“Raiko any an-danitra ô, hoy aho nikiaka, inona no tokony hataoko? Hitanao eto ny zanako kely maratra ary fantatrao ny tsy fahaizako. Ray any an-danitra ô, toroy lalana amin’ izay tokony hataoko aho!” Nolazainy fa izy dia “notarihan’ ny feo iray,” mba hanao savony vita amin’ ny lavenina mba hanadiovana ny fery. Rehefa izany dia nanomana kataplasma vita amin’ ny hodi-kazo kanofenoiny tamin’ izany ilay ratra. Ny ampitso dia nandraraka balsama tamin’ ny fery izy.

Hoy i Amanda tamin’ ny zananilahy, “ ‘Alma, zanaka keliko, . . . mino ve ianao fa nanao ny valahanao ny Tompo?’

“ ‘Eny, ry neny.’

“ ‘Ny Tompo koa dia afaka manao zavatra hafa hasolo ny valahanao, tsy mino va ianao fa afaka manao izany Izy, ry Alma?’

“ ‘Araka ny hevitrao ve ry neny dia afaka manao izany ny Tompo?’ hoy ilay zaza nanadihady tamim-pahatsorana.

“ ‘Eny, anaka,’ hoy aho namaly, ‘nasehony ahy tamin’ ny fahitana izany rehetra izany’.

“Rehefa izany dia nampatoriako nihohoka tsara izy, ary hoy aho hoe: ‘Matoria tsara amin’ izay ianao, aza mihetsiketsika, ary ny Tompo hanamboatra valahana iray hafa ho anao’.

“Noho izany dia natory nihohoka tsara nandritra ny dimy herinandro izy, mandra-pahasitrany soa aman-tsara—nisy taolamalemy niforona teo amin’ ny toeran’ ny zavatra tapaka tamin’ ny valahany.”<sup>20</sup>

I Amanda sy ny hafa dia niaritra ny mafy tamin’ ny fijerena ny fandevenana ireto olon-tiany. Lehilahy matanjaka vitsivitsy sisano tafajanona, anisan’ izany i Joseph Young, ilay rahalahany’ i Brigham Young. Satria natahotra ny fiverenan’ ireo mpanohitra izy ireo, dia tsy nisy fotoana nanaovana fasana ara-dalana. Nariana tao anaty fatsakana ritra izay nanjary fasana iombonana

ny maty. Nanampy nitondra ny fatin' i Sardius i Joseph Young kanefa nilaza izy fa "tsy afaka manary io zazalahy kely io ao anatin' io fasana mahatsiravina io izy." Niara-nilalao tamin' ity "zazalahy kely mahafinaritra" ity izy tamin' ny fandehanany tany Missouri, ary i Joseph "dia olona efa natao halefaka" ka tsy afaka ny hanao izany mihitsy izy. Nofonosin' i Amanda lamba i Sardius, ary ny andro manaraka izy sy ny zanany lahy iray, i Willard izany, dia nametraka azy tao amin' ny fatsakana. Fako sy mololo no nariana mba handrakofana izany tarehin-javatra mahatsiravina izany.<sup>21</sup>

Tao Adam-ondi-Ahman, i Benjamin F. Johnson izay 20 taona no saika voan' ny zavatra tahaka izany koa, raha teo an-tanan' ny Misoriana izay efa tapa-kevitra ny hitifitra azy izy. Nosamborina i Benjamin ary nambenana nandritra ny valo andro tao anatin' ny fotoana faran' izay mangatsiaka teo anoloan' ny afon-dasy an-kalamanjana. Rehefa nipetraka teo amin' ny vatan-kazo izy, nisy "mpanao hery setra" nanatona azy niaraka tamin' ny basy teny an-tanany ary nanao hoe: "Lavo ny Môrmônîsma manomboka izao, raha tsy izany dia hotifiriko ianao." Nandà mafy i Benjamin, ary tamin' izany dia nataon' ilay olon-dratsy teo amin' ny tarehiny ny basy ary napoakany. Tsy nety nandeha ilay basy. Nanompa mafy ilay olon-dratsy, nolazain' ilay lehilahy fa "20 taona no nampiasany basy ary mbola tsy nisy tifitra iray tsy vitany". Nojereny ilay basy, neverenanynofahanana ary namerina nitifitra indray izy fa—tsy nety.

Nanao toy izany hatrany in-telo izy, kanefa tsy nisy nahitam-bokatra izany. Nisy mpitazana nilaza taminy fa tokony "hamboariny kely aloha ny basiny" rehefa izany dia "ho afaka hamono an' ilaikely io tsara izy". Ka tamin' ny fanandramana fahefatra farany dia niomana tsara ity mpamono olona, nosoloiny vaovao mihitsy aza ny fitoeran' ny bala. Na dia izany aza anefa, dia hoy i Benjamin: "Tamin' ity indray mitoraka ity dia nipoaka ny basy ka namono ilay olona ratsy fanahy eo no ho eo." Ny iray tamin' ireo Misoriana dia re nanao hoe: "Tsaratsara kokoa aminao ny tsy manandrana mamono io olona io ".<sup>22</sup>



*Tamin' ny fotoana nitanana azy tao amin' ny fonjan' i Liberty, ny mpaminany Joseph Smith dia nitalaho tamin' ny Tompo momba ny fijalian' ny Olomasina ary nahazo toro lalana masina sy fampiononana izay voarakitra ao amin' ny fizarana 121, 122, sy 123 ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana ankehitriny.*

### **Naiditra am-ponja ny mpaminany**

Fotoana fohy taorian' ny fandripahana olona tao Haun's Mill, dia naiditry ny milisim-panjakana am-ponja ny mpaminany Joseph Smith sy ny mpitarika sasany. Nisy ny fitsarana miaramila ary voaheloka ho faty amin' ny fitifirana ny mpaminany sy ny namany ny ampitso maraina tao amin' ny kianjan' i Far West. Na izany aza anefa, ny Jeneraly Alexander W. Doniphan izay ao amin' ny milisy dia nandà tsy hanao ny fitifirana, ary nambarany fa "famonoana amin-kalozana" izany. Nampitandremany ilay Jeneraly izay nibaiko ilay milisy hitifitra, fa raha mbola manohy ny fiezahany hamono ireo olona ireo izy, "dia hataoko ho

andraikitrao izany manoloana ny tribonalin' izao tontolo izao, koa ampio re aho Andriamanitra.”<sup>23</sup>

Nentina tany Independence ny mpaminany sy ireo hafa, rehefa izany dia nalefa tany Richmond, faribohitr' i Ray, tany no nampidirana azy am-ponja niandry ny fitsarana azy. I Parley P. Pratt dia anisan' ny iray tamin' ireo niaraka tamin' ny mpaminany. Nilaza izy fa indray hariva dia nankasiaka ireo mpigadra ny mpiambina tamin' ny fitantarany ny asa ratsy nataony toy ny famonoana olona, ny fanolanana ary ny fangalarana tamin' ireo Olomasin' ny Andro Farany. Fantany fa ny mpaminany dia mifoha ary nanoratra izy fa nitsangana tampoka i Joseph ka nitrerona ilay mpiambina tamin-kery lehibe:

“ ‘MANGINA, ianareo ry demonin’ ny helo. Amin’ ny anaran’ i Jesoa Kristy mibedy anareo aho, ary mandidy anareo hangina; tsy afaka hiaina iray minitra miaraka amin’ ny fihainoana izany fomba fiteny izany aho. Atsaharo izany resaka izany, raha tsy izany dia na izaho na ianao no ho faty IZAO ANKEHITRINY IZAO!’

“Tsy niteny intsony izy. Nijoro mahitsy toy ny mpanjaka lehibe izy. Mijoro tsy manam-piadiana; tony, mendrika tahaka ny anjely, nijery ireto mpiambina mangovitra izy, izay nampidina ny fitaovam-piadiany na nanjera izany tamin’ ny tany; nangovitra ny lohaliny, ary niforitra terè an- jorony terè izy, na nandady tamin’ ny tongony, nifona tamim-piangaviana, ary nangina mandrapahatongan’ ny mpiambina solony”.

Rehefa izany dia hoy i Parley: “Niezaka ny nieritreritra mpanjaka aho, nieritreritra fiandrianana, nieritreritra satroboninahitra; sy amperora mivory hanapa-kevitra momba ny fiafaran’ ny fanjakana; kanefa ny haja amam-boninahitra *indray mandeha* ihany no nahitako azy, tahaka azy mijaridina, amin’ ny misasak’ alina, ao anatin’ ny haizin’ ny tanànan’ i Missouri.”<sup>24</sup>

Rehefa tapitra ny famotorana, i Joseph sy i Hyrum Smith, i Sidney Rigdon, i Lyman Wight, i Caleb Baldwin, ary i Alexander McRae dia nalefa higadra tany amin’ ny fonjan’ i Liberty tany amin’ ny faribohitr’ i Clay, tonga tany izy ireo tamin’ ny

1 Desambra 1838. Hoy ny filazan' ny mpaminany ny zav-nitrange: "Natao betsaka ny mpiambina anay, andro sy alina, tao amin' ny fonja nisy rindrina roa sy varavarana roa, tsy navela hanana fahalahahana ara-tsaina izahay, zara raha misy ny sakafonay. . . . noterena hatory tamin' ny mololo teo amin' ny tany izahay, ary bodofootsy kely tsy nahafana anay akory . . . . Ilay mpitsara dia mamerimberina aminay mandrakariva fa fantany fa tsy meloka izahay, ary tokony havoaka ny fonja, kanefa tsy sahy manatanteraka ny lalàna aminay izy, noho ny fahatahorany ny mpikomy".<sup>25</sup>

### **Fifindra-monina nankao Illinois**

Raha mbola nigadra ny mpaminan' izy ireo, dia naherin' ny 8.000 ny Olomasina namakivaky avy any Missouri atsinanana ho any Illinois mba handositra ny fandravana ny filaminana.

Noterena handeha tamin' ny andro ririnina mamirifiry izy ireo, ary na dia nitarika azy sy nanampy araka izay azo natao aza i Brigham Young, ilay filohan' ny Kolejin' ny Roambinifololahy, dia mbola nijaly mafy izy ireo. Ny fianakavian' i John Hammer dia iray tamin' ireo fianakaviana nitady fialofana. Toy izao no fitantaran' i John ny fahasaratana natrehany:

"Tsaroako tsara ny fijaliana sy ny hasiahana mafy tamin' izany fotoana izany. . . . Kalesy iray sy soavalny jamba iray no nananan' ireo fianakavianay, ary izany ihany no mba fanananay, ary io soavalny jamba io dia tsy maintsy nitatitra ny entanay ho any amin' ny fanjakana Illinois. Natakalonay tamin' ny rahalahinay manana soavalny roa ny kalesinay, natakalo kalesy maivana ho an' ny soavalny iray, nahametimety ny roa tonta izany fifanakalozana izany. Nataonay tao anatin' io kalesy io avokoa ny fitafianay rehetra, ny fitaovana fandrianay, vovo-katsaka kely sy vatsy kely dia kely azonay nangonina, ary dia nanainga an-tongotra tao anatin' ny hatsiaka sy ranomandry izahay, tany an-kalamanjana no natorianay sy nisakafoanay. Fa ny kaikitry ny hatsiaka amin' ny alina sy ny rivotra toa mandavaka ny tenanay dia maivana noho ny mijery ireo fahavalox miendrika devoly izay

handosiranay. . . . Ny fianakavianay, tahaka ny fianakaviana rehetra dia tsy nikiraro, ary ny sasany dia voatery nandrakotra ny tongony tamin' ny lamba mba tsy ho ngoly sy hiarovana azy amin' ny zava-maranitra avy amin' ny tany feno ranomandry. Izany ihany no fiarovana azonay natao, ary matetika ny ra avy amin' ny tongotray dia manamarika ny tany feno ranomandry alehanay. Ny reniko sy ny anabaviko ihany no nanana kiraro tao amin' ny fianakavianay, ary efa tonta tokoa izany ka efa mila tsy ho azo ampiasaina intsony talohan' ny nahatongavanay tany amin' ny tanin' i Illinois.”<sup>26</sup>

Voatery tsy maintsy niandry tamim-pamoizam-po tao an-tranomaizina ny mpaminany nandritra ny fotoana nandroahana ny olony tao amin' ny fanjakana. Ny fiangaviana nataony tamin' ny Tompo no handrefesana ny tebitebin' ny fanahiny, voarakitra ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, fizarana 121:

“Andriamanitra ô, aiza Ianao? Ary aiza no misy ny firakotra manarona ny fialofanao?

“Mandra-pahoviana no hihazonanao ny tananao, sy ny masonao, eny ny masonao madio, indro izy mandinika ny lanitra ny aretin' ny vahoakanao sy ny mpanomponao, ary ny sofinao ve mandre ny fitarainany?” (Fotopampianarana sy fanekempihavanana 121:1–2).

Namaly azy tamin' izao teny fiononana izao ny Tompo: “Anaka, ho amin' ny fanahinao anie ny fiadanana; ho fotoana kely foana no hanananao alahelo sy hanananao fahoriane;


“Rehefa izany, raha maharitra ianao, dia hasandratr’ Andriamanitra ho amin' ny avo indrindra ianao; ary handresy ny fahavalonao ianao.

“Ho eo anilanao ny namanao, ary handray ny tananao indray amin-kafanam-po sy amim- pirahalahiana” (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:7–9).

Tanteraka ara-bakiteny ny tenin' ny Tompo tamin' ny volana Aprily 1839. Enim-bolana tatè aorian' ny fampidirana am-ponja tsy ara-drariny, ny famindrana ny raharaha ho eo amin' ny

fitsarana hafa izay niteraka famindran-toerana ny voafonja nankany Gallatin faribohitr' i Daviess, Missouri, ary avy eo tany Columbia tao amin' ny faribohitr' i Boone. Na teo aza izany, ny serifa atao hoe William Morgan dia nanome toro lalana ny "tsy hitondrana [azy ireo] mankany amin' ny faribohitr' i Boone". Olona ambony iray na maromaro no nanapa-kevitra fa hamela azy ireo handositra, angamba mba hialana amin' ny henatra eo imason' ny olona tamin' ny fitondrana azy teo anatrehan' ny fitsarana, kanefa tsy misy antony mazava hiampangana azy. Nomena fotoana hahafahany mividy soavalny roa sy mandositra ireo mpiambina. Hoy i Hyrum Smith, "niova tendron-tany izahay ka nanohy ny dianay nankany Illinois, ary tao anatin' ny sivy na folo andro dia tonga soa aman-tsara tao Quincy, faribohitr' i Adams, izay toerana nahitanay ny fianakaviana tao anatin' ny fahantrana izahay, na dia salama tsara aza".<sup>27</sup> Nandray anay tsara izy ireo tamin-kafanam-po sy tamim-pirahalahiana".

Hoy i Wilford Woodruff momba izay favoriana niarahana tamin' ny mpaminany izay: "Mbola nahita fifaliana indray mandeha indray aho raha nandray tanana ny rahalahy Joseph. . . . Niarahaba anay tamin-kafaliana izy. . . . Tsotra [izy], malala-tsaina, ary maha te ho tia tahaka ny mahazatra, ary lehibe tokoa ny fifalianay. Tsy misy olona afaka mahatakatra ny fifaliana tsapanay tamin' ny favoriana toy izany, raha tsy efa vita sedra tamin' ny fitiavana ny filazantsara".<sup>28</sup> Tamin' ny fahagagana no niarovan' ny Tompo ny mpaminaniny sy ny fiangonana. Nanomboka indray ny fanangonana an' Isirael vaovao tany amin' ny tany vaovao izay hiandrasan' ny fotoana sy ny fanekempihavanana azy ireo.



*Nanorina ilay tanàna mahafinaritra tao Nauvoo teo amoron' ny reniranon' i Mississippi ireo Olomasina. Ny tempolin' i Nauvoo dia nisongadina tao an-tanàna.*

# Sorona sy Fitahiana tao Nauvoo

Ireo Olomasin' ny Andro Farany izay nankany Illinois dia nahazo ny fiarahabana tonga soa avy amin' ireo mponina tsara fanahy tao amin' ny tanànan' i Quincy. Taorian' ny fiverenan' ny Mpaminany Joseph Smith avy any amin' ny fonjan' i Liberty, dia nifindra tany avaratra hatrany amin' ny reniranon' i Mississippi tokony ho 56 km ny Olomasina. Nohamaininy ny honahona lehibe tany amin' io toerana io ary nanomboka nanorina ny tanànan' i Nauvoo teo akaikin' ny rano izy ireo. Vetivety foana dia niitatra ny tanàna, nisy varotra sy asa maro hafa, satria ny Olomasina dia nangonina avy amin' ny faritra maro tao Etazonia, Canada, ary Angletera. Tao anatin' nyefa-taona dia nanjary tanàna iray lehibe tao amin' ny faritr' i Illinois i Nauvoo.

Nilamina ny fiainan' ny mpikambana tao amin' ny fiangonana, nahazo antoka tamin' ny fiarahany niaina sy niasa tamin' ny mpaminany izy ireo. Misiônera an-jatony no nantsoin' ny mpaminany ka nandao an' i Nauvoo mba hitory ny filazantsara. Naorina ny tempoly, voaray ny fanafiana masina atao ao amin' ny tempoly, natsangana ny paroasy voalohany, naorina ny tsatôka, natsangana ny Fikambanana Ifanampiana, navoaka ny bokin' i Abraham, ary maro ny fanambarana lehibe voaray. Tao anatin' ny enin-taona mahery, dia niaina tamin' ny firaisan-kina tanteraka, finoana, ary fifaliana ny Olomasina, ary ny tanànanany dia mariky ny asa mafy sy ny fahamarinana.

## **Sorona nataon' ireo misiôneran' i Nauvoo**

Rehefa nanorina trano sy namboly ny Olomasina dia betsaka no tratran' ny tazo, aretina arahina fanaviana sy fangovitana.

Narary ny ankamaroan' ireo Roambinifololahy, ary koa i Joseph Smith. Tamin' ny 22 Jolay 1839 niarina avy teo am-pandriany niaraka tamin' ny herin' Andriamanitra izay nitoetra tao aminy ny mpaminany. Ny fampiasana ny herin' ny fisoronana no nanasitranany ny tenany sy ireo marary hafa tao an-tranony, rehefa izany dia nodidiany ireo mpilasy tao amin' ny tranolay teo an-tokontaniny mba ho sitrana. Maro ny olona no sitrana. Nandeha nitety ny tranolay ny mpaminany, nitety trano ary nametra-tanana tamin' ny olona tsirairay. Izany no anisan' ny andro lehiben' ny finoana sy ny fanasitranana teo amin' ny tantaran' ny fiangonana.

Nandritra izany fotoana izany, dia niantso ny Kôlejin' ny Apôstôly roa ambin' ny folo ny mpaminany mba hamita iraka any Angletera. Ny loholona Orson Hyde, mpikambana tao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly roa ambin' ny folo dia nalefa tany Jerosalema mba hanokana an' i Palestina amin' ny fanangonana ny Jiosy sy ireo vahoakan' i Abrahama hafa. Nalefa ny misiônera mba hitory eran' i Etazonia sy any atsinanan' i Canada, ary i Addison Pratt sy ireo olona hafa dia voantso ho any amin' ny nosy Pasifika.

Nahafoy tokoa ireo rahalahy ireo tamin' ny fandaozany ny tranony sy ny fianakaviany mba hananteraka ny antso hanompo ny Tompo. Maro tamin' ny mpikambana tao amin' ny Roambinifololahy no tratran' ny tazo teo am-panomanana ny diany ho any Angletera. I Wilford Woodruff, izay tena narary mafy tokoa, dia nandao ny vadiny, atao hoe Phoebe, izay efa ho tsy nanan-kohanina intsony ary tsy nanana izay ilaina amin' ny fiainana. I George A. Smith, ilay zandriny indrindra amin' ny apôstôly, dia tena narary ka tsy mantsy nentina tamin' ny kalesy, ary ny olona izay nahita azy dia nanontany ny mpamily raha toa ka efa nandavaka ny fasany izy ireo. I Parley P. Pratt, izay nitondra ny vady aman-janany sy ny rahalahany atao hoe Orson Pratt ary i John Taylor ihany no tsy narary rehefa niala tao Nauvoo, nefà dia nanjary narary mafy koa ny Loholona Taylor tatè aoriana ary efa saika maty teny an-dalana nankany New York.

Narary mafy i Brigham Young ka tsy afaka nandeha na dia tsy lavitra aza raha tsy notantanana, ary ilay namany atao hoe Heber C. Kimball dia tsy salama loatra. Ny vadiny sy ny fianakaviany koa dia narary teo am-pandriana. Rehefa tonga teny an-tampon' ny havoana tsy dia lavitra loatra ny toeram-ponenany ny apôstôly, samy natory tao anaty kalesy, dia samy nahatsiaro ho tsy te handao ny fianakaviany amin' izao zavatra mahazo azy izao. Araka ny torohevitr' i Heber, dia nitsangana izy ireo, nanala satroka, nanofahofa izany, ary namerina in-telo nanao hoe, "Horà, Horà, ho an' Israely." Ny vadin' izy ireo, i Mary Ann sy i Vilate, dia nanangona ny heriny mba hitsangana sady nitehina teo amin' ny varavarana no niantso nanao hoe: "Veloma, hotahian' Andriamanitra anie ianareo". Niverina natory tao anatin' ny kalesiny ireto lehilahy ireto sady faly no afa-po nahita ny vadiny nitsangana fa tsy nandry teo am-pandriana.

Ireo fianakaviana teo an-toerana dia naneho ny finoany tamin' ny sorona nataony mba hikarakarana ireo izay nanaiky ny antso nanirahana azy. Rehefa nantsoina hamita iraka tany amin' ny nosin' i Sandwich (Hawaï) i Addison Pratt, ny vadiny, izay atao hoe Louisa Barnes Pratt, dia nanazava toy izao: "Tsy maintsy nalefa tany an-tsekoly sy notafiana ny zanako anankiefatra, ary tsy nisy vola mihitsy teo am-pelatanako. . . . Kivy aho tamin' ny voalohany, kanefa dia nanapa-kevitra ny hatoky ny Tompo hatrany aho ary hijoro hatrany manoloana ny fahasaratam-piaianana, ka hifaly satria anisan' ny olo-mendrika hitory ny filazantsara ny vadiko".

I Louisa sy ny zanany dia nandeha hatrany an-tseranana mba hanao veloma ny vadiny sy ny rainy. Rehefa tafaverina tany an-trano izy ireo, dia nitantara i Louisa fa "nalahelo mafy tokoa izahay. Tsy naharitra ela dia nikotroka ny andro. Nisy fianakaviana iray, nipetraka teo am- pitanay nanana trano mitete, mangozohozo sy tsy azo antoka loatra. Tonga tao aminay izy ireo nitady fialofana. Tamim-pankahasitrahana no nandraisanay azy ireo; niresaka nampionona anay izy ireo, nihira, ary niara-

nivavaka taminay ilay rahalahy, ary dia nijanona tao izy ireo mandra- pitsahatry ny oram-baratra".<sup>1</sup>

Tsy ela akory taorian' ny nandehanan' i Addison, dia voan' ny nendram-boalavo ny zanany vavy kely. Faran' izay mora mifindra io aretina io ka mety ho loza tokoa ho an' ireo mpihazona ny fisoronana mety hitsidika an-dry Pratts, noho izany dia nivavaka tamim-pinoana i Louisa mba "hisindan' ny fanaviana."

Bontsimbontsina kely miisa iraika ambin' ny folo no niseho tamin' ny tenan' ilay zazavavy kely, kanefa dia tsy nitombo vetivety ny aretina. Tao anatin' ny andro vitsivitsy dia afaka ny fanaviana. Toy izao no nosoratan' i Louisa: "Nentiko tamin' ny olona nahalala ilay aretina ny zanako; nambarany fa namely tokoa ilay aretina kanefa dia resiko tamin' ny finoana".<sup>2</sup>

Ireo misiônera nandao an' i Nauvoo, tamin' ny sorona toy izany dia nitarika olona an' arivony tao amin' ny fiangonana. Maro tamin' ireo izay niova fo koa no naneho finoana sy herimpô lehibe. I Mary Ann Weston dia nipetraka tany Angletera niaraka tamin' ny fianakavian' i William Jenkins nandritra ny fianarany nanjaitra akanjo. Ny rahalahy Jenkins dia niova fo ho amin' ny filazantsara, ary i Wilford Woodruff dia tonga tao antano mba hitsidika ny fianakaviana. I Mary Ann irery no tao antano tamin' izay fotoana izay. Nipetraka teo amorom-patana i Wilford sady nihira, "Hijanova tsy handray ny Fanahy ao amiko ve aho, noho ny tahotro ny olona". Nijery azy i Mary Ann rehefa nihira izy ary tsaroany fa "sambatra sy faly tokoa izy, heveriko fa tena olona tsara izy, ary ny filazantsara izay toriny dia mety tena ho marina".<sup>3</sup>

Noho ny fifaneraserany tamin' ny mpikambana tao amin' ny fiangonana, tsy ela dia niova fo i Mary ka natao batisa—izy irery ihany no nanohina ny hafatry ny filazantsara tafaverina amin' ny laoniny tao amin' ny fianakaviany. Nanambady mpikambana ao amin' ny fiangonana izy, izay maty efa-bolana tatô aoriania, noho ny vono nataon' ireo mpikomy taminy nandritra ny fanakorontanan' izy ireo ny favoriam-piangonana. Izy irery no nandray ny sambo niaraka tamin' ireo Olomasin' ny Andro

Farany nankany Nauvoo, nilaozany ny tranony, ny namany, ary ny ray aman-dreniny tsy mpino. Tsy hitany intsony ireo fianakaviany.

Ny herim-pony sy ny fandavan-tenany dia nanome fitahiana ny fiainan' ny olona maro. Nanambady an' i Peter Maughan, lehilahy maty vady izay nanjanaka an' i Cache Valley tany avaratr' i Utah izy. Tany no nanabeazany fianakaviana lehibe sady mahatoky, izay sady nanaja ny fiangonana no nanaja ny anarany.

### **Ny soratra masina nankatoavina**

Nandritra ny zava-niseho tao Nauvoo, no namoahana ny zavatra voasoratra sasantsasany izay lasa Ny Voahangy Lafo Vidy tat� aoriana. Io boky io dia mirakitra ny voafantina avy amin' ny bokin' i Mosesy, ny bokin' i Abrahama, ampahany amin' ny tenivavolombelon' i Matio, ampahany amin' ny tantaran' i Joseph Smith, ary ny Fanekempinoana. Ireo tahirin-kevitra ireo dia nosoratana na nadikan' i Joseph Smith teo ambany fitarihan' ny Tompo.

Ankehitriny dia manana ny soratra masina izay lasa soratra masina nankatoavin' ny Fiangonana, dia ireto avy izany: ny Baiboly, ny Bokin' i Môrmôna, ny Fotopampianarana sy Fanekempihavavana, ary ny Voahangy Lafo Vidy. Ireo boky ireo dia manana ny lanjany tsy hita ho pesipesenina amin' ny zanak' Andriamanitra, satria mampianatra ny fototry ny fahamarinan' ny filazantsara izy ary mitarika ireo izay mikatsaka amimpahamarinana ny fahalalana an' Andriamanitra, Ilay Ray sy ny Zanany dia i Jesoa Kristy. Ny fanampim-panambarana dia natambatra ao amin' ny soratra masina amin' izao andro izao araka ny torolalana nomen' ny Tompo tamin' ny alalan' ny mpaminany.

### **Ny tempoly tao Nauvoo**

15 volana monja taorian' ny nanorenana an' i Nauvoo, ny Fiadidiana Voalohany, raha nankatò ny fanambarana, dia nanao filazana fa tonga ankehitriny ny fotoana "mba hanaovana tronom-

bavaka, tronom-pilaminana, trano hanaovana fanompoam-pivavahana ho an' Andriamanitsika, izay ahafahana manatanteraka ny ôrdônanisy, mifanaraka amin' ny sitrapon' Andriamanitra".<sup>4</sup> Na dia olona mahantra sy miasa mafy ho an' ny famelomana ny fianakaviany aza ny Olomasin' ny Andro Farany dia nanohina ny antson' ireo mpitarika azy ka nanao fanomezana ny fotoanany sy ny fananany ho an' ny fananganana ny tempoly. 1000 mahery ireo olona nanome ny andro fahafolo hiasana. I Louisa Decker, tovovavy kely, dia nihetsi-po tokoa nahita andreniny nivarotra ny vilia bakoliny sy ny lambam-pandrianany tsara tarehy ho fandraisany anjara amin' ny fananganana ny tempoly.<sup>5</sup> Ny Olomasin' ny Andro Farany sasany dia nanome soavalys, kalesy, omby, kisoa ary voamaina mba hanampiana amin' ny fananganana ny tempoly. Ny vehivavy tao Nauvoo dia nasaina nandoa ny anjara vola keliny amin' ny vola hanamboarana tempoly.

I Caroline Butler dia tsy nanana vary iray venty homena, kanefa izy dia mba naniry fatratra ny hanome. Indray andro raha nandeha kalesy ho any an-tanàna izy dia nahita omby anankiroa maty. Fantany tampoka ny zavatra azony atao fanomezana ho an' ny tempoly. Izy sy ny zanany no nanendaka ny volon' ireo omby ary nitondra izany niaraka taminy. Nosasany sy nobangoiny hitsotra tsara ilay volo hahazo kofehy ary nanaovany aron-tanana ho an' ireo olona mpamaky vato niasa tamin' ny fanamboarana ny tempoly tamin' ny ririnina namirifiry.<sup>6</sup>

I Mary Fielding Smith, vadin' i Hyrum Smith, dia nanoratra ho an' ny vehivavy Olomasin' ny Andro Farany tao Angletera, izay tao anatin' ny herintaona dia nahangona 50000 pennies, nilanja 197 kg, izay nalefa sambo nankany Nauvoo. Ny mpamboly dia nanome talatalana sy kalesy; ny sasany nivarotra ny ampanahy' ny taniny ary nanome ny vola vidin' izany ny komity nanangana ny tempoly. Betsaka ny nanome famataranandro sy basy. Ny Olomasina tany Norway, Illinois, dia nandefy ondry miisa 100 ho any Nauvoo mba hampiasain' ny komity mpanangana ny tempoly.

Toy izao no tsaroan' i Brigham Young: "Niasa mafy tokoa izy ireo tamin' ny nananganana ny tempolin' i Nauvoo, nandritra izany fotoana izany dia sarotra ho anay tokoa ny nahazo mofo sy vatsy hafa ilain' ny mpiasa mba hatao sakafo". Tsy nanakana ny Filoha Young tsy hilaza amin' ireo tompon' andraikitrty ny vola hizara ny lafarinina rehetra izay nananany anefa izany, ary nanome toky izy fa ny Tompo no hiahy azy ireo. Tao anatin' ny fotoana fohy i Joseph Toronto, olona vao niova fo avy any amin' ny fiangonana tao Sicily, dia tonga tany Nauvoo ary nitondra volamena \$2,500 izay nomeny ny Rahalahy.<sup>7</sup> Izany tahiry avy amin' ny Rahalahy Toronto izany dia nampiasaina mba hamatsiana lafarinina sy hividianana izay kojakoja hafa ilaina.

Fotoana fohy taorian' ny nahatongavan' ny Olomasina tao Nauvoo, dia nambaran' ny Tompo tamin' ny alalan' ny mpaminany Joseph Smith fa ny batisa dia azo atao ho an' ny razana efa maty izay tsy nandray ny filazantsara tetè ambonin' ny tany (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 124:29-39). Maro tamin' ny Olomasina no nandray fiononana avy amin' ny fampanantenana fa ny maty dia mety handray fahasoavana mitovy amin' ny an' ireo nanaiky ny filazantsara tetè ambonin' ny tany.

Ny mpaminany koa dia nandray fanambarana lehibe mikasika ny fampianarana, ny fanekempihavanana ary ny fahasoavana izay antsoina hoe fanafiana masina any amin' ny tempoly ankehitriny. Izany ôrdônansy masina izany dia ny hahafahan' ny Olomasina "hahazo antoka ny amin' ny fahafenoan' ireo fahasoavana ireo", izany dia hanomana azy ireo "ho avy hitoetra eo anatrehan' i . . . Elohim any amin' ny fiainana mandrakizay".<sup>8</sup> Aorian' ny fandraisana ny fanafiana masina, ny mpivady dia azo fehezina mandrakizay amin' ny alalan' ny herin' ny fisoronana ho amin' izao fiainana izao sy ho mandrakizay. I Joseph Smith dia nahafantatra fa fohy ny fotoana hahavelomany etè an-tany, noho izany raha mbola teo andalam-panorenana ny tempoly, dia nanomboka nanome ny fanafiana masina ho an' ireo mpanara-dia

mahatoky voafantina tany amin' ny rihana ambony amin' ny trano fitehirizany vokatra vita amin' ny biriky mena izy.

Na dia taorian' ny namonoana ny mpaminany Joseph Smith azo, rehefa fantatry ny Olomasina fa tsy ho ela dia tsy maintsy mandao an' i Nauvoo izy ireo, dia nohamafisiny ny finiavany hamita ny tempoly. Ny rihana farany ambony ao amin' ny tempoly izay tsy mbola vita dia natokana ho toerana fanaovana ny fanafiana masina. Ny Olomasina dia naniry fatratra ny handray izany ôrdônanisy masina izany izay nahatonga an' i Brigham Young, i Heber C. Kimball, ary ny sasany tamin' ireo Apôstôly roa ambin' ny folo tao amin' ny tempoly andro aman' alina, matory tsy mihoatra ny adin' ny efatra isan' alina. I Mercy Fielding Thompson no tompon' andraikitra amin' ny fanasana sy ny fipasohana ny fitafiana any amin' ny tempoly, ary koa manaramaso ny fandrahoana ny sakafo ihany koa. Izy koa dia nipetraka tao amin' ny tempoly, indraindray dia miasa alina mba ho vonona ny zavatra rehetra ny andro manaraka. Ny mpikambana sasany dia nahafoy tena tsotra izao.

Nahoana no ho niasa mafy ireto Olomasina ireto mba hamita ny trano izay mety hilaozany tsy ho ela? 6000 eo ho eo no Olomasin' ny Andro Farany nahazo ny fanafiana masina talohan' ny nandaozany an' i Nauvoo. Rehefa nitodika tamin' ny fifindrany monina ho any andrefana izy ireo dia nahazo hery tamin' ny finoana sy fahatokiana tamin' ny fahalalany fa ny fianakaviany dia nofehezina mandrakizay. Ireo endrika vontondranomaso, vonona ny handroso taorian' ny nandevenana ny zanaka na ny vady tao amin' ny tanety midadasika tao Amerika, dia vonona tokoa noho ny toky hita tao amin' ny ôrdônanisy izay noraisiny tao amin' ny tempoly.

### **Ny Fikambanana Ifanampiana**

Teo am-panorenana ny tempoly tao Nauvoo, i Sarah Granger Kimball, vadin' i Hiram Kimball, iray amin' ireo olona nanankarena indrindra, dia nandray mpiasa hanjaitra, atao hoe

Margaret A. Cooke. Tamin' ny faniriana hampandroso ny asan' ny Tompo, dia nanome lamba hanaovana lobaka i Sarah ho an' ireo lehilahy miasa ao amin' ny tempoly, ary i Margaret dia nanaiky ny hanjaitra. Fotoana fohy taorian' izay, ny sasany tamin' ireo mpiara-monina tamin' i Sarah koa dia nariry ny handray anjara amin' ny fanjairana lobaka. Nivory tao an-tranon' i Kimball ireo rahavavy ary nanapa-kevitra fa hatsangana ara-dalana ny fikambanana. I Eliza R. Snow no nangatahina hanoratra ny sata sy lalàna mifehy ny fikambanana vaovao.

Nasehon' i Eliza ny mpaminany Joseph Smith ny antontan-taratasy feno; nambaran' ny mpaminany fa izany no sata tsara indrindra tamin' izay efa hitany. Kanefa dia nahasarika azy ny hanitatra ny fomba fijerin' ny vehivavy mikasika ny zavatra mety ho vitan' izy ireo. Nasainy ireo vehivavy hanatrika fivoriana iray hafa, ary eo no hananganany ny Fikambanana Ifanampian' ny vehivavy ao Nauvoo. I Emma Smith, vadin' ny mpaminany no nanjary filohan' ny Fikambanana Ifanampiana.

Nilaza tamin' ireo rahavavy i Joseph fa handray "torolalana amin' ny alalan' ny lamina izay omen' Andriamanitra eo anivon' ireo izay voatendry hitarika—ahodiko ho anareo anio ny fanalahidy amin' ny anaran' Andriamanitra, ary hifaly ity fikambanana ity, ka manomboka izao dia hirotsaka aminy ny fahalalana sy ny faharanitan-tsaina—izao no fanombohan' ny andro tsara indrindra ho an' ny fikambanana".<sup>9</sup>

Tsy ela taorian' ny nisian' ny fikambanana, dia nisy komity nitsidika ny mahantra tao Nauvoo, njery izay nilainy, ary nangataka ho azy ireo. Ny vola fanomezana sy ny avy amin' ny fivarotana sakafazo zana-kazo dia nahafahana nampiditra ny ankizy sahirana an-tsekoly. Hariy madinika, landy hazo, kofehy, savony, labozy, firavaka, harona, bemiray, bodoftsy, tongolo, paoma, lafarinina, mofo, bisikitra ary hena no fanomezana nanampiana ireo sahirana.

Ankoatra ny fanampiana ny mahantra, ny Fikambanana Ifanampiana dia niara-nanao fanompoam-pivavahana. I Eliza R.

Snow dia nanao tatitra fa tamin' ny fivoriana iray dia "saika ny rehetra no nitsangana sy niteny, ary ny Fanahin' ny Tompo tahaka ny ony manadio, dia manavao ny fon' ny tsirairay".<sup>10</sup> Ireo rahavavy ireo dia nifampitondra tamim-bavaka, nanamafy ny finoana eo amin' izy samy izy, ary nanokana ny fiaianany sy ny fananany mba hampandrosoana ny asan' Andriamanitra.

### **Ilay fijalijaliana**

Raha nanome fotoam-pifaliana maro ho an' ny Olomasina ireo taona tao Nauvoo, ny fanenjehana koa dia vetivety dia nanomboka indray, niafara tamin' ny famonoana an' i Joseph sy i Hyrum Smith. Fotoana nanjombona ary tsy hohadinoina mandrakizay izany. Raha nandrakitra an- tsoratra ny zavatra tsapany tamin' ny fandrenesana izany fijalijaliana izany i Louisa Barnes Pratt dia nanoratra toy izao: "Nangina ny alina tamin' izay ary diavolana. Toa alin' ny fahafatesana, ary ny rehetra dia nandray anjara mba hahatonga izany ho feno voninahitra! Re ny feon' ireo mpitarika namory ny olona, ary raha avy lavitra, izany hilatsadia ao am-po tahaka ny lakolosim-paty. Nivory ny vehivavy, nitomany sy nivavaka, ny sasany nirary sazy mafy ho an' ireo mpamono olona, ny hafa kosa nanaiky ny fitantanan' Andriamanitra tao anatin' izany toe- javatra izany".<sup>11</sup>

Tahaka an' i Louisa Barnes Pratt, dia Olomasin' ny Andro Farany maro no nahatsiaro ny 27 Jona 1844 ho fotoan' ny ranomaso sy ny ratram-po. Ny fijalijaliana no zava-nitranga nampalahelo indrindra teo amin' ny tantaran' ny fiangonana. Na izany aza anefa, dia zavatra efa nampoizina ihany izany.

In-tsivy ambin' ny folo raha kely, nanomboka tamin' ny taona 1829, i Joseph Smith no nilaza tamin' ny Olomasina fa handao ity fiaianana ity izy ary tsy amim-piadanana no hitrangan' izany.<sup>12</sup> Tamin' ny fotoana nahatsapany fa ny fahavalony dia hamono azy indray andro any, dia tsy mbola fantany ny fotoana hitrangan' izany. Tamin' ny lohataona 1844 hiditra ho amin' ny fahavaratra, ireo fahavalovalo tao anatin' ny fiangonana sy ivelan' ny fiangonana

dia nanao izay hamongorana an' i Joseph. I Thomas Sharp, mpanoratra tao amin' ny gazety teo akaikiny sady mpitarika antoko politika nanohitra ny Môrmôna tao amin' ny faribohitr' i Hancock, dia niantsy ampahibemaso izay hamonoana ny mpaminany. Ireo antokon' olona, ireo nihemotra, ary ireo tao amin' ny fitondram-panjakana dia nanao izay hamongorana ny fiangonana amin' ny alalan' ny famongorana ny mpaminany.

Ny governora Illinois, atao hoe Thomas Ford, dia nanoratra tamin' i Joseph Smith, nanizingizina taminy fa ny filan-kevitra monisipaly dia mitaky ny hahatongavany eo anatrehan' ny mpitsara tsy môrmôna mba hamaly ny fiampangana azy ho manakorontana ny filaminam-bahoaka. Nambarany fa fitsarana toy izany ihany no mety hahafa-po ny vahoaka. Nampanantena fiarovana feno ho an' ireo olona izy, na dia fantatry ny mpaminany aza fa tsy hitana izany fanekeny izany izy. Rehefa tsy nisy safidy hafa ankoatra izany intsony, ny mpaminany sy ny rahalahiny atao hoe Hyrum, i John Taylor, ary ireo namany hafa koa dia nosamborina, fantatr' izy ireo tsara fa tsy meloka izy ireo.

Rehefa niomana handao an' i Nauvoo ho any amin' ny faribohitr' i Carthage ny mpaminany, tokony ho 32 km eo ho eo, dia fantany fa izay no fotoana farany hahitany ny fianakaviany sy ny namany. Hoy ny faminaniany: "Ho tahaka ny ondry hovonoina any amin' ny labatoara aho, kanefa tony tahaka ny marainan-doha-taona aho."<sup>13</sup>

Rehefa nandeha ny mpaminany, i B. Rogers, izay niasa tao amin' ny toeram-pambolen' i Joseph nandritra ny telo taona mahery, sy tovolahy anankiroa dia nandeha namakivaky ny saha ary nipetraka teo amin' ny fefy mba hiandry ny fandalovan' ireo namany sy mpitarika. Najanon' i Joseph teo anilan' ireto tovolahy ireto ny soavaliny ary nilaza tamin' ireo milisy niaraka taminy izy nanao hoe: "Tompoko, inty ny toeram-pamboleko ary ireto ny tovolahiko. Tia ahy izy ireo, ary tiako koa". Rehefa avy nandray tanana ireo tovolahy tsirairay izy, dia niakatra teo ambony soavaliny ary nanohy ny lalana hifanaovany fotoana amin' ny fahafatesana.<sup>14</sup>



*Ny zava-nitranga tao amin' ny fonjan' i Carthage. I Hyrum Smith, mitsirara eo afovoan-trano, maty tsy tra-drano; i John Taylor, eo ambanay havia, naratra mafy; i Joseph Smith voatifitra raha nihazakazaka namonjy ny varavarankely; ary i Willard Richards, eo amorom-patana, tsy maty fo aman' aina.*

I Dan Jones, Anglisy niova fo, dia nanaraka ny mpaminany tao amin' ny fonjan' i Carthage. Tamin' ny faha 26 Jona 1844, ny alina farany nahavelomany, dia nandre poa-basy i Joseph, niala tao am-pandriana izy, ary nandry tamin' ny tany niaraka tamin' i Jones. Hoy ny bitsibitsiky ny mpaminany taminy: "matahotra ny ho faty ve ianao?" "Satria efa tafiditra ao anatin' izany zavatra izany aho, dia heveriko fa tsy dia tena zavatra mahatahotra loatra ny fahafatesana," hoy ny navalin' i Jones: "Mbola hahita an' i Wales ianao ary mbola hanao ny asa nanirahana anao tany alohan' ny hahafatesanao," hoy ny faminanian' i Joseph.<sup>15</sup> Olomasina mahatoky an' arivony no mifaly amin' ny fitahian' ny fiangonana amin' izao fotoana izao, satria i Dan Jones tat�

aoriana dia nanao ny asa nanirahana azy feno voninahitra sy fahombiazana tany Wales.

Tokony ho tamin' ny dimy ora mahery kely teo, ny tolakandron' ny 27 Jona 1844, dia nisy mpanohitra tokony ho 200 lahy niloko tava nanafika ny fonjan' i Carthage, nitifitra ary nahafaty an' i Joseph sy ny rahalahiny atao hoe Hyrum, ary nandratra mafy an' i John Taylor. I Willard Richards irery no tsy naninona. Teo am-pandrenesana ny hika nanao hoe: "Tamy any ny Môrmôna," dia nitsoaka ireto mpanohitra, tahaka ny nataon' ny ankamaroan' ny mponina tao Carthage. I Willard Richards no nitsabo ny ratran' i John Taylor, samy nitomany ity lehibeny maty izy mirahalahy. Tao anatin' ny fonja ny fatin' i Hyrum, fa i Joseph kosa nitsipika avy teny ambaravarankely, dia nitsirara amin' ny tany tao ivelany.

Iray amin' ireo Olomasin' ny Andro Farany voalohany tonga nanatrika izany fisehoan-javatra nahafaty ny maritiora izany ny rahalahy Samuel. Izy sy ny namany sasany no nanampy an' i Willard Richards nikarakara ny vatana mangatsiaka hoentina hiverina any Nauvoo amin' alahelo.

Teo anelenelan' izany, tany Warsaw, Illinois, ny fianakavian' i James Cowley, izay mpikambana tao amin' ny fiangonana, dia niomana hi sakafio hariva. I Matthias, zazalahy kely efatra ambin' ny folo taona, raha nahare ny horakoraka tsy fandre firy tao antanàna, dia nandeha ka njery izay hitangoronan' ny olona. Ilay nandray ny fitenenana raha nahita an' i Cowley kely dia nandroaka azy hody hiverina any amin' ny reniny. Nanaraka azy ireo tovolahy kely tsy mpikambana ao amin' ny fiangonana, sady nitoraka fako teny aminy mandra-pandosirany tao amin' ilay zaridaina akaikin' ny trano.

Tamin' ny finoana fa hitony ny raharaha, no nandehan' i Matthias ho any amin' ny ony mba hatsaka rano iray siny. Tsikaritr' ireo mpikomy izany ka nanakaramany mpanjaitra mamo mba hanipy ity zazalahy kely ao anaty rano. Rehefa nijanona haka rano i Matthias, dia noraisin' ilay mpanjaitra teo

amin' ny hatony izy sady nataony hoe: "Ialahy . . . ry Môrmôna kely, halentiko ato ialahy." Hoy i Matthias: "Nanontaniako azy ny antony handetehany ahy, raha nanao ratsy taminy aho? Tsia, hoy izy, 'tsy handentika anao ato aho. . . . zazalahy kely tsara ianao, mandehana mody.' "Tamin' iny alina iny, in-telo tsy nahatontosa ny teti-dratsiny handoro ny tranon-dry Cowley ireo mpikomy, kanefa noho ny vavaka sy ny finoana dia voaro ny fianakaviany.<sup>16</sup> Nihalehibe i Matthias Cowley ary nitoetra ho mahatoky tao amin' ny fiangonana; ny zanany atao hoe Matthias sy ny zafikeliny atao hoe Matthew tatô ariana dia nanompo tao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly roa ambin' ny folo.

Ny governoran' i Illinois atao hoe Thomas Ford dia nanoratra momba ny fijalijaliana: "Ny famonoana an-dry Smiths, dia tsy nanafoana ny Môrmôna sy nampiparitaka azy velively, araka ny fiheveran' ny sasany, fa vao mainka nampiray azy tokoa, ary nanome azy fahatokiana vaovao ho amin' ny finoana ananany".<sup>17</sup> I Ford koa dia nanoratra toy izao: "Ny sasany nanan-talenta tahaka an' i Paoly, ny hafa nahay nandaha-teny tokoa ka nahasarika olona an' arivony, . . . dia afaka nanome fiainana vaovao ho an' ny [fiangonana Môrmôna] sy hampanakoako mafy ny anaran' i Joseph maty maritiora ary hanentana ny fanahin' ny olona". Niaina tao anatin' ny tahotra i Ford, fa sao hitranga izany ary hotsiratsirain' ny taranany ny anarany, tahaka ny anaran' i Pilato sy i Heroda".<sup>18</sup> Tonga tokoa ary ny zavatra nahian' i Ford.

Ny filoha John Taylor, raha vao sitrana tamin' ny feriny, dia nanoratra momba ireo mpitarika novonoina izay hita ao amin' ny fizarana 135 ao amin' ny Fotopampianarana sy FanekeMPIhavanana. Hoy izy: "I Joseph Smith, ilay mpaminanin' ny Tompo sady mpahita, dia nanao nisinisy kokoa, ankoatran' i Jesoa, tamin' ny famonjena ny olombelona eto amin' ity izao tontolo izao ity noho ny olona hafa. . . . Nalaza izy teo amin' ny fiaianany ary nalaza teo amin' ny fahafatesany teo imason' Andriamanitra sy ny olona; ary tahaka ny ankamaroan' ireo voahosotry ny Tompo tamin' ny fahagola, dia nofeheziny tamin'

ny rany ny asa nanirahana azy sy ny asany; ary dia tahaka izany koa ny rahalahiny atao hoe Hyrum. Teo amin' ny fiainana dia tafaray izy ireo, ary tamin' ny fahafatesana koa dia tsy nosarahina izy ireo! . . . Niaina tamim-boninahitra izy ireo, maty tamim-boninahitra, ary ny voninahitra dia ny valisoa mandrakizainy" (Fotopampianarana sy Faneckempihavanana 135:3, 6).

### **Fifandimbiasana ao amin' ny Fiadidiana**

Rehefa novonoina tao amin' ny fonjan' i Carthage i Joseph sy i Hyrum, dia maro tamin' ireo Kôlejin' ny Roambinifololahy sy ireo mpitarika ny fiangonana no namita iraka ka tsy tao Nauvoo. Andro maromaro no lasa izay vao nandre ny fahafatesana izy ireo. Rehefa nahare ny vaovao i Brigham Young, dia fantany fa ny fanalahidin' ny fitondran' ny fisoronana dia mbola ao amin' ny fiangonana ihany, satria ireo fanalahidy ireo dia nomena ny Kôlejin' ny Roambinifololahy. Na izany aza anefa, dia tsy ny mpikambana rehetra ao amin' ny fiangonana no mahatakatra izay afaka hisolo an' i Joseph Smith amin' ny maha-mpaminanin' ny Tompo, mpahita, ary mpanambara azy.

I Sidney Rigdon, mpanolotsaina voalohany tao amin' ny Fiadidiana voalohany, dia tonga avy any Pittsburgh, Pennsylvania, tamin' ny 3 Aogositra 1844. Herintaona talohan' izay, dia nanao zavatra nifanohitra tamin' ny torolalana nomen' ny mpaminany Joseph Smith izy ary nanjary nihataka tamin' ny fiangonana. Nandà ny hifanena tamin' ireo telo mirahalahy mpikambana tao amin' ny Kôlejin' ny Roambinifololahy tao Nauvoo izy ary ho solon' izany dia niresaka tamin' ireo Olomasina marobe nandritra ny fanompoam-pivavahana ny Alahady. Niresaka tamin' izy ireo momba ny fahitana hitany izy, ary tamin' izany no nahalalany fa tsy misy afaka hisolo an' i Joseph Smith. Nambarany fa tokony hisy mpiambina iray ny fiangonana tokony hotondroina ary izany mpiambina izany dia i Sidney Rigdon. Olomasina vitsivitsy no nanohana azy.

I Brigham Young, Filohan' ny Kôlejin' ny Apôstôly roa ambin' ny folo , dia tsy mbola tafaverina tao Nauvoo raha tsy tamin' ny Aogositra 1844. Nambarany fa tiany ny hahafantatra "izay nolazain' Andriamanitra" mikasika izay olona tokony hitarika ny fiangonana.<sup>19</sup> Ireo Apôstôly roa ambin' ny folo dia nivory tamin' ny Alakamisy 8 Aogositra 1844. I Sidney Rigdon no niteny ny maraina, naharitra adiny iray mahery izany. Vitsy ny olona nitovy hevitra taminy.


I Brigham Young indray avy eo no niresaka fohy dia fohy, nampionona ny fon' ny Olomasina. Rehefa niteny i Brigham, dia nolazain' i George Q. Cannon fa "tsy nisy hafa tamin' ny feon' i Joseph no reny," ary "teo amin' ny olona dia toa i Joseph mihitsy no hitany sy reny".<sup>20</sup> I William C. Staines dia nanambara fa i Brigham Young dia niteny tamin' ny feon' ny mpaminany Joseph. "Noheveriko fa izy no hitanay," hoy i Staines, "ary dia toy izany koa no nambaran' ireto olona an' arivony".<sup>21</sup> I Wilford Woodruff koa dia nahatsiaro izany fotoana nahafinaritra izany ka nanoratra nanao hoe: "Raha tsy nanatri-maso aho, dia tsy nisy afaka nandresy lahatra ahy fa tsy i Joseph Smith izany, ary izay nahafantatra azy mirahalahy ireo dia afaka mijoro ho vavolombelona ny amin' izany".<sup>22</sup> Izany fitrangan-javatra nahafinaritra izany, izay nijoroan' ny maro ho vavolombelona, dia milaza amin' ny Olomasina fa ny Tompo dia nifidy an' i Brigham Young handimby an' i Joseph Smith ho mpitarika ny fiangonana.

Ny harivan' iny fihaonana iny, dia mbola niteny indray i Brigham Young, nanambara fa ny mpaminany Joseph dia nanendry ny Apôstôly mba hihazona ny fanalahidin' ny fanjakan' Andriamanitra eto amin' izao tontolo izao. Naminany izy fa ireo izay tsy manaraka ny Roambinifololahy dia tsy hivoatra, ary ny apôstôly irery ihany no handresy amin' ny fanangana ny fanjakan' Andriamanitra.

Taorian' ny lahateniny, dia nangataka an' i Sidney Rigdon mba handaha-teny ny Filoha Young, fa tsy nanaiky izy. Taorian' ny fanamarahan' i William W. Phelps sy i Parley P. Pratt, dia mbola

niteny indray i Brigham Young. Niresaka momba ny famitana ny tempolin' i Nauvoo izy, mba hahazoana ny fanafiana masina alohan' ny handehanana any amin' ny tany foana, ary ny maha-zava-dehibe ny soratra masina. Niresaka momba ny fitiavany an' i Joseph Smith izy sy ny fitiavany ny fianakaviany. Nifidy ireo apôstôly roa ambin' ny folo hitarika ny fiangonana araka izay nifanarahan' ny be sy ny maro ny Olomasina.

Raha niady ny zo ho ao amin' ny Fiadidiana ny fiangonana ny olom-bitsy , ny ankamaroan' ny Olomasin' ny Andro Farany kosa dia nihevitra izany ho efa nifarana. I Brigham Young, ilay ela indrindra tamin' ny apôstôly sady filohan' ny Kôlejin' ny Roambinifololahy, no lehilahynofidian' Andriamanitra mba hitarika ny olony, ary niombon-kevitra ny olona hanohana azy.



*Voaterin' ny herisetran' ireo mpihoko ny Olomasina mba handao ny  
tananan' i Nauvoo izay tena tiany.*

# Finoana isaky ny mandingana

## Ny fiomanana handao an' i Nauvoo

Ireo mpitarika ny fiangonana dia efa nilaza hatramin' ny taona 1834 ny amin' ny tokony hamindrana toerana ny olomasina any andrefan' ny Rocky Mountains, izay hahafahany miaina amimpilaminana. Rehefa nandeha ny taona, dia nieritreritra toerana voafaritra mazava niaraka tamin' ireo mpamatatra tany ny mpitarika, ary nandinika ny sarin-tany mba hahitany ny toerana tsara azo anorenam-ponenana. Tamin' ny fiafaran' ny taona 1845, no nahazoan' ny mpitarika ny fahalalana farany indrindra momba ny tany andrefana.

Koa satria nihamafy ny fanenjehana tao Nauvoo, dia hita fa tsy maintsy miala ao ny olomasina. Tamin' ny volana Novambra 1845, dia nihenikenina nanomanana ny dia ny tao Nauvoo. Mpitarika ny zato, ny dimampolo na ny folo no nantsoina hitarika ny olomasina mandritra ny fifindra-monina. Isaky ny antokon' olona zato dia nanangana fanamboarana kalesy iray na maromaro. Niasa nandritra ny alina ireo mpanao kodiarana mpandrafitra ary mpahay fakana mba hanamboatra kalesy. Nalefa niatsinanana ny mpikambana mba hividy ny vy, ary ny mpanefy dia nanamboatra ny fitaovana ilaina amin' ny dia sy ny fitaovalam-pambolena ilaina mba hahafahana manjanaka an' i Ziona vaovao. Ny fianakaviana dia nanangona ny sakafy sy ny kojakojan- tokantrano ary nameno ny toeram-panangonana tamin' ny voankazo nomainina, ny vary, ny lafarinina, ary ny fanafody. Ny fiaraha-miasa ho an' ny tombon-tsoa iombonana no nahatanterahan' ny olomasina haingana tsy araka ny niheverana azy ny zavatra nataony.

## **Ny fisedrana tao anatin' ny ririnina**

Ny fandehanana handao an' i Nauvoo dia noheverina ho natao ny volana April 1846. Kanefa, noho ny milisim-panjakana nandrahona fa hanakana ny fifindra-monina dia nivory faingana nanao filan-kevitra ny 2 Febroary 1846 ny apôstôly roa ambin' ny folo sy ireo tera-tany mpitarika. Nifanaraka izy ireo fa tsy maintsy atao eo no ho eo ny fandehanana, ary nanomboka ny 4 Febroary ny fifindra-monina. Teo ambany fitarihan' i Brigham Young, no nanombohan' ny andian' ny Olomasina voalohany ny diany tamin-kafanam-po. Na izany aza anefa, dia niatrika fitsapana goavana izany hafanam-po izany, satria kilaometatra maromaro no tsy maintsy diavina vao tonga any amin' ny toeram-pilasiana ahafahana miala sasatra rehefa avy niatrika ririnina madiva hifarana sy lohataona miavaka noho ny orana.

Mba handosirana ireo mpanenjika dia Olomasina an' arivony no tsy maintsy niampita ny reniranon' i Mississippi, izay lehibe tokoa, ho any amin' ny faritanin' i Iowa. Vao nanomboka dia ratsy sahady ny dia raha nisy omby nandaka ka nandavaka ny lakana ka nahatonga ny Olomasina ho rendrika. Nisy mpandinika iray nahita ireto mpandeha mahonena nifikitra tamin' ny fandriana vita amin' ny volomborona, ny ratsan-kazo, "amin' ny hazo fisaka, na izay zavatra rehetra sendra ny tanany, ka mitsingevana eny ambony rano, entiny amin' izay tiany hitondrana azy sady hianjadian' ny onja mamanala sy tsy miato. . . . Ny sasany nananika teny ambonin' ny tampon' ny kalesy izay tsy dia nilentika tanteraka ka mba nahazo aina indray, fa ny omby kosa dia hita fa efa nirotsaka nilomano tao anatin' ny rano, namonjy ny morona izay niaviany."<sup>1</sup> Farany, dia voatatitra anaty sambo ka tafita terè amin' ny morona ilany avokoa ny olona rehetra.

Roa herinandro taorian' ny fiampitana voalohany, dia nandry ny rano nandritra ny fotoana vitsivitsy. Koa na dia nalama aza ny ranomandry dia afaka nahazaka ny kalesy sy ny olona mpitaingina ka nanamora ny fiampitana. Niteraka fangirifiriana mafy tokoa teo amin' ny Olomasina izay tsy maintsy hiampita amin' ny ranomandry anefa ny andro mangatsiaka. Rehefa nilasy

tao Sugar Creek terè an-dafin' ny renirano izy ireo, dia nisy rivotra naharitra nitondra ranomandry matevina tokony ho roampolo santimetatra. Rehefa nitsonika izany dia nanjary namotaka ny tany. Teo amin' ny manodidina, ambony sy ambany, dia nitambatra ny zavatra rehetra mba hahatonga ny fiaianana ho fadiranovana ho an' ireo Olomasina mihoatra ny 2000 izay nitoetra tao anaty lay, kalesy, sy fialofana namboarina maimaika eo am-piandrasana ny baiko hanohizana ny dia.

Ny tena sarotra indrindra tamin' ny dia, dia ny famakivakiana an' i Iowa. Hoy i Hosea Stout "niomana ho amin' ny alina aho ka nanao trano lay vonjimaika tamin' ny lambam-pandriana. Tamin' izay fotoana izay, ny vadiko dia mila tsy ho tafatombina ary ny zanako lahikely dia narary, avo be ny hafanany, ka tsy nahatsikaritra akory izay zava-nitranga eo amin' ny manodidina azy."<sup>2</sup> Maro tamin' ireo Olomasina koa no nangirifiry mafy tokoa.

### **Mandeha tsara avokoa ny zavatra rehetra (tsara re)**

Ny finoana, ny herim-po, ary ny finiavan' ny olomasina no nitondra azy namakivaky ny hatsiaka, ny hanoanana, sy ny famoizana ireo malalany. I William Clayton no nantsoina ho anisan' ny iray amin' ireo tarika voalohany handao an' i Nauvoo ka namela ny vadiny atao hoe Diantha tamin' ny ray amandreniny, iray volana monja talohan' ny hiterahany ny zanany voalohany. Fisedrana mafy ho azy tokoa ny tsy maintsy handehanany amin' ny lalana ratsy sy mamotaka eo am-pieritreretana izay hahatsara an' i Diantha. Roa volana tat� aoriania, dia mbola tsy fantany ihany na teraka soa aman-tsara ny vadiny na tsia, kanefa tamin' ny farany dia naharay taratasy izy fa teraka "zazalahy tsara tarehy sady dongadonga" izy. Raha vao nandre ny vaovao i William dia nipetraka ka namorona hira izay manana dikany miavaka, tsy ho azy samirery ihany, fa nanjary anteman' ny aingam-panahy sy fankasitrahana' ny mpikamban' ny fiangonana amin' ny taranaka rehetra. Izany dia ilay hira hoe "Ndaor y Olomasina," ary ireo andalana maneho ny finoany sy ny finoan' ny Olomasina an' arivony izay nihira tao anatin' ny fahoriania: "Tsara re! Tsara re!"<sup>3</sup> Izy ireo, tahaka ny mpikambana

izay nanaraka azy ireo, dia nahita fifaliana sy fahatoniana izay valisoan' ny fihafiana sy ny fankatoavana ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra.

## **Winter Quarters**

131 andro no nanaovan' ny olomasina ny dia 499 km avy any Nauvoo hifindra monina any andrefan' i Iowa izay handaniany ny ririnin' ny taona 1846–47 sy hanomanany ny fifindra- monina mankany amin' ny tendrombohitra feno vato. Izany traikera izany dia nampianatra azy zavatra maro momba ny fandehanana ka nanampy azy hamakivaky haingana kokoa ny 1000 maily tamin' ny lemaka tany Amerika, izay vitany tao anatin' ny 111 andro tamin' ny taona manaraka.

Olomasina mpifindra monina maromaro no nanaraka ny moron' ny reniranon' i Missouri. Winter Quarters, no lehibe indrindra tamin' izany mpifindra monina izany, izay tany amin' ny sisiny atsinanana tany Nebraska. Vetivety foana, dia nanjary firenena iray izay misy mpikamban' ny fiangonana 3500 nipetraka tamin' ny trano hazo na tany anaty lavaka nohadiana izy ireo. Nisy Olomasina 2500 izay nipetraka tao amin' ny toerana atao hoe Kanesville sy ny manodidina azy, any amin' ny faritr' i Iowa, any amin' ny reniranon' i Missouri. Tahaka ny hasarotry ny fiaianana teny an-dalana no hasarotry ny fiaianana tamin' io toerana io. Tamin' ny fahavaratra dia nianjadian' ny tazo izy ireo. Rehefa tonga ny ririnina ka tsy nisy sakafiova dia nianjadian' ny areti-mifindra toy ny kolera, ny tsy fahampian' otrikaina, ny areti-nify, ny tsy fahitana amin' ny alina, ary ny aretim-pivalanana maro samihafa izy ireo. An-jatony ny olona maty.

Dia nandeha teny ihany ny fiaianana. Nandany ny androny tamin' ny fanadiovana, fipasohana, fanasan-damba, fanaovana bemiray, fanoratana taratasy, fanomanana ny tahirin-tsakafio keliny ary fikarakarana ny fianakaviany ny vehivavy, araka ny voalazan' i Mary Richards vadim' i Samuel, izay nanao iraka tany Scotland. Nitana an-tsoratra tamim-pifaliana ny fivoahana sy ny fidiran' ny Olomasina rehetra tao Winter Quarters izy, ary anisan'

ny zavatra natao tamin' izany ny fifanankalozan-kevitra teolojika, dihy, fivoriam-piangonana, fety.

Niara niasa ny lehilahy ary nihaona matetika izy ireo mba hifanakalo hevitra momba ny fandaminana ny dia sy ny toeram-piantsonana manaraka ho an' ireo Olomasina mpifindra monina. Niara niasa ara-potoana izy ireo mba hanangonana ny biby fiompy izay miraoka ahitra eny akaikin' ny toeram-pilasiana. Niasa teny an-tsaha izy ireo, niambina ny toeram-pilasiana, nanangana fanamboarana lafarinina, sy kalesy hoentina mandeha, ary matetika dia mijaly noho ny havizanana sy ny aretina. Ny ankamaroan' ny asany dia feno fitiavana tsy misy tambiny satria nanomana ny saha sy namafy mba hojinjain' ny Olomasina izay handimby azy ireo.

Ny zanak' i Brigham Young atao hoe John dia niantso ny Winter Quarters hoe "Lemak' i Forge an' ny môrmônisma." Nipetraka teo akaikin' ny fasam-bahiny izy ary nahita ny "mpandevina mitanjozotra mandalo matetika eo am-baravarany." Dia hoy izy "endrey izany fahantran' ny fianakaviany tsy mihinana afa-tsy mofo katsaka, bacon misy sira sy ronono kely. Tena mankaloiloy hoy izy ny mitsako izany ka sahala amin' ny mihinam-panafody ny misakafo, sarotra aminy ny mitelina azy.<sup>4</sup> Ny finoana sy ny fandavan-tenan' ny Olomasina ihany no nanohana azy ireo tamin' izany fotoana fitsapana izany.

### **Andia-miaramila môrmôna**

Raha mbola tany Iowa ny Olomasina, ny tompon' andraikitra amin' ny fandraisana miaramila tao amin' ny tafika amerikanina dia nangataka tamin' ny mpitarika ny fiangonana hanome azy vatan-dehilahy mba hiady any Meksika nanomboka tamin' ny volana Mey 1846. Ireo vatan- dehilahy izay nantsoina ho andia-miaramila môrmôna dia handeha hamakivaky ny faritra atsimon' i California ary nandray karama, fitafiana, ary sakaflo.

Namporisika ny lehilahy i Brigham Young mba handray anjara tamin' izany hahafahana mampitombo ny vola hanangonana ny mahantran' i Nauvoo sy hanampiana ireo fianakavian' ny

miaramila. Ny fiaraha-miasa tamin' ny governemanta tamin' izany fomba izany dia nampiseho ny fanajan' ny mpikamban' ny fiangonana ny lalàna teo amin' ny fireneny ary nanome azy rariny mba hilasy eo amin' ny tanin' ny vahoaka sy ny Indiana mandritra ny fotoana voafetra. Lehilahy 541 no nanaiky ny torohevitr' ireo mpitarika ka nirotsaka ho mpiady. Vehivavy 33 sy ankizy 42 no niaraka tamin' izy ireo.

Ny alahelo amin' ny fandaozana ny vady aman-janany amin' ny fotoan-tsarotra dia nampitombo ny fahorian' ireo mpiady. Hoy i William Hyde:

"Ny fieritreretana ny fandaozako ny fianakaviako amin' ny fotoan-tsarotra dia tsy hay tantaraina. Lavitra ny tanindrazany izy ireo, nipetraka tamin' ny toerana maniry izay tsy nisy afa-tsyl kalesy ho fialofana, nodonafan' ny hainandro sy ny rivotra mangatsiaka, izay ho avy ny volana Desambra, teo amin' izany toerana ory sy malahelo izany.

"Ny vadiko sy ny zanako anankiroa no fianakaviako, izay niara-nijanona tamin' ny ray sy ny reny efa be taona ary rahalahy anankiray. Ny ankamaroan' ny mpikambana tao amin' ny andian-tafika dia namela fianakaviana. . . . Rahoaviana no hiaona indray izahay, Andriamanitra irery ihany no nahafantatra izany. Na izany aza nefä dia tsy nihevitra izahay fa tokony himonomonona."<sup>5</sup>

Nandeha an-tongotra nandritra ny 3266 km nianatsimo atsinanana nankany California ireo andia- miaramila, nijaly tamin' ny tsy fahampian-tsakafo sy rano, ny tsy fahampian' ny fialan-tsasatra sy ny fikarakarana ara-pahasalamana, ary ny fandehanana haingana an-tongotra. Ireo miaramila ireo dia nanompo tany San Diego, San Luis Rey, ary Los Angeles. Tamin' ny faran' ny taona nilatsahany, dia navela malalaka izy ireo ary nomen-dalana hamonjy ny fianakaviany. Ny ezaka nataony sy ny fanajany ny lalànan' ny governemanta Amerikanina dia nahazoan' izy ireo fanajana avy tamin' ireo mpitarika azy.

Taorian' ny fanafahana azy ireo, dia maro tamin' ireo miaramila no nijanona tany California mba hiasa mandritra ny fotoana fohy. Maro tamin' izy ireo no nahita lalana nianavaratra

nankany amin' ny renirano Amerikanina ary niasa tao amin' ny fanaovan-kazon' i John Sutter ka nahita volamena tao amin' io toerana io tamin' ny taona 1848, ary izay no nahatonga ny fiazakazahana malaza nankany amin' ny volamenan' i California. Kanefa ny rahalahy Olomasin' ny Andro Farany dia tsy nijanona tao California mba hanararaotra izany hanangon-karena. Ny fon' izy ireo dia tany amin' ireo rahalahiny sy anabaviny izay miady any andrefana, mamakivaky ny lemak' i Amerika mankany amin' ny Rocky Mountains. Nanazava toy izao ny anankiray tamin' izy ireo, i James S. Brown:

“Tsy mbola nahita toerana manan-karena tahaka izany aho teto an-tany, ary tsy nanenenako izany satria mbola misy zavatra ambony kokoa noho ny volamena. . . Mety hihevitra ny sasany fa tsy mahita ny tombon-tsoanay manokana izahay; kanefa efa-polo taona mahery tat� aoriana dia nanao jery todika izahay ary tsy misy fanenenana, na dia nahita harena tao amin' io firenena io aza, ary maro ny zavatra nisarika anay hitoetra tao. Hoy ny olona, ‘Misy volamena eto na ao amin' ny vatolampy, na eny amin' ny havoana, na eny amin' ny sakelidrano, manerana ny toerana rehetra,. . . ary vetivety foana dia ho afaka banana ny fahaleovantena amin' ny harena ianareo.’ Fantatray tsara izany. Kanefa eo ny andraikitra niantso anay, ny voninahitray dia ny tsatoka, nifanaiky izahay, misy fitsipika ao anatin' izany, ka ho anay dia Andriamanitra sy ny fanjakany aloha. Nanana namana sy havana izahay tany amin' ny tany foana, eny, tany amin' ny tany efitra, ka iza moa no nahalala ny toe-javatra niainany tany? Tsy fantatray. Ka ny adidy aloha izay vao ny fahafinaretana sy ny harena, ary izany no nanentana anay ka dia lasa izahay.” Nahalala mazava tsara ireo rahalahy ireo fa lehibe noho ny zavamisy eto amin' izao tontolo izao ny fanjakan' Andriamanitra ka nampifanarahany tamin' izany ny safidiny.”

### **Ny Olomasina tao Brooklyn**

Rehefa nifindra ho any amin' ny Rocky Mountains ny ankamaroan' ny Olomasina, nanaraka ny lalana avy any Nauvoo, dia nisy kosa andiana Olomasina avy any atsinanan' i Etazonia

nandeha an-dranomasina. Tamin' ny 4 Febroary 1846, dia lehilahy 70, vehivavy 68, ary ankizy 100 no niondrana an-tsambo atao hoe *Brooklyn* ary niainga tao amin' ny seranan' i New York mba handeha 27353 km nanaraka ny morontsirak' i California. Nandritra ny diany dia zaza roa no teraka, nomena ny anarana hoe Atlantic sy Pacific, ary olona 12 no maty.

Ny dia izay naharitra enim-bolana dia tena sarotra tokoa. Nifanery tao anatin' ny hafanam-ben' ny toetr' andro tropikaly ny mpandeha, sady ratsy sakafo no zara raha mahita rano izy ireo tamin' izany. Rehefa tafahoatra an' i Cape Horn izy ireo, dia nijanona tao amin' ny nosin' i Juan Fernandez mba hiala sasatra mandritra ny hadimiana. Hoy i Caroline Augusta Perkins "nampionona anay ny fahitana tany mba hahafahan' ny tongotray mipetra, fa mafy loatra ny fiainana tao anaty sambo, ka dia nankasitraka izany tokoa izahay." Nandro sy nanasa ny akanjony tamin' ny rano madio izy ireo, nanangona voankazo sy ovy, nanjono sy naka amalona, nitsangatsangana teo amin' ilay nosy, nizaha lava-bato tahaka ny an' i "Robinson Crusoe."<sup>7</sup>

Tamin' ny 31 Jolay 1846, taorian' ny dia niavaka noho ny tafio-drivotra mahery, ny tsy fahampian-tsakafo, sy ny dia lavitra an-tsambo, dia tonga tany San Francisco izy ireo. Ny sasany nitoetra ary nanangana fiaraha-monina kely atao hoe New Hope (fanantenana vaovao), ary ny sisa kosa niatsinanana tany andafin' ny tendrombohitra mba hanaraka ny Olomasina tany Great Basin.

### **Nitohy ny fanangonana**

Nanerana ny faritra maro tany Amerika sy tany amin' ny tany maro hafa, tamin' ny fampiasana ny fitaovam-pitanterana samihafa, an-tsoavalny na an-tongotra, no nandaozan' ireo niova fo nanam-pinoana ny tranony sy ny toerana nahaterahany mba hanaraka ny Olomasina sy handeha mankany amin' ny Rocky Mountains.

Tamin' ny volana Janoary 1847, no namoahan' ny filoha Brigham Young ilay lahatsoratra teraka avy amin' ny fanahy hoe "Ny teny sy ny sitrapon' ny Tompo momba ny lasin' i Israely"

(Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 136:1), izay nanjary lalampanorenana nifehy ny fikambanan' ny mpamaky lay tany andrefana. Natsangana ny antoko mba hikarakara ny mpitonдра tena sy ny kamboty teo anivon' izy ireo. Tsy tokony hisy zavadratsy, fitsiriritana, na fifandirana eo amir' ny fifandraisana amin' ny hafa. Tokony ho faly mandrakariva ny olona ary haneho fankasitrahana amin' ny alalan' ny mozika, ny vavaka, ary ny dihy. Tamin' ny alalan' ny filoha Young, no nilazan' ny Tompo tamin' ny Olomasina hoe "Zory ny lalanao, ary ataovy izay asaiko ataonao, ka aza matahotra ny fahavalonao"  
(Fotopampianarana sy Fanekempipihavanana 136:17).

Raha mbola niomana ny handao an' i Winter Quarters ny andiana mpamaky lay voalohany, dia niverina avy any amin' ny asa nanirahana azy avy any Angletera i Parley P. Pratt ary nilaza fa i John Taylor dia ho avy aoriany miaraka amin' ny fanomezana avy amin' ny Olomasina Anglisy. Ny ampitson' io dia tonga niaraka tamin' ny vola fahafolokarena nalefan' ireo mpikambana ireo mba hanampiana ny mpandeha ny rahalahy Taylor, porofon' ny fitiavan' izy ireo sy ny finoany. Nitondra fitaovana siantifika koa izy, izay tena nilaina tokoa mba hahafantarana ny fomba harahan' ny mpamaky lay sy hahafahana manampy azy amin' ny fianarany ny andiany voalohany, notarihin' i Brigham Young. Nandritra ny folo taona roa voalohany nanaraka izany, dia nisy Olomasina 62000 nanaraka azy ireo an-kalesy notarihin-tanana mba hiangona ao Ziona.

Fahitana mahafinaritra sy zava-tsarotra no niandry azy ireo teny an-dalana. I Joseph Moenor dia nahatsiaro ny "fotoantesarotra" nolalovany mba hahatongavana tao amin' ny tany lemak' i Salt Lake. Nahita zavatra maro tsy mbola fahitany hatramin' izay koa anefa izy—andiam-biby sy hazo lehibe teny amin' ny havoana.<sup>8</sup> Ny sasany dia nahatsiaro fa nahita toerana midadasika nanirian' ny tanamasoandro mamelana

Nanana traikefa nanentana azy teo amin' ny finoana koa ny Olomasina, ka nanamaivana ny zavatra takin' ny vatana. Rehefa avy nandeha andro maro sy nihinana ny sakafo nahandroina teny

an-kalamanjana izy ireo, dia nivory ny vehivavy sy ny lehilahy mba hiresaka momba ny zavatra hataony amin' io andro io. Niresaka momba ny fitsipiky ny filazantsara izy ireo, ary nihira hiram-pivavahana, niara-nandihy sy nivavaka.

Nitrange teo amin' ny Olomasina foana ny fahafatesana nandritra ny fotoana nandrosoany miadana niakandrefana. Tamin' ny 23 Jolay 1850 ny fianakavian' i Crandall dia niisa dimy ambin' ny folo. Ny faran' ny herinandro dia fito ny maty, ary ny anton' ny fahafatesana lehibeindrindra dia ny kolera. Ny dimy andro manaraka dia mbola nisy olona dimy hafa indray maty. Ny 30 Jona no maty ny rahavavy Crandall sy ilay zazakely vao naterany.

Na dia nijaly mafy aza ireo Olomasina tamin' ny fandehanany nankany amin' ny lemak' i Salt Lake, ny fanahin' ny firaisan-kina, ny fiaraha-miasa, ary ny toe-tsaina manantena ny zavatra rehetra ho tsara dia nanjaka. Nampiraisin' ny finoany sy ny fanekeny ny Tompo izy ireo ka nahita fifaliana teo anivon' ny fitsapana.

### **Eto ilay tena toerana**

Tamin' ny 21 Jolay 1847, i Orson Pratt sy i Erastus Snow tao amin' ny andiany voalohany tamin' ny mpamaky lay no nialoha lalana ireo mpifindra monina tao amin' ny lemak' i Salt Lake. Nahita bozaka avo dia avo mahasarona olona izy ireo, toerana izay azo antenaina fa ho lasa toeram-pambolena sy fiompiana, sakelidrano maro no miolikolika mamakivaky ny lemaka. Telo andro tatè aoriana, narary mafy ny filoha Brigham Young, ka nentina tamin' ny kalesiny mba ho any an-dohasaha iray izay manamorona ny lemaka. Raha nibanjina izany toerana izany ny filoha Young, dia nanome ny tso-dranony feno faminaniana ho an' ny dian' izy ireo: "Ampy ity toerana ity. Eto ilay tena toerana."

Rehefa tafahoatra ny tendrombohitra ireo Olomasina, dia nibanjina izany tany nampanantenaina izany koa! Ity lemaka sy ny reniranony masira ity izay namirapiratra tao amin' ny masoandro avy any andrefana no anton' ny fahitana sy ny faminaniana, io ilay tany izay nonofinofisin' izy ireo sy ny olona

an' arivony aty aoriana. Io no tany fialofan' izy ireo, ary eo no hahatonga azy ireo ho vahoaka matanjaka eo afovoan' ny Rocky Mountains.

Taona maro taty aoriana, ilay vehivavy niova fo avy any Angletera, atao hoe Jean Rio Griffiths Baker, dia nanoratra izay tsapany rehefa nibanjina an' i Salt Lake City voalohany izy. "Ilay tanana . . . dia milahadahatra eo amin' ny toerana efa-joro na koa mivondrona, toy ny iantsoana azy eto; efatra hekitara avy no refiny ary mizara ho valo, ka ny tsirairay amin' izany dia misy trano. Nijoro teo aho njery izany, sarotra tamiko ny mamaritra izay tsapako, fa ny fantatro fotsiny dia feno fifaliana sy fankasitrahana aho noho ny fikarakarana sy ny fiarovana ahy sy ny fianakaviako nandritra ny dia izay naharitra sy sarotra."<sup>9</sup>

### **Ireo mpamaky lay an-tsarety tarihin-tanana**

Tamin' ny taona 1850, dia nanapa-kevitra ny mpitarika ny fiangonana fa hanao kalesy tarihin- tanana, mba hampihenana ny saran-dalana ary mba hahafahana manampy ara-bola ireo mpifindra monina maro, araka izay azo atao. Ireo Olomasina izay nandeha tamin' izany dia tsy nitondra afa-tsy lafarinina 50 kilao sy vatsy voafetra sy fananana tao anaty kalesy ka nanosika izany ho eny amin' ny lemak. Teo anelanelan' ny taona 1856 sy ny taona 1860, dia folo ny kalesy nankany Utah. Valo tamin' izy ireo no tonga ara-dalana tany amin' ny lemak' i Salt Lake, fa ny roa tamin' izy ireo, dia ny kalesin' i Martin sy i Willie, dia tratran' ny ririnina teny an- dalana, ka maro tamin' ireo Olomasina niaraka taminy no maty.

I Nellie Pucell, ilay mpamaky lay tao amin' ireo andiany mahonena ireo dia feno folo taona tany amin' io lemeka io. Maty nandritra ny dia avokoa ny ray aman-dreniny. Rehefa nanakaiky ny tendrombohitra ireo andiany, dia niha-namirifiry izaitsizy tokoa ny ririnina, ny vatsy efa lany, ary lanaka loatra ireo Olomasina ka tsy afa-nanohy ny diany. Trotraka i Nellie sy ny rahavaviny. Raha iny efa nadiva ho very fanantenana iny izy ireo, dia tonga nanatona azy teny amin' ny kalesiny ny mpitarika ny andiany. Napetrany tao anaty kalesy i Nellie ary nasainy

nanaraka moramora izany i Maggie, hihazona mafy mba hanohana ny tenany. Nahazo tombony i Maggie satria ny fanerena azy handeha an-tongotra dia nanamaivana ny vakivakim-panala vokatry ny hatsiaka tamin' ny tongony.

Rehefa tonga tany amin' ny tanànan' i Salt Lake ka nesorina ny kiraro sy ny ban' i Nellie, izay efa nentiny namakivaky ny lemaka, dia niara-niendaka tamin' izany koa ny hodiny noho ny hatsiaka. Notapahana tamim-panaintainana ny tongotr' ity ankizivavy kely mahery fo ity ary dia ny lohaliny no nandehanany nandritra ny androm-piainany sisa. Nanambady izy taty aoriania ary niteraka enina, nikarakara ny tokantranony izy ary nanabe taranaka tsara. Ny finiavany, na dia teo aza ny tarehin-javatra nitranga taminy sy ny hatsaram-panahin' ireo izay nikarakara azy, dia ohatra lehibe amin' ny finoana sy ny fahavononana ananan' ireo mpikamban' ny fiangonana tany am-boalohany mba hahafoy tena. Ny ohatra nomen' izy ireo dia lovam-pinoana ho an' ny Olomasina rehetra izay nanaraka azy ireo.

Nisy lehilahy iray izay namakivaky ny lemaka tamin' ny kalesy tarihin-tanan' i Martin nipetraka tany Utah nandritra ny taona maro. Indray andro izy dia tafaraka tamin' ny antokon' olona nanakiana ny mpitarika ny fiangonana noho ny namelany ny Olomasina hamakivaky ny lemaka kanefa tsy misy vatsy sy fiarovana ho azy ireo afa-tsy ny kalesiny. Nihaino foana ity lahy antitra ity ka farany dia tsy tantiny intsony; ka dia nitsanga izy ary niteny tamim-piontanam-po hoe:

“Tao amin’ io andiany io no nisy ahy sy ny vadiko. . . . mafy mihoatra noho izay noneverinareo ny fijalianay tao, ary maro no maty noho ny hatsiaka sy ny hanoanana, kanefa efa nandre na dia iray tamin’ ireo sisa velona aza ve ianareo, teny milaza fanakianana? . . . [izahay] dia namakivaky ny lemaka niaraka tamin’ ny fahalalana tanteraka fa velona Andriamanitra, satria tao anatin’ ny fahoriania no nianaranay nahafantatra Azy.

“Nanosika ny kalesiko tarihin-tanana aho raha iny izaho mbola reraka sy vizaky ny aretina iny ary tsy ampy sakafo ka nila ho tsy afa-nandeha. Nijery ny teo anoloako aho ka nahita fasika midadasika na havoana, dia hoy aho niteny irery: Eo ihany no



*Ireo Olomasina avy any amin' ny lemak'i Salt Lake dia nanao oy very ny ainy mba hamonjena ireo olona tao amin' ny kalesy tarihin-tanan' i Martin, nandeha teny an-dalana tao anatin' my ririnim-be.*

todiko ary tsy maintsy mijanona aho, satria tsy ho afaka hiampita mitarika an' ireto enta-mavesatra ireto aho. . . . Nanohy hatreo amin' ilay fasika aho, ary rehefa tonga teo aho dia ny kalesy indray no nanomboka nanosika ahy. Nitodika foana aho njery izay nanosika ny kalesiko, kanefa tsy nahita na iza na iza ny masoko. Tamin' ny farany dia fantatro fa ny anjelin' Andriamanitra no teo.

"Nanenenako ve ny fanapahan-kevitra handeha miaraka amin' ny kalesy tarihin-tanana? Tsia. Na tamin' izany fotoana izany, na amin' ny fainako sisa rehetra. *Izay tokony haloantsika mba hahalalana an' Andriamanitra, dia amim-pifaliana no handoavantsika azy, ary feno fankasitrahaha aho noho ny fananako fahasoavana ny handeha niaraka tamin' ny kalesy notarihin-tanan' i Martin.*"<sup>11</sup>

Ao amin' ny fihiranantsika amin' ny teny anglisy dia misy ilay hira momba ireo mpikambana voalohany tao amin' ny fiangonana, izay nanaiky tamin-kerim-po ny filazantsara ka nandeha lavitra mba hiainany izany:

Ry mpanangana ny firenena,  
Nanokatra ny lalana teny am-pandehanana;  
Ho fanoitra ho an' ny taranaka  
Amin' ny fihetsiny isan' andro.

Manangana fototra vaovao sy mafy orina,  
Mampihemotra ireo sisin-tany,  
Mandroso hatrany,

Ry mpamaky lay, voatahy sy feno voninahitra!

Ny ohatra nomen' izy ireo dia mampianatra antsika ny fomba fiaina miaraka amin' ny finoana sy ny herim-po ao amin' ny firenentsika:

Ny fanompoana no teny nibaiko azy ireo;  
Ny fitiavana no kintana nitarika azy ireo;  
Ny herim-po no sainany tsy nety nilofika,  
Manjelatra manerana ny manodidina.

Isan' andro dia misy zioga miha maivana,  
Isan' andro dia misy fo ampiononina,  
Isan' andro dia misy fanantenana lehibe,  
Ry mpamaky lay, voatahy sy feno voninahitra!<sup>12</sup>

# Fanorenana ny Faneva ho an' ny firenena

Rehefa tafita tamin' ny fitondrana ny andian' ny Olomasina voalohany namakivaky ny lemaka ho any Utah ny filoha Brigham Young, dia nitodika kosa indray tany amin' ny fananganana ny fanjakan' Andriamanitra any an' efitra. Tamin' ny alalan' ny fahitany sy ny fitarihany, dia nanjary toerana nandroso ho an' ny Olomasina ilay efitra izay foana tsy nisy na inona na inona. Ny fitarihany tamim-pahatsorana no nahafahan' ny Olomasina nanana ny toeram-ponenany vaovao ka nitarika azy ireo handroso hatrany amin' ny fananganana ny fanjakan' Andriamanitra.

Roa andro taorian' ny nahatongavan' ny andiany voalohany, dia niakatra teny amin' ny tendrombohitra izay hitan' ny filoha Young tao amin' ny fahitana talohan' ny nandaozany an' i Nauvoo, i Brigham Young sy ny maro tao amin' ny Roambinifololahy. Nitazana ny lemaka iray manontolo izy ireo ary naminany fa ny firenena rehetra eto ambonin' ny tany dia ho tonga soa eto amin' ity toerana ity ary eto no hankafizan' ny Olomasina rehetra ny fandrosoana sy ny fiadanana. Nantsoiny hoe Ensign Peak izany havoana izany, araka ny voalaza ao amin' ny soratra masina ao amin' ny Isaia, izay mampanantena manao hoe, "Dia hanangana faneva ho an' ny jentilisa izy, ka hamory ny Isiraely izay voaroaka" (Isaia 11:12).<sup>1</sup>

Ny fisehoana ampahibemaso voalohany nataon' ny filoha Young, dia tamin' ny 28 July 1847, izay nifidianana ny ivon-toerana ho an' ny tempoly ary hametraka ny olona mba handamina ny fanomanana sy ny fananganana izany. Teo am-pametrahana ny tehiny teo amin' ny toerana voafidy, dia hoy izy:

“Eto no hanorenantsika ny tempoly ho an’ Andriamanintsika.” Izany fanambarana izany dia tsy maintsy nampionona ny Olomasina, izay tsy ela akory talohan’ izao no voatery nandao ny fanompoam-pivavahana nataony tao amin’ ny tempoly rehefa nandao an’ i Nauvoo.

Ny volana Aogositra, dia niverina tany Winter Quarters mba hanomana ny fianakaviany ho any amin’ ny lemaka amin’ ny taona manaraka ireo mpitarika ny fiangonana sy ny ankamaroan’ ireo andiana mpamaky lay voalohany. Fotoana fohy monja taorian’ ny nahatongavan’ izy ireo, nahatsapa i Brigham Young sy ny Kolejin’ ny Roambinifolo fa tonga ny fotoana tokony handaminana indray ny Fiadidiana Voalohany. Amin’ ny maha-filohan’ ny Kolejin’ ny Roambinifololahy azy, dia i Brigham Young no notohanana ho filohan’ ny fiangonana. Nifidy an’ i Heber C. Kimball sy i Willard Richards izy ho mpanolotsaina, ary ny Olomasina dia indray nanohana ny mpitarika azy.

### **Ny taona voalohany tany amin’ ny lemaka**

Mbola nisy andiany roa hafa tamin’ ny Olomasina tonga tany amin’ ny lemak’ i Salt Lake talohan’ ny nifaranan’ ny lohataonan’ ny taona 1847, ary ireo mpikambana efa ho 2000 dia natsangana ho tsatoka ho an’ i Salt Lake. Diso aoriana vao namboly, ka kely ny vokatra, ary rehefa tonga ny lohataona, dia maro no nijaly noho ny tsy fahampian-tsakafo. I John R. Young, izay mbola kely tamin’ izany fotoana izany, dia nanoratra hoe:

“Rehefa nanomboka naniry ny ahitra, dia niha mafy ny mosary. Nandritra ny volana maromaro dia tsy nanana mofo izahay. Ny hen’ omby, ny ronono, ny bozaka ho an’ ny kisoa, ny segoes [fakan-java-maniry], ary zava-maniry feno tsilo no fihinanay. Izaho no mpiandry ondry, ary rehefa mandeha any antsaha hiandry ny ondry aho, dia zatra mihinana ny tahon’ io zava-maniry io mandra-pahafenon’ ny vavoniko tahaka ny an’ ny omby. Farany dia nanaikitra mafy ny hanoanana ka nampidinin’ i dada avy teny amin’ ny ratsan-kazo ny hoditr’ omby efa tonta rotidrotiky ny vorona, ary avy amin’ izany no nanaovanay lasopy



*Tamin' ny alalan' ny finoany sy ny fikelezany aina, dia nanomboka nanangana tanàna ny Olomasina tao amin' ny lemak' i Salt Lake. Ity sary ity dia mampiseho ny lemaka tamin' ny taona 1853.*

faran' izay natsiro.”<sup>2</sup> Niara- niasa tamim-pahatsorana ary nifampizara ka afaka nanohitra ny fotoan-tsarotra ireo mpifindra monina .

Tamin' ny volana Jona 1848, namboly tamin' ny velaran-tany teo amin' ny 2000 na 2500 hekitara ireo mpifindra monina , ka nanjary maitso mavana sy toa nahavokatra ny lemaka. Kanefa tamim-pahakiviana no nahitan' ny Olomasina, andiam-balala mainty nandrakotra ny voly. Nanao izay rehetra azony natao ny mpifindra monina. Nanao lavaka izy ireo ary nanodina ny riandrano ho any amin' ny valala. Nokapohiny tamin' ny ratsankazo sy ny kifafa ny bibikely ary nandramany nodorana, kanefa tsy nisy vokany izany ezaka nataony izany. Vao mainka nirongatra hatrany ireo bibikely. Nangataka andro ho an' ny fifadian-kanina sy ny vavaka ny patriarka John Smith, filohan' ny tsatoka tao Salt Lake. Tsy ela dia indro nipoitra avy eny amin' ny lanitra ny andiam-borona ka nidina nihinana ny valala. Hoy ny fitantaran' i Susan Noble Grant momba izany: “Tamin' ny

fahagaganay lehibe, no nandripahan' ny vorona ireo valala nitangorona teny rehetra teny.”<sup>3</sup> Nijery izany tamim-pifaliana ny Olomasina. Voavonjy ny fiainan' izy ireo.

Niasa tamin-kery sy finoana ny Olomasina na dia teo aza ny zava-tsarotra niseho taminy, ary tsy ela dia nandroso be izy ireo. Mpandeha ho any California iray izay nandalo ny tananan' i Salt Lake ny volana Septambra 1849 no nanao izao fandokafana izao: “Tsy mbola niara-nitoetra tamin' ny vahoaka milamina toy izao aho, vahoaka matotra, vahoaka mahery miasa sady mahalala fomba, ary tsy mampino ny mijery ny zava-bitan' izy ireo tao anatin' ny fotoana fohy teo amin' ity efitra ity. Tao amin' io tanàna io izay nisy mponina tokony ho teo amin' ny dimy arivo teo, dia tsy mba nifanena tamin' ny mpirenirenny foana na dia iray aza aho, na olona manana endrik' olona midonana-poana. Betsaka tokoa ny vokatra ho azon' izy ireo, ary misy ny fanahy sy ny hery amin' izay rehetra jerena, izay tsy ho hita any amin' ireo tanàna hafa mitovy aminy na ny kely tamin' izay rehetra efa nalehako.”<sup>4</sup>

## Fikarohana

Tamin' ny fiafaran' ny fahavaratra 1848, dia mbola nandeha indray avy any Winter Quarters nankany amin' ny lemak' i Salt Lake ny filoha Brigham Young. Rehefa tonga tany izy, dia tsapany fa ilain' ny Olomasina ny mianatra mamantatra ireo loharanon-karena azony ampiasaina eo amin' ny tontolo iainany. Maro tamin' izany no azo avy tamin' ny Indiana izay nipetraka teo antoerana, kanefa ny filoha Young koa dia mbola nandefampikamban' ny fiangonana hanao fikarohana mba hahita ny hery ao amin' ireo zava-maniry azo atao fanafody sy ireo tahirin-javaboary misy eo an-toerana.

Nandefampikaroka koa izy mba hitady toerana azo folahina. Tamin' ny dian' izy ireo dia nahita mineraly nitoby izy, hazo be dia be, loharano, sy tany lava volo malalaka be, ary toerana tsara izay azo ipetrahana tokoa. Mba hiarovana amin' ny fiakaran' ny vidin-tany, dia nampitandrina ny Olomasina ny mpaminany mba tsy hitsinjara ny toeram-ponenany amin' ny

fivarotana izany amin' ny hafa. Ny tany no fananan' izy ireo ka tokony ho tantanana amim- pahendrena sy amim-pahazotoana fatratra, fa tsy natao hahazoam-bola.

Tamin' ny lohataona 1849, no nananganana ny tahirim-bola ho an' ny fifindra-monina, izany dia natao teo ambany fitarihan' ny filoha Young. Ny tena tanjon' izany dia ny hanampiana ny mahantre izay tsy nanan-koentina handehanana hamonjy ny fikambanamben' ny fiangonana. Tamin' ny fiafiana lehibe, no nandraisan' ny rehetra anjara tamin' ny fananganana izany tahirim- bola izany, ary vokatr' izany, dia olona an' arivony no afaka nandeha ho any amin' ny lemak' i Salt Lake. Raha vao azon' izy ireo atao, ireo izay nahazo fanampiana dia antenaina fa hamerina indray izany fanampiana azony izany. Izany tahirim-bola izany dia mbola natao hanampiana ny hafa indray. Tamin' ny alalan' izany ezaka fiaraha-miasa izany no nanomezan' ny Olomasina fahasoavana ho an' ny fiainan' ireo nila fanampiana.

### **Mamaly ny antso ireo misiônera**

Raha mbola nameno ny rivotra niainana ny firaondraonan' ny asa sy ny fiaianana andavanandro, ny filoha Brigham Young kosa dia nihevitra ny asa momba ny fiangonana. Tamin' ny fihaonambe natao ny 6 Oktobra 1849, dia nanendry mpikambana maromaro tao amin' ny Roambinifololahy izy, niaraka tamin' ireo misiônera vao nantsoina, mba handeha history ny filazantsara any ivelany. Nanaiky izany antso izany izy ireo na dia voatery tsy maintsy hiaina lavitra ny fianakaviany, ny tranony vaovao, sy ireo asa maro tsy mbola vita aza. I Erastus Snow sy ireo loholona maromaro no nanomboka ny fitoriana ny filazantsara tany Scandinavia, fa i Lorenzo Snow sy i Joseph Toronto kosa nankany Italy. I Addison sy i Louisa Barnes Pratt dia niverina tany amin' ny toerana niasan' i Addison teo aloha tany amin' ny nosin' i Society. I John Taylor dia nantsoina ho any Frantsa sy Alemana. Tamin' ny diany niatsinanana, dia nifanena tamin' ireo Olomasina ho any Ziona vaovao teo amin' ny tendrombohitr' i Rocky ny misiônera.

Teo amim' ny toerana niasan' izy ireo, dia nanatri-maso fahagagana maro ny mpitory ny filazantsara ary nanao batisa olona maro ho ao amin' ny fiangonana. Raha nitory ny filazantsara tany Italy i Lorenzo Snow, izay lasa filohan' ny fiangonana tat� aoriana, dia nahita zazalahy kely telo taona teo am-bavan' ny fahafatesana. Fantany fa fotoana tsara hahafahana hanasitrana ilay zaza sy hanokafana ny fon' ny olona teo an-toerana izany. Tamin' io alina io, dia nivavaka nandritra ny fotoana maharitra sy tamim-kafanam-po izy nangataka ny fitarihan' Andriamanitra, ary ny ampitso, dia sady nifady hanina no nivavaka ho an' ilay zazalahy izy sy ny namany. Ny harivan' iny dia nametra-tanana taminy izy ireo sy nivavaka mangina mba hahazo fanampiana amin' ny asa izay ataony. Natory soa amantsara ilay zaza nandritra ny alina, ary dia sitrana tamin' ny fahagagana lehibe. Niparitaka nanerana ny lemak' i Piedmont tany Italy ny resaka momba izany fanasitranana izany. Nisokatra ho an' ireo mpitory ny filazantsara ny varavarana, ary nanomboka ny batisa voalohany teo an-toerana.<sup>5</sup>

Ny volana Aogositra 1852, nandritra ny fihaonambe manokana natao tao an-tananan' i Salt Lake, loholona 106 no nantsoina hitory ny filazantsara nanerana ny firenena teto amin' izao tontolo izao. Ireo mpitory ny filazantsara ireo, sy ireo izay vao nantsoina tat� aoriana, dia nitory ny filazantsara tany Amerika atsimo, China, India, Espana, Australia, Hawaii, ary tany atsimon' i Pasifika. Tany amin' ny ankamaroan' ireo toerana ireo, dia tsy dia nahomby loatra ny asa fitoriana tany am-boalohany. Na izany aza anefa, dia namafy voa izy ireo ka vokatr' izany, dia olona maro no tonga tao amin' ny fiangonana noho ny ezaka nataon' ny mpitory ny filazantsara tato aoriana.

Ny loholona Edward Stevenson dia nantsoina ho mpitory ny filazantsara tany Gibraltar tany Espana. Izany antso izany dia namerina azy tany amin' ny toerana nahaterahany, ka nanambarany ny filazantsara naverina tamin' ny laoniny, tamimpahasahiana tamin' ireo mpiray tanindrazana taminy. Notanana am-ponja noho ny fitoriana ny filazantsara izy ka nijanona tao

nandritra ny fotoana maromaro mandra-pahatongan' ny fotoana nahitan' ny mpitondra azy nitory tamin' ny mpiambina, ka efa saika nahatarika ny iray tamin' izy ireo. Taorian' ny nivoahany ny fonja, dia nanao batisa olona roa tao amin' ny fiangonana izy ary talohan' ny volana Janoary 1854, dia nitsangana ny Sampana izay nisy olona folo. Ny volana Jolay, na dia nisy olona enina niala aza mba hanompo any amin' ny tafika Anglis any Asia, dia nahatratra 18 ny isan' ny mpikambana, tao anatin' izany ny fitopololahy iray, loholona iray, mpisorona iray, ary mpampianatra iray, ka nahatonga ny sampana nanana mpitarika izay nilainy mba hahafahany mitombo.<sup>6</sup>

Noroahin' ny fitondram-panjakana Polynesia Frantsay tao antoerana ny mpitory ny filazantsara tamin' ny taona 1852. Kanefa ny Olomasina tao amin' ny fiangonana dia nanao izay hampandeha ny fiangonana mandra-pisian' ny ezaka vaovao tamin' ny taona 1892. Ny loholona Tihoni sy i Maihea dia tena nahery fo tokoa ka niaritra ny fitanana tany am-ponja sy ny fitsapana maro samihafa toy izay handa ny finoany. Ny tsirairay avy tamin' izy ireo dia nanao izay hampahazoto ny Olomasina sy ny mba hananany fahatokiana ny filazantsara.<sup>7</sup>

Ho an' ireo izay nanaraka ny fiangonana tany ivelan' i Etazonia, dia izao no fotoana tokony hiangonana any Ziona, izany hoe mandeha an-tsambo mankany Amerika. I Elizabeth sy i Charles Wood dia nandeha an-tsambo tamin' ny taona 1860 avy any Afrika atsimo, toerana izay efa niasany an-taonany maro mba hahazoany vola ho an' ny diany. I Elizabeth dia nikarakaraka ny tokantranon' ny lehilahy mpanankarena iray, ary ny vadiny nanao biriky mandra-pahazoany ny vola ilaina. I Elizabeth dia nentina an-tsambo teny am-pandriana 24 ora taorian' ny niterahany ny zananilahy ary nomena azy ny efiranon' ny kapiteny mba hahazoany aina kokoa. Narary mafy izy nandritra ny dia, ary efa in-droa saika maty, kanefa dia velona ihany izy ary nipetraka tany Fillmore, Utah.

Nirakitra tao am-pon' ny mponina, any amin' ny toerana nitoriany, ny mpitory ny filazantsara. I Joseph F. Smith, rehefa

nadiva hamarana ny asa nanirahana azy tany Hawaii tamin' ny taona 1857, dia narary vokatry ny tazo izay tsy nahafahany niasa nandritra ny telo volana. Voatahy anefa izy noho ny nametrahana azy ho karakarain' i Ma Mahuhii, Olomasina Hawaiian nanam-pinoana. Izy no nitsabo an' i Joseph tahaka ny zanaka naterany, ary nisy fitiavana lehibe teraka teo amin' izy ireo. Taona maro tat� aoriana, rehefa lasa filohan' ny fiangonana, i Joseph F. Smith dia nitsidika an' i Honolulu izy ary raha vao tonga, dia nahita vavy antitra jamba iray nanolotra azy akondro tsara tarehy vitsivitsy ho fanomezana. Reny ny antsony nanao hoe, "Iosepa, Iosepa" (Joseph, Joseph). Teo no ho eo ihany, dia nihazakazaka nanatona azy izy ary namihina sy nanoroka azy imbetsaka, nanakina ny lohany taminy ka nanao hoe, "Neny, neny, neny malalako."<sup>8</sup>

### **Fiantsoana mpamola-tany**

Tanàna kely maro tany Utah sy tany atsimon' i Idaho ary tat� aoriana tany amin' ny faritra sasany tany Arizona, Wyoming, Nevada, sy California no naorin' ny olona niaraka tamin' ny fianakaviana izay nantsoina tamin' ny fihaonambe. Ny filoha Brigham Young no nibaiko hamorona izany tanàna izany, mba hahafahan' ny mpifindra monina vaovao an' arivony mivelona sy mamboly ary miompy.

Nandritra ny androm-piainany, ny lemak' i Salt Lake manontolo sy ny ankamaroan' ny toerana manodidina dianofolahina. Tamin' ny taona 1877, rehefa maty i Brigham Young, dia naherin' ny 350 ny tany voatsangana, ary tamin' ny taona 1900 dia efa nahatratra ho 500. Ny manampahefan' ny fiangonana atao hoe Brigham Henry Roberts dia nilaza fa ny fahombiazan' ny famolahan-tany Môrmôna dia avy amin' ny "fankatoavan' ny olona ireo mpitondra azy sy ny fahafoizan-tena [izy ireo]tsy misy tambiny ary ny fanoloran-tenany" teo amin' ny fanatanterahany ny antso avy tamin' ny filoha Young.<sup>9</sup> Nahafoy ny fiadanam-piainana, ny fiarahana amin' ireo namana, ary indraindray ny ainy ireo mpamola-tany mba hanarahana ny mpaminany.



*Ho valin' my antso avy amin' ny filoha Brigham Young, dia maro tamin' ny Olomasina no nandao ny toeram-ponenany vao natsangana mba hamolaka vahoaka hafa.*

Tamin' ny fivoran' ny fihaonambe, no namakian' ny filoha Brigham Young ny anaran' ireo rahalahy sy ny fianakaviany izay nantsoina mba hifindra any amin' ny toerana lavitra. Ireo mpamola-tany ireo dia nihevi-tena ho nantsoina ho mpitory ny filazantsara ary nahafantatra izy fa hijanona eo an-toerana mandra-pahatongan' ny fanoloana azy. Nandeha any amin' ny toeram- ponenany vaovao miaraka amin' ny fitaovany izy ireo ary izy no niantoka ny laniny tamin' izany. Ny fahombiazany dia niankina tamin' ny fahaizany mampiasa ny zava-misy teo am-pelatanany. Nandrefy sy niasa ny tany izy ireo, nanangana fitotoam-barim-bazaha, lakan-drano mba hitarihana rano hanondrahana ny tany, namefy ny kianja hiraofan' ny biby fiompy, ary nanao lalana. Namboly izy ireo, nanao zaridaina, nanangana fiangonana sy sekoly, ary nanao izay hihavanany tamin' ny Indiana. Nifanampy izy ireo raha nisy narary, na raha nisy teraka, na maty, na nanorin-tokantrano.

Tamin' ny taona 1862 no nandray ny antso mba handeha hipetraka any atsimon' i Utah i Charles Lowell Walker. Nanatrika ny fivoriana nanaovana ny fiantsoana izy ary nanoratra hoe: "teto no nianarako ny fitsipika izay tsy tokony ho hadinoiko vetivety. Nampiseho tamiko izany fa ny fankatoavana dia fitsipika lehibe any an-danitra sy ety an-tany. Eny, teto no niasako nandritra izay fito taona farany izay tamin' ny hafanana sy ny hatsiaka, ny hanoanana sy ny fahoriana, ary farany dia nahazo trano aho, feno hazo fihinam-boa vao mamo sy tsara tarehy. Eny, tsy maintsy hilaozako izany ka handeha aho hanao ny sitrapon' ny Raiko any an-danitra, izay manapaka amin' ny zavatra rehetra mba hahasoa ireo izay tiany sy matahotra Azy. Mivavaka amin' Andriamanitra aho mba hanome ahy tanjaka hanatanterahako izay takina amiko ka sitrany."<sup>10</sup>

I Charles C. Rich, mpikambana ao amin' ny Kolejin' ny Roambinifololahy, dia nahazo antso koa mba hamola-tany. I Brigham Young no niantso azy sy ireo rahalahy vitsivitsy mba hitondra ny fianakaviany ka hipetraka any amin' ny lemak' i Bear Lake, tokony ho 240km avaratry ny tananan' i Salt Lake. Amin'

ny anambo no misy ny lemaka ary faran' izay mangatsiaka sy rakotra ranomandry amin' ny ririnina. Vao avy niverina avy tamin' ny asa nanirahana azy tany Eropa ny rahalahy Rich ka tsy maika te hamindra toerana ny fianakaviany no sady tsy te hamerina hatramin' ny voalohany indray ao anatin' ny sarotra. Nanaiky ny antso izy ary ny volana Jona 1864 dia tonga tao amin' ny lemak' i Bear Lake. Farany izay nangatsiaka tsy tahaka ny nahazatra ny ririnina manaraka ka tamin' ny lohataona, dia maro tamin' ireo rahalahy no nanapa-kevitra hanainga. Fantatry ny rahalahy Rich fa ny fainana dia tsy mora eo amin' izany toetr' andro mangatsiaka izany, kanefa hoy izy:

“Maro ny zava-tsarotra. Ekeko izany . . . ary niarahantsika nizaka. Kanefa raha te handeha ho any an-toeran-kafa ianareo, dia zonareo izany, ary tsy te hanakana anareo amin' izany aho. . . . fa izaho kosa tsy maintsy mijanona eto, na dia voatery hipetra-drery aza. Ny filoha Young no niantso ahy ho eto, ary hitoetra eto aho mandra-pahatongan' ny fotoana hisaorany ahy, ka hamelany ahy handeha.” Nijanona ny rahalahy Rich sy ny fianakaviany, ary izy no nanjary mpitarika ny fiaraha-monina nandroso am-polo-taonany maro tat� ariana.<sup>11</sup> Tahaka ireo olona an' arivony maro, dia nankatō ny mpitarika azy tamin' ny fony izy mba hahafahany mitondra ny anjara birikiny amin' ny fananganana ny fanjakan' ny Tompo.

### **Ny fifandraisana tamin' ny Indiana**

Rehefa nikisaka nankany amin' ny sisin-tany ny mpamola-tany, dia matetika voatery tsy maintsy nifanaraka tamin' ny Indiana. Mifanohitra tamin' ny mpamola-tany hafa tany andrefana, ny filoha Brigham Young dia nampianatra ny Olomasina hanome sakafo ny rahalahy sy ny rahavavy mpiray tanindrazana aminy ary hanao izay hitondrana azy any am-piangonana. Ny ezaka fitoriana teo amin' ny Indiana dia nandramana tamin' ireo Indiana tany Fort Lemhi tany amin' ny faritry ny reniranon' i Salmon tany Idaho tany an-tendrombohitr' i Elk ireo izay nifindra monina tany Colorado tany amin' ny

faritanin' i Utah. Ny filoha Young koa no nanangana ny Fikambanana Ifanampiana mba hanjaitra akanjo ho an' ireo Indiana anadahy sy rahavaviny ary manangona vola mba hahafahana manampy azy ireo ara-tsakafo.

Tamin' i Elizabeth Kane, vadin' i Thomas L. Kane, tsy mbola mpikambana fa naman' ireo Olomasina fotsiny, nandeha nanerana an' i Utah, dia niara-nipetraka tamin' ny vehivavy Môrmôna iray efa reraka izy. Tsy nanaitra azy loatra io vehivavy io mandra-pahitany ny fomba nitondrany ny Indiana. Rehefa niantso ny vahininy hisakafo hariva ity vehivavy ity, dia niresaka kely tamin' ny Indiana izay niandry teo koa izy. Nanontanian' i Elizabeth izay nolazain' io vehivavy io tamin' ny Indiana ary nolazain' ity zanaka lahy tao amin' ny fianakaviana ity fa, "Ireo vahiny ireo aloha no tonga voalohany, ary ho azy ireo ihany no nahandroiko ny sakafo; kanefa efa mitokona ao am-patana ao ny sakafo ho anareo, ka raha vantany vao vonona izany dia hantsoiko ianareo." Tsy nino izany i Elizabeth ka nanontany raha tena manome sakafo ho an' ny Indiana marina izy na tsia. Hoy ity zazalahy ity taminy, "Manome sakafo ireo tahaka ny anomezany anareo i Neny, ary manome toerana azy ireo eto ambony latabatratra." Manompo azy ireo izy, miandry azy ireo rehefa misakafo izy ireo.<sup>12</sup>

### **Ny fandaminana ny fisoronana sy ny andraikiry ny mpanampy**

Tamin' ny taona faraparany niainany, dia nanazava sy nametraka ny adidy lehibe sasany ao amin' ny fisoronana ny filoha Young. Nitarika ny Roambinifololahy mba hanao fihaonambe isaky ny tsatôka izy. Vokatr' izany, dia tsatôka fito vaovao sy paroasy 140 vaovao no naorina nanerana an' i Utah. Ny andraikiry ny filohan' ny tsatôka, ny fisoronana avo, ny eveka, ary ny fitantanany' ny Kolejy dia voafaritra mazava tsara, ary olona an-jatony no voantso mba hanao ireo asa ireo. Nanoro hevitra ny Olomasina handrindra ny fiaianany izy ka handoa ny fahafolokarenany, ny fanatitra avy amin' ny fifadiankanina, ary ny fanomezana hafa.

Tamin' ny taona 1867 dia nifidy an' i George Q. Cannon ny mpaminany mba ho ao amin' ny fitantanana ankapoben' ny Sekoly Alahady, ary tao anatin' ny taona vitsy, dia lasa anisan' ny rantsana iray maharitra ao amin' ny fiangonana ny Sekoly Alahady. Tamin' ny taona 1869 dia nanomboka nanome torolalana ara-dalana ireo zananivavy momba ny fiainana feno fanetrentena. Naparitany ho an' ny Zatovovavy rehetra izany torolalana izany tamin' ny taona 1870 niaraka tamin' ny fananganana ny Retrenchment Association (ny dikan' ny hoe *retrench* dia manafoana izay rehetra mihoatra). Ary teo no niandoha ny fikambanan' ny Zatovovavy. Tamin' ny volana Jolay 1877 dia nandeha nankany Ogden, Utah izy, mba hanangana ny Fikambanana Ifanampiana voalohany ao amin' ny tsatòka.

### **Ny fahafatesana sy ny lova avy amin' ny filoha Brigham Young**

Amin' ny maha-mpitarika azy, dia sady mihetsiketsika no mavitrika ny filoha Brigham Young. Nandeha tany amin' ny toerana misy mpifindra monin' ny fiangonana izy mba hampianatra sy hanome hery ny Olomasina. Avy amin' ny fampianarany sy ny ohatra nomeny, dia nampianatra ny mpikambana izy mba hanatanteraka tsara ny antson' izy ireo ao amin' ny fiangonana.

Raha nanombana ny fiainany ny filoha Young, dia nanoratra izao manaraka izao ho valin' ny lahatsoratra tao amin' ny gazety iray nivoaka tao New York:

“Ny vokatry ny asa nataoko tao anatin' ny 26 taona lasa, dia azo fintinina fohifohy toy izao: Ny fametrahana mponina, Olomasin' ny Andro Farany 100.000 eo ho eo, amin' ity faritra ity; ny fananganana tanàna 200, tanàna lehibe na tanàna kely itoeran' ny olonay, . . . ary ny fananganana sekoly, trano fanaovana taozavatra, orin' asa, fitotoam-bary ary ny fananganana hafa izay natao mba hampandroso sy ho tombon-tsoan' ny mponina. . . .

“Ny fiainako manontolo dia natolotro ho amin' ny asa fanompoana ny Tsitoha.”<sup>13</sup>

Tamin' ny volana Septambra 1876, dia nanao fijoroana ho vavolombelona matanjaka momba ny Mpamonjy ny filoha Young : "Mijoro ho vavolombelona aho fa i Jesoa no Kristy, Ilay Mpamonjy sy Mpanavotra izao tontolo izao; nankatò izay lazainy aho, ary nahatsapa ny fampanantenany, ny fahendren' izao tontolo izao dia tsy afaka manome, na manaisotra ny fahalalako ny momba Azy."<sup>14</sup>

Tamin' ny volana Aogositra 1877, dia narary mafy ny filoha Young, ary na dia teo aza ny fikarakaran' ny dokotera, tao anatin' ny herinandro dia maty izy. 76 taona izy no maty ary nitondra ny fiangonana nandritra ny 33 taona. Ankehitriny dia tsaroantsika izy amin' ny maha- mpaminany mahery fo azy izay mitondra an' i Isirael amin' izao andro izao ho any amin' ilay tany nampanantenaina. Mahakasika ny fiaianana andavanandro ny toriteniny, mampiseho mazava fa ny fivavahana dia anisan' ny traikefa amin' ny fiaianana andavan' andro. Ny fahafantarany ny sisin-tany Amerikana sy ny fitondrany feno fahendrena dia nanentana ny olony hanatanteraka ny asa toa tsy azo tanterahina sy hananganana fanjakana iray any an' efitra miaraka amin' ny fitarihan' ny lanitra.


# Fotoanan' ny fitsapana sy ny fisedrana

## Ny filoha John Taylor

Taorian' ny nahafatesan' ny filoha Brigham Young, dia ny Kolejin' ny apostoly roa ambin' ny folo, notarihan' i John Taylor, no nitarika ny Olomasin' ny Andro Farany nandritra ny telo taona. Tamin' ny 10 Oktobra 1880, dia notohanana ho filohan' ny fiangonana i John Taylor. Ny filoha Taylor dia nanan-talenta momba ny asa soratra sady mpanao gazety izay namoaka boky momba ny sorompanavotana ary nanonta ireo gazetibokim-piangonana lehibe indrindra, anisan' izany ny *Times and Seasons* sy ny *Mormon*. Imbetsaka no nanehoany ny herim-pony sy ny fahafoizan- tenany ho an' ny filazantsara nampodiana tamin' ny laoniny, anisan' izany ny fanarahany an- tsitrapo ireo rahalahany tao amin' ny fonjan' i Carthage, ka voatifitra inefatra izy tao. Ny teny fanevany manokana dia, "Na hahazo ny fanjakan' Andriamanitra na tsy hahazo na inona na inona," naneho my fahatokiana an' Andriamanitra sy ny fiangonana.

## Asa fitoriana ny filazantsara

Ny filoha Taylor dia nanaiky ny hanao izay rehetra azony atao mba hitoriana ny filazantsara hatrany amin' ny faran' ny tany. Tamin' ny fihaonambe, ny volana Oktobra 1879, dia niantso an' i Moses Thatcher izy, ilay apôstôly voantso farany indrindra, mba hanomboka ny asa fitoriana tany an-tanànan' i Mexico, Meksika. Ny loholona Thatcher sy mpitory ny filazantsara roa hafa no nanangana ny sampana voalohany an' ny fiangonana tao amin' ny tanànan' i Mexico, Meksika, tamin' ny 13 Novambra 1879, niaraka tamin' i Dr. Plotino C. Rhodacanaty ho filohan' ny



*Olomasina an' arivony no niangona mba ho vavolomelon' ny fametrahana ny vato farany tao amin' ny tempolin' i Salt Lake, tamin' ny 6 Aprily 1892.*

sampana. Dr. Rhodacanaty dia niova fo taorian' ny famakiany ny boky kely momba ny Bokin' i Môrmôna tamin' ny teny Espaniola ka nanoratra tamin' ny filoha Taylor nangataka fanampimpanazavana momba ny fiangonana.

Mpikambana roa ambin' ny folo sy misiônera telo, no nanombohan' ny filazantsara tafaverina amin' ny laoniny neparitaka tsikelikely teo amin' ny vahoaka Meksikana. Tamin' ny 6 Aprily 1881, nananika ny tendrombohitr' i Popocatepetl izay tokony ho teo amin' ny 4.700 m teo ho eo ny i Thatcher loholona, i Feramorz Young, ary ny rahalahy Pais ka manao fotoampivavahana fohy ho fanokanana ny tany. Nandohalika teo anoloan' ny Tompo ny loholona Thatcher, ka nanokana ny tanin' i Meksika sy ny vahoakany mba handre ny feon' ny Tompo, ilay tena mpiandry tsarany.

Nody tany an-tananan' i Salt Lake ny loholona Thatcher ka nangataka ny hiantsoana mpitory ny filazantsara hafa mba hanompo any Meksika. Tsy ela, dia betsaka ireo tovolahy, anisan' izany i Anthony W. Ivins, izay ho mpikambana ao amin' ny Fiadidiana Voalohany ao aoriana, no niasa tany amin' ny tananana' i Mexico. Anisan' ny ezaka nataon' ny fiangoanana tao amin' ny misionan' i Meksika, ny fanontana ny Bokin' i Môrmôna amin' ny teny Espaniola izay navoaka tamin' ny taona 1886. Ny tantaran' i Milton Trejo, izay nanampy tamin' ny fandikana ny Bokin' i Môrmôna sy ireo boky hafan' ny fiangonana, dia mampiharihary ny fomba fitarihan' ny Tompo ny asany.

Milton Trejo dia teraka tany Espana ary tsy nanaraka antokampivavahana na dia iray aza tamin' ny fahatanorany. Nanompo tao amin' ny tafika tao Philippines izy raha nandre resaka momba ny Môrmôna teo amin' ny tendrombohitr' i Rocky ka nahatsiaro faniriana mafy mba hitsidika azy ireo. Taty aoriana, dia narary mafy izy ary nolazaina taminy tamin' nynofy fa tsy maintsy mankany Utah izy. Rehefa sitrana izy, dia nandeha nankany antanana' i Salt Lake. Nifanena tamin' i Brigham Young izy ka nanomboka nahafantatra ny filazantsara. Resy lahatra izy fa nahita ny marina ka nanjary lasa mpikambana tao amin' ny fiangonana.

Nanao asa fitoriana ny filazantsara tany Mexico izy ary efa voaomana ara-panahy sy ara-tsaina tamin' izay, mba handray anjara lehibe amin' ny fanampiana ny vahoaka miteny Espaniola mba ho afaka hamaky ny Bokin' i Môrmôna amin' ny teniny.

Niantso iraka mpitory ny filoha Taylor mba hitondra ny filazantsara any amin' ny Indiana monina tany andrefan' i Amerika. Ny asa nataon' i Amos Wright dia namokatra tokoa teo anivon' ny foko Shoshone izay nipetraka tany amin' ny tahirin-java-boary tany Wind River tany Wyoming. Raha vao volana vitsivitsy monja no niasan' i Wright, dia efa nanao batisa Indiana mihoatra ny 300 izy, anisan' izany ny Filoha Washakie. Nitondra ny filazantsara ho an' ny Navajos, Pueblos, sy Zunis izay nonina tany Arizona sy New Mexico koa ny iraka mpitory Olomasin' ny Andro Farany. Nandany herintaona i Wilford Woodruff mba hitoriana amin' ny Indiana, anisan' izany ny Hopis, Apaches, sy Zunis. Nanatrika ny fanaovana batisa ny Indiana Zunis mihoatra ny zato i Ammon M. Tenney.

Nanohy koa ny fitoriana tany Angletera sy Europa ireo iraka mpitory. Tamin' ny 1883 dia nahazo antso mba hanao asa fitoriana any amin' ny misiona Eropeana, i Thomas Biesinger teratany Alemana, izay nipetraka tany Lehi, Utah. Izy sy i Paul Hammer dia nalefa tany Prague, Tsekôslôvakia, izay ao anatin' ny faritry ny fanjakana Austro-Hongrois. Noraran' ny lalàna ireo iraka mpitory mba tsy hanao asa fitoriana ka dia nanapa-kevitra ny hanao resadresaka kely eny am-pifanenana fotsiny izy ireo. Matetika dia lasa any amin' ny fivavahana ny fiafaran' izany resaka izany. Rehefa niasa toy izany nandritra ny iray volana monja ny loholona Biesinger dia nosamborina sy natao am-ponja nandritra ny roa volana. Rehefa nahazo fahafahana izy dia fitahiana ho azy ny nanaovana batisa an' i Antonin Just, ilay niampanga azy ka nahatonga azy hiditra am-ponja. Ny rahalahy Just no Olomasin' ny Andro Farany voalohany tany Tsekôslôvakia.<sup>1</sup>

Notoriana tany Polinezia koa ny filazantsara. Hawaiiana anankiroa, dia ny loholona Kimo Pelio sy Samuela Manoa, no

nalefa tany Samoa tamin' ny 1862. Nanao batisa olona tokony ho 50 teo ho eo izy ireo, ary ny loholona Manoa dia mbola nipetraka nandritra ny 25 taona tany Samoa niaraka tamin' ireo olona voaovany fo. Tamin' ny taona 1887 dia nahazo antso mba hanao asa fitoriana any Samoa i Joseph H. Dean avy any amin' ny tananan' i Salt Lake, Utah. Ny loholona Manoa dia namoha ny varavarany ho an' ny loholona Dean sy ny vadiny mahatoky atao hoe Florence, izay Olomasin' ny Andro Farany voalohany avy any ivelan' i Samoa izay efa fantatry ry zareo efa ho roapolo taona mahery izay. Tsy ela dia nanao batisa olona 14 tao amin' ny fiangonana ny loholona Dean ary tokony ho iray volana taorian' izany dia nanao ny toriteniny voalohany tamin' ny teny Samoana.<sup>2</sup> Noho izany, dia nanomboka indray teo amin' ny nosy ny asa fitoriana .

Hatramin' ny taona 1866, mba hisorohana ny fiparitahan' ny habokana, dia namindra ny olona tratry ny aretina ho any Kalaupapa Peninsula, any amin' ny nosy Molokai ny fitondrampanjakana Hawaiian . Tamin' ny taona 1873, dia nesorina tao amin' io toerana io i Jonathan sy i Kitty Napela, izay Olomasin' ny Andro Farany. I Kitty ihany no narary, fa i Jonathan, izay nofehezina taminy tany amin' ny efi-trano fanaovana Fanafiana masina tao Salt Lake, dia tsy namela azy ho irery tamin' izay. Voan' ny aretina koa taty aoriana i Jonathan, ary nony nitsidika azy ny namana tsara anankiray sivy taona taty aoriana, dia tena saika tsy nahafantatra azy mihitsy. Nisy fotoana nitarihany ny Olomasina teo amin' ilay nosy, izay niisa 200 mahery talohan' ny taona 1900. Tsy nanadino ny mpikambana mahatoky izay nitondra takaitra noho izany aretina izany ireo mpitarika ny fiangonana, ary nitsidika matetika ny sampana hanome izay ilainy ara-panahy.<sup>3</sup>

### **Ny jaobilin' ny fihaonambe**

Nankalaza ny fahadimampolo taona nananganana ny fiangonana ny mpikamban' ny fiangonana ny 6 Aprily 1880. Nantsoina hoe taon-jaobily izany, toy ny niantsoan' ny Israélita

izany isaky ny dimampolo taona. Ny filoha Taylor dia namela ny trosa tokony ho nalohan' ireo mpikambana mahantra tamin' ny fiangonana. Ny fiangonana koa dia nandray anjara tamin' ny fanomezana omby 300 sy ondry 2.000 mba hozaraina amin' ny "mahantra mendrika ny hahazo izany."<sup>4</sup> Ny Fikambanana Ifanampiana tao amin' ny fiangonana dia nanome varim-bazaha tokony ho 35.000 famarana ho an' ireo nila izany. Ny filoha Taylor koa dia nandrisika ny mpikambana tao amin' ny fiangonana mba hamela ny trosan' ny isam-batan' olona, indrindra fa ny an' ireo izay sahirana. "Izao no taon-jobily!" hoy izy.<sup>5</sup> Ny fanahin' ny famelan-keloka sy ny fifaliana lehibe dia tsapa teo anivon' ny Olomasin' ny Andro Farany.

Ny andro farany tamin' ny fihaonamben' ny jaobily ny volana Aprily 1880, dia tena nampihetsi- po tokoa. Ny iraika ambin' ny folo tamin' ny apostoly roa ambin' ny folo dia nijoro ho vavolombelona tamin' ny fotoam-pamaranana. Orson Pratt, iray amin' ireo mpikambana tao amin' ny Kolejin' ny Roambinifololahy, dia niresaka momba ny fotoana izay nivorian' ny mpikambana rehetra tao an-tranon' i Peter Whitmer rainy tao Fayette, New York. Tsaroany ireo fisedrana, ireo fivondronana, ireo fanenjehana, sy ireo fahorian' ny Olomasin' ny andro farany ka velom-pisaorana izy fa mbola "voaisa ho anisan' izany vahoaka izany." Rehefa izany dia nijoro ho vavolombelona "momba ny asa lehibe nataon' Andriamanitra nandritra izay dimampolo taona lasa izay izy."<sup>6</sup> Volana vitsivitsy ihany sisa hahavelona an' ny loholona Pratt ary nahatsapa fifaliana be izy amin' ny maha-Olomasin' ny Andro Farany azy.

Roa taona talohan' ny fankalazana ny jaobily dia nomen' ny filoha John Taylor lalana ny fananganana fikambanana mba hanomezana fanabeazana ara-pivavahana ny ankizy. Tany Farmington, Utah, no niandohan' ny kilasin' ny Kilonga voalohany, tokony ho 20km any avaratry ny tananan' i Salt Lake, ary tamin' ny tapaky ny taona 1880, dia natsangana nanerana ny mpifindra monina Olomasin' ny Andro Farany rehetra ny Kilasin' ny Kilonga. Niroborobo tokoa ny Kilonga ary ao anatin' izany

ireo ankizy an' arivony manerana ny tany, fitahiana ho azy ireo ny fampianarana ny filazantsara, mozika, sy ny fiarahana izay ankafiziny isan-kerinandro.

### **Mitohy ny fanenjehana**

Raha nanao ny asa fandikana ny Baiboly ny Mpaminany Joseph Smith tany amin' ny fiandohan' ny taona 1830, dia sahiran-kevitra ny tamin' ny fananan' i Abrahama, i Jakoba, i Davida, sy ireo mpitarika sasany tao amin' ny Testamenta Taloha vady mihoatra ny iray izy. Nivavaka ny Mpaminany mba hahatakarany ny anton' izany ary hainy fa misy fotoana, noho ny antony manokana, araka ny lalàna nomen' Andriamanitra dia nekena ny fananana vady maro ary eo ambany fitarihan' Andriamanitra izany. Hain' i Joseph Smith koa fa araka ny sitrapon' Andriamanitra, ny Olomasin' ny Andro Farany sasany dia hofidian' ny fahefan' ny fisoronana mba banana vady mihoatra ny iray. Nisy tamin' ny Olomasin' ny Andro Farany no nampihatra ny fampirafesana tany Nauvoo, kanefa ny filazana izany fotopampianarana izany tamin' ny vahoaka sy ny fampiharana izany dia tsy natao raha tsy ny volana Aogositra 1852, tamin' ny fihaonambe tao an-tanànan' i Salt Lake City. Tamin' izany fihaonambe izany, dia nanambara ny loholona Orson Pratt, araka ny fitarihan' ny filoha Brigham Young fa ny fananan' ny lehilahy vady mihoatra ny vehivavy iray dia anisan' ny fampodian' ny Tompo ny zavatra rehetra (jereo Asan' ny Apostoly 3:19–21).

Maro tamin' ireo mpitarika fivavahana sy politika Amerikanina no nanjary tezitra mafy rehefa nahafantatra fa ny Olomasin' ny Andro Farany monina ao Utah dia nanentana ny hanarahana fombam-panambadiana izay tsy mendrika sady tsy araka ny fomba kristiana. Nisy ny fanoherana ara-politika lehibe natao tamin' ny Fiagonana sy ny mpikambana. Ny kongresy Amerikanina dia namoaka lalàna izay nametra ny fahafahan' ny Olomasin' ny Andro Farany ka nanimba ny toe-karen' ny fiagonana. Izany lalàna izany dia nahatonga ny manampahefana

hihazona sy hampiditra am-ponja ireo lehilahy izay nanam-bady mihoatra ny iray ary nanaisotra tamin' izy ireo ny zo hifidy, ny zo ananany fiainana manokana any an-tokantranony, ary ny fizakana ireo ny zo hafa an' ny olom-pirenena. Lehilahy Olomasin' ny Andro Farany an-jatony sy vehivavy vitsivitsy no naiditra an-tranomaizina tany Utah, Idaho, Arizona, Nebraska, Michigan, ary tany South Dakota.

Nihamafy koa ny fanenjehana ho an' ireo olona maro izay nanaiky ny antso hitory ny filazantsara, indrindra fa tany atsimon' i Etazonia. Ohatra, tamin' ny volana Jolay 1878, dia novonoina tamin' ny fomba nahatsiravina raha niasa tany akaikin' i Rome, Georgia ny loholona Joseph Standing. Ny namany, Rudger Clawson izay lasa apostoly tat� aoriana dia saika namoy ny ainy. Ny Olomasina tany amin' ny tananan' ny Salt Lake dia tohina tokoa raha nandre ny vaovao mikasika ny namonoana ny loholona Standing, ary olona an' arivony no nanatrika ny fanompoam-pivavahana fanaovam-beloma azy tany amin' ny Tabernakelin' i Salt Lake.

Nandeha nanerana an' i Tennessee ny loholona isany John Gibbs, William Berry, William Jones, ary Henry Thompson niezakany nanova ny fiheveran' ny olona ny fiangonana. Nijanona tao an-tranon' i James Condor teo akaikin' i Cane Creek tao Tennessee izy ireo tamin' ny sabata marain' ny volana Aogositra 1884. Raha teo am-pandinhana ny soratra masina ny loholona Gibbs ary nitady ny andininy hanaovany ny toriteniny, dia nisy andian' olona nipoitra tampoka avy tao anaty ala ka nanomboka nitifitra. Maty tamin' izany ny loholona isany Gibbs sy Berry. Ny loholona Gibbs, izay mpampianatra, dia namela vady sy zanaka telo. Ny rahavavy Gibbs dia nitoetra ho mananontena nandritra ny 43 taona ary nanjary mpampivelona mba hamelomany ny zanany. Maty nahatoky ny filazantsara hatramin' ny farany izy, ary nahatsinjo sahady ny fihaonany amim-pifaliana amin' ny vadiny. Brigham Henry Roberts, izay mpanampy ny filohan' ny misiona tamin' izay fotoan' ny famonoana izay, dia nanao vy very ny ainy, fa nanova ny tarehy

amam-bika izy ka namongatra ny nofon' i Gibbs sy Berry. Nentiny niverina nankany Utah ny razana, ka ny paroasy maro tany no nanao fanompoam-pivavahana ho fahatsiarovana azy ireo, ho fanomezam-boninahitra ireo loholona anankiroa.

Ny iraka mpitory tany amin' ny faritra hafa dia nokapohina mandra-pivoa-dra ny lamosiny, ary maro tamin' izy ireo no nitondra ny holatry ny kapoka hatrany am-pasana. Tsy mora tamin' izany fotoana izany ny ho mpikambana ao amin' ny fiangonana.

Maro ny mpitarika ny fiangonana no niafina mba hialana amin' ny fisamborana nataon' ny manampahefana federaly izay nikaroka ny lehilahy nanana vady nihoatra ny iray. Natahotra ny fidiran' ireo manampahefana an-keriny tao an-tranony amin' ny alina ny fianakaviana maro. Niditra am-ponja i George Q. Cannon Filoha, i Lorenzo Snow, i Rudger Clawson, i Brigham Henry Roberts, i George Reynolds, sy ireo maro hafa, ka tany no nandiany ny androny tamin' ny fanoratana boky, nanome fampianarana, ary nanoratra taratasy ho an' ny fianakaviany. Nalefa sesin-tany tany Kaysville, Utah, izay tokony ho 32 km tany avaratry Salt Lake City ny filoha John Taylor ary tany izy no maty 25 Jolay 1887. Izy dia lehilahin' ny finoana ary manana herim- po izay nanokana ny fainany ho fijoroana ho vavolombelon' i Jesoa Kristy sy ho ny fananganana ny fanjakan' Andriamanitra eto an-tany.

### **Ny filoha Wilford Woodruff**

Wilford Woodruff dia iray tamin' ireo iraka mpitorin' ny Fiangonana nahomby ary nalaza tamin' ny faminaniana sy ny fahatokiana tamin' ny fiangonana. Nanoratra tsara ny diarinny izy, ka nanome fampahalalana maro momba ny tantaran' ny fiangonana tany am-piandohana izany. Nanompo amin' ny maha-filohan' ny Kolejin' ny Apôstôly roa ambin' ny folo azy izy tamin' ny fotoana nahafatesan' i John Taylor, ary tokony ho roa taona tatô aorianavao notohanana ho filohan' ny fiangonana izy.

Nandritra ny fotoana niasany, dia nihamafy ny fanoherana ara-politika nianjady tamin' ireo Olomasin' ny Andro Farany, saingy nandroso ny fiangonana. Efa azo nampiasaina ny tempoly

tany amin' ny tanana telo tao Utah—St. George, Logan, ary Manti—ary ny tempolin' i Salt Lake dia efa nadiva ho vita. Ireo tranon' Andriamanitra ireo dia nahafahan' ny Olomasina an' arivony nahazo ny fanafiana masina sy nanao ny ôrdônanasy ho an' ireo havany efa nodimandry. Ny filoha Woodruff dia liana tamin' ny tempoly sy ny asa momba ny tantaram-pianakaviana nandritra ny androm-piaianany. Nananatra matetika ny Olomasina mba hanatanteraka ny ôrdônanasy ao amin' ny tempoly ho an' ireo razambeny izy.

Ity zava-nitranga manaraka ity dia mampisongadina ny mahazava-dehibe ny asa ataon' ny Olomasina ho an' ny efa nodimandry. Tamin' ny volana May 1884, dia nanao sonia tao antanony ny fahazoan-dalana mankany amin' ny tempoly i Henry Ballard izay evekan' ny paroasy faharoan' i Logan. Ny zanakavavin' i Henry izay sivy taona, izay niresaka tamin' ny namany teny an-dalana teny akaikin' ny tranony, dia nahita lehilahy roa nanatona azy. Niantso azy izy ireo, nanolotra azy gazety, ary nilaza taminy mba hitondra izany any amin' ny rainy.

Nanao araka izay nampanaorina azy ilay zazavavy. Hitan' ny eveka Ballard fa ilay gazety, atao hoe *Newbury Weekly News*, dia nivoaka tany Angletera, dia misy anaran' olona mihoatra ny 60 amin' ireo olom-pantany sy fantatry ny rainy, miaraka amin' ny fampahalalana ny tetiarana mikasika azy ireo. Io gazety io, izay tamin' ny 15 May 1884 no nivoahany, dia nomena azy telo andro tatô aorian' ny nanontana azy. Fotoana ela talohan' ny nisian' ny fitaterana an' habakabaka, tamin' izany, ka ela tokoa vao tonga any andrefan' i Amerika ny taratasy avy any Angletera, ary izany dia tena fahagagana.

Ny ampitson' iny dia, nitondra ilay gazety tany amin' ny tempoly ny eveka Ballard ary nitantara tamin' i Marriner W. Merrill, ilay filohan' ny tempoly ny fomba fahatongavany. Hoy ny filoha Merrill: "Ry rahalahy Ballard, misy olona any an-koatra maniry mafy ny hamitana ny asa ho azy ary fantany fa ho afaka hanao izany ianao raha tonga eo am-pelatananao ilay gazety."<sup>7</sup>

Voatahiry ao amin' ny trano fitahirizam-boky ara-tantara ao Salt Lake City, Utah izany gazety izany.

Na dia teo aza ny fanenjehana, dia mbola nandrisika ny fanorenam-ponenana amin' ireo faritra tsy mbola nitoeran' ny mpifindra monina tany Amerika andrefana ny mpitarika ny fiangonana. Maro ny fianakaviana Olomasin' ny Andro Farany no nifindra monina tany Sonora sy Chihuahua, tany Mexico hatramin' ny taona 1885, ary nananganany tanàna toa an' i Colonia Juárez sy Colonia Díaz. Nandray mpifindra monina mpikambana ao amin' ny Fiangonana ny faritra avaratr' i Mexico.

Nitodi-doha nianavaratra nankany Canada mba hijery toerana hozanahana ny mpikambana ao amin' ny Fiangonana.

Nanangana fiaraha-monin' ny Olomasin' ny andro farany tany atsimon' i Alberta tamin' ny taona 1886 i Charles O. Card, izay nanompo amin' ny maha filohan' ny tsatòkan' i Cache Valley azy. Tamin' ny ririnin' ny taona 1888 dia 100 mahery ny Olomasin' ny Andro Farany nonina tany andrefan' i Canada, ary mbola nisy maro tonga tamin' ny 1890, nanome herin-tsandry amin' ny fanamboarana lakan-drano sy lalamby. Maro ny mpitarika ny fiangonana nanjary matotra tany Alberta.

### **Ny fanambarana**

Nony nadiva ny taona 1880, dia namoaka fanampin-dalana ny governemantan' i Etazonia, izay nanaisotra tamin' ireo izay nampirafy ny zo hifidy na hanao ny asan' ny mpandinindraharaham-pitsarana ary nametra mafy ny fananana tokony ho an' ny Fiangonana. Nijaly ny fianakavian' ny Olomasin' ny Andro Farany satria maro an' isa indray ireo raim-pianakaviana voatery niafina. Ny filoha Woodruff dia nangataka torolalana tamin' ny Tompo. Ny harivan' ny 23 Septambra 1890, rehefa notsindrian' ny fanahy ny mpaminany dia nanoratra ilay Fanambarana, tahirin-kevitra, izay nampitsahatra ny fampirafesana teo amin' ny mpikambana ao amin' ny fiangonana. Nasehon' ny Tompo ny filoha Woodruff tamin' ny fahitana fa raha tsy mifarana ny

fampirafesana, dia handrombaka ny tempoly ny governemantan' i Etazonia, ka dia hifarana amin' izay ny asa ho an' ny velona sy ny maty.

Ny 24 Septambra 1890, dia nanohana ilay fanambarana ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kolejin' ny Apostoly Roa ambin' ny folo. Nankasitraka izany ny Olomasina tamin' ny fihaonambe matao ny volana Oktobra 1890. Ankehitriny dia hita ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana ho toy ny fanambarana ofisialy 1 izany tahirin-kevitra izany.

Taorian' ny fanapanahan-kevitry ny fiangonana, dia namoaka famotsoran-keloka ny fitondram-panjakana federaly ho an' ireo Olomasin' ny Andro Farany voaheloka noho ny fandikana ny lalàna mitsipaka ny fampirafesana, ary nijanona ny ankabeazan' ny fanenjehana. Saingy, araka ny nohazavain' ny filoha Woodruff nanao hoe: "Ho navelako hiala tamintsika ny tempoly rehetra; ho nankany am-ponja aho, ka ho namela ny hafa rehetra handeha any, raha tsy nandidy ahy hanao izao ataoko izao Andriamanitra; ary nony tonga ny ora nandidiana ahy hanaovana izany, dia nazava tamiko izany rehetra izany. Nandeha teo anatrehan' Andriamanitra aho, ka nanoratra izay nasain' ny Tompo nosoratako" ("Nalaina tao amin' ireo toriteny telo nataon' ny filoha Wilford Woodruff mikasika ny fanambarana," voarakitra ao amin' ny fanambarana ofisialy—1). Andriamanitra, fa tsy ny Kongresin' i Etazonia no nampitsahatra ny fampirafesana.

### **Ny fiaraha-monina araka ny tetiarana**

Ela be talohan' ny nananganan' ny Olomasin' ny andro farany ny fiaraha-monina araka ny tetiarana, dia nanangona ny rakitsoratra rehetra mikasika ny fainan' ny razany efa maty ny mpikambana ao amin' ny fiangonana. Anisan' ireo nahazo ny anaran' ireo razambeny an' arivony i Wilford Woodruff, i Orson Pratt, sy i Heber J. Grant ary avy tamin' izany no nanatanterahany ny ôrdônansin' ny tempoly. Tamin' ny 1894, dia nitarika ny fiaraha-monina araka ny tetiarana ny Fiadidiana Voalohany ary ny loholona Franklin D. Richards no mpitarika azy voalohany.

Natsangana ny trano famakiam-boky, ary nandeha eran-tany ny solontenan' ny Fiagonana mba hikaroka ireo anaran' ny olona hanaovana ny ôrdônsin' ny tempoly. Izany fiaraha-monina izany no nitarika ny fananganana ny Departemantan' ny Tantaram-pianakaviana ao amin' ny Fiagonana.

Nandritra ny fihaonamben' ny volana Aprily 1894, dia nilaza ny filoha Woodruff fa nandray fanambarana momba ny tetiarana izy. Nambarany fa tian' Andriamanitra ny Olomasin' ny Andro Farany "Mba hanao ny tetiarany ka hianotra hatrany amin' izay azony atao, hamehezana azy ireo amin' ny ray aman-dreniny. Aoka ny zanaka hofehezina amin' ny ray aman-dreniny ary hotohizana hianotra hatrany araka izay tratra izany rojon' ny fifamatorana izany. . . . izany no sitrapon' ny Tompo amin' ity vahoaka ity," hoy Izy, "ary heveriko fa rehefa mieritreritra izany ianareo, dia ho hitanareo fa marina izany."<sup>8</sup> Mbola entanina ny Olomasin' ny Andro Farany hikaroka ny rakitsoratra mikasika ireo razany ka hanatanteraka ny ôrdônsin' ny tempoly ho azy ireo.

Hatramin' ny taona 1885 ka hatramin' ny taona 1900, dia maro ny mpikambana tao amin' ny fiagonana no nanompo tamin' ny fanaovana ny asa tetiarana. Nasaina tany Salt Lake City izy ireo mba handray ny tsodrano avy amin' ny Manampahefana Ambony. Nomena karatra sy taratasy ho fanendrena azy ireo ho amin' ny asany koa izy ireo. Namangy havana izy ireo, nandrakitra an-tsoratra ny anarana voasoratra teny amin' ny fasana, ary nandinika ny rakitsoratra ny paroasy sy ny baibolim-pianakaviana, ka rehefa niverina nody izy ireo dia nitondra ny fahalalana sarobidy nilaina mba hahafahana manatanteraka ny asan' ny tempoly. Maro tamin' ny iraka mpitory no nandia fiainam-panahy izay nanome azy ireo fahatokian-tena mafy orina fa niaraka taminy ny Tompo ary nitarika azy matetika tamin' ny fotoana nilany izany.<sup>9</sup>

### **Fanokanana ny tempoly tao Salt Lake**

Nanokana ny ampahany betsaka tamin' ny fiainany ho an' ny asan' ny tempoly i Wilford Woodruff Filoha. Izy no filoha

voalohan' ny tempoly tao St. George, ary izy no nanokana ny tempoly tao Manti. Ankehitriny, 40 taona taorian' ny nametrahana ny vato fehizoron' ny tempoly tao Salt Lake, dia niandry tamin' ny fanantenana tanteraka ny fanokanana izany tempoly izany ny filoha Woodruff. Natao ny 6 Aprily ka hatramin' ny 18 May 1893 ny fanompoam-pivavaham- panokanana, ary tokony ho teo amin' ny 75.000 teo ho eo ny olona nanatrika izany.<sup>10</sup>

Taorian' ny fanompoam-pivavahana fanombohana ny fanokanana natao ny 6 Aprily, dia nanoratra tao anatin' ny diariny ny filoha Woodruff hoe: "Ny fanahy sy ny herin' Andriamanitra dia nitoetra teo aminay. Ny fanahin' ny faminaniana sy ny fanambarana dia teo aminay ary nisokatra ny fon' ny olona ary maro ny zavatra nambara taminay."<sup>11</sup> Nahita anjely ny Olomasin' ny Andro Farany sasany, raha ny hafa kosa nahita ireo filohan' ny fiangonana teo aloha ary ny sasany nahita ireo mpitarika ny fiangonana efa nodimandry.<sup>12</sup>

Rehefa nankalaza ny fahasivifolo taonany ny filoha Woodruff, dia ankizy an' arivony avy ao amin' ny Sekoly Alahady no nameno ny Tabernakely tao Temple Square mba hanome voninahitra azy. Tena nanohina azy tokoa izany, ary feno ny fony raha niresaka tamin' ireo ankizy nanatrika teo izy ka nilaza fa fony izy folo taona dia nanatrika Sekoly Alahady tany amin' ny fiangonana protestanta izy ary namaky andalana momba ny apôstôly sy ny mpaminany. Rehefa nody tany an-trano izy dia nivavaka izy mba ho ela velona ka hahita apôstôly sy mpaminany indray ety ambonin' ny tany. Ankehitriny izy dia mitsangana eo anatrehan' ireto lehilahy izay sady apostoly no mpaminany; nivaly ny vavaka nataony fotoana maro taty ariana.<sup>13</sup>

Herintaona taty ariana, ny 2 Septambra 1898, no nodimandry filoha Woodruff raha nandeha nitsidika tany San Francisco.

### **Ny filoha Lorenzo Snow sy ny fahafolonkarena**

Taorian' ny fahafatesan' ny filoha Woodruff, dia i Lorenzo Snow, izay filohan' ny kolejin' ny Roambinifololahy, no lasa filohan' ny fiangonana. Mpitarika hendry sy be fitiavana izy sady

efa voaomana tsara ho amin' ny andraikiny. Izy dia nahafantatra ireo mpaminany Olomasin' ny Andro Farany rehetra ary nampianarin' izy ireo hatreo amin' io fotoana io. Ny volana Novambra taona 1900, dia nilaza tamin' ireo Olomasina nivory tao amin' ny Tabernakely izy fa nifanerasera matetika tamin' ny mpaminany Joseph Smith sy ny fianakaviany, niara-nisakafo taminy, ary nitafa sy nidinika taminy manokana. Fantany tsara fa mpaminanin' Andriamanitra i Joseph satria nasehon' ny Tompo azy mazava tsara sady feno izany fahamarinana izany.<sup>14</sup>

Nandritra ny fotoana niasan' ny filoha Snow, dia niatrika olana ara-bola ny fiangonana vokatry ny lalàna navoakan' ny fitondram-panjakana federaly izay nanohitra ny fampirafesana. Nandinika sy nivavaka mba hotoroana ny amin' izay fomba hanafahana ny fiangonana amin' ity trosa mahasaozanina ity ny Filoha Snow. Taorian' ny fihaonambe tamin' ny volana Aprily 1899, dia tsapany fa tokony hitsidika an' i St. George, any Utah izy. Rehefa niteny nandritra ny fivoriana tany izy, dia somary niato kely, ary rehefa nanohy ny fitenenany, dia nilaza fa nahazo fanambarana. Fa nanao tsirambina ny lalàn' ny fahafolokarena ny mpikamban' ny fiangonana, ary nilaza taminy ny Tompo fa raha mitoetra ho mahatoky ny mpikambana ao amin' ny fiangonana amin' ny fandoavana feno ny fahafolokarena, dia haseho azy ireo ny fahasoavana.

Nitory ny maha-zava-dehibe ny fahafolokarena ny mpaminany tamin' ny fivoriana rehetra tany Utah. Nankatò ny toroheviny ny Olomasina, ary tamin' izay taona izay dia avo roa heny amin' ny fahafolokarena fandoany no naloany. Tamin' ny taona 1907, dia nanana tahirim-bola ampy mba handoavana ny trosany rehetra ny fiangonana ary nanjary afa-trosa.

Tamin' ny taona 1898, nandritra ny lanonana nataon' ny birao foiben' ny Fikambanana Fanatsarana ny Zatovovavy, dia nanambara ny filoha George Q. Cannon fa ny Fiadidiana Voalohany dia nanapa-kevitra fa hiantso ny "sasantsasany amin' ireo vehivavy hendry sady malina ho ao amin' ny sahan' ny misiona."<sup>15</sup> Talohan' izay fotoana izay, dia mbola vitsy ny

vehivavy nanaraka ny vadiny tany amin' ny sahan' ny misiona, fa izay kosa no fotoana voalohany niantsoan' ny fiangonana ny vehivavy ary nanokanany azy ho iraka sy ho solotenan' i Jesoa Kristy Tompo. Tsy manana adidy handeha hitory ny filazantsara ny vehivavy, saingy tao anatin' ny folo taona, dia betsaka tamin' izy ireo no nanao izany ka nanompo ny Tompo tamimpahazotoana.

Ny filoha Lorenzo Snow no nampiditra ny fiangonana ho ao amin' ny taon-jato faharoapolo. Raha vao niandoha ny taon-jato, dia niisa 43 ny tsatòka, 20 ny misiona, ary 967 ny paroasy sy ny sampana. Nahatratra 283.765 ny mpikambana, ka ny ankamaroan' izy ireo dia nonina tany amin' ny tendrombohitr' i Rocky tany Etazonia. Efatra ny tempoly niasa, ary ny *Juvenile Instructor, Improvement Era*, sy ny *Young Women's Journal* dia namoaka lahatsoratra momba ny fiangonana ho an' ny mpikambana ao aminy. Niely ny tsaho fa farafahakeliny misiona iray vaovao no hatsangana, ary azon' ny Olomasin' ny Andro Farany vinaniana sahady izay hitranga ao anatin' ny zato taona manaraka. Na izany aza dia nahatoky izy ireo fa ny faminaniana mikasika ny ho avin' ny fiangonana dia ho tanteraka.

# Ny fanitarana ny fiangonana

Nanomboka tamin' ny taona 1901 ka hatramin' ny taona 1970, mpaminany efatra no nitondra ny fiangonana izay nandroso—Joseph F. Smith, Heber J. Grant, George Albert Smith, sy David O. McKay. Ireo filoha ireo no nanatri-maso ny fiovana teo amin' ny fitaterana nanomboka tamin' ny kalesin-tsoavalny ho amin' ny sambondanitra. Ady lehibe roa sy fahasahiranana teo amin' ny firenena no fahasarotana natrehin' ny Olomasina. Nandritra izany fotoana izany, dia tempoly sivy no natsangana. Tamin' ny taona 1901, dia nisy mpikambana tokony ho 300.000 teo ho eo tao amin' ny tsatòka niisa 50, ary tamin' ny taona 1970 dia efa nihoatra ny 2.800.000 ny mpikambana tafangona tao amin' ny tsatòka niisa 500 manerana izao tontolo izao.

## Ny filoha Joseph F. Smith

Tamin' ny fotoana nampahery vaika indrindra ny fanenjehana no teraka tao anatin' ny tranokely teo akaikin' ny tempoly atsinanana i Joseph F. Smith tamin' ny taona 1838. Tamin' ny fotoana nahaterahan' i Joseph, ny rainy atao hoe, Hyrum Smith, dia tao amin' ny fonjan' i Richmond, tao Missouri, ary ny reniny atao hoe Mary Fielding Smith, dia nipetra-drery mba hikarakara ny zanany.

N iara-nifindra tamin' ny fianakaviany niala tao Missouri nankany Nauvoo, Illinois, i Joseph raha nitranga ny toe-javatra izay tsaroany nandritra ny androm-piainany—ny namonoana andrainy sy ny dadatoany tao amin' ny fonjan' i Carthage. Tsy nohadino'in i Joseph mihitsy ny fotoana farany nahitany andrainy fony izy teny an-dalana ho any Carthage nitaingina

soavaly, nobatainy ny zanany, norohany, ary navelany hidina. Tsy hainy nohadinoina koa ny fotoana nampihorohoro, izay nandrenesany ilay mpifanolobodirindrina taminy nandondona teo amin' ny varavarankely ny alina, mba hilazany amin' ny reniny fa novonoina i Hyrum. Ny fahitany ny rainy sy ny dadatoany nitsotra tao anaty vata-paty tao amin' ny trano Mansion tao Nauvoo dia tsy maty tao amin' ny fahatsiarovany mihitsy.

Tao anatin' ny fotoana fohy, dia nanjary lehilahy ilay zazalahy atao hoe Joseph. Tamin' ny fotoana nanarahan' i Mary Fielding Smith sy ny fianakaviany ny fifindra monina tany Nauvoo, dia ilay zazalahy kely 7 taona atao hoe, Joseph no mpitarika ny iray tamin' ireo kalesiny. Telo ambin' ny folo taona i Joseph raha maty ny reniny, ka namela azy ho kamboty, ary talohan' ny naha-feno 16 taona azy, dia nanao asa fitoriana ny filazantsara tany amin' ny nosy Sandwich (nantsoina hoe nosy Hawaiian tat� aoriania) izy. Tao anatin' ny telo volana taorian' ny nahatongavany tao Honolulu dia efa nahay tsara ny fitenin' ny mponina tao izy, fanomezam- pahasoavar' ny fanahy izay natolotry ny loholona Parley P. Pratt sy ny loholona Orson Hyde avy ao amin' ny Roambinifolo izay nanokana azy. Rehefa 21 taona izy, dia nandeha nitory ny filazantsara tany amin' ny toeran-kafa indray, tamin' izay fotoana izay dia, tany amin' ny nosy Britanika izy nandritra ny telo taona.

Vao 28 taona monja i Joseph raha dodona ny hanendry azy ho Apôstoly ny filoha Brigham Young. Nandritra ny taona manaraka dia Mpanolotsain' ny filoha efatra tao amin' ny fiangonana izy. Rehefa nodimandry i Lorenzo Snow tamin' ny volana Oktobra 1901, dia lasa filoha fahenin' ny fiangonana i Joseph F. Smith. Nalaza teo amin' ny fahaizany naneho sy niaro ny fahamarinan' ny filazantsara izy. Ny toriteniny sy ny soratra nataony dia nangonina tao amin' ny boky mitondra ny lohateny hoe *Gospel Doctrine*, izay lasa anisan' ny fotopampianarana manan- danjan' ny fiangonana.

Tamin' ny fiandohan' ny folo taonan' ny taonjato faha roapolو, dia nandroso tamin' ny lafiny rehetra ny fiangonana. Ary satria nohizingizinina ny momba ny fahafolokarena ary nanoina izany antso izany tamim-pahatokiana ny Olomasina, dia afaka nandoa ny trosany rehetra ny fiangonana. Nanaraka izany ny fotoan' ny firoboroboana, ary afaka nanangana tempoly, fiangonana, sy toerana foibe ho an' ny mpitsidika ary nividianana toerana manan-tantara ho an' ny fiangonana. Nanangana ny birao fiasana tao amin' ny tananan' i Salt Lake izay mbola ampiasainy ho toy ny foiben-toerana iasany hatramin' izao ny fiangonana.

Tsapan' ny filoha Smith fa ilaina ny fisian' ny tempoly manerana izao tontolo izao. Tamin' ny fihaonambe tamin' ny taona 1906 tao Bern, Switzerland, nanolotra ny tanany izy sady nanao hoe: "Ho avy ny fotoana izay hahafeno tempoly ity tany ity, izay azonareo aleha hanavotana ireo havanareo efa nodimandry."<sup>1</sup> Ny tempolin' ny Olomasin' ny Andro Farany voalohany indrindra tany Eropa dia ny tempoly tao Swiss, izay notokanana tokony ho antsasaka taonjato lasa izay tany ambanivohitra izay nanaovan' ny filoha Smith ny faminiany. Ny filoha Smith dia nanokana ny tany hanaovana tempoly tao Cardston, Alberta, Canada, tamin' ny taona 1913 sy ny hanaovana tempoly tany Hawaii tamin' ny taona 1915.

Nanomboka ny voalohandohan' ny taona 1900, dia nandrisika ny Olomasina ny mpitarika ny fiangonana mba samy hitoetra any amin' ny taniny avy toy izay handeha hiangona any Utah. Tamin' ny taona 1911 i Joseph F. Smith sy ny mpanolotsainy tao amin' ny Fiadidiana Voalohany dia nilaza izao fehezanteny izao: "Irina ny olontsika mba hitoetra any amin' ny taniny avy ka hanorina antokon' olona mba hanampy mandritra ny fotoana maharitra amin' ny asa fitoriana."<sup>2</sup>

Enina herinandro talohan' ny nahafatesan' ny filoha Smith, dia nahazo fanambarana lehibe momba ny fanavotana ny maty izy. Hitany tamin' ny fahitana ny asa fanompoan' ny Mpampony tany amin' ny tontolon' ny fanahy ary fantany fa ny Olomasina

mahatoky dia manana fahafahana hanohy ny fampianarana ny filazantsara any amin' ny tontolon' ny fanahy. Izany fanambarana izany dia nampidirina tao ao amin' ny Voahangy Lafo Vidy tamin' ny taona 1976 ary tamin' ny taona 1979 dia nafindra tao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana ho fizarana 138.

### **Ny filoha Heber J. Grant**

Fotoana fohy talohan' ny nahafatesany tamin' ny volana Novambra taona 1918, ny filoha Joseph F. Smith dia nandray ny tanan' i Heber J. Grant izay filohan' ny Roambinifolo, niarahaba azy, ka nanao hoe: "Hitahy anao anie ny Tompo, anaka, hitahy anao anie ny Tompo, lehibe tokoa ny andraikitrao. Tsarovy mandrakariva fa asan' ny Tompo izy ity, fa tsy an' olombelona. Lehibe noho ny olombelona rehetra ny Tompo. Fantany izay olona tokony hitarika ny fiangonany ary tsy diso mihitsy izy amin' izany."<sup>3</sup> Heber J. Grant dia lasa filoha fahafiton' ny fiangonana tamin' ny faha 62 taonany, rehefa nanompo amin' ny maha-apôstôly nanomboka tamin' ny taona 1882.

Tamin' ny fahatanorany ary nandritra ny androm-piaianany manontolo, dia nampiseho finiavana tsy mahazatra i Heber tamin' ny fanatrarana ny tanjona. Lahitokana notezain' ny reny mananontena izy ka ny asa fiaraha-mientana ataon' ny ankizy lahy mitovy taona aminy no miaro azy. Raha nirotsaka ho anisan' ny mpilalao baseball izy, dia nohadrohadroin' ny ankizy noho ny tsy fahaizany sy ny fikaviavany ary tsy navela hiditra ho anisan' ny mpilalao. Na dia izany aza anefa, dia tsy kivy izy fa nandany ora maro nanao fanazaran-tena tamin' ny fanipazana baolina ary dia lasa mpilalao tamin' ny tarika hafa izay nandresy tamin' ny fifaninana ho tompon-daka tao an-toerana.

Tamin' ny fahazazany dia naniry ny ho mpitam-boky izy, rehefa fantany fa izany dia hitondra vola bebe kokoa noho ny asa fanadiovan-kiraro nataony. Tamin' izany fotoana izany dia ilaina ny fahaizana manoratra tsara vao tonga ho mpitam-boky, izy anefa dia ratsy soratra tokoa ka lazain' ny namany fa rangotr' akoho ny sorany. Tamin' ity ihany koa, dia tsy kivy izy fa nianatra



*Nanangana toeram-pambolena sy fiompiana hahazoana sakafo ho fanampiana ny mahantra. Nandray anjara tamin' ny asa ny fiangonana araka ireto sarin' ny Olomasina miasa eo amin' ny fanaovan-tsiramamby tamin' ny taona 1933 ireto.*

nanoratra nandritra ny fotoana naharitra. Nanjary nalaza tamin' ny fahaizana manoratra izy, ary lasa nampianatra nanoratra tany amin' ny oniversite ary nantsoina matetika hanoratra tahirin-kevitra. Ohatra lehibe ho an' ny olona maro izay nahita ny fanapahan-keviny izy mba hiezaka hanao izay tratry ny heriny amin' ny fanompoana ny Tompo sy ny namany.

Ny filoha Grant dia mpandrahahara hendry sady nahomby ary nanampy azy ny fahaizany teo amin' ny fitarihana ny fiangonana teo amin' ny lafiny olana ara-bola naneran-tany sy teo amin' ny olana nianjady taminy manokana izay nitranga avy amin' izany. Nanam-pinoana lalim-paka izy fa tobony hahaleo-tena ary hiankina amin' ny Tompo sy my asa toy izay miankina amin' ny governemanta. Nitondra fahasoavana ho an' olona maro nila fanampiana taminy izy tamin' ny alalan' ny vola niditra taminy.

Tamin' ny taona 1930, ny Olomasina toy ny olona maro teto amin' izao tontolo izao, dia niady tamin' ny tsy fananan' asa sy ny fahantrana nandritra ny fotoan-tsarotra ara-toekarena natao hoe "Great Depression". Tamin' ny taona 1936, ho valin' ny fanambarana avy amin' ny Tompo, dia nanao fandaharan' asa fanampiana ho an' ny fiangonana mba hanampiana ireo mila izany sy hanampiana ireo mpikambana mba hahaleo-tena ny filoha Grant. Izao no anambaran' ny Fiadidiana Voalohany mikasika izany fandaharan' asa izany: "Ny tanjontsika voalohany, dia ny fametrahana, araka izay azo atao, fomba fiasa hamongorana ny ozon' ny fidonanaham-poana, handrodanana ny aretin' ny tsy fananan' asa izay ho foana, ary ny fahaleovantena, ny filofosana, ny fitsitsiana sy ny fanajana ny tena dia haverina amin' ny laoniny eo amin' ny vahoakantsika. Ny tanjon' ny fiangonana dia hanampy ny olona mba hanampy ny tenany. Tokony hapetraka indray eo amin' ny toerana tokony hisy azy ny asa ho fitsipika mitarika eo amin' ny fiainan' ny mpikambana ao amin' ny fiangonana."<sup>4</sup>

Ny filoha J. Reuben Clark zanany, izay nanompo amin' ny maha-mpanolotsaina tao amin' ny Fiadidiana Voalohany nandritra ny 28 taona dia nanasongadina fa: "Ny tena tanjona lavitra ezaka izay an' ny fandaharan' asan' ny fanampiana dia ny hanatanjaka ny mpikambana ao amin' ny fiangonana, ny mpanome sy ny omena amin' ny famoahana ny tsara indrindra ao amin' izy ireo mba hivelatra sy hamoa ny harem-panahy miafina."<sup>5</sup>

Naorina tamin' ny taona 1936 ny Komitin' ny fandaharan' asa fanampiana foibe mba hanara- maso ny fizotran' ny fanampiana ao amin' ny fiangonana. Nanangana ny komity mpitantana i Harold B. Lee, filohan' ny tsatòkan' ny Pioneer. Tatèy aoriania, dia natsangana ny tronom-barotra Deseret Industries mba hanampiana ireo tsy an' asa, sy ireo sembana ary natsangana ny orin' asam-pambolena sy industria mba hanampiana ireo mahantre. Ny fandaharan' asa fanampiana dia mitohy mandraka ankehitriny mba hanasoavana ny olona an' arivony eran-tany izay sahirana na mpikambana ao amin' ny fiangonana izy na tsia.<sup>6</sup>

Haingana tokoa ny fitombon' ny asa fitoriana ny filazantsara ary ny filoha Grant dia nandray anjara tamin' ny fomba tsy dia mahazatra loatra tamin' ny fanovana ny fon' ny olona. Raha nandeha nankany amin' ny fiangonany tany New York i Vincenzo di Francesca, izay Italiana mpitondra fivavahana, dia nahita boky tsy nisy fonony intsony teny amin' ny fanarium-pako ary efa feno lavenona. Noraisiny ilay boky, ary rehefa navadibadiny dia hitany tao ny anaran' i Nefia, Môsia, Alma, sy Môrônia, ary izay no fotoana nahitany izany anarana izany voalohany. Nahatsiaro te hamaky izany izy na dia teo aza ny tsy fahafantarany na ny fiavian' ilay boky na ireo anarana voalaza ao anatiny, ary dia nivavaka izy mba hamantarany na marina ny boky na tsia. Nambarany fa rehefa nanao izany izy, dia "nahatsiaro fifaliana, toy ny nahita zava-tsarobidy, nitondra fiononana ho an' ny fanahiko ary namela fifaliana izay tsy hay lazaina amin' ny teny rehetra misy." Nanomboka nampianatra ny fotopampianarana tao anatin' ilay boky tao amin' ny fiangonana nisy azy izy. Tezitra taminy ireo lehibeny noho izany ary nanome baiko azy handoro ilay boky, kanefa nandà tsy hanao izany izy.

Taty aoriana, dia niverina tany Italy izy, ary tao no nahafantarany, tamin' ny taona 1930, fa ilay boky dia navoakan' ny Fianganan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany. Nanoratra ho an' ny fiangonana tao Utah izy, izay nalefa tany amin' ny filoha Grant. Ny filoha Grant dia nandefa Bokin' i Môrmôna amin' ny teny Italiana ho azy ary nanome ny anarany ny filohan' ny misiona tany Eropa. Noho ny fahasahiranana vokatry ny ady, dia voasakantsakana ny fanaovana batisa an' i Vincenzo ary naharitra an-taonany maro izany, kanefa tamin' ny farany dia lasa mpikamban' ny fiangonana ihany izy tamin' ny 18 Janoary 1951, izy no olona voalohany natao batisa tany amin' ny nosin' i Sicily. Dimy taona taty aoriana, dia nandray ny fanafiana masina tao amin' ny tempolin' i Swiss izy.<sup>7</sup>

Tamin' ny 6 May 1922 ny filoha Grant no nanokana ny foiben' ny radio voalohany an' ny fiangonana. Roa taona taty aoriana, dia nanomboka nandefa ny fandaharan' ny fihaonambe ny radio, ary

izany no nahafahan' ny mpikambana marobe nanaraka ny tenin' ny Manampahefana Ambony. Fotoana fohy taorian' izay, ny volana Jolay taona 1929, dia nanokana ilay fandaharana atao hoe *Music and the Spoken Word (ny mozika sy ny teny)*, ny antoko mpihiran' ny Tabernakely, fandaharan-kira elanelanin' ny famakiana hafatra ao amin' ny onjam-peo isan-kerinandro. Izany fandaharana izany dia mbola mandeha isan-kerin' andro mandraka androany.

Nodimandry ny filoha Grant ny 14 May 1945. Ny faharetan' ny asa fanompoan' i Brigham Young irery ihany no maharesy ny 27 taona niasany amin' ny maha-filohan' ny fiangonana azy.

### **Ny filoha George Albert Smith**

I George Albert Smith no nandimby an' i Heber J. Grant ho filohan' ny fiangonana. Ny filoha Smith, izay nanana fiainana modely teo amin' ny fifaliana hita avy amin' ny fiainana ny filazantsara, dia nanambara toy izao: "Ny fahasambarana rehetra sy ny fifaliana rehetra mendrika izany anarana izany dia vokatry ny fitandremana ny didin' Andriamanitra sy ny fankatoavana ny soso-keviny sy ny toroheviny."<sup>8</sup>

Ny fankatoavana ny didin' Andriamanitra sy ny torohevity ny mpitarika ny fiangonana dia santoniany amin' ny fahamarinan-toetra teo amin' ny fianakavian' ny filoha Smith nandritra ny taranaka maro. Nitondra ny anaran' ny dadabeny avy amin' ny rainy izy, George A. Smith, izay zanak' olom-mpiray tampo tamin' ny mpaminany Joseph ary mpanolotsain' ny filoha Brigham Young. Ny rain' i George Albert, atao hoe John Henry Smith, dia nanompo tao amin' ny Fiadiadiana Voalohany teo ambany fiahian' i Joseph F. Smith. Tamin' ny faha 33 taonany, dia nantsoina ho ao amin' ny Kolejin' ny Roambinifolo i George Albert Smith. Nanomboka tamin' ny taona 1903 ka hatramin' ny taona 1910, i John Henry sy i George Albert dia niara-nanompo tao amin' ny Kolejin' ny Roambinifolo, io no hany fotoana tokana amin' izao fotoanandro izao niarahan' ny ray sy ny zanaka nanompo tao amin' ny kolejy.

Ny 42 taona nandalovan' i George Albert Smith tao amin' ny Kolejir' ny Roambinifolo dia feno fanompoana mendri-kaja, na dia teo aza ny fotoana tsy dia nahasalama azy loatra. Main' ny masoandro ny masonry nandritra ny fotoana nanaovany topografia ho an' ny lalamby tany atsimon' i Utah, ary na dia teo aza ny fandidiana dia mbola somary jamba ihany izy. Nampihena ny herin' ny tenany efa osa ny fitakian' ny asa mafy, ary tamin' ny taona 1909, dia nijaly noho ny harerahana izy. Ny faneren' ny mpitsabo azy hiala sasatra tanteraka dia nisy fiantraikany ratsy teo amin' ny fahatokian-tenany ary nanjary nahatsiaro tena ho tsinontsinona izy ka vao maika nanamafy ny adin-tsainy izany.

Nandritra izany fotoan-tsarotra izany, dia nanonofy nahita ala tsara tarehy teny akaikin' ny ony iray lehibe i George. Rehefa avy nandeha kelikely tao anaty ala izy, dia nahita ny dadabe malalany, i George A. Smith, nandroso nanatona azy. Niolomay i George, kanefa rehefa nanakaiky azy ny dadaben, dia nianona ka nanao tamin' ny hoe: "Mba tiako ho fantatra izay nanaovanao ny anarako. Niverina tao an-tsainy avokoa ny fiainan' George manontolo, ary hoy izy namaly tamim-panetren-tena hoe: "Tsy nanao zavatra mety hitondranao henatra ny amin' ny anaranao aho." Nanome herim-po sy herim-batana ho azy indray ionofy io, ary nahazo hery hoentina miasa indray i George. Tat� aoriana dia mitantara matetika izany traikefa izany ho toy ny kihon-dalana teo amin' ny fiainany izy."<sup>9</sup>

Nandritra ny fotoana niasan' ny filoha President George Albert Smith, izay naharitra nanomboka tamin' ny taona 1945 ka hatramin' ny taona 1951, dia nahatratra iray tapitrisa ny isan' ny mpikambana tao amin' ny fiangonana, ny tempoly tany Idaho Falls, Idaho dia notokanana, ary ny asa fitoriana ny filazantsara dia nitohy indray taorian' ny ady lehibe faharoa.

Ankoatran' izany, nisy koa ny ezaka natao mba hanalefahana ny fahorian' ny Olomasina Eropeana izay efa niady saina mafy noho ny ady. Ireo mpikambana tao amin' ny fiangonana tany Etazonia dia namporisihana mba hamatsy fitafiana sy izay zavatra hafa ilaina. Ny filoha Smith dia nihaona tamin' i Harry S.

Truman, filohan' i Etazonia, mba hahazo fankatoavana handefa sakafo, fitafiana, firakotra voaangona, mankany Eropa. Toy izao no fitantaran' ny filoha Smith ny fihaonana:

Hoy ny filoha Truman: "Inona no antony hanondrananareo ireny any? Tsisy vidiny anie ny volan-dry zareo!"

"Hoy aho, 'Tsy mila ny volany izahay.' Sady nijery ahy izy no nanao hoe 'Dia omenareo azy maimaimpoana izany ireny?'

"Hoy aho: 'Izay indrindra, omena azy ireto. Rahalahy sy anabavinay izy ireo ary ao anatin' ny fahoriana. Notahin' Andriamanitra izahay ka nanana ambim-bava, ary amin-kafaliana no handefasanay izany raha azonay atao ny miara-miasa amin' ny fitondram-panjakana.'

"Hoy izy: 'Tsara izao lalana izoranareo izao', sady nampiany hoe' faly tokoa izahay ny nanampy anareo araka izay azonay atao.' "<sup>10</sup>

Nandritra ny fotoana nifantenana sy namonosana ireo fanomezana tao Utah mba halefa hiampita ranomasina, dia tonga nijery ny fanomanana ny Filoha Smith. Nanorika ny tavany ny ranomaso raha nahita ireo entana be dia be izay nomena an-kalalahantana tokoa. Rehefa afaka fotoana fohy, dia nesoriny ny akanjo mafanany vaovao teny aminy ary hoy izy "Alefaso any ity azafady." Na dia maro tamin' ny olona nijoro teo aza no nilaza taminy fa ririnina mangatsiaka be ny andro ka ilainy izany, dia mbola hentitra izy amin' ny handefasana izany.<sup>11</sup>

Ny loholona Ezra Taft Benson avy ao amin' ny Kolejin' ny Roambinifolo dia nasaina nanokatra indray ny misiona tany Eropa, sy hanara-maso ny fizarana ny fanampiana ary hikarakara ny filana ara-panahin' ny Olomasina. Ny iray tamin' ny fitsidihana voalohany nataon' ny loholona Benson dia ny fihaonamben' ny Olomasina tao Karlsruhe, tanàna Alemà iray tao amin' ny reniranon' i Rhin. Hoy ny loholona Benson mikasika izany:

"Hitanay ihany ny lalana nankany amin' ny toeram-pivoriana tamin' ny farany, trano voazeran' ny baomba ny ilany ao anatin' ny trano be iray. Efa ho adiny roa no nanombohan' ny fivorian'



*Ny filoha Cornelius Zappé sy ny misiônera tany amin' ny misionan' i Netherlands manolotra ovy ho fanampiana ny Olomasina Alemana, taona 1947.*

ireo Olomasina, teo am-piandrasana anay feno fanantenana ny mety hiavianay satria reny fa mety ho avy hanatrika ny fihaonambe izahay. Rehefa izany dia nahita vahoaka iray manontolo nitomany aho, noho ny fahalalany fa hay tonga ihany izahay tamin' ny farany, enina na fito taona tatÿ aoriana, solon-tena avy any Ziona, araka ny fiantsoan' ny olona anay, tafaverina teo aminy indray. . . . Rehefa nibanjina ny endrik' izy ireo mitraka mijery aho, maloka, mahia, ary ny ankamaroany dia mitafy voronkitsay, ny sasany tsy mikiraro, dia hitako teny amin' ny endriny ny hazavan' ny finoana rehefa nijoro ho vavolombelona ny amin' ny fahamasinan' ny asa lehibe amin' izao andro farany izao izy, ka naneho ny fankasitrahany ny fitahian' ny Tompo.”<sup>12</sup>

Iray amin' ireo andraikitra marony ny loholona Benson dia nanaramaso ny fizarana ny sakafy, akanjo, ny firakotra sy ny fanafody 127 kalesy nalefa tany Eropa. Taona maro tatÿ aoriana

rehefa nitokana ny trano fiangonana tao Zwickau, Alemana , ny filoha Thomas S. Monson, dia nisy rahalahy efa antitra iray tamy an-dranomaso ary nangataka ny mba hahatsiarovana azy ny filoha Ezra Taft Benson. Hoy izy "lazao azy fa nanavotra ny aiko sy ny an' ireo rahalahy sy anabaviko mpiray tanindrazana amiko maro tokoa izy, noho ireo sakafo sy fitafiana nentiny ho anay avy any amin' ny mpikambanan' ny fiangonana any Amerika."<sup>13</sup>

Ny Olomasina Hollandais dia afaka nanao fanampiana kristiana ho an' ireo Olomasina noana tany Alemana. Ny mpikambana Hollandais dia njaly tokoa nandritra ny ady, ary avy eo dia nahazo fanampiana avy tamin' ny mpikambanan' ny fiangonana tany Etazonia. Tamin' ny lohataonan' ny taona 1947, dia nasaina nanomboka ny fandaharan' asa fanampiana izy ireo, ary nataony tamin-kafanam-po izany. Namboly ovv izy aloha ka nanantena be tokoa tamin' izany.

Nandritra izany fotoana izany, ny Filoha Walter Stover, avy any amin' ny misiona atsinanan' i Alemana dia tonga tany Holland sady nanganohano ny masonry no nilaza ny hanoanana sy ny fahorian' ny mpikambana tao amin' ny fiangonana tao Alemana. Ny Filoha Cornelius Zappey, filohan' ny Misiona tao Netherlands dia nanontany ny mpikambana raha tiany ny hamatsy ovv nambolena ny Alemana, izay fahavalony nandritra ny ady. Nanaiky hanao izany an-tsitra-po izy ireo ary manomboka liana tamin' ny fikarakarana ny oviny. Namokatra be nihoatra ny nanampoizany azy izany, ary ny Olomasina Hollandais dia afaka nandefy ovv 75 taonina ho an' ireo rahalahy sy anabaviny any Alemana. Herintaona tat� ariana, dia nandefy ovv 90 taonina sy hazan-dranomasina 9 taonina ho an' ny Olomasina tany Alemana ireo Olomasina Hollandais.<sup>14</sup>

Ny fitobahan' ny fitiavana kristiana nasehon' ireo Olomasina dia tena tsy nisy hafa tamin' ny an' ny Filoha George Albert Smith izay nampiseho taratra ny fitiavan' i Kristy amin' ny fomba miavaka. Hoy izy: "Afaka milaza aminareo aho, ry rahalahy sy anabavy, fa ny olona sambatra indrindra eto amin' ity tany ity, dia

ireo izay tia ny mpiray monina aminy tahaka ny tenany ka mampiseho ny fankasitrahany ny fitahian' Andriamanitra amin' ny alalan' ny fitondrantenany eo amin' ny fiaianany.<sup>15</sup>

### **Ny Filoha David O. McKay**

I David O. McKay dia mpanolotsain' ny Filoha George Albert Smith tao amin' ny Fiadiadiana Voalohany. Tamin' ny lohataonan' ny taona 1951, rehefa hita fa nihatsara ny toe-pahasalam'an' ny Filoha Smith, dia nanapa-kevitra ny handao an' i Salt Lake ny Filoha Mckay sy ny vadiny atao hoe Emma Rae, nankany Californie mba hanao ny fialan-tsasatra efa saika hataony teo aloha fa nahemotra. Nijanona tao St George, tao Utah indray alina izy ireo. Rehefa nifoha ny Filoha Mckay ny ampitso maraina, dia nahatsapa tanteraka izy fa tokony hiverina any amin' ny foibe. Andro vitsivitsy taorian' ny nahatongavany tao an-tanànan' i Salt Lake dia maty tapaka lalan-dra ny 4 Aprily 1951 ny Filoha Smith, ary i David O. Mckay no lasa filoha fahasivin' ny fiangonana.

Efa voaomana tsara hitarika ny fiangonana ny Filoha McKay. Raha vao 8 taona monja izy, dia efa nanana ny andraikitry ny lehilahy lehibe tao an-trano tamin' ny fotoana niantsoana ny rainy ho iraka tany amin' ireo nosy Angletera. Anankiroa tamin' ireo zokiny vavy no maty vao haingana ary bevohoka indray ny reniny, ary tsapan' ny rainy fa lehibe loatra ny andraikitra eo amin' ny fambolena sy ny fiompiana ka tsy azo avela amin' ny renin' i David irery. Teo anatrehan' izany toe-javatra izany no nilazan' ny rahalahy Mckay tamin' ny vadiny nanao hoe, "Mazava loatra fa ho tsy afaka handeha aho." Nijery azy ny rahavavy McKay ka nanao hoe, "Mazava loatra fa tsy maintsy manaiky ianao; aza manana ahiahy ny amiko. Hainay sy David O. ny mikarakara tsara ny zavatra rehetra ato." Ny finoana sy ny fahafoizan-tenan' ny ray aman- dreniny no nahatonga an' i David haniry ny hanompo ny Tompo nandritra ny fiaianany. Nantsoina ho any amin' ny filan-kevitry ny Roambinifolo izy tamin' ny 1906 tamin' ny faha 32 taonany izy. Ary nanompo tao amin' izany



*Ny filoha David O. McKay tamin' ny fahazazany, niaraka tamin' ny fianakaviany, eo ampofoan- drainy i David.*

filan-kevitra izany sy tao amin' ny Fiadiadiana Voalohany (mpanolotsain' ny Filoha Heber J. Grant sy ny filoha George Albert Smith) nandritra ny 45 taona talohan' ny nahatongavany ho Filohan' ny fiangonana.

Nanomboka nandeha lavitra tokoa ny filoha McKay ary nitsidika mpikambana maro tao amin' ny fiangonana izay nanomboka nanerana izao tontolo izao. Namangy ireo Olomasina tany Angletera sy Europa, Afrika Atsimo, Amerika Latinina, sy Pasifika Atsimo, sy tany amin' ny toerana hafa koa izy. Rehefa tonga tany Eropa izy, dia nanomboka mialoha ny fandinana rehetra mba hananganana ny tempoly any Londres sy Suisse. Talohan' ny nifaran' ny fotoana niasany, dia nitsidika saika ny toerana rehetra teto amin' izao tontolo izao izy, nitsodrano sy nanentana ny mpikamban' ny fiangonana.

Ny filoha McKay dia nanome lanjany vaovao asa fitoriana ny filazantsara tamin' ny famporisihana mafy ny mpikambana tsirairay mba hanao fanekena fa hitondra mpikambana iray vaovao isan-taona ao am-piangonana farafahakeliny. Nalaza

tamin' ny famerimberenany ity fehezanteny ity izy : "Ny mpikambana rehetra dia mpitory avokoa."

Tamin' ny taona 1952, tamin' ny ezaka mba hampitomboana ny fahombiazan' ny misiônera amin' ny fotoana maharitra dia nalefa tany amin' ireo misiônera manerana izao tontolo izao, ny drafity ny fitioriana ny filazantsara ofisialy voalohany. Nitondra ny lohateny hoe: "*A systematic Program for Teaching the Gospel*" izany. Misy lesona misionera fito izay mampisongadina ny fampianarana avy amin' ny Fanahy ary mampianatra mazava tsara ny toetr' Andriamanitra, ny drafity ny famonjena, ny Apostazia sy ny Fampodiana amin' ny laoniny ary ny maha-zava-dehibe ny Bokin' i Môrmôna. Ny isan' ireo olona niova fo ho ao amin' ny fiangonana manerana izao tontolo izao dia nitombo be tokoa. Tamin' ny taona 1961, dia nanao ny seminera voalohany ho an' ny filohan' ny misiona ny rehetra, izay nampianarina mba hamporisika ny fianakaviana mba haneho fitiavana amin' ny namany sy ny mpiray monina aminy ary avy eo dia hitondra ireo olona ireo mba hampianarin' ny misiônera any an-tokantranony. Nisy ny fanomanana ny misiônera vaovao amin' ny tenimpirenena samihafa izay navoaka tamin' ny taona 1961, ary tatô aoriana dia natsangana ny toerana foibe fanofanana ny misiônera.

Nandritra ny fotoana niasan' ny filoha McKay, dia nambolen' ny mpikamban' ny fiangonana izay niasa tao amin' ny tafika ny voa nampitombo ny fiangonana tany Azia. Tanora iray avy tany amin' ny American Fork, tany Utah, nanompo tany Korea Atsimo, no nahamarika fa ny mponina any Korea dia asain' ny miaramila Amerikana mivily lalana raha vao mifanena aminy. Ity tanora mpikambana tao amin' ny fiangonana ity kosa, dia nihataka ka namela ny Koreana hanohy ny lalany. Niezaka mafy koa mba hitadidy ny anaran' izy ireo izy ka niarahaba azy tamim-pifaliana rehefa mandalo izy ireo. Indray ando dia niditra tao amin' ny toerana fiarahan' ny miaramila misakafo izy niaraka tamin' ny namany anankidimy, lava be ny filaharana mba hahazoana sakafo, noho izany dia niandry kelikely teo amin' ny latabatra iray aloha

izy. Tsy tapitapitr' izay dia nisy mpiasa Koreana tonga niaraka tamin' ny sakafo. Sady nanondro ny galona iray teo amin' ny tanan' akanjony izy no nanao hoe, "Tsy afaka mandroso sakafo ho ahy ianao, miaramila tsotra aho." Namaly ilay Koreanina nanao hoe: handroso sakafo ho anao aho. Kristiana lohalaharana ianao."<sup>17</sup>

Tamin' ny taona 1967, ny misiôra sy ny miaramila dia nahomby tokoa tamin' ny fampianaranana ny filazantsara tany Korea ka dia nadika tamin' ny teny Koreana ny Bokin' ny Môrmôna ary tsy ela dia natsangana ny tsatôka sy ny paroasy.

Nahomby be koa ny misiônera tany Japana. Tao aorian' ny ady lehibe faharoa, tsy dia nifanerasera firy tamin' ny solon-tenan' ny fiangonana an-taonany maro ny mpikambana tao amin' ny fiangonana tany Japana. Ireo miaramila Olomasin' ny Andro Farany nitoetra tany Japana taorian' ny ady anefa dia nanampy tamin' ny fitomboan' ny fiangonana. Tamin' ny taona 1945, dia voasariky ny miaramilan' ny Olomasin' ny Andro Farany izay nandà tsy hisotro dite i Tatsui Sato, ary nanadihady azy, izany dia nitarika hatrany amin' ny fanaovana batisa azy sy ny fianakaviany ny taona manaraka. I Elliot Richards no nanao batisa an' i Tatsui, ary i Boyd K. Packard izay miaramila nanjary mpikambana tao amin' ny Kolejin' ny Roambinifolo no nanao batisa an-dranabavy Sato. Ny tranon' i Sato no natao toeram-pivoriana ho an' ny Japone izay sambany vao nandre ny hafatrin' ny filazantsara nampodiana amin' ny laoniny. Tsy ela ireo misiôneran' ny fiangonana, izay niady tamin' ny Japone nandritra ny ady lehibe faharoa, dia nanokatra tanàna Japone maro ho an' ny asa fitoriana ny filazantsara.

Raha niankina tamin' ny ezaka nataon' ny miaramila Amerikana koa ny fisian' ny fiangonana tao Filipina taorian' ny ady lehibe faharoa, ny fitombon' ny fiangonana kosa dia nanomboka tamin' ny taona 1961. Tanora zazavavy Filipiana iray, izay tsy mpikambana tao amin' ny fiangonana, no nandre ny momba ny Bokin' i Môrmôna ary nifanerasera tamin' ny Olomasin' ny Andro Farany maro. Ho vokatr' izany dia

nangataka tamin' ireo manam-pahefana tao amin' ny fitondram-panjakana izay fantany izy mba hanaiky ny hanomezana lalana ny misiôneran' ny fiangonana ho any Filipiana. Nomena izany fanomezan-dalana izany, ary volana vitsivitsy tatô aoriana dia nanokana indray ny firenena ho an' ny asa fitoriana ny filazantsara ny loholona Gordon B. Hinckley, avy tao amin' ny Kolejin' ny Roambinifolo.

Vokatry ny fitombon' ny fiangonana nandritra ny taona 1950 no nanambaran' ny filoha McKay ny fandrindrana ny fandaharan' asan' ny fisoronana. Komity iray, notarihan' ny loholona Harold B. Lee tao amin' ny Kolejin' ny Roambinifolo no nomena ny andraikitra handinika lalina amim- bavaka ny fandaharam-pampianarana manontolo ao amin' ny fiangonana, hijery raha mifanojo tsara amin' ireo tanjon' ny fiangonana izany. Tamin' ny taona 1961, niaraka tamin' ny fankatoavan' ny Fiadidiana Voalohany, no nanambaran' ny loholona Lee fa tokony hamboarina tsara mba hifanarakana ny drafitra, ny soratra, ny fitaovana hoenti-mampianatra ao amin' ny fiangonana. Maro amin' ireo fitaovana ireo no efa namboarin' ny rantsana tao amin' ny fiangonana. Ity torolalana vaovao ity, dia natao mba hialana amin' ny fanaovana tahadika ny fandaharam-pianarana sy ny fitaovana ary ny lesona ao amin' ny fiangonana izay tsy ilaina akory, mba hahomby kokoa ny fampianarana ny filazantsara ho an' ny mpikambana rehetra na firy taona na firy taona izy sy ho amin' ny fiteny rehetra manerana izao vontolo izao ao amin' ny fiangonana.

Nanao fanovana hafa koa ny fiangonana mba hampahomby ny fandrindrana ny fandaharan' asa sy ny fihetsehana hafa, anisan' izany ny fandaharan' asa fanampiana, ny asa fitoriana ny filazantsara, ny asa fanaovana ny tetiarana—mba hahafahana manatontosa tsara ny asa hanirahana ny fiangonana. Ny fampianarana isan-tokantrano, izay anisan' ny ataon' ny fiangonana nanomboka tamin' ny andron' i Joseph Smith, dia nasongadina indray tamin' ny taona 1960 mba ho fomba entina

hanomezana izay ilain' ny fanahy sy ny vatan' ny mpikambana rehetra ao amin' ny fiangonana. Natsangana ny trano famakiam-boky mba hanatsarana ny fampianarana ary natao koa ny fandaharan' asa fanofanana ho an' ny mpampianatra. Tamin' ny taona 1971 no nanomboka namoaka ny gazetiboky anankitelo ny fiangonana izay nahian' ny Manam-pahefana Ambony, ireto avy ireo boky ireo: *Friend* ho an' ny ankizy, *New Era* ho an' ny tanora, ary *Ensign* ho an' ny olon-dehibe. Tokony ho tamin' izay fotoana izay ihany koa no namoahana ny gazetiboky tamin' ny tenim-pirenena samihafa, ka samy namoaka ny azy ny misiona. Gazetiboky iray izao no efa mivoaka amin' ny tenim-pirenena isan-karazany ary alefa manerana ny mpikamban' ny fiangonana eran-tany.

Nanantitrantitra tokoa ny maha-zava-dehibe ny tokantrano sy ny fiainam-pianakaviana izay ho loharonom- pahasambarana ary fiarovana tsara indrindra hiadiana amin' ny fisedrana sy ny fakampanahy misy eo amin' ny fiainana ankehitriny ny filoha David O. McKay. Matetika izy no miresaka ny fitiavany ny fianakaviany ary ny fanohanana azo tamin' ny vadiny, Emma Rae. Nandritra ny fotoana nitondran' ny filoha Mckay, ny fanaovana ny takarivam-pianakaviana dia nasongadina mafy indray fa lalana iray hifanakaikezan' ny ray aman-dreny sy ny zanaka sy hampianarana ny fitsipiky ny filazantsara.

Nanohana ny mpaminany ny Fikambanana Ifanampiana tamin' ny nanomezany lanja lehibe ny fanamafisana ny tokantrano sy ny fianakavina. Hatramin' ny fiandohany tany Nauvoo, dia nandroso ny Fikambanana Ifanampiana ary an' arivony ny vehivavy mpikambana ao manerana izao tontolo izao, izay nahazo fahasoavana manokana ary tao amin' ny fianakaviany tamin' ny fampianarana sy ny fiaraha-miasa voarainy tao amin' ny Fikambanana Ifanampiana. Nanomboka tamin' ny taona 1945 ka hatramin' ny taona 1974, ny Fiadidiana Voalohan' ny Fikambanana Ifanampiana dia ny filoha Belle S. Spafford, mpitarika mahay izay nahazo ny mari- pankasitrahana

nasionaly tamin' ny fotoana naha-filohan' ny Filan-kevitra Nasionalin' ny Vehivavy tany Etazonia azy nanomboka tamin' ny taona 1968 ka hatramin' ny taona 1970.

Nodimandry tamin' ny volana Janoary taona 1970 ny filoha McKay teo amin' ny faha 96 taonany. Tokony ho 20 taona no nitarihany ny fiangonana, nandritra izany dia nitombo avo telo heny ny mpikambana tao amin' ny fiangonana ary fandrosona lehibe no vita tamin' ny fanapariahana, manerana ny tany, ny hafatry ny filazantsara.



*Olomasin' ny Andro Farany avy amin' ny firenena manodidina  
mifaly amin' ny fahasoavan' ny filazantsara.*

# Ny fiangonana manerana izao tontolo izao

## Ny filoha Joseph Fielding Smith

Rehefa nodimandry i David O. McKay, dia ny filoha Joseph Fielding Smith, izay efa ho 93 taona, no lasa filohan' ny fiangonana. Zanaky ny filohan' ny fiangonana teo aloha izy dia i Joseph F. Smith.

Naniry ny hianatra ny sitrapon' ny Tompo i Joseph Fielding Smith tamin' ny fahazazany ka izany no nanosika azy hamaky ny Bokin' i Môrmôna in-droa, talohan' ny fahafolo taonany ka nitondrany ny bokin' ny soratra masina miaraka aminy rehefa mandeha izy. Rehefa tsy hitan' ny namany any am-pilalovana base ball izy, dia any amin' ny fahitra no ahitany azy mamaky ny soratra masina. Hoy izy tamin' ny farany, "Araka ny fitadidiako, raha vao nahay namaky teny aho, dia nahazo fahafinaretana sy fahafaham-po kokoa tamin' ny fianarana ny soratra masina, sy ny famakiana ny momba an' i Jesoa Kristy Tompo, sy ny momba ny mpaminany Joseph Smith, ary ny momba ireo asa rehetra vita ho famonjena ny olombelona, noho ny zavatra hafa rehetra azo atao eto amin' izao tontolo izao."<sup>1</sup>

Izany fianarana lasa aloha izany no fototry ny fahalalana lalina ny soratra masina sy ny tantaran' ny fiangonana, izay nampiasainy tamin' ny toriteniny sy ny lahatsoratra nataony tanatin' ny boky miisa tokony ho 20 sy ny lahatsoratra manandanja am-polony navoaka an-gazety momba ny fotopampianarana.

Nandrity ny fotoana niasany, no naorina tany Azia (Tokyo, Japan) ary tany Afrika (Johannesburg, Afrika Atsimo) ny tsatôka voalohany. Niaraka tamin' ny fitombon' ny mpikambana tao



*Ny toerana voalohany nanaovana ny fihaonambem-paritry ny fiangonana, izay natao tany Angletera tamin' ny volana Aogositra 1971 teo ambandy fitarihan' ny filoha Joseph Fielding Smith. Ny loholona Howard W. Hunter no eo amin' ny toerana fitenenana.*

amin' ny fiangonana dia nanomboka nanao ny fihaonambe isam-paritra manerana izao tontolo izao mba hanofanana ny mpitarika teo an-toerana sy hamela ny mpikambana hihona amin' ny Manam-pahefana Ambony ny filoha Smith sy ny mpanolotsainy. Ny fihaonambe voalohany dia tao Manchester, Angletera. Mba hahafahana manompo tsara ny vahoaka manerana ny tany, nisy misiônera momba ny fahasalamana sasany nantsoina mba hampianatra ny fitsipika fototra ara-pahasalamana sy ny fahadiovana. Tsy ela, dia nihoatra ny 200 ny misiônera nikarakara ny ara-pahasalamana tany amin' ny tany maro.

Efa nitarika ny kilasin' ny seminera tao amin' ireo trano mifanila amin' ny sekoly ambaratonga faharoa tany andrefan' i Etazonia ny fiangonana hatramin' ny taona 1912. Nisy ny ivontoerana ho an' ny fivavahana izay nanomboka tany amin' ny

sekoly ambaratonga ambony tamin' ny taona 1920 ary ny ankamaroan' ny mpianatra dia Olomasin' ny Andro Farany. Tamin' ny fiantombohan' ny taona 1950 ny seminera vao maraina dia nanomboka tany Los Angeles, tany California, ary tsy ela dia nihoatra ny 1800 ny mpianatra. Nitolagaga ireo tsy mpikambana njery izany fa ny tanora Olomasin' ny Andro Farany 15 ka hatramin' ny 18 taona dia mifoha amin' ny 5 ora sy sasany maraina, dimy andro ao anatin' ny herinandro mba hianatra ny soratra masina. Nanomboka tamin' ny fiandohan' ny taona 1970 ny fianarana seminera tany an-trano mba hahafahan' ny mpianatra Olomasin' ny Andro Farany manerana izao tontolo izao mahazo ny fampianarana ny soratra masina. Nandritra ny fitondran' ny filoha Smith dia nitombo tsy nisy toa azy ny fandehan' ny seminera sy ny ivon-toerana fampianarana ny soratra masina.

Tamin' ny toriteny ampahibemaso farany nataony tamin' ny fihaonambe tamin' ny volana Aprily taona 1972, izao no nolazain' ny filoha Smith: "Tsy misy fanasitranana ho an' ny aretin' ny tany afa-tsy ny filazantsaran' i Jesoa Kristy Tompo. Ny fanantenantsika fandriampahalemana, ny firoboroboana ara-nofo sy ara-panahy no lova farany any amin' ny fanjakan' Andriamanitra dia tsy ho hita afa-tsy ao amin' ny filazantsara naverina amin' ny laoniny. Tsy misy asa azontsika idirana ka lehibe noho ny fitoriana ny filazantsara sy ny fananganana ny fanjakan' Andriamanitra ety an-tany."<sup>2</sup>

Nodimandry tamim-piadanaganana tao an-tranon' ny zananivavy i Joseph Fielding Smith rehefa avy nanompo tamin' ny nahafilohan' ny fiangonana azy nandritra ny roa taona sy tapany. 95 taona izy izay no nodimandry izay ary nanompo ny Tompo tamim-pahazotoana nandritra ny fiaianany manontolo.

### **Harold B. Lee**

Ny ampitson' ny nahafatesan' ny filoha Joseph Fielding Smith no nivory nanao takarivam- pianakaviana ny fianakavian' ny filoha Harold B. Lee, ilay zokiny indrindra amin' ny mpikambana

ao amin' ny Kolejin' ny Roambinifololahy. Nisy fianakaviana iray nanontany izay azony atao mba hanampiany ny filoha Lee araka izay tratrany. "Aoka ho marina ao amin' ny finoana, hihaino fotsiny ny filazantsara araka izay nampianarako anareo," hoy ny navaliny. Azo ampiharina amin' ny mpikamban' ny fiangonana rehetra izany hafatra izany. Tao amin' ny valan-dresaka voalohany ho an' ny mpanao gazety nataon' ny filoha Harold B. Lee amin' ny maha-filohan' ny fiangonana azy, dia hoy izy: "Tandremo ny didin' Andriamanitra. Ao amin' izany no ahitana ny famonjena ho an' ny isam-batan' olona sy ho an' ny firenena amin' izao fotoana isian' ny savorovoro izao."<sup>3</sup>

Efa 73 taona i Harold B. Lee raha lasa filohan' ny fiangonana tamin' ny 7 Jolay 1972, dia efa 73 taona izy, ary izy no tanora indrindra tamin' ny Apôstôly lasa filohan' ny fiangonana hatramin' ny andron' i Heber J. Grant. Nanana anjara asa lehibe izy tamin' ny fitantanana ny fiangonana hatramin' ny taona 1935, rehefa nantsoina hitarika ny fandaharan' asa fanampiana tao amin' ny fiangonana izy (Jereo takila 00). Nanana anjara asa lehibe koa izy teo amin' ny fandinihana ny fandaharam-pianarana sy ny fiangonana izay nitarika ny fandaminana ara-pitaovana ho fanamorana sy ho fandrindrana ny fandaharam-pianarana ao ampiangonana. Lehilahy feno ny fanahy izy, izay kinga teo amin' ny famaliana noho ny aingam-panahy azony avy any an-danitra.

Ny filoha Lee sy ny mpanolotsainy no niahny ny fihaonambem-paritra faharoa, izay natao tao amin' ny tananan' i Mexico. Ny mpikamban' ny fiangonana niara-nivory tamin' izany no mpikambana voalohany nanohana ny Fiadidiana Voalohany vaovao. Nanazava ny filoha Lee fa ny fivoriana dia natao tao amin' ny tananan' i Mexico mba "hanomezam-boninahitra sy hiderana ny ezaka nampitolagaga vitan' ireo rehetra. . .izay nandray anjara tamin' ny fanatanterahana ny fitombon' ny fiangonana."

Rehefa fantatry ny Olomasina tao Mexico sy tany Amerika afovoany fa any amin' ny tananan' i Mexico no hanaovana ny fihaonambem-paritra, dia maro no efa niomana hanatrika izany.

Nisy rahavavy anankiray nitety isam-baravarana nangataka mba hanasa lamba. Tao anatin' ny dimy volana dia nitahiry ireo pesos azony tamin' ny fanasana ny lamban' ny mpiray monina aminy izy ary afaka nandeha nankany amin' ny fihaonambe ka nanatrika ny fandaharam-potoana rehetra. Maro ny Olomasina nifady hanina an-tsitrano nandritra ny andron' ny fihaonambe satria tsy nanam-bola hamidy sakafo rehefaavy niasa sy nitahiry mba hahafahana manatrika ny fivoriana. Ireo izay nihafy dia nahazo valisoa tamin' ny fahatanjahana ara-panahy azony. Nisy mpikambana iray nanambara fa ny fihaonambe no "traikefa tsara indrindra teo amin' ny fiainako!" Nisy hafa koa nilaza fa, "Taona maro vao afaka ny hanadino ny fitiavana tsapany nandritra izany andro izany izahay."<sup>4</sup>

Nandritra ny fotoana niasany, dia nitsidika ny Tany Masina ny filoha Lee ary izy no filohan' ny fiangonana voalohany amin' izao fotoanandro izao nanao izany. Nilaza koa izy fa hatsangana izao ireo ny tempoly kelikely ary ho hita manerana ny tany.

Maty ny filoha Lee ny andro manaraka ny krismasy tamin' ny taona 1973, rehefaavy nanompo amin' ny maha-filohan' ny fiangonana azy nandritra ny 18 volana monja. Niverina tany amin' ny tranony mandrakizay ilay olona feno ny fanahy.

### **Ny filoha Spencer W. Kimball**

I Spencer W. Kimball lehilahy tena nahalala fanaintainana sy fahoriany, zokiny tamin' ny mpikambana tao amin' ny Roambinifololahy, no notohanana ho filohan' ny fiangonana taorian' ny nahafatesan' ny filoha Lee. Ny ankamaroan' ny tadim-peo ao amin' ny tendany dia saika efa nesorina hiala avokoa noho ny homamiadana, hany ka niresaka tamin' ny feo malefaka izy, feo farina izay nanjary tian' ny Olomasin' ny Andro Farany. Fantatra tamin' ny fanetren-tenany, ny fahafoizan-tenany, ny fahaizany miasa izy, ary ny teny fanevany dia ny hoe, "Miasa". Nanao izay tratry ny heriny ny filoha Kimball.

Ny toriteny voalohany nataon' i Spencer W. Kimball amin' ny maha-filoha azy dia nataony ho an' ny solotenan' ny fiangonana

avy tany amin' ny faritany, ary tsaroan' ny olona rehetra izay nanatrika teo izany. Hoy ny anankiray nanatrika izany: "Fotoana fohy monja taorian' ny nanombohana ny toriteny, dia nahatsapa sahady ny fisian' ny fanahy mahagaga izahay, ary tsapanay fa eo am-pihainoana zavatra tsy maha-zatra, mafonja hafa noho ny isan' andro. . . sahala amin' ny hoe nanosika ny zavatra nandrakotra ny tanjon' ny Tsitoha ka nanasa anay hiara- midinika aminy ny fiafaran' ny filazantsara sy ny fahitana ny asany."

Nasehon' ny filoha Kimball ireo mpitarika "fa ny fiangonana dia tsy miaina tanteraka amin' ny fahatokiana araka izay andrasan' ny Tompo amin' ny olony ary amin' ny lafiny sasany dia nitoetra tao amin' ny fanahin' ny fiononana sy fahafaham-po amin' ny toe-javatra misy. Tamin' izany fotoana izany indrindra no nilazana ilay teny faneva malaza manao hoe: "tsy maintsy halavaintsika ny famindrantsika". Nananatra ny mpihaino azy izy mba hifototra kokoa amin' ny fitoriana ny filazantsara amin' ny firenena eto ambonin' ny tany. Nanao antso koa izy amin' ny hampitomboana ny isan' ny misiônera izay afaka manompo any amin' ny fireneny avy. Hoy ny filoha Ezra Taft Benson ho famaranana ny toriteniny: "Raha ny marina dia misy mpaminany eo amin' ny Israely."<sup>5</sup>

Teo ambany fitondran' ny filoha Kimball, izay filoha nahay nanentana, dia maro ny mpikambana mitory ny filazantsara izay niasa tamin' ny fotoana feno, ary niitatra nanerana izao tontolo izao ny fiangonana. Tamin' ny volana Aogositra 1977, nankany Varsovie ny filoha Kimball, tany no nanokanany ny tanin' i Pologne sy nitsofany rano ny mponina mba handrosoan' ny asan' ny Tompo. Natsangana ireo toerana foibe fanofanana ny iraka mpitory ny filazantsara tany Brazil, Chile, Mexico, New Zealand sy Japana. Tamin' ny volana Jona 1978, no nilazany ny fanambarana avy amin' Andriamanitra izay tokony hisy akony lehibe eo amin' ny asa fitoriana ny filazantsara manerana ny tany. Tsy navela ho an' ny taranaka Afrikana ny fisoronana, nandritra ny taona maro, fa ankehitriny kosa, ny fitahian' ny fisoronana sy ny tempoly dia omena ho an' ny lehilahy mpikambana mendrika rehetra.

Efa nandrasan' ny mpino nanerana ny tany izany fanambarana izany. Ny iray amin' ireo maity hoditra voalohany nanaiky ny filazantsara tany Afrika dia William Paul Daniels, izay nahalala momba ny fiangonana nanomboka tamin' ny 1913. Nandeha nankany Utah izy, ary tany no nahazoany ny tsodrano manokana avy amin' ny filoha Joseph F. Smith. Ny filoha Smith dia nampanantena azy fa raha mitoetra ho mahatoky izy, dia hanana ny fisoronana eto amin' izao fiainana izao na any amin' ny fiainana ho avy. Maty tamin' ny taona 1936 ny rahalahy Daniels, mpikambana mahatoky tao amin' ny fiangonana hatrany, ary ny zananivavy dia nampao ny ôrdônsin' ny tempoly ho andrainy taoriana kelin' ny fanambarana momba ny fisoronana tamin' ny taona 1978.<sup>6</sup>

Mbola nisy olona maro hafa tany Afrika nahazo ny fijoroany ho vavolombelona momba ny fahamarinan' ny filazantsara tamin' ny alalan' ny boky navoakan' ny fiangonana na tamin' ny alalan' ny traikefa mahagaga izay azy, kanefa tsy afaka nahazo tombontsoa ny fitahian' ny filazantsara manontolo izy.

Volana maromaro talohan' ny fanambarana ny volana Jona taona 1978, niara-nanadihady tamin' ny mpanolotsainy sy ny Apôstôly Roambinifololahy ny momba ny fandavana ny fahefan' ny fisoronana tsy ho an' ny Afrikana ny filoha Kimball. Nisalasala ny mpitarika ny fiangonana ny hanokatra misiona any amin' ny faritra izay tsy ahafahana manome ho an' ny mpikambana mendrika ao amin' ny fiangonana ny fitahian' ny filazantsara. Tamin' ny fihaonambem-paritra tao Afrika Atsimo, dia hoy ny nambaran' ny filoha Kimball: "Nivavaka tamin-kafanam-po tokoa aho. Fantatro fa misy zavatra miandry antsika izay tena lehibe tokoa ho an' ny zanak' Andriamanitra rehetra. Fantattro fa tsy afaka hahazo ny fanambarana avy any amin' ny Tompo isika raha tsy mendrika, vonona ny handray izany, ary vonona ny hanaiky izany sy hametraka izany amin' ny toerany. Nankany amin' ny toerana ambony ao amin' ny tempoly isan' andro aho, amimpahazotoana sy amim-panajana, ary novohako tao ny fanahiko, ny ezaka nataoko mba handroso hatrany ao amin' ny

fandaharana. Te hanao izay tiany aho. Nolazaiko Azy izany ary hoy aho taminy, ‘Tompo ô, ny tsara ihany no tiako.’”<sup>7</sup>

Nasain’ ny filoha Kimball nilaza ny heviny an-kalalahana momba ny fanomezana ny fisoronana ho an’ ny lehilahy mainty hoditra izy ireo tamin’ ny fivoriana manokana tao amin’ ny tempoly niaraka tamin’ ny mpanolotsainy sy ny Kolejin’ ny Apôstôly Roambinifololahy. Rehefa izany, dia nivavaka nanodidina ny alitara niaraka tamin’ ny filoha Kimball izay nanonona ny vavaka izy ireo. Ny loholona Bruce R. McConkie, izay teo dia nilaza tat� aoriana nanao hoe: “Amin’ izao fotoana izao, noho ny fikirizana sy ny finoana, ary noho ny fahatongavan’ ny ora sy ny fotoana koa, ny Tompo dia nandrotsaka ny Fanahy Masina tamin’ ny Fiadidiana Voalohany sy ny Roambinifololahy, tamin’ ny fomba mahagaga sy mahafinaritra, mihoaatra noho ny zavatra rehetra izay efa hitan’ ireo izay nanatrika teo.” Natao mazava tamin’ ny mpitarika ny fiangonana fa tonga ny fotoana hahazoan’ ny lehilahy mendrika rehetra ny fitahian’ ny fisoronana.”<sup>8</sup>

Nandefo taratasy ho an’ ny mpitarika ny fisoronana ny Fiadidiana Voalohany tamin’ ny 8 Jona 1978, izay nanazava fa ny Tompo dia nanambara fa “ny lehilahy rehetra mendrika ao amin’ ny fiangonana dia omena ny fisoronana na inona na inona ny fiaviany sy ny volon-kodiny.” Tamin’ ny 30 Septambra 1978, no nifidianan’ ny Olomasina rehetra tonga tamin’ ny fihaonambe ny hevitra nasoron’ ny mpitarika azy. Izany taratasy izany dia hita ao amin’ ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana ho toy ny Fanambarana ofisialy—2.

Hatramin’ ny fotoana nanaovana izany filazana izany, dia Afrikana an’ arivony no tonga nanatona ny fiangonana. Ny traikefan’ ilay Afrikana niova fo iray dia manazava ny fomba nitahian’ ny tanan’ ny Tompo ity vahoaka ity: lehilahy iray nahazo diploma teny amin’ ny oniversite, mpampianatra, no nanonofy fa nahita trano lehibe anankiray misy tendron’ ny tilikambo na rova izay nidiran’ ny olona miakanjo fotsy. Tat� aoriana, raha nandeha izy, dia nahita iray tamin’ ireo

fiangonantsika ary tsapany fa misy ifandraisany amin' ny nofiny izany. Nanatrika ny fotoam-pivavahana ny Alahady tao izy. Taorian' ny favoriana, ny vadin' ny filohan' ny misiona dia nampiseho azy boky kely. Rehefa nanokatra izany izy, dia nahita ny sarin' ny tempoly tao Salt Lake, ilay trano hitany tao amin' ny nofiny. Tat� aoriana dia hoy izy: "Tsy fantatro fa hay aho nitomany. . . Tsy haiko lazaina ny tao anatiko. Afaka tamin' ny enta-mavesatra aho. . . tsapako fa toy ny mandeha amin' ny toerana efa notsidihihiko matetika aho. Ary ankehitriny dia ato an-tranoko aho."<sup>9</sup>

Nandritra ny fotoana niasan' ny filoha Kimball no narindra indray ny Kolejin' ny Fitopololahy Voalohany, nanomboka koa ny favoriana misy fandaharana adiny telo isaky ny Alahady, ary haingana dia haingana tokoa ny fananganana ny tempoly. Tamin' ny taona 1982, tempoly 22 no hita nanerana izao tontolo izao, ny sasany teo am-pamolavolana ny hanaovana azy, ary ny sasany efa nanomboka ny asa fanamboarana azy. Ary izany no isa betsaka indrindra teo amin' ny tantaran' ny fiangonana hatramin' izao. Nametraka fandaharam-potoana hentitra ny filoha Kimball koa dia nandamina izay nahafahany nandeha any amin' ny firenena maro mba hanao fihaonambem-paritra. Nandritra ireny favoriana ireny, dia tsy nahatsiaro izay zavatra ilain' ny tenany izy fa nataony izay hanomezana fahafaham-po sy hanatanjahana ary hanasoavana ny Olomasina teo an-toerana.

Naniry mafy hahazo ny ôrdônsansy masin' ny famonjena nomena tany amin' ny tempoly ny mpikambana tao amin' ny fiangonana tany amin' ny firenena maro. Anisan' ireny ny Olomasin' ny Andro Farany iray avy any Suède izay nanompo tamin' ny misiona maro ary niasa tao amin' ny fiadidian' ny misiona. Rehefa nodimandry izy dia navelany ho tahirim-bola ho an' ny tempoly tany Soeda ny ampahany betsaka tamin' ny fananany, fotoana ela talohan' ny nanambaran' ny fiangonana ny hananganana tempoly amin' io firenena io izany no nitranga. Rehefa nanambara ny filoha Kimball, fa haorina ny tempoly, ny fanomezana avy tamin' io lehilahy io dia nanjary nitombo ka lasa



*Tao anatin' ny  
taona tsy ela  
akory izay, no  
tempoly maro  
natsangana  
nanerana izao  
tontolo izao. Ny  
tempoly tao  
Frankfurt  
Alemana no iray  
tamin' ireo  
tempoly marobe  
izay nanome  
fitahiana ho an'  
ny mpikambana  
ao amin' ny  
fiangonana.*

vola be. Fotoana fohy taorian' ny nanokanana ny tempoly, ity lehilahy mahatoky ity, izay nahazo fanafiana masina fony fahavelony dia nofehezina tamin' ny ray aman-dreniny tao amin' ilay tempoly izay ny volany no nanampiana tamin' ny fananganana izany.

Ray aman-dreny tany Singapore no nanapa-kevitra fa hitondra ny zanany ho any amin' ny tempoly mba ho fehezina ka hahazo ny tsodranon' ny tempoly. Nihafy tamin' ny zavatra maro izy ireo mba hanangonana izay vola ilaina hahafahana mankany amin' ny tempoly. Tao amin' ny tranon' ny misiônera izay nampianatra azy ireo, taona maromaro lasa izay, no nipetraka izy ireo. Rehefa nitsidika toeram-pivarotana iray izy ireo, dia tafasaraka tamin' ny vadiny sy ny misiônera ity rahavavy ity. Rehefa nifankahita izy ireo, dia sady mitana savony fanasana loha no mitomany ity

rahavavy ity. Nambarany fa anisan' ny fihafiana nataony mba hahafahany mandeha any amin' ny tempoly ny tsy fampiasana ny savony fanasana loha nandritra ny fito taona. Ny fiafiana nataony na dia sarotra tanteraka aza, dia toa zava-maivana ihany, satria fantany fa hiara-hitoetra mandrakizay ny fianakaviany amin' ny alalan' ny ôrdônsin' ny tranon' ny Tompo.

Ny fivoarana iray lehibe nitranga tamin' ny andron' ny filoha Kimball, dia ilay tamin' ny taona 1979, izay namoahan' ny fiangonana ny Baiboly King James tamin' ny teny anglisy. Tsy niova ny soratra masina fa ny fanazavana erè ambanin' ny takila no nampiana ny fanazavana avy ao amin' ny Baiboly sy ny Bokin' i Môrmôna, Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, ary ny Voahangy Lafo Vidy. Nisy koa ny tari-dalana isan-doha-hevitra sy ny Dikcioneran' ny Baiboly izay manome ny fanazavana sahaza ny soratra masina ankehitriny. Misy ny lohan-dahatsoratra isaky ny toko ary misy koa ny teny nataon' i Joseph Smith, nalaina tao amin' ny Baiboly King James nahavaozina.

Tamin' ny taona 1981 no navoaka ny fanontana vaovao ny Bokin' i Môrmôna, ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana ary ny Voahangy Lafo Vidy koa dia navoaka tamin' ny io fotoana io. Ao anatin' izany ny fanazavana erè amin' ny faran' ny takila, ny lohan- dahatsoratra isaky ny toko sy ny fizarana, ny sarin-tany sy ny fizahan-takila. Tokony ho tamin' io fotoana io koa no nanombohan' ny fiangonana nanome lanja tsy mitsaha-mitombo ny fandikana ny soratra masina ampiasain' ny Olomasin' ny Andro Farany amin' ny tenim-pirenena hafa.

Tamin' ny ohatra nataony sy ireo fampianarana nomeny no nitaoman' ny filoha Kimball ny mpikambana ao amin' ny fiangonana mba hanao tsara izay rehetra ataony. Tamin' ny fankalazana ny fahazato taonan' ny fananganana ny oniversiten' i Brigham Young dia hoy izy: "Antenaiko fa ity oniversite ity sy ny toeram-pampianaran' ny fiangonana dia hamoaka olo- manga izay hamirapiratra eo amin' ny tantara an-tsehatra, ny literatiora, ny mozika, ny sokitra, ny hosodoko, ny siansa sy ny zavatra hafa maro."<sup>10</sup> Tamin' ny fotoana hafa dia nampiseho ny fanantenany



*Ny filoha  
Spencer W.  
Kimball  
niaraka tamin'  
ny Indiana  
tany atsimo  
andrefan' i  
Etazonia.*

izy fa ny Olomasin' ny Andro Farany dia hitantara amin' ny hafanam-po mahery vaika sy maharesy lahatra ny tantaran' ny filazantsara nampodiana tamin' ny laoniny.

Na dia teo aza ny fahateren' ny fotoanan' ny filoha Kimball, dia mbola nanompo sy nandray ny hafa noho ny fitiavana sy ny fanompoana izy. Nanana fironana manokana ho an' ny Indiana tera-tany Amerikana Avaratra sy Atsimo ary ny olona tany amin' ny nosin' i Polinezia izy, ary nandany ora maromaro tamin' ny ezaka hanampiana azy ireo. Nahazo tso-drano avy tamin' ny filoha George Albert Smith izy izay nanoro azy mba hiahy azy ireo, ary amin' ny maha-filohan' ny fiangonana, dia nanondro ny mpikamban' ny Kolejin' ny Roambinifololahy izy mba hanokana

na hanokana indray ny tanin' i Amerika afovoany sy atsimo amin' ny fitoriana ny filazantsara. Nanomboka tamin' izay fotoana izay, dia olona an' arivony maro nanerana an' i Amerika afovoany sy atsimo no faly tamin' ny fahasoavan' ny filazantsara.

Nisy zava-nitranga tsy fahita izay nampitaintaina ny olona rehetra teo amin' ny seranam-piara- manidina, ny amin' ity reny mbola tanora iray izay tafahitsoka noho ny andro ratsy, nilahatra teo niaraka tamin' ny zanany roa taona, raha niezaka ny hamonjy fodiana izy. Bevohoka roa volana izy ary efa noraran' ny dokotera tsy hitondra ny zanany izay efa sady vizana no noana. Tsy nisy olona nanampy azy na iray aza fa maro no nitsikera azy ny amin' ny zanany nitomany rehefa izany dia hoy izy tat� aoriana:

“Nisy olona tamy nanatona anay sady nitsiky feno hatsaram-panahy no niteny hoe, ‘misy zavatra azoko hanampiana anareo ve? Tamin’ ny sentom-pankasitrahana no nanekeko ny fanolorantenany. Nobatainy avy teo amin’ ny tany mangatsiaka ny zanako arynofihininy tamim-pitiavana. Nanontaniany aho raha afaka hitsako siligaoma ilay zaza. Rehefa nitony ilay zaza, dia nentiny niaraka taminy ary noresahany tamim-pitiavana ilay olona nilahatra teo anoloany fa mila fanampiana aho. Nanaiky izy ireo, taorian’ izany dia nanaraka ny filaharana hatreny amin’ ny toerana fanombohana ny tapakila izy ary nifanaraka tamin’ izy ireo mba handefa anay amin’ izay fiaramanidina miainga voalohany eo. Nateriny hatreny amin’ ny toerana fiandrasana izahay ary mbola niresaka kely teo mandra-pahazoany toky fa tsy misy olana intsony. Lasa nanohy ny diany amin’ izay izy. Tokony ho herinandro taorian’ izay, dia nahita ny sarin’ ny Apôstôly Spencer W. Kimball aho ary fantattro fa izy ilay lehilahy vahiny nanampy ahy teny amin’ ny seranam- piaramanidina.”<sup>11</sup>

Nijaly noho ny aretina nandritra ny volana maromaro talohan’ ny nahafatesany ny filoha Kimball, kanefa nanome ohatra tsara ny amin’ ny faharetana izy, ny fiaretana sy ny fahazotoana amin’ ny fisedrana. Nodimandry tamin’ ny 5 Novambra 1985 izy, rehefa nanompo amin’ ny maha-filohan’ ny fiangonana azy nandritra ny 12 taona.



*Rehefa manaiky ny filazantsaran' i Jesoa Kristy naverina  
amin' ny laoniny ny olona, dia afaka mandray ny fitarihan' ny  
ôrdônanansy masina.*

# Ny fiangonana amin' izao andro izao

## **Ny filoha Ezra Taft Benson**

Ezra Taft Benson no nanjary filohan' ny fiangonana taorian' ny nahafatesan' i Spencer W. Kimball. Nasongadiny ny maha-zava-dehibe ny famakiana sy ny fandalinana ny Bokin' i Môrmôna raha vao nanomboka ny asany izy. Nambarany fa "ny Bokin' i Môrmôna dia mitondra ny olona ho eo amin' i Kristy," ary manamafy indray ny fanambaran' i Joseph Smith izay milaza fa io boky io no "vato ifaharan' ny fivavahantsika, ary ny olona dia hanatona an' Andriamanitra akaikikaiky kokoa amin' ny fiorenana amin' ny fampianarany, noho ny an' ny boky hafa rehetra."<sup>1</sup>

Tamin' ny fihaonambe ny volana Aprily taona 1986, dia hoy ny filoha Benson: "Nanainga ny fanahin' ny mpanompony atao hoe Lorenzo Snow ny Tompo mba hanasongadinana indray ny fitsipiky ny fahafolokarena hanavotana ny fiangonana amin' ny fahasahiranana ara-bola. . . . Ankehitriny, amin' izao androntsika izao, manambara ny fanasongadinana indray ny Bokin' i Môrmôna ny Tompo. . . . Mampanantena anareo aho fa manomboka amin' izay fotoana izay no mankaty, raha miala hetaheta amin' ny takila iray amin' izany boky izany isan' andro isika ka mitoetra amin' ny fampianarany, dia hanaiky handraraka ho an' ny zanak' i Ziona sy ny fiangonana ny fitahiana izay tsy mbola fantany hatramin' izay Andriamanitra."<sup>2</sup> An' arivony manerana ny tany no nanaiky ny fanamby ary nandray ny fitahiana nampanantaina.

Ny zava-dehibe iray manaraka koa dia ny fialana amin' ny fieboeboana. Tamin' ny fihaonambe ny volana Aprily taona 1989, dia niantso ny mpikambana tao amin' ny fiangonana izy mba

"hamotsy ny atin' ny tavy mba handresena ny fieboeboana," izay nampitandremany fa izany no fototry ny faharavana teo amin' ny firenena Nefita. Nanoro hevitra izy fa "ny fanefitry ny fieboeboana dia ny fanetrentena—ny halemem-panahy , ary ny fankatoavana."<sup>3</sup>

Raha nanompo tamin' ny maha mpikambana tao amin' ny Kolejin' ny Roambinifolo i Ezra Taft Benson, dia nanana fotoana tsy dia fahitany loatra, nahafahany nanome ho ohatra amin' ny fampiharana ny filazantsara eo amin' ny fiainana izy. Tamin' ny taona 1952, niaraka tamin' ny fandrisihan' ny filoha David O. McKay, dia nekeny ny ho minisiry ny fambolena teo ambany fiahian' i Dwight D. Eisenhower, filohan' i Etazonia. Izay ihany no fotoana teo amin' ny tantaran' ny fiangonana nahitana ny mpikambana tao amin' ny Kolejin' ny Roambinifolo niasa tao amin' ny kabinetran' ny filohan' i Etazonia. Nandritra ny valo taona niasany, dia nohajain' ny olona rehetra izy na tao an-trano, na tany ivelany noho ny fahamarinany sy noho ny fahaizany nitondra ny politikam-pambolena teo amin' ny fitondram-panjakana tany Etazonia. Nanjary nifandray tamin' ireo mpitondra firenena hafa izy ary namoha ny varavarana ho an' ny solontenan' ny fiangonana maneran' izao tontolo izao.

Tamin' ny fitondran' ny filoha Benson, dia nandroso ny fiangonana eran-tany. Tamin' ny faha 28 Aogositra 1987, dia nitokana ny tempoly tany Frankfurt Alemana, tao amin' ny Repoblika Federalin' i Alemana izy, fahasoavana lehibe ho azy tokoa izany satria raha nanompo tamin' ny maha-filohan' ny misiona Eropeana tamin' ny taona 1964 ka hatramin' ny taona 1965 dia tao Frankfurt no toerana nisy ny misiona.

Ny tempolin' i Freiberg Alemana, tao amin' ny Repoblika Demokratikan' i Alemana dia notokanana tamin' ny 29 Jona 1985. Izany fanokanana izany dia natao taorian' ny fahagagana marobe izay nitranga ka nahatonga ny fanorenana azy. Tamin' ny fitsidihana voalohany nataony tany amin' ny Repoblika Demokratikan' i Alemana, tamin' ny taona 1968, dia nampanantena ny Olomasina ny loholona Thomas S. Monson



*Ny loholona Russell M. Nelson miaraka amin' ny filoha lefitry ny Repoblika Rosiana tamin' ny fiaraha-misakafo tamin' ny 24 Jona 1991. Nilaza ny filoha lefitra fa vao tsy ampy iray volana akory izany no nanomezana ny fankasitrahana ofisialy ny Fiangonana namerana ny Repoblika.*

tao amin' ny Kolejin' ny Roambinifolo fa: "raha mitoetra ho marina sy mahatoky amin' ny didin' Andriamanitra ianareo, dia ho azonareo ny fitahiana rehetra izay natao ho an' ny mpikambana ao amin' ny fiangonana manerana ny tany." Tamin' ny taona 1975, raha nitory ny filazantsara tao amin' io firenena io ihany ny loholona Monson, dia nahatsapa ho natosikin' ny Fanahy mba hanokana ny tany ho an' ny Tompo izy, ka nanao hoe, "Ray ô, avelao ity mba ho fiandohan' ny andro vaovao ho an' ny mpikambana ao amin' ny Fiangonana eto amin' ity tany ity." Nangataka izy mba ho tanteraka ny faniriana lehibe izay nananan' ny Olomasina dia ny "hahazo ny fitahian' ny Tempoly." Ny fampanantenana feno aingam-panahy sy ny vavaka faminaniana nataony ho an' ny fanokanana dia tanteraka.<sup>4</sup>

Navela nuditra ny tanin' ny Repoblika Demokratika Alemana ny mpitory ny filazantsara Olomasin' ny Andro Farany tamin' ny faran' ny volana Martsa 1989. Tamin' ny 9 Novambra 1989, ny finoana sy ny vavaka nataon' ny Olomasina maro dia novaliana rehefa nianjera ny fefy nanelanelana an' i Eropa atsinanana sy andrefana, izay nitarika ny fitomboan' ny isan' ny niova fo natao batisa ary ny fananganana trano fiangonana. Ny olona niova fo voalohany dia nahafantatra ny fiangonana tamin' ny fotoana nitsidihany ny varavarana misokatra tao amin' ny fiangonana vaovao tany Dresden, Alemania, tamin' ny 1 May 1990. Tsy ampy herinandro akory dia vita batisa izy rehefa nanaraka ny lesona misiônera, namaky ny Bokin' i Môrmôna in-droa, hatrany amin' ny voalohany ka hatrany amin' ny farany, ary nahazo fijoroana ho vavolombelona matanjaka ny amin' ny fahamarinan' ny filazantsara.<sup>5</sup>

Tamin' ny 24 Jona 1991, nandritra ny fanasana lehibe natao taorian' ny kaonsera nataon' ny antokom-pihira Tabernakely Môrmôna, ny filoha lefitry ny Repoblika Federaly Sosialista Sovietika Rosiana dia nilaza fa ny fiangonana dia ara-dalana eo anatrehan' ny fanjakana. Namela ny fiangonana hanangana kongregasiona namerana an' io repoblika midadasika be io izany. Nandritra ny taona 1990, nisy tamin' ireo Repoblika Sovietika traininy sy ireo firenena tany Eropa afovoany sy antsinanana no natokana hitory koa ny filazantsara, anisan' izany i Albania, Armenia, Belarus, Bulgaria, Estonia, Hungary, Latvia, Lithuania, Romania, Russia, sy Ukraine. Sady nanofa no nividy trano hanaovana fiangonana isak' ireo firenena tsirairay ireo ny fiangonana, ary maro ny olona nahazo fijoroana ho vavolombelona momba ny fahamarinan' ny filazantsara. Tamin' ny fanokanana voalohany ny fiangonan' ny Olomasin' ny Andro Farany tany Polona teo anelanelan' ny ady lehibe faharoa, dia nivavaka ny loholona Russell M. Nelson tao amin' ny Kolejin' ny Roambinifolo mba hahafahana mampiasa ny trano fiangonana ho "fialofana ho amin' ny fandriampahaleman' ny fanahy mangitakitaka sy fanantenana ho an' izay noana sy mangetaheta

ny fahamarinana.”<sup>6</sup> Izany fahasoaavana izany dia tanteraka teo amin' ny fiainan' ny Olomasina tany amin' ny firenena maro izay nahita fandriampahalemana sy fifalian' ny filazantsara.

Vokatry ny fitomboan' ny mpikambana ao amin' ny fiangonana sy ny fanasongadinan' ny filoha Benson ny asa fitoriana ny filazantsara, dia efa ho 48.000 teo no isan' ny iraka mpitory ny filazantsara izay nanompo tamin' ny sahan' ny misiona 295 teo amin' ny fiangonana tamin' ny famaranana ny asany.

Etsy an-danin' izany, tamin' ny fotoana niasany dia nanomboka nanolotra fanampiana bebe kokoa ho an' ireo hafa finoana manerana ny tany ny fandaharan' asa fanampiana tao amin' ny fiangonana. Izany fanampiana izany dia nomena mba hanamaivanana ny fangirifiriany sy handrisihana ny olona hanana fahaleovantena maharitra. Betsaka ny sakafy, ny akanjo, ny fitaovana ilaina amin' ny fahasalamana, bodofootsy, vola sy zavatra hafa nozaraina tamin' ireo mahantra, ary nisy koa ny fandaharan' asa maharitra hikarakarana ny fahasalamana, ny fampianarana mamaky teny sy manoratra ary zavatra hafa koa. Izany asa fiantrana izany dia mahakasika olona an' arivony maro amin' izao fotoana izao any amin' ny faritra maro eto amin' izao tontolo izao.

Noho ny alahelo amin' ny fahasembanan' ny fahanterana ary ny fahafatesan' ny vadiny atao hoe Flora, dia nodimandry ny filoha Benson tamin' ny 30 May 1994 teo amin' ny faha 94 taonany, rehefa avy namita ny asa nanirahana azy tamimpahazotoana amin' ny maha mpaminanin' Andriamanitra azy. I Howard W. Hunter, izay filohan' ny Kolejin' ny Roambinifololahy no nandimby azy.

### **Ny filoha Howard W. Hunter**

Tamin' ny fihaonambe voalohany nataony tamin' ny 6 Jona 1994, namariparitra ny lohahevitra lehibe ny amin' ny asany ny filoha Howard W. Hunter Hoy izy: “Asaiko ny mpikambana rehetra ato amin' ny fiangonana mba hifantoka bebe kokoa amin' ny fiainana sy ny ohatra nomen' i Jesoa Kristy Tompo, indrindra

eo amin' ny lafiny fitiavana, fanantenana sy amin' ny fangorahana.

"Mivavaka aho mba hifampitondra amin' ny hatsaram-panahy isika, amin' ny fahaizana mandray olona amim-panetrentena, amin' ny faharetana, ary hifamela heloka hatrany."

Nasainy nihevitra ny tempolin' ny Tompo ho marika lehiben' ny maha-mpikamban' ny fiangonana azy koa ny mpikambana ao amin' ny fiangonana ary koa ho toerana masinan' ny fanekempihavanana izay nataony. Ny faniriana lalina indrindra tao am-poko dia ny hahatongavan' ny mpikambana rehetra ao amin' ny fiangonana any amin' ny tempoly.<sup>7</sup> Mpikamban' ny fiangonana an' arivony no nandray izany hafatra izany ho ao amin' ny fiainan' izy ireo ary notahina tamin' ny fandrosoan' ny ara-panahiny lalina tokoa.

Nanana faharanitan-tsaina izay saro-bidy tokoa ho an' ny fiangonana ny filoha Hunter. Tamin' ny faran' ny taona 1970, dia nahazo andraikitra izay nitakiana ny taletany rehetra izy. Nanana anjara asa lehibe tamin' ny fividianana tany sy tamin' ny fanaraha-maso ny fananganana ny trano fiangonana tany amin' ny Tany Masina izy—dia ny foiben-toerana misy ny oniversiten' i Brigham Young any Jerosalema ho an' ny olona any Proche-Orient. Izany Oniversité izany dia miorina eny amin' ny tendrombohitr' i Scopus, izay fitaran' ny tendrombohitr' i Oliva. Misy trano sy efitrano fianarana ho an' ny olona mandalina tanteraka ny momba ity tany voafidy ity, ny mponina ao aminy (arabo sy Jiosy), ary ny toerana izay nipetrahan' i Jesoa sy ny mpaminany fahiny izany. Izany foiben-toerana izany dia fahasooavana ho an' izay nianatra tao, ary ny hatsarany dia nahasarika ny olona maro izay nitsidika azy.

Nandray anjara betsaka teo amin' ny fanorenana ny foibe koltoraly Polynesian izay natao teo akaikin' ny Oniversiten' i Brigham Young any Hawaii any Laie ny filoha Hunter. Izy no filoha mpanangana ny tompon' andraikitry ny foibe fandraisana ireo mpitsidika ny toerana izay mirefy 17ha, izay fananan' ny fiangonana sady tantanan' ny fiangonana. Ny tanjony dia ny



*Ho valin' ny antso avy amin' ny filoha Brigham Young, dia maro tamin' ny Olomاسina no nandao ny toeram-ponenamny vao natsangana mba hanolaka vahoaka hafa.*

hitahiry ny kolotsaina Polenezianina ary hanome asa ho an' ny mpianatra. Naorina tamin' ny 1963, io toerana io ary mahasarika olona maro, olona an' arivony ankehitriny no mitsidika azy noho ny mozika, ny dihy, ny asa tanana vita avy any amin' ireo nosy ao Pôlinezia.

Nanompo nandritra ny valo taona tamin' ny naaha-filohan' ny fikarakarana tetiarana azy tao Utah izay lasa foiben' ny tetiarana ankehitriny ny loholona Hunter talohan' ny nahatonga azy ho filohan' ny fiangonana. Nandritra izany fotoana izany, dia nanao ny fihaonambe iraisam-pirenena voalohany ny foibe momba ny rakitsoratra izay araka ny filazany dia "nahasarika olona tsara sitrapo ho an' ny fiangonana ary namoha ny varavar'an' ny asa teo amin' izao tontolo izao."<sup>8</sup> Nanana fitiavana lehibe ho an' ny olona izy, na ny velona izany na ny maty, ary nampianatra matetika fa isika rehetra dia fianakaviam-be iray. Nalaza tamin' ny fananany fitiavana tahaka an' i Kristy izy.

Niatrika fisedrana be dia be ny filoha Hunter nandritra ny androm-piaianany. Tamin' ny finoana sy ny herin' ny fanahy no niatrehany ny olana ara-pahasalamana nanjo azy izay sady mafy no nanaintaina, ny aretina izay nikiky azy nandritra ny fotoana maharitra, ny fahafatesan' ny vadiny voalohany, ary ireo olana maro hafa. Na dia teo aza izany sakantsakana izany, dia nanompo ny Tompo tamim-pahazotoana izy, nandeha nitsidika toerana maro ary niasa mafy tamin' ny fitantanana ny raharahan- piangonana. Ny ohatra nomeny dia nifanaraka tamin' ny hafatra nataony: "Raha manana olana ianao ao an-tokantrano, raha mivily lalana ny zanakao, raha manana fahasahiranana ara-bola ianao na manana olana ara-pihetseham-po izay manambana ny tokantranonao sy ny fahsambaranao, raha voatery hiatrika ny fahafatesana na ny aretina ianao, dia aoka hiadana ny fanahinao. Tsy halaina fanahy mihoatra noho izay zakantsika isika. Ny fahasahiranantsika sy ny famoizam-pontsika no lalana mahitsy sy tery mitarika antsika ho any Aminy."<sup>9</sup>

Nitarika ny fivoriana tamin' ny 11 desambra 1994 tany Mexico ny filoha Hunter raha natsangana ny tsatôka faha 2000, dingana

lehibe tokoa teo amin' ny tantaran' ny fiangonana. Hoy izy tamin' ny mpivory: "Ny Tompo, tamin' ny alalar' ny mpanompony, no nanao izao fahagagana izao. Izany asa izany dia hitohy hatrany amin-kery sy amim-pahavitrhana. Ny fampanantenana natao tamin' i Lehia sy ny zanany mikasika ny taranany dia natao ary mbola mitohy ihany tany Mexico."<sup>10</sup> Nandritra ny fotoana naha Manampahefana Ambony azy, dia nitombo be tokoa ny fiangonana tany Amerika Latina. Rehefa lasa filohan' ny fiangonana izy, dia nihoatra ny iray tapitr' isa sy sasany ny Olomasin' ny Andro Farany tao Mexico fotsiny, tany Brazila sy Silia dia nisy mpikambana betsaka lavitra noho ny mpikambana tany Utah tamin' izany fotoana izany.

Sivy volana monja no naha filohan' ny fiangonana ny filoha Hunter, kanefa nahataona Olomasina maro izy, izay nahatsapa ny fiantrany, sy ny faharetany ary ny ohatra tsara nomeny tamin' ny nananany fiainana Kristiana.

### **Ny filoha Gordon B. Hinckley**

Rehefa tonga filohan' ny fiangonana i Gordon B. Hinckley taorian' ny nahafatesan' ny filoha Hunter, dia nanontaniana azy izay tena hifantohany amin' ny maha-filoha azy. Hoy izy namaly izany: "Hanohy. Eny, ny fotokevintsika dia ny hanohy ny asa lehibe izay efa natomboky ny teo aloha, izay nanompo tamin' ny fomba tena mampitolagaga, tena mahatoky ary tena tsara. Hanamafy ny lanjan' ny fianakaviana, Eny. Hampahomby ny fampianarana, Eny. Hanorina fanahy fandeferana sy faharetana eo amin' ny samy olona, na aiza na aiza misy azy, Eny. Ary hitory ny filazantsaran' i Jesoa Kristy."<sup>11</sup>

Ny traikefa lehibe ananan' ny filoha Hinckley tamin' ny fitarihana ny fiangonana dia nanomana azy tsara ho amin' ny fiadidiana. Notohanana tao amin' ny Kolejin' ny apostoly Roambinifolo izy tamin' ny 1961. Nanomboka tamin' ny taona 1981, no nanompoany tamin' ny naha- mpanolotsain' ireto filohan' ny fiangonana anankitelo azy tao amin' ny Fiadidiana Voalohany— Spencer W. Kimball, Ezra Taft Benson sy Howard W.

Hunter. Nandritra ny taona maromaro, dia nitondra andraikitra mavesatra tokoa izy tamin' ny fotoana nijalian' ireo filohan' ny fiangonana ireo noho ny fahanterana.

Tamin' ny fahatanorana , nandeha nitory ny filazantsara tany Angletera i Gordon B. Hinckley ary nandray torohevitra izay tena nilainy tokoa nandritra ny taona izay nitambesaran' ny andraikitra taminy. Nanoratra ho an-drainy izy raha nahatsiaro ho kivy ary hoy izy: "Nandany ny fotoanako sy ny volanao aho. Tsy hitako izay antony hijanonako eto." Fotoana fohy tat� aoriania, dia naharay taratasy fohy avy tamin' ny rainy izy: "Ho an' i Gordon. Voaraiko ny taratasinao. . .torohevitra tokana no omeko anao. Adinoy ny tenanao ka mandehana miasa. Amimpitiavana, ny Rainao."

Tamin' izay fotoana izay dia hoy ny filoha Hinckley: "Nandinika ny valinteniny aho, avy eo, ny ampitso maraina, nandritra ny fianaranay ny soratra masina, dia namaky ny fanambarana tsara nataon' ny Tompo izahay: 'Fa na iza na iza no ta-hamonjy ny ainy, dia hahavery azy: ary na iza na iza no hahavery ny ainy noho ny Amiko sy ny filazantsara, dia hamonjy izany.' (Marka 8:35). Nanohina ahy izany. Izany fanambarana izany, izany fampanantenana izany, izay mifandray amin' ny taratasin' ny raiko, dia nanosika ahy hiakatra any ambony rihana. . .handohalika ka hanao fanekempihavanana amin' ny Tompo fa hiezaka sy hanadino ny tenako ka hiasa. Mihevitra aho fa izany no fanapahan-kevitra lehibe teo amin' ny fiainako'. Izay zavatra tsara rehetra nitranga tamiko hatramin' izay dia nampifandraisiko tamin' ny fanampahan-kevitro tamin' io fotoana io."<sup>12</sup>

Nalaza tamin' ny fiheverany ny zava-miseho ho tsara mandrakariva ny filoha Hinckley, feno fahatokiana an' Andriamanitra sy ny ho avy lalandava izy. " 'Tsy maintsy milamina foana izany amin' ny farany.' Izany no fahatokiana ny filohan' ny Hinckley naverimberiny mandrakariva tamin' ny fianakaviny, tamin' ny namany sy tamin' izay olona

nifaneraserany. 'Miezaha hatrany. Minoa. Mifalia. Aza kivy. Tsy maintsy mbola hilamina izany, izany no fiteny mahazatra azy.' "<sup>13</sup>

Rehefa nanontanian' ny mpiasan' ny fahampahalalam-baovao ny olana lehibe atrehin' ny fiangonana izy dia hoy ny navaliny, "Ny zava-tsarotra lehibe indrindra izay atrehinay sy ny andraikitra tsara indrindra dia vokatrin' ny fitomboana."

Nohazavainy fa ny fandrosoana fatratra dia mitaky fanorenana, tafiditra ao ny fananganana tempoly betsaka kokoa: "Izao no fotoana lehibe indrindra eo amin' ny tantaran' ny fiangonana raha ny fananganana ny tempoly no resahina. Tsy mbola nitombo be toy izao ny fananganana ny tempoly miaraka amin' ny hery izay nanosika azy handroso ankehitriny. 47 izao no isan' ny tempoly miasa. Mbola misy 13 eo andalam-panorenana. Mitohy foana ny fanangananay tempoly."<sup>14</sup> Ny fitomboan' ny fiangonana, dia nahatonga koa ny fandikana ny Bokin' i Môrmôna amin' ny tenim-pirenena maro.

Nanana traikera manokana tamin' ny fitomboan' ny fiangonana tamin' ny fomba mahery vaika ny filoha Hinckley. Raha nanatrika ny fihaonambe tany Osaka, tany Japana izy, tamin' ny taona 1967, nijery ny mpanatrika izay nisy tanora marobe, dia hoy izy: "Aminareo no itarafako ny ho avin' ny fiangonana eto Japana. Ary mahita ho avy mamirapiratra aho. Mbola vao eo am-panombohana isika. Misy manosika ahy hilaza izay efa tsapako hatramin' izay anefa fa tsy ho ela dia ho avy ireo tsatôkan' i Ziona eto amin' ity firenena lehibe ity."<sup>15</sup> Tao anatin' ny taranaka iray, dia Olomasin' ny Andro Farany iray hetsy no hita, tsatôka maromaro, misiona sy distrika ary tempoly tao Japana no hita.

Nahaliana ny filoha Hinckley tokoa ny fitombon' ny fiangonana tany Filipina, fa tamin' ny taona 1973 no natsangana ny tsatôka tany Manila. Roapolo taona tatô aoriania, tamin' ny fotoana naha- filohan' ny fiangonana azy, dia 300.000 mahery ny mpikambana Filipiana izay nahazo ny fahasoavan' ny filazantsara, ao anatin' izany ny fananana tempoly ao amin' ny firenemy. Nijery akaiky ny fitombon' ny fiangonana amin' ny

faritra hafa tany Azia ny filoha Hinckley, tao anatin' izany i Korea, i China, ary i Azia atsimo atsinanana.

Ny fanahin' ny mpikambana maro tany Azia dia nahazoana nanamarina ny traikefan' ny Manampahefana Ambony iray izay nanome andraikitra hiantso filohan' ny tsatòka vaovao ho an' ny tsatòkan' i Filipina. Rehefaavy nitafa sy nidinika tamin' ny rahalahy maromaro tao amin' ny fisoronana izy, dia nahatsapa hery nanosika azy hiantso lehilahy iray tokony ho 25 taona ho filohan' ny tsatòka. Nasainy nankao amin' ny efitrano ilany ilay tovolahy mba hieritreritra izay hataony mpanolotsaina. Afaka 30 segondra dia niverina izy. Noheverin' ny Manampahefana Ambony fa tsy azony izay nasainy hataony, kanefa hoy ilay ho filoha vaovao ny tsatòka: "Tsia, fantatro avy amin' ny Fanahin' ny Tompo fa ho lasa filohan' ny tsatòka aho iray volana lasa izay. Ary efa voafidiko izay hataoko mpanolotsaina."

Rariny loatra raha ny filoha Hinckley, izay nanao zavatra betsaka mba hanampiana amin' ny fananganana ny fiangonana manerana ny tany no afaka nanambara, nandritra ny fotoana niasany hoe: "Ny mpahairehana dia nilaza tamiko fa raha toy izao hatrany ny fandehany, amin' ny volana febroary 1996, afaka volana vitsivitsy fotsiny, dia ho betsaka kokoa ny mpikamban' ny fiangonana any ivelany noho ny ao anatin' i Etazonia. Ny fihoarana izany dingana izany dia zava- dehibe mampitolagaga. Izany dia mampiseho ny vokatry ny ezaka lehibe mba hitodihana amin' ny hafa ."<sup>16</sup>

Ny zavatra tena nasongadin' ny filoha Hinckley nandritra ny fotoana niasany dia ny maha-zava- dehibe ny fiainam-pianakaviana, indrindra fa eo amin' ny tontolo izay tsy manome lanjany ny herin' ny fianakaviana. Nanao fanambarana manokana toy izao ho an' izao tontolo izao momba ny fianakaviana ny Fiadidiana Voalohany sy ny Filan-kevitry ny Roambinifolo teo ambany fitarihany:

"Lahatran' Andriamanitra ny fianakaviana. Ilainy ao amin' ny drafitra mandrakizay ny fanambadian' ny lehilahy sy ny

vehivavy. Manan-jo hateraka ao anatin' ny fanambadiana ny zaza ary ho beazin' ny ray sy ny reny manaja ny fanekena nataony tamin' ny fanambadiana ao anatin' ny fifanajana tanteraka. Mety hanana fahafahana hahita fahasambarana ao amin' ny fianakaviana isika raha mifototra amin' ny fampianaran' i Jesoa Kristy Tompo izany. . . .

"Mampitandrina: ireo izay nandika ny lalàn' ny fahadiovam-pitondran-tena, na mampijaly ny vadiny na ny zanany na ireo izay tsy manao ny adidiny ao amin' ny fianakaviana izahay fa tsy maintsy hamaly ny fanadinan' Andriamanitra izy ireo indray andro any. Mampitandrina izahay fa ny fanasarahana ny fianakaviana dia miteraka loza lehibe eo amin' ny isam-batan' olona, eo amin' ny fiaraha-monina, eo amin' ny firenena araka ny voalazan' ireo mpaminany taloha sy ankehitriny."<sup>17</sup>

Nandritra ny fihaonambe ny volana Aprily 1995 no nanambaran' ny filoha Hinckley fa amin' ny faha 15 Aogositra 1995 no hisaorana ny solontenan' ny fiangonana isam-paritra, izay nanompo tsara tokoa, ary hatsangana ny birao vaovaon' ny Manampahefanan' ny Vondrom-paritra. Izy ireo no miahy ny fihaonamben' ny tsatòka; manorina na mandamina ny tsatòka; manofana ireo filohan' ny tsatòka, ny misiona, ny filohan' ny distrika; manatanteraka ny asa omen' ny Fiadidiana Voalohany sy ny Fiadidian' ny Vondrom-paritra. Izany andraikitra vaovao izany, dia mamela ny mpitarika ny fiangonana hiaina sy hiasa akaikikaiky kokoa ny olona tompony sady manamora ny fitomboana manerana izao tontolo izao.

Nisy Manampahefana Ambony nanazava ny fomba ahafahan' ny Olomasina tsirairay manohana ny filoha Hinckley: "Amin' ny fotoana izay nandraisany ny antso niantsoana azy, dia ny ho mpaminany, mpahita ary mpanambara, mpisoronabe ary filohan' ny Fianganan' i Jesoa kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany. . . Ny zavatra tsara azontsika atao mba hanohanantsika azy amin' ny asany dia ny: 'Manohy, Manohy, Manohy hatrany!'"<sup>18</sup>



*Ireto iraka mpitory ny filazantsara ireto dia manampy mba hahatanteraka ny faminanian' i Joseph Smith: "Ny fahamarinan' Andriamanitra dia handroso amim-pahasahiranana, amin-kaja ary hahaleotena mandrapaha-tafidiny any amin' ny Kontinanta rehetra. . . ary hanako amin' ny sofina rehetra."*

---

# Famaranana

Ny tsirairay avy amintsika dia manana ny anjara toerany eo amin' ny tantaran' ny Fiagonana. Ny mpikambana sasany dia teraka tao amin' ny fianakaviana izay nandray ny filazantsara nandritra ny taranaka nifandimby sy namahana ny zanany tao amin' ny lalan' ny Tompo. Ny sasany kosa dia sambany vao nandre ny filazantsara ary niditra tao amin' ny ranon' ny batisa, ary tamin' izany no nanaovany ny fanekempihavanana masina mba hitondra ny anjara birikiny amin' ny fananganana ny fanjakan' Andriamanitra. Maro amin' ireo mpikambana no mipetraka amin' ny faritra izay izy irery no manomboka ny tantaran' ny Fiagonana ary namorona lovam- pinoana ho an' ny zanany. Na inona na inona toe-javatra misy antsika, isika tsirairay dia samy anisany sy antony lehibe amin' ny fananganana an' i Ziona sy ny fanomanana ny fiavian' ny Mpamonjy fanindroany. "Koa tsy mba vahiny sy mpivahiny intsony ianareo, fa tomponenty, mpiray fanjakana amin' ny olona masina sady ankohonan' Andriamanitra." (Ephesians 2:19).

Na mpikambana vaovao isika na efa trrainy, dia mpandova ny finoana sy ny sorona avy amin' ireo izay nandeha teo alohantsika. Isika koa dia mpamaky lay amin' izao andro izao ho an' ny zanantsika sy ireo zanaky ny Raintsika ara-panahy antapirisany izay tokony mbola handre sy hanaiky ny filazantsaran' i Jesoa Kristy. Mandray anjara amin' ny fomba samihafa manerana izao tontolo izao amin' ny fanohizana amimpahatokisana ny asan' ny Tompo isika.

Ny ray sy ny reny dia mitondra amim-bavaka ny fitazaina ny zanany mba hanaraka ny fitsipiky ny fahamarinan-toetra. Ny

famangiana sy ny fampianarana isan-tokantrano dia hikarakarana ireo izay mila izany. Maro ireo fianakaviana manao veloma ireo mpitory ny filazantsara izay nanapa- kevitra ny hanokana taona maro teo amin' ny fiainany mba hitondra ny hafatry ny filazantsara amin' ny hafa. Ireo mpitarika ny fisoronana sy ny mpitarika ny rantsana dia manohina ny antsony tsy misy tambiny. Atolotra ireo velona sy ireo maty ny fahasoavana avy amin' ny asa nandritra ny ora tsy tambo ho isaina natokana hitadiavana ny anaran' ireo razana sy ny fanatanterehana ny ôrdônanisy masina ao amin' ny tempoly.

Manampy eo amin' ny fanatanterehana ny anjaran' ny Fiagonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany izay nambara tamin' ny Mpaminany Joseph Smith isika. Tamin' ny taona 1842 dia izao no faminaniany:

"Ny fanevan' ny fahamarinana dia efa natsangana, tsy misy tanana maloto afaka manakana ny asa handroso; ny fanenjehana dia mety hiharomotra, ny mpikomy mety hikambana, ny tafika mety hitambatra, ny fanaratsiana mety hanala baraka, kanefa ny fahamarinan' Andriamanitra dia handroso hatrany amin-kasahiana, amim-pahamendrehana ary mahaleotena, mandrapaha-tafidiny any amin' ny Kaontinanta rehetra, hitsidika ny toetrandro rehetra hamafa ny firenena rehetra ary hanako amin' ny sofina rehetra, mandrapaha tanteraka ny fikasan' Andriamanitra ary i Jehovah lehibe dia hilaza fa tanteraka ny asa."<sup>1</sup>

Na dia farany izay kely aza ny fiagonana tamin' ny fotoanandro nahaveloman' ny mpaminany Joseph Smith, dia fantany fa izany no fanjakan' Andriamanitra ety an-tany, ary ny anjarany dia hameno ny tany amin' ny fahamarinan' ny filazantsaran' i Jesoa Kristy. Nahita ny fitombon' ny fiagonana tamin' izao faramparan' ny taona izao isika. Manana tombony isika miaina amin' ny fotoana izay hahafahana manolotra ny finoantsika sy ny sorona ataontsika ho fanampiana amin' ny fananganana ny fanjakan' Andriamanitra, fanjakana izay hijoro mandrakizay.

---

# Fanovozan-kevitra

## FAMPIDIRANA

1. *History of the Church*, 3:30.
2. "Easter Greetings from the First Presidency," *Church News*, 15 Apr. 1995, 1.

## FIZARANA FAHAROA

1. Lucy Mack Smith, *History of Joseph Smith* (1958), 128.
2. Reuben Miller Journals, 1848–49, 21 Okt. 1848; Departemantan' ny tantara, tahirim-bakoka, Fianganon' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany; izay nantsoina hoe tahirim-bakoky ny fianganana teo aloha; tsipelina sy mari-tsoratra navaozina.
3. Dean Jessee, ed., "Joseph Knight's Recollection of Early Mormon History," *BYU Studies*, Autumn 1976, 36; spelling modernized.
4. *History of the Church*, 5:124–25.
5. *The Saints' Herald*, 1 Mar. 1882, 68.
6. *History of the Church*, 1:55.
7. "History of Brigham Young," *Millennial Star*, 6 Jona 1863, 361.
8. Brigham Young, tao amin' ny *Journal of Discourses*, 3:91.
9. "History of Brigham Young," *Millennial Star*, 11 Jolay 1863, 438.
10. "Letter from Oliver Cowdery to W. W. Phelps," *Latter-day Saints' Messenger and Advocate*, Okt. 1835, 199.
11. *History of the Church*, 1:78.
12. *History of the Church*, 1:78.
13. Lucy Mack Smith, *History of Joseph Smith*, 168.
14. Fanontana nataon' i Dean Jessee, "Joseph Knight's Recollection of Early Mormon History," 37; fomba fanoratra navaozina.
15. *History of the Church*, 5:126.
16. *History of the Church*, 2:443.
17. "Conference Minutes," *Times and Seasons*, 1 Mey 1844, 522–23.
18. Joseph Knight Autobiographical Sketch, 1862; ao amin' ny vakoky ny fianganana.
19. Newel Knight, voatonona ao amin' i Larry Porter, "A Study of the Origins of The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints in the States of New York and Pennsylvania, 1816–1831" (Ph.D. diss., Brigham Young University, 1971), 296.

20. *Broome Republican*, 5 Mey 1831; voatonona ao amin' i Larry Porter, "A Study of the Origins of The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints," 298–99; soramandry nampiana.
21. Lucy Mack Smith, *History of Joseph Smith*, 204.

#### FIZARANA FAHATELO

1. Orson F. Whitney, "Newel K. Whitney," *Contributor*, Jan. 1885, 125.
2. Elizabeth Ann Whitney, voatonona ao main' i Edward W. Tullidge, *Women of Mormondom* [1877], 42.
3. Orson F. Whitney, ao amin' ny Conference Report, Apr. 1912, 50.
4. Brigham Young, ao amin' ny *Journal of Discourses*, 11:295.
5. Orson F. Whitney, "Newel K. Whitney," 126.
6. Joseph Holbrook, voatonona ao amin' i James L. Bradley, *Zion's Camp 1834: Prelude to the Civil War* (1990), 33.
7. George Albert Smith, "History of George Albert Smith, 1834–1871," 17; ao amin' ny vavoky ny fiangonana.
8. *History of the Church*, 2:73.
9. *History of the Church*, 2:68.
10. Joseph Young Sr., *History of the Organization of the Seventies* (1878), 14.
11. Wilford Woodruff, *Deseret News*, 22 Dec. 1869, 543.
12. "Zera Pulsipher Record Book, 1858–1878," 5; ao amin' ny vakoky ny fiangonana.
13. "History of John E. Page," *Deseret News*, 16 Jona 1858, 69.
14. Orson F. Whitney, *Life of Heber C. Kimball*, fanontana fahatelo. (1945), 104.
15. Orson F. Whitney, *Life of Heber C. Kimball*, 105.
16. Eliza R. Snow: *An Immortal* (1957), 54.
17. "Sketch of an Elder's Life," *Scraps of Biography* (1883), 12.
18. *History of the Church*, 2:430.
19. Daniel Tyler, "Incidents of Experience," *Scraps of Biography*, 32.
20. Eliza R. Snow, voatonona ao amin' i Tullidge, *Women of Mormondom*, 95.

#### FIZARANA FAHEFATRA

1. Emily M. Austin, *Mormonism; or, Life Among the Mormons* (1882), 63.
2. Emily M. Austin, *Mormonism*, 64.
3. Joseph Smith, *Latter Day Saints' Messenger and Advocate*, Sept. 1835, 179.
4. Larry C. Porter, "The Colesville Branch in Kaw Township, Jackson County, Missouri, 1831 to 1833," *Regional Studies in Latter-day Saint Church History: Missouri*, ed. Arnold K. Garr and Clark V. Johnson (1994), 286–87.
5. *History of the Church*, 1:199.
6. Emily M. Austin, *Mormonism*, 67.
7. *Autobiography of Parley P. Pratt*, fanontana nataon' i Parley P. Pratt Jr. (1938), 72.
8. *History of the Church*, 1:269.
9. *Far West Record*, fanontana nataon' i Donald Q. Cannon sy i Lyndon W. Cook (1983), 65.
10. "Newel Knight's Journal," *Scraps of Biography* (1883), 75.

11. Mary Elizabeth Rollins Lightner, *Utah Genealogical and Historical Magazine*, Jolay 1926, 196.
12. *History of the Church*, 1:391.
13. "Philo Dibble's Narrative," *Early Scenes in Church History* (1882), 84–85.
14. *Autobiography of Parley P. Pratt*, 102.
15. "Newel Knight's Journal," *Scraps of Biography*, 85.
16. Andrew Jenson, *The Historical Record* (1888), 7:586.
17. F&F 116:1; ary koa ny F&F 107:53–57; *History of the Church*, 3:34–35.
18. Orson F. Whitney, *Life of Heber C. Kimball*, fanontana fanintelony. (1945), 213–14.
19. Leland Homer Gentry, "A History of the Latter-day Saints in Northern Missouri from 1836 to 1839," (Ph.D. diss., Brigham Young University, 1965), 419.
20. Amanda Barnes Smith, voatonona ao amin' i Edward W. Tullidge, *Women of Mormondom* [1877], 124, 128.
21. Amanda Barnes Smith, teny nindramina tao amin' ny Tullidge, *Women of Mormondom*, 126.
22. E. Dale LeBaron, "Benjamin Franklin Johnson: Colonizer, Public Servant and Church Leader" (master's thesis, Brigham Young University, 1966), 42–43.
23. Leland Homer Gentry, "A History of the Latter-day Saints in Northern Missouri," 518.
24. *Autobiography of Parley P. Pratt*, 211.
25. "Copy of a Letter from J. Smith Jr. to Mr. Galland," *Times and Seasons*, Feb. 1840, 52.
26. Lyman Omer Littlefield, *Reminiscences of Latter-day Saints* (1888), 72–73.
27. *History of the Church*, 3:423.
28. Matthias F. Cowley, *Wilford Woodruff* (1909), 102.

#### FIZARANA FAHADIMY

1. "Journal of Louisa Barnes Pratt," *Heart Throbs of the West*, comp. Kate B. Carter, 12 vols. (1939–51), 8:229.
2. "Journal of Louisa Barnes Pratt," 8:233.
3. "Journal of Mary Ann Weston Maughan," *Our Pioneer Heritage*, comp. Kate B. Carter, 9 vols. (1958–66), 2:353–54.
4. *History of the Church*, 4:186.
5. Louisa Decker, "Reminiscences of Nauvoo," *Woman's Exponent*, Mar. 1909, 41.
6. "The Mormons and Indians," *Heart Throbs of the West*, 7:385.
7. B. H. Roberts, *A Comprehensive History of the Church*, 2:472.
8. *History of the Church*, 5:2.
9. Tatitra momba ny Fikambanana Ifanampian' ny vehivavy tao Nauvoo, 28 Apr. 1842, 40.
10. Tatitra momba ny Fikambanana Ifanampian' ny vehivavy tao Nauvoo, 28 Apr. 1842, 33.
11. "Journal of Louisa Barnes Pratt," 8:231.
12. *History of the Church*, 4:587, 604; 6:558.
13. *History of the Church*, 6:555.

14. Kenneth W. Godfrey, "A Time, a Season, When Murder Was in the Air," *Mormon Heritage*, Jolay/Aug. 1994, 35–36.
15. *History of the Church*, 6:601.
16. Matthias Cowley, "Reminiscences" (1856), 3; tao amin' ny vakoky ny fiangonana.
17. Thomas Ford, *A History of Illinois*, fanontana nataon' i Milo Milton Quaife, boky anankiroa. (1946), 2:217.
18. Thomas Ford, *A History of Illinois*, 2:221–23.
19. *History of the Church*, 7:230.
20. Voatonona ao amin' ny *History of the Church*, 7:236.
21. Voatonona ao amin' ny *History of the Church*, 7:236.
22. Voatonona ao amin' ny *History of the Church*, 7:236.

#### FIZARANA FAHENINA

1. Fanontana nataon' i Juanita Brooks, *On the Mormon Frontier: The Diary of Hosea Stout*, boky anankiroa. (1964) 1:114; fomba fanoratra sy marim-piatoana navaozina.
2. Juanita Brooks, *On the Mormon Frontier*, 1:117; fomba fanoratra sy marim-piatoana navaozina.
3. James B. Allen, *Trials of Discipleship: The Story of William Clayton, a Mormon* (1987), 202.
4. Russell R. Rich, *Ensign to the Nations* (1972), 92.
5. *Readings in LDS Church History: From Original Manuscripts*, fanontana nataon' i William E. Berrett sy i Alma P. Burton, boky anankitelo. (1965), 2:221.
6. James S. Brown, *Giant of the Lord: Life of a Pioneer* (1960), 120.
7. Caroline Augusta Perkins, voatonona ao amin' ny "The Ship Brooklyn Saints," *Our Pioneer Heritage* (1960), 506.
8. Utah Semi-Centennial Commission, *The Book of the Pioneers* (1897), boky anankiroa., 2:54; ao amin' ny LDS Church Archives.
9. "Jean Rio Griffiths Baker Diary," 29 Sept. 1851; ao amin' ny LDS Church Archives.
10. "Story of Nellie Pucell Unthank," *Heart Throbs of the West*, comp. Kate B. Carter, boky roa ambin' ny folo. (1939–51), 9:418–20.
11. William Palmer, voatonona ao amin' i David O. McKay, "Pioneer Women," *Relief Society Magazine*, Jan. 1948, 8.
12. "They, the Builders of the Nation," *Hymns*, no. 36.

#### FIZARANA FAHAFITO

1. Jereo ny *Journal of Discourses*, 13:85–86.
2. John R. Young, *Memoirs of John R. Young* (1920), 64.
3. Carter E. Grant, *The Kingdom of God Restored* (1955), 446.
4. Voatonona ao amin' i B. H. Roberts, *Life of John Taylor* (1963), 202.
5. Francis M. Gibbons, *Lorenzo Snow: Spiritual Giant, Prophet of God* (1982), 64.
6. "The Church in Spain and Gibraltar," *Friend*, Mey 1975, 33.

7. R. Lanier Britsch, *Unto the Islands of the Sea: A History of the Latter-day Saints in the Pacific* (1986), 21–22.
8. Charles W. Nibley, “Reminiscences of President Joseph F. Smith,” *Improvement Era*, Jan. 1919, 193–94.
9. Voatonona ao amin’ ny Russell R. Rich, *Ensign to the Nations* (1972), 349.
10. *Diary of Charles Lowell Walker*, fanontana nataon’ i A. Karl Larson and Katharine Miles Larson, boky anankiroa. (1980), 1:239; fomba fanoratra sy marim-piatoana navaozina.
11. Leonard J. Arrington, *Charles C. Rich* (1974), 264.
12. Elizabeth Wood Kane, *Twelve Mormon Homes Visited in Succession on a Journey through Utah to Arizona* (1974), 65–66.
13. Voatonona ao amin’ i Gordon B. Hinckley, *Truth Restored* (1979), 127–28.
14. Brigham Young, ao amin’ ny *Journal of Discourses*, 18:233.

#### FIZARANA FAHAVALO

1. Kahlile Mehr, “Enduring Believers: Czechoslovakia and the LDS Church, 1884–1990,” *Journal of Mormon History* (Fall 1992), 112–13.
2. R. Lanier Britsch, *Unto the Islands of the Sea: A History of the Latter-day Saints in the Pacific* (1986), 352–54.
3. Lee G. Cantwell, “The Separating Sickness,” *This People* (Summer 1995), 58.
4. B. H. Roberts, *A Comprehensive History of the Church*, 5:592.
5. B. H. Roberts, *A Comprehensive History of the Church*, 5:593.
6. B. H. Roberts, *A Comprehensive History of the Church*, 5:590–91.
7. Melvin J. Ballard: *Crusader for Righteousness* (1966), 16–17.
8. Nangonin’ i James R. Clark, *Messages of the First Presidency of The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints*, boky anankienina. (1965–75), 3:256–57.
9. James B. Allen, Jessie L. Embry, Kahlile B. Mehr, *Hearts Turned to the Fathers: A History of the Genealogical Society of Utah, 1894–1994* (1995), 39–41.
10. B. H. Roberts, *A Comprehensive History of the Church*, 6:236.
11. “Wilford Woodruff Journals” (1833–98), 6 Apr. 1893; tao amin’ ny vakoky ny fiangonana; fomba fanoratra sy marim-piatoana navaozina.
12. Richard Neitzel Holzapfel, *Every Stone a Sermon* (1992), 71, 75, 80.
13. See Matthias F. Cowley, *Wilford Woodruff* (1909), 602.
14. “The Redemption of Zion,” *Millennial Star*, 29 Nov. 1900, 754.
15. “Biographical Sketches: Jennie Brimhall and Inez Knight,” *Young Women’s Journal*, Jona 1898, 245.

#### FIZARANA FAHASIVY

1. Voatonona ao amin’ i Serge F. Ballif, tao amin’ ny Conference Report, Okt. 1920, 90.
2. Nangonin’ i James R. Clark, *Messages of the First Presidency of The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints*, boky anankienina. (1965–75), 4:222.
3. “Editorial,” *Improvement Era*, Nov. 1936, 692.
4. Fiadidiana Voalohany, tao amin’ ny Conference Report, Okt. 1936, 3.
5. J. Reuben Clark Jr., fivorian’ ny filohan’ ny tsatòka manokana, 2 Okt. 1936.

6. Jereo ny Glen L. Rudd ho fanampim-panazavana, *Pure Religion: The Story of Church Welfare Since 1930* (1995).
7. Vincenzo di Francesca, "I Will Not Burn the Book!" *Ensign*, Jan. 1988, 18.
8. George Albert Smith, ao amin' ny Conference Report, Apr. 1948, 162.
9. George Albert Smith, *Sharing the Gospel with Others*, nafantenan' i Preston Nibley, (1948), 110–12.
10. George Albert Smith, ao amin' ny Conference Report, Okt. 1947, 5–6.
11. Jereo Glen L. Rudd, *Pure Religion*, 248.
12. Ezra Taft Benson, ao amin' ny Conference Report, Apr. 1947, 154.
13. Voatonona ao amin' ny Gerry Avant, "War Divides, but the Gospel Unites," *Church News*, 19 Aug. 1995, 5.
14. Jereo ny Glen L. Rudd ho fanampim-panazavana, *Pure Religion*, 254–61.
15. George Albert Smith, ao amin' ny Conference Report, Apr. 1949, 10.
16. Voatonona ao amin' ny Llewelyn R. McKay, *Home Memories of President David O. McKay* (1956), 5–6.
17. George Durrant, "No. 1 Christian," *Improvement Era*, Nov. 1968, 82–84.

#### FIZARANA FAHAFOLO

1. Joseph Fielding Smith, ao amin' ny Conference Report, Apr. 1930, 91.
2. Joseph Fielding Smith, ao amin' ny Conference Report, Apr. 1972, 13; na *Ensign*, Jolay 1972, 27.
3. Francis M. Gibbons, *Harold B. Lee* (1993), 459.
4. Jay M. Todd, "The Remarkable Mexico City Area Conference," *Ensign*, Nov. 1972, 89, 93, 95.
5. W. Grant Bangerter, ao amin' ny Conference Report, Okt. 1977, 38–39; na *Ensign*, Nov. 1977, 26–27.
6. E. Dale LeBaron, "Black Africa," *Mormon Heritage*, Mar./Apr. 1994, 20.
7. *The Teachings of Spencer W. Kimball*, fanontana nataon' i Edward L. Kimball (1982), 451.
8. Bruce R. McConkie, "All Are Alike unto God," *Charge to Religious Educators*, fanontana faharoa. (1981), 153.
9. E. Dale LeBaron, "Black Africa," 24.
10. Spencer W. Kimball, "The Second Century of Brigham Young University," *Speeches of the Year, 1975* (1976), 247.
11. Spencer W. Kimball, fanontana nataon' i Edward L. Kimball, Andrew E. Kimball Jr. (1977), 334.

#### FIZARANA FAHIRAIKA AMBIN' NY FOLO

1. Ezra Taft Benson, *A Witness and a Warning* (1988), 3, 21; jereo koa ny *History of the Church*, 4:461.
2. Ezra Taft Benson, tao amin' ny Conference Report, Apr. 1986, 100; na *Ensign*, Mey 1986, 78.
3. Ezra Taft Benson, tao amin' ny Conference Report, Apr. 1989, 6–7; na *Ensign*, Mey 1989, 6–7.

4. Thomas S. Monson, tao amin' ny Conference Report, Apr. 1989, 66; na *Ensign*, Mey 1989, 51; jereo koa ny Conference Report, Okt. 1985, 44; na *Ensign*, Nov. 1985, 34.
5. Garold sy Norma Davis, "The Wall Comes Down," *Ensign*, Jona 1991, 33.
6. *Church News*, 29 Jona 1991, 12.
7. Howard W. Hunter, *Church News*, 11 Jona 1994, 14.
8. Eleanor Knowles, *Howard W. Hunter* (1994), 193.
9. Howard W. Hunter, tao amin' ny Conference Report, Okt. 1987, 71; na *Ensign*, Nov. 1987, 60.
10. *Church News*, 17 Des. 1994, 3.
11. *Church News*, 18 Mar. 1995, 10.
12. *Gordon B. Hinckley: Man of Integrity, 15th President of the Church*, videocassette (1994).
13. Jeffrey R. Holland, "President Gordon B. Hinckley," *Ensign*, Jona 1995, 5.
14. *Church News*, 18 Mar. 1995, 10.
15. Gordon B. Hinckley, "Addresses," AV 1801; tao amin' ny vakoky ny fiangonana.
16. Gordon B. Hinckley, tao amin' ny Conference Report, Okt. 1995, 92–93; na *Ensign*, Nov. 1995, 70.
17. Fiadidiana Voalohany sy ny Filankevitry ny apôstôly roambinifololahy, "The Family: A Proclamation to the World," *Ensign*, Nov. 1995, 102.
18. Jeffrey R. Holland, "President Gordon B. Hinckley," 13.

#### FAMARANANA

1. *History of the Church*, 4:540.

NY FIANGONAN' I  
**JESOA KRISTY**  
HO AN' NY OLOMASIN' NY  
ANDRO FARANY

MALAGASY



4 02354 48654 5  
35448 654